

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

Fihaonamben'ny Fiangonana Fanao Isan-taona faha-182

31 Martsa–1 Aprily 2012

Navoakan'
Ny Fianganon'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro
Farany
Salt Lake City, Utah

© 2012 Intellectual Reserve, Inc.
Zo rehetra voatokana

Fankatoavana ny teny Anglisy: 12/11
Fankatoavana ny Fandikanteny: 12/11
Fandikana ny *182nd Annual General Conference*
Malagasy
PD50038655 654

Votoatiny

FIVORIANA ASABOTSY MARAINA

Tafahaona Indray Isika Izao <i>Thomas S. Monson</i>	1
Ary ny Zazakely no Hiroaka Azy <i>Boyd K. Packer</i>	4
Mampianatra ny Zanatsika mba Hahatakatra <i>Cheryl A. Esplin</i>	13
Niova fo ho amin' ny Filazantsarany amin' ny alalan' ny Fiangonany <i>Donald L. Hallstrom</i>	20
Tena Tia Antsika Tokoa Izy <i>Paul E. Koelliker</i>	26
Ny Sorona <i>Dallin H. Oaks</i>	33
Tendrombohitra ho Hanihana <i>Henry B. Eyring</i>	42

FIVORIANA ASABOTSY TOLAKANDRO

Fanohanana ireo Mpiaンドraikitra ato amin' ny Fiangonana <i>Dieter F. Uchtdorf</i>	51
Tatitry ny Departemanta Fanamarinana ny Fampiasam-bolan' ny Fiangonana, taona 2011 <i>Robert W. Cantwell</i>	55
Tatitra mikasika ny Antontan' isa ho an' ny Taona 2011 <i>Brook P. Hales</i>	57
Ireo Mpiaao amin' ny Tanimboaloboka <i>Jeffrey R. Holland</i>	59
Tonga Saina: Ny Fanasan' ny Tompo, ny Tempoly, ary ny Fahafotzantena Manao Asa Fanompoana <i>Robert D. Hales</i>	66
Finoana, Herimpo, Fahafaham-po: Hafatra ho an' ireo Ray aman-dreny Tokan-tena <i>David S. Baxter</i>	73
Mitoera ao amin' ny Fariry ny Tompo! <i>Ulisses Soares</i>	79
Mirindra Tsara amin' ny Feon-kiran' ny Finoana <i>Quentin L. Cook</i> ..	84
Ahoana no Fomba Ahafahana Mahazo Fanambarana sy Fitaomampanahy ho an' ny Fiainanao Manokana <i>Richard G. Scott</i>	93

FIVORIAMBEN'NY FISORONANA	
Ireo Herin' ny Lanitra <i>David A. Bednar</i>	101
Ny Fanavotana ho amin' ny Fitomboana Azo Tsapain-tanana <i>Richard C. Edgley</i>	109
Fisoronana Aharôna: Mitsangàna ary Ampiasao ny Herin' Andriamanitra <i>Adrián Ochoa</i>	115
Ny Tanjona sy ny zavatra takiana amin' ny Asa fanompoana amin' ny Fisoronana <i>Dieter F. Uchtdorf</i>	121
Fianakaviana ao anatin' ny Fanekempihavanana <i>Henry B. Eyring</i>	130
Manam-piniavana sy Mendrika ny Hanompo <i>Thomas S. Monson</i>	139
FIVORIANA ALAHADY MARAINA	
Izay Miantra no Hiantrana <i>Dieter F. Uchtdorf</i>	148
Isaorana Anie Andriamanitra <i>Russell M. Nelson</i>	156
Lesona Miavaka <i>Ronald A. Rasband</i>	164
Ny Fahitan' ireo Mpaminany mikasika ny Fikambanana Ifanampiana : Finoana, Fianakaviana, Fanampiana <i>Julie B. Beck</i>	170
Ny Fotopampianaran' i Kristy <i>D. Todd Christofferson</i>	178
Ny Hazakazaky ny Fiainana <i>Thomas S. Monson</i>	189
FIVORIANA ALAHADY TOLAKANDRO	
Ny Herin' ny Fanafahana <i>L. Tom Perry</i>	198
Mba Ho Hita Indray Izay Very <i>M. Russell Ballard</i>	205
Manana ny Fahitana mba Handraisana Andraikitra <i>O. Vincent Haleck</i>	213
Araky ny Fitsipiky ny Fahamarinana Irery Ihany <i>Larry Y. Wilson</i>	219
Mendrika ny Natao Ve Izany? <i>David F. Evans</i>	225
Mihazona izany ho Masina <i>Paul B. Pieper</i>	233
Ahoana no hevitr' i Kristy mikasika ahy? <i>Neil L. Andersen</i>	239
Eto am-pamaranana Ity Fihaonambe Ity <i>Thomas S. Monson</i>	247
FIVORIAMBEN'NY ZATOVOVAVY MANERAN-TANY	
Mitsangàna ary Mamirapirata <i>Ann M. Dibb</i>	250

Katsahonareo ny Fianarana: Manana Asa Tokony Hatao Ianareo <i>Mary N. Cook</i>	257
Izao no Fotoana Tokony Hitsanganana sy Hamirapiratana! <i>Elaine S. Dalton</i>	265
Minoa, Mankatoava, Mahareta <i>Thomas S. Monson</i>	273

Tafahaona Indray Isika Izao

Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

Mieritreritra antsika tsirairay avy sy izay zavatra ilaintsika ny Ray any an-danitra. Enga anie isika ho heniky ny Fanahy ao anatin'ny fandraisantsika anjara amin'ny fitzotran'ny fihaonambe.

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, amin'izao fihaonantsika izao indray eto amin'ity fihaonamben'ny Fiagonana ity dia faly mandray anareo sy maneho ny fitiavako anareo aho. Mihaona isaky ny enim-bolana isika mba hifanamafy orina, hifankahery, hifanohana ary hanorina finoana. Tonga eto isika mba hianatra. Mety hikatsaka valiny amin'ireo fanontaniana sy fanamby atrehinareo eo amin'ny fiainana ny sasantsasany aminareo. Mety manana olana noho ny fahadisoam-panantenana sy famoizana olon-tiana ny sasany. Samy afaka handray fahazavana sy fankaherezana ary fanohanana isika rehefa mahatsapa ny Fanahin'ny Tompo.

Raha misy fanovana tokony ho atao eo amin'ny fiainanareo, dia enga anie hahita fomba sy herimpo hanaovana izany ianareo eo am-pihainoana ireo teny entanim-panahy izay ho alahatra eto. Enga anie isika handray fanapahan-kevitra vaovao mba entina hiaianana, ka ho tonga zanakalahy sy zanakavavin'ny Ray any an-danitra feno fahamendrehana. Enga anie isika hanohy hanohitra ny faharatsiana hatrany na aiza na aiza ahitana izany.

Tena voatahy tokoa isika tonga eto an-tany amin'izao fotoana izao—fotoana mahatalanjona eo amin'ny tantaran'izao tontolo

izao. Tsy afaka ny hiara-hivory ao anatin'ny efitra lehibe iray isika rehetra kanefa manana ny fahafahana hanaraka ny fizotran'ny fihaonambe amin'ny alalan'ny fahitalavitra, ny fampielezam-peo, ny cable, ny zanabolana ary ny Internet—eny na amin'ny alalan'ny fitaovana entin-tanana koa aza. Mitambatra ho iray isika, samy manana ny fiteniny, mipetraka amin'ny tany maro samihafa kanefa ny rehetra dia iray ao amin'ny finoana sy ao amin'ny fotopampianarana ary ao amin'ny tanjona.

Hatramin'ilay fiandohana kely 182 taona lasa izay, dia mihamihanaka maneran-tany ny fisantsika. Ity tanjona lehibe iarahantsika manolo-tena ity dia hitohy handroso hatrany, hanova sy hitahy fiainana mandritra izany fihanahany izany. Tsy hisy foto-kevitra, na hery hafa eto amin'izao tontolo izao afaka hanakana ny asan'Andriamanitra. Na inona na inona zavatra hiseho, ity tanjona lehibe ity dia tsy maintsy handroso hatrany. Tsaroanareo angamba ilay teny mifono faminaniana nataon'ny Mpaminany Joseph Smith: "Tsy hisy tanan'ny ratsy fanahy afaka hanakana ny fandrosoan'ity asa ity. Handrovitsihy ny fanenjehana, hanao tambabe ny mpihetraketraka, hanambatra hery ny tafika, hitatatata ny fanaratsiana, kanefa ny fahamarinan'Andriamanitra dia handroso amim-pahasahiana, amim-boninahitra ary tsy hiankina amin-javatra hafa, mandrapanenik'izany ireo kaontinanta rehetra, hitsidihan'izany ny havoana rehetra, handalovany ny firenena rehetra ary hikasihan'izany ny sofina rehetra, ka ho tanteraka ny tanjon'Andriamanitra ary hilaza ilay Jehovah Lehibe hoe vita ny asa."¹

Maro ny zava-manahirana sy miendrika fanamby eto amin'izao tontolo izao ankehitriny, ry rahalahiko sy anabaviko, kanefa maro koa ny zava-mahasoa sy mampivoatra. Araky ny ambarantsika ao amin'ny fanelek-pinoana fahatelo ambin'ny folo, manao hoe: "Raha toa ka misy zavatra mendrika, maha-te ho tia, tsara na mendrim-piderana dia mikatsaka ireny zavatra ireny isika." Enga anie isika hanohy hanao toy izany.

Misaotra anareo aho noho ny finoanareo sy ny fanoloran-tenanareo amin'ny filazantsara. Misaotra anareo aho noho ny fitiavana sy fifanampiana ataonareo. Misaotra anareo aho noho ny asa fanompoana izay ataonareo eo amin'ny paroasy na

sampana misy anareo ary eo amin'ny tsatòkanareo sy ny distrikanareo. Ny asa fanompoana toy izany no hahatontosan'ny Tompo ny maro amin'ireo tanjony eto an-tany.

Maneho ny fankasitrahako anareo aho noho ny hatsaram-panahinareo amiko na aiza na aiza alehako. Misaotra anareo aho noho ny vavaka ataonareo ho ahy. Nahatsapa ireny vavaka ireny aho ary velom-pankasitrahana noho izany.

Ankehitriny ry rahalahy sy anabaviko, tonga eto isika mba handray torolalana sy fanetanam-panahy. Maro ireo hafatra hozaraina mandritra ny roa andro manaraka. Afaka manome toky anareo aho fa ireo lehilahy sy vehivavy izay hiteny eto dia nikatsaka ny fanampiana sy ny fitarihan'ny lanitra teo am-panomanana ny hafatra hozarainy. Nentanim-panahy izy ireo amin'ny zavatra izay horesahiny amintsika eto.

Mieritreritra antsika tsirairay avy sy izay zavatra ilantsika ny Ray any an-danitra. Enga anie isika ho heniky ny Fanahy ao anatin'ny fandraisantsika anjara amin'ny fizotran'ny fihaonambe. Izany no vavaka amin-kitsimpo atolotro amin'ny anarana masin'ny Tompo sy Mpamonjy antsika, dia i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

1. *Teachings of Presidents of the Church:*
Joseph Smith (2007), 444.

Ary ny Zazakely no Hiroaka Azy

Nataon' ny Filoha Boyd K. Packer

Filohan' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo

Tokony ho takatr' ireo mpivady fa ny antsony voalohany—izay tsy isaorana azy na oviana na oviana—dia eo amin' izy samy izy ary avy eo amin' ireo zanany.

Taona maro lasa izay, nandritra ny alina mangatsiaka iray tao amin' ny tobim-piantsonan' ny fiarandalamby tany Japon, dia naheno kapokapoka kely teo amin' ny varavarankelin' ny efitra fatoriana tao amin' ny fiarandalamby nisy ahy aho. Zazalahy kely iray nangovitry ny hatsiaka no nijoro teo, nitafy akanjo ambony rovidrovitra niaraka tamin' ny lamba rovidrovitra nifatotra nanodidina ny taolam-balanoranony izay nivonto. Rakotry ny lagaly ny lohany. Nihazona kapoaka harafesina sy sotro izy, izay namantarana ny naха-zaza kamboty mpangataka azy. Raha niezaka namoha ilay varavarana iny aho mba hahafahako manome vola azy dia niainga ilay fiarandalamby.

Tsy ho hadinoko mihitsy izany zazalahy kely maty noana izany izay tavela teo nijoro tao anatin' ny hatsiaka ary nihazona kapoaka tsy nisy na inona na inona. Tsy ho hadinoko koa ny fahatsapana nananako hoe tsy afaka nanampy azy rehefa niainga tsimoramora ilay fiarandalamby ary nandao azy irery nijoro teo amin' ny morom-piantsonana.

Taona maro taty aorianana tany Cuzco, tanàna iray ambony toerana tany amin' ny tendrombohitr' i Andes any Pérou, dia nanatrika fivoriana fanasan' ny Tompo tao amin' ny efitrano iray lavalava sady tery izay tonga dia misokatra manatrika ny arabe izaho sy ny Loholona A. Theodore Tuttle. Alina tamin' izay ary

nandritra ny nanaovan' ny Loholona Tuttle ny lahateniny, dia nisy zazalahy kely, mety ho enin-taona teo ho eo, nijoro teo amin' ny fidirana. Nitafy akanjo ambony voron-kitsay izay tonga hatreny amin' ny lohaliny izy.

Teo ankavianay teo dia nisy latabatra kely izay nisy ireo vilia fasiana ny mofo ho an' ny fanasan' ny Tompo. Hitan' ity kamboty mpirenireny an' arabe izay maty noana ity ilay mofo ary dia nikisakisaka tsimoramora nanaraka ny rindrina nanatona izany izy. Efa mby ho tonga teo amin' ilay latabatra izy no tazan' ny vehivavy iray nipetraka teo amin' ny sisiny. Tamin' ny alalan' ny fihetsika tamin' ny lohany izay naneho fandraranana tena hentitra no nandroahan' ilay vehivavy azy hivoaka tany ivelany ho any amin' ny haizin' ny alina. Nitoloko ny foko.

Niverina indray ilay zazalahy kely avy eo. Nikisakisaka nanaraka ny rindrina izy, sady nanopry maso tany amin' ny mofo dia avy eo tany amiko. Rehefa mby tonga teo amin' ilay toerana izay mety hahitan' ilay vehivavy azy indray izy dia natsotrako handray azy ny sandriko, ary dia nihazakazaka nanatona ahy izy. Nampofoiko izy.

Avy eo dia napetrako teo amin' ny sezan' ny Loholona Tuttle izy, ho toy ny sariohatra iray. Taorian' ny vavaka famaranana dia lasa nipoirtsaka nivoaka nankany anatin' ny haizina ilay zazalahy kely.

Rehefa niverina nody aho dia nolazaiko tamin' ny Filoha Spencer W. Kimball izany zava-nitrange tamiko izany. Tohina tokoa ny fony ary nilaza tamiko izy hoe: "Firenena iray mihitsy no nampofoinao tamin' izany." Naverimberiny tamiko hatrany ny hoe "Izany zavatra niainanao izany dia misy dikany lehibe lavitra kokoa noho izay mbola takatry ny sainao."

Rehefa nitsidika efa ho in-jato an' ireo firenena maro any Amerika Latina aho dia nitady an' ilay zazalahy kely tao anatin' ny endriky ny olona. Ankehitriny dia takatro ny tian' ny Filoha Kimball holazaina.

Nahita zazalahy kely iray hafa izay nangovitry ny hatsiaka koa aho teto amin' ny araben' i Salt Lake City. Tao anatin' ny alin' ny ririnina mangatsiaka iray hafa koa izany. Avy nihinana sakaflo harivan' ny Krismasy tao amin' ny hôtely iray izahay. Nisy ankizilahy niisa enina na valo teo ho eo nidina ny lalana sady

nitabataba. Tokony ho tany an-tranony tsy ho azon' ny hatsiaka izy rehetra.

Tsy nanana akanjo mafana ny ankizilahy iray tamin' izy ireo. Nitsambikimbikina haingana izy mba hanafanany ny vatany. Nanjavona tany an' elankelantrano izy, ary azoko antoka fa trano kely sy tsy zarizary izany ary ahitana fandriana izay tsy misy lamba firakotra ampy akory mba hanafana azy.

Amin' ny alina rehefa mandrakotra ny tenako amin' ny bodofootsy aho dia manolotra vavaka ho an' ireo izay tsy manana fandriana mafana akory.

Tany Osaka, Japon no nisy ahy rehefa nifarana ny Ady Lehibe faha-II. Rava ilay tanàna ary feno vangongon-trano rava, sy potipoti-javatra, ary lavadavak' ireo baomba ny lalana. Na dia nianjerazera aza ny ankamaroan' ireo hazo dia nisy hazo vitsivitsy nijoro, tapatapaka ny rantsany sy ny vatany, fa mbola nanana herimpo namoaka rantsankazo vitsivitsy nisy ravina.

Nisy zazavavy kely nitafy kimono rovidrovitra miloko marevaka izay sahirana nanangona ravin' amontana mavomavo ho ataony fehezam-boninkazo. Toa tsy tsikaritr' ity zazavavy kely ity ireo faharavana izay nanodidina azy teo am-pandehandehanany tao anatin' ny korontan-trano rava nanangona ravinkazo fanampiny. Nahita ilay hatsarana izay sisatvela teo amin' ny tontolony izy. Angamba tokony hiteny aho hoe izy no hatsarana hita tao amin' ny tontolony. Toa nampitombo ny finoako ny fieritreretana azy. Ohatra maneho ny fanantenana izany zaza izany.

Nampianatra i Môrmôna fa "velona ao amin' i Kristy ny ankizy madinika"¹ ary tsy mila mibebaka.

Tamin' ny fiafaran' ilay taonjato lasa teo dia nisy misiônera roa niasa tany amin' ny tendrombohitra tany amin' ny faritra atsimon' i Etazonia. Indray andro, avy eny an-tampon-kavoana izy ireo no nahatazana olona nitangorona tery ambany lavitra tery tao anatin' ny ala mazaotra kely. Tsy dia matetika ireo mpitory no mba mahita olona maro azo hitoriana ka dia nidina nankeny amin' izany ala mazaotra kely izany izy ireo.

Nisy zazalahy kely maty an-drano tamin' izay ary dia efa ho atao ny fandevenana. Nampaka ny mpitandrina ireo ray amandreniny mba "hitondra teny" amin' izany fandevenana ny

zanakalahin' izy ireo izany. Nijoro tery aoriana ireo misiônera raha nanomboka ny toriteniny ilay mpitandrina mandehandeha izay nanatrika an' ilay ray sy reny vonton' alahelo. Raha mba nanantena teny fampiononana avy tamin' ity lehilahy mpitandrina ity ireo ray aman-dreny dia diso fanantenana tokoa izy ireo.

Nandatsa mafy azy ireo izy tamin' ny tsy nanaovany batisa izany zazalahy kely izany. Tsy nahavita izany batisa izany izy ireo noho ny antony maro, ary ankehitriny dia tara loatra izany. Nilaza tsy tamim-pihambahambana tamin' izy ireo izy hoe lasa any amin' ny helo ilay zazalahy kely, ary hoe hadisoan' izy ireo izany. Tsinin' izy ireo ny fijaliana tsy misy fiafarana hihatra aminy.

Rehefa vita ny toriteny sy voatototra ny fasana dia nanatona ireto ray aman-dreny vonton' alahelo ireo misiônera lehilahy. "Mpanompon' ny Tompo izahay," hoy izy ireo tamin' ilay reny, "ary manana hafatra ho anareo." Rehefa nihaihino ireo ray aman-dreny vonton-dranomaso, dia namaky teny avy tao amin' ireo fanambarana ireo misiônera lehilahy anankiroa ary nijoro ho vavolobelona mikasika ny famerenana amin' ny laoniny ireo fanalahidin' ny fanavotana ho an' ny velona sy ny maty.

Mangoraka an' ity mpitandrina ity ihany aho. Nanao izay tsara indrindra vitany izy tamin' ny alalan' ny fahazavana sy fahalalana kely izay nananany. Kanefa misy zavatra bebe kokoa tokony ho azony nomena. Nisy ny fahafenoan' ny filazantsara.

Ireo misiônera lehilahy ireo dia tonga tamin' ny naha-mpampionona, sy mpampianatra, ary mpanompon' ny Tompo azy ireo, ary tamin' ny naha-mpitory ny filazantsaran' i Jesoa Kristy nahazo lalana azy ireo.

Ireo ankizy rehetra noresahiko teo dia misolo tena ireo zanaky ny Raïntsika any an-danitra rehetra. "Lova avy amin' i Jehovah ny zanaka maro: ary . . . sambatra izay mameno ny tranon-jana-tsipikany amin' ireny."²

Ny famoronana aina dia andraikitra lehibe ho an' ny mpivady. Ny maha-ray aman-dreny mendrika sy tompon' andraikitra no fanamby lehibe eto amin' ny fiaianana an-tany. Na ny lehilahy irery na ny vehivavy irery dia samy tsy afaka miteraka zanaka. Ny zanaka dia natao hanana ray aman-dreny

ahitana olona roa—dia ny ray sy ny reny. Tsy misy fomba na lamina hafa ahafahana manolo izany.

Efa elaela ihany izay dia nisy vehivavy iray nilaza tamin-dranomaso tamiko fa nahavita hadisoana goavana izy sy ny sakaizany fony izy ireo mbola mpianatra tany amin' ny sekoly ambaratonga ambony. Nasain' izany sakaizany izany hanala zaza izy. Tonga ny fotoana nahavitan' izy ireo ny fianarany ary nivady izy ireo, dia nanan-janaka maro hafa. Nolazainy tamiko ny fijalijaliana tsapany ankehitriny rehefa manopy maso ny fianakaviany, ireo zanany mahafatifaty ary mahita ao an-tsainy ilay toerana iray, izay banga ankehitriny, izay tokony hisy ilay zaza iray izay tsy eo.

Raha mahatakatra sy mampihatra ny Sorompanavotana ity mpivady ity dia hahafantatra fa ireo zavatra niainana sy ny fanaintainana mifandray amin' izany dia azo fafana. Tsy hisy fanaintainana haharitra mandrakizay. Tsy mora izany kanefa tsy natao ho mora na vitavita amin' izao fotsiny ny fiainana. Mendrika ny hanaovana ny ezaka izay tokony hatao foana ny fibebahana sy ny fanantenana maharitra izay entin' ny famelan-keloka.

Nisy mpivady iray hafa nilaza tamin-dranomaso tamiko koa fa avy nihaona tamin' ny dokotera izy ireo ary nolazaina fa tsy afaka ny hiteraka. Torotoro tanteraka ny fon' izy ireo raha nandre ilay vaovao. Gaga izy ireo raha niteny taminy aho hoe raha ny marina dia azo lazaina hoe tsara vintana izy ireo. Nanontany tena izy ireo hoe nahoana aho no nilaza zavatra toy izany. Nolazaiko tamin' izy ireo fa tsara lavitra kokoa ny zavatra iainany noho ny an' ireo mpivady izay afaka ny ho tonga ray aman-dreny kanefa mandà sy madositra amim-pitiavan-tena izany andraikitra izany.

Hoy aho tamin' izy ireo hoe: "Ianareo aza mba maniry ny hanan-janaka ary izany faniriana izany dia hitondra soa lehibe eo amin' ny fiainanareo ety an-tany ary any ankoatra satria hanome fahatomombanana ara-panahy sy ara-pihetsehampo izany. Amin' ny farany dia ho fitahiana lehibe ho anareo izany satria naniry hanan-janaka ianareo fa tsy afaka nahazo, raha ampitahaina amin' ireo izay afaka nefä tsy te-hanana."

Misy koa ireo izay mijanona ho tsy manam-bady ary dia tsy manan-janaka noho izany. Ny sasany, noho ny toe-javatra izay tsy miankina aminy, dia mitaiza ireo ankizy amin' ny maha-reny na ray tokan-tena azy ireo. Toe-javatra mandalo ireo. Araky ny drafitra mandrakizay—tsy toy izany foana akory ny eto amin' ny fiainana an-tany—dia ho tanteraka ireo faniriana marina mivaivay.

"Raha amin' izao fiainana izao ihany no anantenantsika an' i Kristy, dia mahantre indrindra noho ny olona rehetra isika."³

Ny tanjona faratampon' ny zavatra atao rehetra ao amin' ny Fianganana dia ny hahita mpivady sy ireo zanany heniky ny fifaliana ao an-tokantranony, voaro amin' ny alalan' ireo fitsipika sy lalàn' ny filazantsara, voafehy soa aman-tsara ao anatin' ny fanekempihavanana' ny fisoronana mandrakizay. Tokony ho takatr' ireo mpivady fa ny antsony voalohany—izay tsy isaorana azy na oviana na oviana—dia eo amin' izy samy izy ary avy eo amin' ireo zanany.

Iray amin' ireo zava-baovao lehibe hita amin' ny maha-ray aman-dreny dia ny hoe betsaka lavitra ny zavatra ianarantsika avy amin' ny zanatsika noho ny avy tamin' ny ray aman-drenintsika raha ny mikasika an' izay zavatra tena manan-danja. Tsapantsika ny fahamarinan' ny faminanian' i Isaia, manao hoe: "Ary ny zazakely no hiroaka azy."⁴

Tao Jerosalema dia "niantso zazakely anankiray hankeo aminy [i Jesoa], dia nametraka azy teo afovoany,

"Ka nanao hoe: Lazaike aminareo marina tokoa: Raha tsy miova hianareo ka tonga tahaka ny zazakely, dia tsy hiditra amin' ny fanjakan' ny lanitra mihitsy hianareo.

"Koa na zovy na zovy no hanetry tena tahaka ity zazakely ity, dia izy no ho lehibe indrindra amin' ny fanjakan' ny lanitra."⁵

"Nefa Jesosy kosa nanao hoe: Avelao ny zaza, ary aza rarana tsy hanatona Ahy; fa an' ny toa azy ny fanjakan' ny lanitra.

"Ary nony nametraka ny tènany taminy Izy, dia niala teo."⁶

Hitantsika ao amin' ny Bokin' i Môrmôna koa ny famangian' i Jesoa Kristy tany amin' ny Tany Vaovao. Nanasitrana sy nitahy ireo vahoaka izy ary nandidy azy ireo hitondra ireo zaza madinika ho eo Aminy.

I Môrmôna dia nirakitra hoe: "Koa nentiny ny ankizy madininy sy napetrany tamin' ny tany manodidina Azy, ary njoro teo afovoany i Jesoa; ary ny valalabemandry dia nanome lalana ambara-pitondrany azy rehetra teo anoloany."⁷

Nandidy ireo vahoaka handohalika izy avy eo. Nanodidina Azy ireo ankizy ary nandohalika ny Mpamony ka nanolotra vavaka tamin' ny Raitsika any an-danitra. Taorian' ilay vavaka dia nitomany ny Mpamony, "ary nalainity tsirairay ny ankizy madininy ary notsofiny rano izy ireo, nivavahany ny Ray ho azy ireo.

"Ary nony nanao izany Izy dia nitomany indray."⁸

Takatro tsara ny fihetsehampo izay nasehon' ny Mpamony ho an' ireo ankizy madinika. Maro no azo ianarana avy amin' ny fanarahana ny ohatra nasehony eo amin' ny fikatsahana hivavaka, sy hitahy ary hampianatra "ireo ankizy madinika ireo."⁹

Izaho dia zaza faha-10 tao amin' ny fianakavianay izay nisy ankizy 11. Raha ny fahafantarako azy dia tsy mba nihazona antso ambony tato am-piagonana na ny raiko na ny reniko.

Nanompo tamim-pahatokiana tao amin' ilay antso manandanja indrindra izy ireo tamin' ny naха-ray aman-dreny azy. Nitarika ny tokantrano nisy anay tamim-pahamarinana ny raiko ary tsy mba tamim-pahatezerana na tamim-pahatahorana velively. Ary izany ohatra mahery vaikan' ny rainay izany dia tanteraka noho ny torohevitra malefaky ny reninay. Nisy fiantraikany mahery vaika teo amin' ny fiainanay tsirairay tao amin' ny fianakaviana Packer ny filazantsara ary hisy fiantraikany toy izany koa ho an' ny taranaka manaraka sy ny taranaka manaraka aorian' izany, ary ho toy izany hatrany hatrany araka ny hitanay hatreto aloha.

Tiako raha mba ho lazaina aho hoe lehilahy tsara toy ny raiko aho. Alohan' ny handrenesako ny teny hoe "tsara izany" avy amin' ny Raiko any an-danitra dia manantena aho fa handre izany avy amin' ny raiko niteraka ahy aloha.

Imbetsaka aho no sanganehana mikasika ny antony niantsoana ahy ho Apôstôly dia avy eo Filohan' ny Kôlejin' ny Roambinifololahy nefà izaho avy amin' ny tokantrano iray izay nahitana ray azo lazaina hoe malaindaina ihany. Tsy izaho irery

no hany mpikamban' ny Roambinifololahy izay iantefan' izany famaritana izany.

Farany, hitako sy takatro fa mety ho noho izany toe-javatra izany no nahatonga ahy ho voantso. Ary takatro ny antony hoe, ao anatin' ny zavatra rehetra izay ataontsika ato am-piangonana dia mila isika, amin' ny maha-mpitarika antsika, manome fomba ho an' ny ray aman-dreny sy ny zanaka, mba hananany fotoana iarahana amin' ny maha-fianakaviana azy ireo. Mila mitandrina ireo mpitarika ao amin' ny fisoronana mba hanao izay hahatonga ny Fiagonana ho fitahiana ho an' ny fianakaviana.

Misy zavatra maro mikasika ny fainana ny filazantsaran' i Jesoa Kristy izay tsy azo refesina amin' ny alalan' ny fanisana na firaketana ny fanatrehana ao am-piangonana. Mandany ny fotoanantsika amin' ny resaka trano fivavahana sy teti-bola ary fandaharan' asa sy lamim-pitantanana loatra isika. Rehefa manao izany isika dia mety ho hadinontsika ny tena tanjon' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy.

Matetika no misy olona manatona ahy ary milaza hoe:
"Filoha Packer a! Tsy tsara ve raha . . . ?"

Mazàna aho no manajanona azy ireo ary miteny hoe tsia, satria tsinjoko fa ny ho lazainy manaraka eo dia fiaraha-mientana na fandaharan' asa iray vaovao izay hampitombo indray ny vesatra ara-potoana sy ara-bola eo amin' ny fianakaviana.

Masina ny fotoana natokana ho an' ny fianakaviana ary tokony ho arovana sy hajaina izany. Manainga ireo mpikambana izahay mba haneho fanoloran-tena ho an' ireo fianakaviany.

Fony izahay vao nivady dia nanapa-kevitra izahay mivady fa hanaiky ireo zanaka rehetra ho aterakay ary handray andraikitra amin' ny fitazaina sy famelomana azy ireo. Rehefa tonga ny fotoana dia hanorina ny fianakavian' izy ireo manokana izy ireo.

Indroa teo amin' ny fanambadianay, tamin' ny fotoana hahaterahan' ny roa tamin' ireo zanakay lahikely, no nisy dokotera nilaza hoe: "Angamba mety tsy ho azo ity iray ity."

Tao anatin' ireo fotoana roa ireo dia namaly izahay fa hanolotra ny fainanay ho an' ilay zanakalahinay izay tena kely izahay raha toa ka afaka ny hitazona ny ainy izy. Tao anatin' izany fanoloran-tenanay izany no nahatsapanay fa toy izany koa

ny fanoloran-tena ataon' ny Ray any an-danitra amintsika tsirairay avy. Tena toe-tsain' ny lanitra izany!

Ankehitriny ao anatin' izao fotoana faramparan' ny fiainanay izao, izaho sy Rahavavy Packer dia mahatakatra sy mijoro ho vavolombelona fa afaka ny hiaraka mandrakizay tokoa ny fianakavianay. Rehefa mankatò ny didy sy miaina feno ny filazantsara isika dia ho voaro sy handray fitahiana. Raha ny mikasika ny zanakay sy ny zafikelinay ary ireo zafiafinay, ny vavaka ataonay dia ny mba hananan' ny olona tsirairay ao amin' ny fianakavianay izay tsy mitsaha-mitombo ilay fanoloran-tena mitovy amin' izany eo anatrehan' ireo zaza madinika sarobidy ireo.

Ry ray sy reny, rehefa mitrotra zaza vao teraka eo antsandrinareo ianareo amin' ny manaraka dia afaka ny hanana fahitana anaty an' ireo mistery sy tanjon' ny fiainana. Hahatakatra tsara kokoa ny antom-pisian' ny Fiagonana ianareo sy ny antony mahatonga ny fianakaviana ho rafitra fototra eto amin' izao fiainana izao sy mandrakizay. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny filazantsaran' i Jesoa Kristy dia marina, ary ny drafity ny fanavotana, izay nantsoina hoe drafitra ny fahasambarana, dia drafitra ho an' ireo fianakaviana. Mivavaka amin' ny Tompo aho mba ho voatahy ireo fianakaviana ato ampiangonana, ireo ray aman-dreny sy ireo zanaka, ary mba handroso hatrany araky ny sitrapon' ny Ray ity asa ity. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

- | | |
|------------------------|----------------------|
| 1. Môrônia 8:12. | 6. Matio 19:14–15. |
| 2. Salamo 127:3, 5. | 7. 3 Nefia 17:12. |
| 3. 1 Korintiana 15:19. | 8. 3 Nefia 17:21–22. |
| 4. Isaia 11:6. | 9. 3 Nefia 17:24. |
| 5. Matio 18:2–4. | |

Mampianatra ny Zanatsika mba Hahatakatra

Nataon' i Cheryl A. Esplin

Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Fiadidian' ny Kilonga Manerantany

Mihoatra noho ny fizarana fampahalalana fotsiny ny fampianarana ny zanatsika mba hahatakatra. Izany dia midika hoe manampy ny zanatsika hampiditra ilay fotopampianarana ao am-pony.

Rehefa nandalo ireo taona maro, dia antsipirian-javatra betsaka teo amin' ny fainako no lasa nihanjanjavozavo. Saingy an' isan' ireo fahatsiarovana izay mitoetra ho mazava indrindra ao an-tsaiko ireo fahaterahan' ny zanakay tsirairay. Toy ny tena akaiky mihitsy ny lanitra tamin' izany, ary raha manandrana aho dia afaka ny hanana ireo fahatsapana fanehoam-panajana sy fahatalanjonana izay tsapako tamin' izany fotoana izany isaky ny hoe eny an-tsandriko ny iray tamin' ireo zazakely sarobidy ireo.

“Lova avy amin’ i Jehovah ny [zanatsika]” (Salamo 127:3). Fantany sy tiany amin’ ny fitiavana lavorary izy tsirairay ireo (jereo ny Môrônia 8:17). Tena andraikitra masina tokoa no napetraky ny Ray any an-danitra amintsika amin’ ny maha-ray aman-dreny antsika mba hiara-hiasa Aminy eo amin’ ny fanampiana an’ ireo fanahy tsara indrindra izay Azy mba ho tonga amin’ izay fantany fa ho azon’ izy ireo tratrarinia.

Izany tombontsoa masina hoe hitaiza ny zanatsika izany dia andraikitra lehibe lavitra kokoa noho izay mety ho vitantsika samirery raha tsy miaraka amin’ ny fanampian’ ny Tompo. Fantany tsara ny zavatra tokony ho fantatry ny zanatsika sy ny zavatra tokony hataon’ izy ireo ary izay toetra tokony hananan’ izy ireo mba hahafahany miverina eo anatrehany indray. Omeny

torololana sy fitarihana mazava tsara ireo reny sy ray amin' ny alalan' ny soratra masina sy ireo mpaminaniny ary ny Fanahy Masina.

Ao anatin' ny fanambarana iray ho an' ny andro farany izay azo tamin' ny alalan' ny Mpaminany Joseph Smith, dia nanome torolalana ho an' ny ray aman-dreny ny Tompo mba hampianatra ny zanany *hahatakatra* ny fotopampianaran' ny fibebahana, ny finoana an' i Kristy, ny batisa ary ny fanomezana ny Fanahy Masina. Mariho fa ny Tompo dia tsy milaza fotsiny hoe isika dia tokony "hampianatra ny fotopampianarana" fa ny torolalany dia ny tokony hampianarantsika ny zanatsika mba "*hahazoany* ny fotopampianarana." (Jereo ny F&F 68:25, 28; nampiana fanamafisana.)

Hitantsika ao amin' ny Salamo ny hoe: "Omeo fahalalana aho mba hitandrina ny lalànao; eny hitandrina azy amin' ny foko rehetra aho" (Salamo 119:34).

Mihoatra noho ny fizarana fampahalalana fotsiny ny fampianarana ny zanatsika mba hahatakatra. Izany dia midika hoe manampy ny zanatsika hampiditra ilay fotopampianarana ao am-pony amin' ny fomba izay hahatonga izany ho lasa ampahan-javatra manorina ny maha-izy azy mihitsy ary hita taratra eny amin' ny toetrany sy ny fihetsiny mandritra ny fiainany manontolo.

Nampianatra i Nefia fa ny anjara asan' ny Fanahy Masina dia ny mitondra ny fahamarinana "hankany am-pon' ny zanak' olombelona" (2 Nefia 33:1). Ny anjara asantsika amin' ny maha-ray aman-dreny antsika dia ny manao izay rehetra vitantsika mba hamoronana tontolo ahafahan' ny zanatsika mahatsapa ny fitarihan' ny Fanahy ary avy eo dia manampy azy ireo hamantatra izay zavatra tsapany.

Tsaroako ny antso an-tariby iray izay voaraiko avy tamin' i Michelle zanakay vavy taona maro lasa izay. Tao anatin' ny fihetseham-po malefaka no nilazany hoe: "Mama a! Vao avy niaina zavatra mahavariana niaraka tamin' i Ashley aho." I Ashley dia zanany vavy kely izay dimy taona tamin' izany fotoana izany. Io maraina io dianofariparitan' i Michelle hoe maraina izay tsy nisy afa-tsy adiady tsy nisy fiafarany teo amin' i Ashley sy i Andrew izay telo taona—ny iray tsy te-hizara ary ilay

iray kosa mikapoka ilay anankiray hafa. Rehefaavy nanampy azy ireo mba hifandamina i Michelle dia lasa nandeha njery ny zazakely.

Vetivety teo dia iny i Ashley avy any nihazakazaka sady tezitra fa hoe tsy mizara i Andrew. Nampahatsiahivin' i Michelle an' i Ashley ilay fanoloran-tena nataon' izy ireo nandritra ny takarivan' ny mpianakavy dia ny hoe hifaneho hatsaram-panahy bebe kokoa.

Nanontanany i Ashley raha te-hivavaka sy hangataka fanampiana amin' ny Ray any an-danitra, saingy mbola tena tezitra i Ashley ka dia namaly hoe: "Tsia." Rehefa nanontaniana izy raha toa ka nino hoe hamaly ny vavaka hataony ny Ray any an-danitra, dia namaly izy hoe tsy fantany. Nangataka azy ny reniny mba hanandrana ary dia noraisiny moramora ny tanan' i Ashley dia niara-nandohalika taminy izy.

Nanoro hevitra an' i Ashely i Michelle hoe afaka mangataka ny Ray any an-danitra izy mba hanampy an' i Andrew mba hahay hizara—ary hanampy azy mba ho tsara fanahy. Tsy maintsy nanaitra ny sain' i Ashley ny fieritreretana hoe manampy an' ilay zandriny lahy kely mba hahay hizara ny Ray any an-danitra, ka dia nanomboka nivavaka izy, ary nangataka ny Ray any an-danitra aloha izy mba hanampy an' i Andrew zandriny lahy kely mba hahay hizara. Rehefa nangataka Taminy izy mba hanampy azy ho tsara fanahy dia nanomboka nitomany. Nofaranan' i Ashley ny vavaka nataony ary nasitriny teo antsuroky ny reniny ny lohany. Nofihinin' i Michelle izy ary nanontanany hoe maninona izy no mitomany. Nilaza i Ashley hoe tsy fantany.

Dia hoy ny reniny hoe: "Fantattro ny antony hitomanianao. Mahatsapa zavatra tsara ao anatinao ao ve ianao?" Naneho fanekena tamin' ny lohany i Ashley, ary dia notohizan-dreniny hoe: "Ny Fanahy izany, izay manampy anao hahatsapa zavatra tsara toy izany. Izany no fomban' ny Ray any an-danitra hilazana aminao fa tiany ianao ary hanampy anao Izzy."

Nanontanany i Ashley raha toa ka nino izany, raha toa ka nino fa afaka manampy azy ny Ray any an-danitra. Niaraka tamin' ilay maso keliny vonton-dranomaso no namalian' i Ashley hoe eny.

Indraindray ny fomba mahery vaika indrindra hampianarana ny zanatsika mba hahatakatra fotopampianarana iray dia ny mampianatra ao anatin' ny toe-javatra izay iainan' izy ireo amin' iny fotoana iny mihitsy. Ireny fotoana ireny dia tonga ho azy ary miseho ao anatin' ireo zavatra atao mahazatra eo amin' ny fainam-pianakaviana. Tonga izy ireny nefo vetivety dia lasa, noho izany dia mila mailo isika ary mila mamantatra ny fotoana iray tokony hampianarana rehefa iny manatona antsika iny ny zanatsika fa manana fanontaniana na ahiahy, na rehefa manana olana eo amin' ny fifandraisany amin' ireo iray tampo aminy na amin' ny namana, na rehefa mila mifehy ny hatezerany, na rehefa manao hadisoana na rehefa mila mandray fanapahan-kevitra.

(Jereo ny *Teaching, No Greater Call: A Resource Guide for Gospel Teaching* [1999], 140–41; *Marriage and Family Relations Instructor's Manual* [2000], 61.)

Raha vonona isika ary mamela ny Fanahy hitarika ao anatin' ireo toe-javatra ireo dia hahazo fampianarana izay mifono fahombiazana sy fahatakarana lehibe kokoa ny zanatsika.

Manan-danja toy izany koa ireo fotoana ahafahana mampianatra izay miseho rehefa arindranao amim-pisainana tsara ireo fotoana fanao tsy tapaka iarohana toy ny vavaky ny mpianakavy, ny fandalinan' ny mpianakavy ny soratra masina, ny takarivan' ny mpianakavy, ary ireo zavatra hafa iarahan' ny fianakaviana manao.

Ao anatin' ny fotoana rehetra ahafahana mampianatra dia tena mahomby kokoa ny fianarana rehetra sy ny fahafahana mahataka-javatra rehefa atao ao anatin' ny tontolo ahatsapana fo feno hafanana sy fitiavana izany ka manatrika eo ny Fanahy.

Teo amin' ny roa volana mialohan' ny hahafeno valo taona an' ireo zanany, dia nanokana fotoana isan-kerinandro ity raim-pianakaviana ity mba hanomanana azy ireo ho amin' ny batisa. Nilaza ny zanany vavy fa rehefa tonga ny anjarany dia nomen' ny rainy diary izy ary niara-nipetraka izy ireo, izy mianaka irery ihany, dia nifampiresaka sy nizara ireo zavatra tsapa mikasika ireo fitsipiky ny filazantsara. Nasain-drainy nanao sary entina hisarihana ny maso izy tao anatin' izany. Sary izay nampiseho ny fainana talohan' ny nahaterahana sy ity fainana eto an-tany ity ary ny dingana tsirairay izay tokony hataony mba hiverenana

hiara-hiaina amin' ny Ray any an-danitra indray. Nijoro ho vavolombelona momba ny dingana tsirairay izay hita ao amin' ilay drafity ny famonjena izy rehefa nampianatra izany tamin' ilay zanany vavy.

Rehefa nitantara izany ilay zanany vavy taty aoriana noho ny efa lasa lehibe dia nilaza izy hoe: "Tsy ho hadinoiko velively ilay fitiavana tsapako avy amin' ny raiko nandritra iny fotoana niarahany tamiko iny. . . . Izaho dia mino fa io zavatra niainako io no antony lehibe indrindra nananako fijoroana ho vavolombelona mikasika ny filazantsara tamin' ny fotoana nanaovana batisa ahy" (jereo ny *Teaching, No Greater Call*, 129.)

Mitaky ezaka feno faharisihana sy ezaka atao tsy tapaka ny fampianarana mba hahatakanan-javatra. Mitaky fampianarana amin' ny alalan' ny fitsipika sy amin' ny alalan' ny ohatra izany ary indrindra amin' ny alalan' ny fanampiana ireo zanatsika hiaina izay zavatra ianarany.

Nampianatra ny Filoha Harold B. Lee hoe: "Raha tsy atao izay iainana ny fitsipika iray ao amin' ny filazantsara, dia . . . ho sarotra kokoa ny hino izany fitsipika izany" (*Teachings of Presidents of the Church: Harold B. Lee*[2000], 121).

Ny fomba nianarako nivavaka voalohany indrindra dia tamin' ny alalan' ny fiarahana mandohalika tamin' ny fianakaviako nandritry ny vavaky ny mpianakavy. Nampianarina ahy ny fiteny ampiasaina ao anatin' ny vavaka rehefa nihaino an' ireo ray aman-dreniko nivavaka aho ary rehefa nampian' izy ireo hanao ny vavako voalohany. Nianatra aho hoe afaka miresaka amin' ny Ray any an-danitra aho ary afaka mangataka fitarihana.

Ny reniko sy ny raiko dia manangona anay tsy tapaka isamaraina manodidina ny latabatra ao an-dakozia alohan' ny sakafo maraina mba handohalika hanao ny vavaky ny mpianakavy. Nivavaka izahay isaky ny misakafo. Ny hariva alohan' ny hatoriana dia miara-mandohalika ao amin' ny trano fandraisam-bahiny izahay ary dia mamarana ny andro amin' ny alalan' ny vavaky ny mpianakavy.

Na dia betsaka aza ireo zavatra tsy azoko mikasika ny vavaka fony aho ankizy dia lasa tena ampahany manan-danja amin' ny fiainako ny vavaka hany ka nitoetra niaraka tamiko foana izany.

Mbola manohy mianatra aho ary mbola mihamitombo hatrany ny fahatakarako ny herin' ny vavaka.

Hoy ny Loholona Jeffrey R. Holland hoe: "Isika rehetra dia mahatakatra fa ny fahombiazan' ny hafatry ny filazantsara dia miankina amin' ny fampianarana izany, sy ny fahatakarana izany ary ny fiainana izany amin' ny fomba izay ahafahan' ilay fampanantenana fifaliana sy famonjena ho tanteraka tokoa" ("Teaching and Learning in the Church" [fivoriam-piofanana ho an' ireo mpitonandra rehetra maneran-tany, 10 Feb. 2007], *Liahona*, Jiona 2007, 57).

Ny fianarana mba hahatakarana tanteraka ireo fotopampianaran' ny filazantsara dia dingana arahina mandritra ny androm-piainana ary tonga amin' ny endrika "fitsipika anampy fitsipika, etsy kely ary eroa kely" (2 Nephi 28:30). Rehefa mianatra ny zanaka ary mampihatra ny zavatra nianarany dia hivelatra ny fahatakaran' izy ireo, ary izany dia hitondra fahalalana sy fanaovana asa bebe kokoa ary hitondra fahatakarana vao mainka maharitra sy lalina kokoa.

Afaka mahafantatra isika fa manomboka mahatakatra ilay fotopampianarana ny zanatsika rehefa hitantsika miseho eny amin' ny toetrary sy ny fihetsiny izany na dia tsy arahina fampitahorana na fanomezana valisoa aza. Rehefa mianatra mba hahatakatra ireo fotopampianaran' ny filazantsara ny zanatsika dia lasa mizaka tena bebe kokoa izy ireo ary lasa tompon' andraikitra kokoa. Lasamahany mitondra vahaolana eo amin' ireo fanamby atrehan' ny fianakavantsika izy ireo ary mitondra anjara biriky tsara eo amin' ny tontolo iainana ao antokantranontsika sy eo amin' ny fahombiazan' ny fianakavantsika.

Hampianatra ny zanatsika hahatakatra zavatra isika rehefa manararaotra ireo fotoana rehetra ahafahana mampianatra sy manasa ny Fanahy ary maneho ohatra tsara sy manampy azy ireo hiaina izay zavatra ampianarina azy.

Rehefa mijery ny mason' ny ankizy kely iray isika dia mahatsiaro an' ilay hira hoe:

*Zanaky ny Ray aho,
Ka mba tohano re.
Ampianaro ahy ny teniny
Hahaizako mandeha.*

*Tariho ampio, miaraha
Eo anilanay.
Toroy ahy ny ataoko
Hiverina any indray.*

(“Zanaky ny Ray Aho” (*Fihirana sy Hiran’ ny ankizy*, pejy 113; nampiana fanamafisana)

Enga anie isika hanatanteraka izany. Amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy amena.

Niova fo ao amin' ny Filazantsarany amin' ny alalan' ny Fiagonany

Nataon' ny Loholona Donald L. Hallstrom

Ao amin' ny Fiadidian' ny Fitopololahy

*Ny hanampy antsika hiaina ny filazantsara no tanjon'
ny Fiagonana.*

Tiako ny filazantsaran' i Jesoa Kristy sy Ny Fiagonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Indraindray isika dia mampifanolosolo ny teny hoe *filazantsara* sy *Fiagonana*, kanefa tsy mitovy izy ireo. Na izany aza anefa dia mifampiankina soa aman-tsara izy ireo ary samy ilaintsika.

Ny filazantsara dia ilay drafitra mahatalanjona izay an' Andriamanitra ary hanomezana fahafahana antsika, amin' ny maha-zanany antsika, hahazo izay rehetra ananan' ny Ray (jereo ny F&F 84:38). Antsoina hoe fainana mandrakizay izany ary faritana ho ilay "fanomezana lehibe indrindra amin' ny fanomezan' Andriamanitra rehetra" (F&F 14:7). Ampahany manan-danja amin' ilay drafitra ny fainantsika eto antany—fotoana izay hampivoarantsika ny finoana (jereo ny Môrônia 7:26), sy hibebahana (jereo ny Môsià 3:12), ary hihavanana amin' Andriamanitra (jereo ny Jakoba 4:11).

Koa satria ny fahalementsika eto an-tany sy ny fisian' ny "fifanoherana amin' ny zava-drehetra" (2 Nefia 2:11) dia hahatonga ity fainana ity ho sarotra tanteraka, ary satria tsy vitantsika ny manadio ireo otantsika manokana, dia nilaina ny fisian' ny Mpamonjy iray. Rehefa nampahafantatra ny drafity ny famonjena i Elohim, ilay Andriamanitra Mandrakizay sy Rain' ny fanahintsika rehetra, dia nisy iray teo anivontsika izay niteny

hoe: "Inty Aho, iraho Aho" (Abrahama 3:27). I Jehovah no anarany.

Nateraky ny Ray any an-danitra Izy, na ara-panahy na arabatana, ka manana ny hery tsy manam-petra handresena an' izao tontolo izao. Nateraky ny reny iray mety maty Izy ka niharan' ny fanaintainana sy ny fijalian' ny fiainana an-tany. Ilay Jehovah lehibe dia nomena anarana koa hoe Jesoa ary nantsoina koa hoe Kristy, izay midika hoe Mesia na Ilay Voahosotra. Ny zava-bitany manetriketrika dia ny Sorompanavotana, izany "nidinan' [i Jesoa ilay Kristy] ho ambanin' ny zava-drehetra" (F&F 88:6), nahafahany nanefa ny onitra ho antsika tsirairay avy hahazoana ny fanavotana.

Naorina nandritra ny fiainan' i Jesoa Kristy teto an-tany ny Fianganana, izay "natsangana teo ambonin' ny fanorenan' ny Apôstôly sy ny mpaminany" (Efesiana 2:20). Amin' izao "fitantanan' ny fotoam-pahafenoana" (F&F 128:18) izao dia naverin' ny Tompo indray ny zavatra izay nolazainy manokana tamin' ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "hanorina fianganana amin' ny alalanao Aho" (F&F 31:7). I Jesoa Kristy no lohan' ny Fianganany hattrizay ka hatramin' izao. Ireo mpaminany, izay mihazona ny fahefana maha-apôstôly azy ireo no misolo tena Azy eto an-tany.

Fianganana mahatalanjona tokoa ity. Ny rafitra ao aminy, ny fahombiazany, ary ny hatsarany tanteraka dia hajain' ireo rehetra izay mikatsaka amim-piniavana ny hahfantatra izany. Ny Fianganana dia manana fandaharan' asa ho an' ireo ankizy, ireo tanora, ireo lehilahy ary ireo vehivavy. Manana trano fianganana tsara tarehy izay mihoatra ny 18.000 izany. Manenika ny tany manontolo ireo tempoly mirentirenty—miisa 136 ankehitriny—miampy eo amin' ny 30 eo an-dalam-pahavitana na efa nambara fa ho atsangana. Misy tafika ahitana misiônera amin' ny fotoana feno miisa 56.000, izay ahitana tanora sy efa zokinjokiny, izay manompo any amin' ny firenena 150. Ny asa fanampiana olona maneran-tany ataon' ny Fianganana dia ohatra mahatalanjona maneho ny fahalalahantnan' ireo mpikambana ato amintsika. Ny rafitra fifanampiana misy eo amintsika dia entina hikarakarana ny mpikambana ao amintsika ary mivohy ny fizakan-tena amin' ny fomba izay tsy mbola fahita na aiza na

aiza. Ato amin' ity Fiagonana ity dia manana mpitarika laïka feno fandavan-tena isika ary fiaraha-monin' ireo Olomasina izay feno fanoloran-tena ny hifanompo amin' ny endriny mahatalanjona. Tsy misy zavatra mitovy amin' ity Fiagonana ity manerana an' izao tontolo izao.

Tamin' izaho teraka, ny fianakavianay dia niaina tamin' ny trano kely teo an-tokontanin' ny iray amin' ireo trano fiagonana lehibe sy manan-tantara izay an' ny Fiagonana, dia ny Tabernakelin' i Honolulu. Miala tsiny aho ankehitriny amin' ireo namana malalako ao amin' ny Episkôpà Mpiahys, izay miahys ny fananan' ny Fiagonana, raha hiteny fa fony aho zazalahy kely dia nihanika sy nisitrika ary nilalao teo amin' ny faritra rehetra amin' izany toerana izany, manomboka hatraty amin' ny fanambanin' ny dobo izay feno rano mamirapiratra ka hatrany amin' ny tampony tao anatin' ny tafo mitsangana manaitra dia manaitra. Nanao savily mihitsy aza izahay (toy ireny fanaon' i Tarzan ireny) teo amin' ireo rantsana lavabe mikirazorazon' ireo hazo "banians" izay hita eo amin' io toerana io.

Zava-drehetra ho anay ny Fiagonana. Nanatrika fivoriam-piangonana maro izahay, mihoatra lavitra noho izay misy amin' izao fotoana izao. Isaky ny Alakamisy tolakandro izahay no manatrika ny Kilonga. Ireo fivorian' ny Fikambanana Ifanampiana dia isaky ny Talata maraina. Ireo fiaraha-mientana ifampizarana an' ireo tanora dia atao isaky ny Alarobia hariva. Asa aman-danonan' ny paroasy kosa ny Asabotsy. Ary ny Alahady maraina no handehanan' ireo lehilahy sy zatovolahy manatrika ny fivorian' ny fisoronana. Amin' ny mitataovovonana ny Sekoly Alahady ary amin' ny hariva indray izahay miverina hanatrika ny fivoriana Fanasan' ny Tompo. Rehefa jerena ireo fifamezivezena sy fivoriana ireo dia toa lany amin' ny fanatrehana ireo zavatra atao any am-piangonana ny Alahadinay iray manontolo sy ny ankamaron' ireo andro hafa mandritra ny herinandro koa.

Noho ny tena fankafizako ny Fiagonana dia nandritra izany fahazazako izany koa no sambany nahatsapako fa misy zavatra izay mbola tsara lavitra avy amin' izany. Tamin' ny faha-dimy taonako dia nisy fihaonambe goavana natao tao amin' ilay tabernakely. Nandeha tamin' ilay lalan-kely mandalo amin' ny

trano fonenanay izahay ary nandalo ilay tetezana kely izay
 mankany amin' ilay trano fivoriana goavana ary nipetraka teo
 amin' ny laharan-tseza faha-10 teo ho eo tao amin' ilay trano
 fivavahana lehibe. Niahysy nandaha-teny nandritra izany
 fivoriana izany i David O. McKay, Filohan' ny Fiagonana. Tsy
 mahatadidy na inona na inona tamin' izay zavatra noteneniny
 aho, fa saingy tsaroako mazava tsara kosa ny zavatra hitako sy
 tsapako tamin' izany. Nanao palitao ambony ambany miloko
 fotsy somary manopy vony ny Filoha McKay ary ilay volony
 fotsy tanteraka dia tsara hogo tokoa. Araky ny fomba misy any
 amin' ireo nosikely dia nosalorana fehi-tenda telo sosona vita
 tamin' ny felam-boninkazo mena midorehitra izy. Rehefa niteny
 izy dia nahatsapa zavatra somary mahery sy nahakasika ahy
 manokana aho. Taty aorianavao takatro fa ny herin' ny Fanahy
 Masina no tsapako tamin' izay. Nihira ny hira famaranana izahay.

Iza no miaraka amin' ny Tompo? Iza?

Izao no fotoana anehoana izany.

Manontany amim-pahasahiana izahay hoe:

Iza no miaraka amin' ny Tompo? Iza?

("Who's on the Lord's Side?" *Hymns*, no. 260)

Nohirain' ny olona efa ho 2.000 ireo tononkira ireo kanefa
 amiko dia toy ny fanontaniana niantefa tamiko izany ary te-
 hitsangana aho tamin' izany hamaly hoe: "Izaho!"

Misy ireo olona sasany no mieritreritra fa ny fahavitrihana
 ato am-piangonana no tarjona farany indrindra. Misy loza
 mitatao ao anatin' ny finoana izany. Misy tokoa izany hoe mazoto
 ato am-piangonana kanefa malaindaina amin' ny filazantsara.
 Aleo ho hazavaiko kokoa: tanjona tena tsara tokoa ny hoe
 mavitrika ato am-piangonana; kanefa tsy ampy izany. Ny
 fahavitrihana ato am-piangonana dia famantarana ety ivelany ny
 fanirantsika ara-panahy. Raha manatrika ireo fivorantsika isika,
 ka mihazona sy manatanteraka ny antsotsika ato am-
 piangonana ary manompo ny hafa dia hitan' ny mason' ny olona
 izany.

Mifanohitra amin' izany kosa anefa fa tsy hita loatra ary
 sarotra refesina kokoa ny zavatra mikasika ny filazantsara,
 kanefa manana ny lanjany mandrakizay lehibebe kokoa. Ohatra,

manao ahoana ny haben' ny finoana tena ananantsika? Hatraiza ny fibebahantsika? Hatraiza ny lanjan' ireo ôrdônansy eo amin' ny fiainantsika? Hatraiza ny fifantohantsika amin' ireo fanekempihavanana nataontsika?

Averiko indray: ilaintsika ny filazantsara sy ny Fiagonana. Raha ny marina dia ny hanampy antsika hiaina ny filazantsara no tanjon' ny Fiagonana. Manontany tena isika matetika hoe:
Ahoana no mahatonga ny olona iray havitrika tanteraka ato am-piagonana mandritra ny fahatanorany ary aty aorianala tsy mazoto rehefa mihalehibe? Inona no mahatonga ny olon-dehibe iray izay nanatrika sy nanompo tsy tapaka kanefa lasa tsy tonga intsony? Ahoana no ahafahan' ny olona iray izay diso fanantenana tamin' ny mpitarika iray na tamin' ny mpikambana hafa iray hamela izany hampitsahatra ny fandraisany anjara ato am-piagonana? Ny antony angamba dia mety hoe tsy tena niova fo tanteraka tamin' ny filazantsara izy ireo—tamin' ireo zavatra mikasika ny mandrakizay.

Manolotra fomba telo lehibe aho izay hahatonga ny filazantsara ho fototra iorenantsika:

1. *Ampitomboy ny fahatakantsika mikasika Ny Andriamanitra.* Tena tsy maintsy ilaina ny fananana fahalalana sy fitiavana maharitra an' ireo olona telo ao amin' ny atao hoe Ny Andriamanitra. Mivavaha amin-kitsimpo amin' ny Ray, amin' ny anaran' ny Zanakalahiny ary mikatsaha ny fitarihan' ny Fanahy Masina. Ampiaraho amin' ny vavaka ny fandalinana tsy tapaka sy fisaintsainana amim-panetren-tena mba hanorenana finoana tsy voahozongozona an' i Kristy. "Fa ahoana moa no ahalalan' ny olona iray ny tombo . . . izay vahiny aminy ary lavitry ny eritreriny sy ny fikasan' ny fony?" (Môsià 5:13).
2. *Mifantoha amin' ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana.* Raha toa ka misy ôrdônansy manan-danja izay tokony mbola ho tanterahana eo amin' ny fiainantsika dia miomàna amim-piheverana ny handray azy ireo tsirairay. Avy eo dia mila manorina fifehezan-tena isika mba hiaina amim-pinoana ny fanekempihavanantsika, mampiasa tanteraka ny fanomezan'

ny fanasan' ny Tompo. Maro amintsika no tsy voaovan' ny hery manadio ananan' izany araka ny tokony ho izy noho ny tsy fahampian' ny fanehoantsika fanajana an' io ôrdônanisy masina io.

3. *Akambano ny filazantsara sy ny Fiagonana.* Rehefa mifantoka amin' ny filazantsara isika dia ho tonga fitahiana lehibe kokoa eo amin' ny fiainantsika ny Fiagonana. Rehefa tonga amin' ireo favorantsika tsirairay isika ka niomana ny “[hikatsaka] ny fianarana amin’ ny alalan’ ny fandinhana ary koa amin’ ny alalan’ ny finoana” (F&F 88:118), dia ho tonga mpampianatra antsika ny Fanahy Masina. Raha toa ka ny hiala voly no hahatongavantsika dia matetika ho diso fanantenana isika. Raha nanontaniana ny Filoha Spencer W. Kimball indray mandeha hoe: “Inona no ataonao rehefa sendra manatrika favoriana fanasan’ ny Tompo izay mahamonamaina?” Ny valinteniny dia ity: “Tsy fantattro, satria mbola tsy nanatrika favoriana toy izany aho na dia iray aza” (nolazain’ i Gene R. Cook, tao amin’ ny “Learning Gospel Is Lifetime Pursuit,” nataon’ i Gerry Avant, *Church News*, 24 Mar. 1990, 10).

Tokony hiriantsika eo amin' ny fiainana ny zava-nitranga taorian' ny nitsidihan' ny Tompo sy nanorenany ny Fiagonany tany amin' ireo vahoaka tany amin' ny Tontolo Vaovao. Hoy ny soratra masina hoe: “Ary ny zava-nitranga dia toy izany no nandehanany [izany hoe ny Mpianany] tany anivon' ny vahoakan’ i Nefia manontolo, sy nitoriany ny filazantsaran’ i Kristy tamin’ ny vahoaka rehetra eran’ ny lafin-tany; ary niova fo ho an’ ny Tompo ireny, sy tafatambatra tamin’ ny fiagonan’ i Kristy, ary dia toy izany no nitahiana ny vahoaka tamin’ izany taranaka izany, araka ny tenin’ i Jesoa” (3 Nefia 28:23).

Tian' ny Tompo hiova fo tanteraka ho amin' ny filazantsarany ireo mpikamban' ny Fiagonany. Izany no hany lalana azo antoka izay ahazoantsika fiarovana ara-panahy ankehitriny ary fiadanana mandrakizay. Amin' ny anaran’ i Jesoa Kristy, amena.

Tena Tia Antsika Tokoa Izy

Nataon' ny Loholona Paul E. Koelliker

Ao amin' ny Fitopololahy

Noho ilay fakantahaka avy any an-danitra izay narafitra ho an' ny fianakaviana dia takatsika tsara kokoa ny fomba tena hitiavan' ny Ray any an-danitra antsika tsirairay amin' ny fomba tsy miangatra sy feno.

Tiako ny miaraka amin' ireo misiônera manompo amin' ny fotoana feno. Vontom-pinoana sy fanantenana ary feno fiantrana marina izy ireo. Ny zavatra niainany mandritra ny maha-misiônera dia toy ny fiainana kely iray voafono ao anatin' ny 18 ka hatramin' ny 24 volana. Tonga toy ny zaza ara-panahy izy ireo izay manana hetaheta mafy ny hianatra ary olon-dehibe matotra izy ireo rehefa mody, toa vonona ny hiatrika ireo fanamby rehetra miseho eo anoloan' izy ireo. Tiako koa ireo misiônera mpivady feno fanoloran-tena, izay feno faharetana, sy fahendrena, ary fahatokiana tony. Mitondra ilay fanomezan' ny tsy fiovaovana sy fitiavana ho an' ireo tanora feno tanjaka izay manodidina azy izy ireo. Rehefa miaraka ny misiônera tanora sy ny misiônera mpivady dia hery mahery vaika sy maharitra amin' ny fanaovana ny tsara, izay misy fiantraikany lalina eo amin' ny fiainan' izy ireo sy amin' ireo izay voakasiky ny asa fanompoana ataon' izy ireo.

Vao haingana aho no nihaino ny roa tamin' ireo misiônera tanora manana ny maha izy azy ireo raha nanao tamberina ny zavatra niainany sy ny ezaka nataony izy ireo. Tao anatin' izany fotoana nisaintsainan' izy ireo izany dia nandinika momba ny olona tsirairay izay nifampiresaka tamin' izy ireo nandritra iny andro iny izy ireo, ny sasantsasany tamin' izany dia olona izay

nety nandray kokoa noho ny hafa. Rehefa nandinika ny toe-javatra izy ireo dia nametraka fanontaniana hoe: "Ahoana no ahafahantsika manampy ny tsirairay hampivelatratra ny fanirian' izy ireo hahafantatra bebe kokoa momba ny Ray any an-danitra? Ahoana no hanampiantsika azy irenny hahatsapa ny Fanahiny? Ahoana no hanampiantsika azy ireo hahafantatra hoe tiantsika izy ireo?"

Azoko sary an-tsaina ireo tovolahy roa ireo telo taona na efa-taona taorian' ny nahavitan' izy ireo ny asa fitoriany. Hitako izy ireo fa nahita ireo ho vadiny mandrakizay ary manompo ao amin' ny kôlejin' ny loholona na mampianatra andian-jatovolahy iray. Amin' izay fotoana izay raha tokony hieritrerira mikasika ny naman' ny Fiagonana izy ireo dia ho apetрак' izy ireo io fanontaniana io mikasika an' ireo mpikambana ao amin' ny kôlejin' izy ireo na mikasika an' ireo zatovolahy nampandraiketina azy ireo mba ho beazina. Hitako ny fomba ahafahan' izy ireo mampiasa ny zavatra niainan' izy ireo fony misiônera mba ho entina hanampiana ny hafa mandritra ny androm-piainan' izy ireo manontolo. Rehefa miverina avy nanao asa fitoriana ka mody any amin' ireo firenena maro maneran-tany io tafiky ny mpanara-dia marin-toetra io dia lasa mpandray anjara manan-danja ao amin' ny asa fanorenana ny Fiagonana izy ireo.

Mety nisaintsaina ireo karazam-panontaniana napetraky ny misiônera ireo koa ny mpaminany Lehia, ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, rehefa nihaino ny valintenin' ny zanany lahy izy mikasika ny fitarihana sy fahitana izay nomeny azy ireo: "Ary dia toy izany no nimonomononan' i Lamàna sy i Lemoela izay zokiny indrindra, tamin-drainy. Izy ireo dia nimonomonona, satria tsy fantany ny fitondran' ilay Andriamanitra izay efa nahary azy ireo" (1 Nefia 2:12).

Angamba isika samy efa nahatsapa ny fahasorenana tsapan' i Lehia tamin' ny zavatra niainany niaraka tamin' ireo zanakalahiny roa voalohany ireo. Rehefa eo anoloan' ny ankizy iray manomboka manalavitra ny fahamarinana isika, na naman' ny Fiagonana tsy manolo-tena, na olona miomana ny ho loholona fa tsy mandray anjara firy dia malahelo azy ireo tokoa ny fo tahaka ny an' i Lehia ary manontany tena isika hoe ahoana

no fomba ahafahako manampy azy ireo hahatsapa sy hihaino ny Fanahy mba hahafahan' izy ireo misoroka ireo rendrarendran' izao tontolo izao? Soratra masina roa no tonga ato an-tsaiko izay afaka manampy antsika hahita ny lala-kombana eo anivon' ireo rendrarendra ireo ary hahatsapa ny herin' ny fitiavan' Andriamanitra.

I Nefia dia manome fanalahidy iray ho an' ny varavarany' ny fianarana amin' ny alalan' ny zavatra niainany manokana: "Izaho Nefia dia, . . . efa nanam-paniriana lehibe ny hahafantatra ny mistery momba an' Andriamanitra, noho izany aho dia nitalaho tamin' ny Tompo; ary indro Izy tonga namangy ahy sy nampahalefaka ny foko hany ka nino ny teny rehetra izay efa nolazain-draiko aho; koa tsy nikomy taminy tahaka ny rahalahiko aho" (1 Nefia 2:16).

Ny famohazana ny faniriana hahafantatra dia mamela ilay fahafaha-manaantsika ara-panahy handre ny feon' ny lanitra. Ny fikatsahana fomba hamohazana sy hikolokoloana izany faniriana izany no adidy sy andraikintsika tsirairay avy—ny misiônera, ny ray aman-dreny, ny mpampianatra, ny mpitarika ary ireo mpikambana. Rehefa mahatsapa isika fa mitsiry ao am-pontsika izany faniriana izany, dia vonona isika hahazo tombontsoa avy amin' ny fianarana ilay soratra masina faharoa izay tiako hambara.

Tamin' ny volana Jiona 1831, rehefa nanolorana antso ireo mpitarika ny Fiagonana tany am-piandohana, dia nolazaina i Joseph Smith fa "mivezivezy eran-tany i Satana, ary mivoaka izy hamitaka ireo firenena." Mba hiadiana amin' izany fitarihana mahavarimbariana izany, dia nilaza ny Tompo fa hanome antsika "ny fakantahaka amin' ny zavatra rehetra [Izy], mba tsy ho azo fitahina [isika]" (F&F 52:14).

Ny fakantahaka dia ohatra, fitarihana, dingana miverimberina, na lalana arahin' ny olona iray mba tsy hialana amin' ny tanjon' Andriamanitra. Raha arahina izany, dia hanampy antsika hanana fanetren-tena, sy ho taitra, ary ho hanana fahafahana hamantatra ny feon' ny Fanahy Masina eo anivon' ireo feo izay mandrebireby sy mamily lalana antsika. Nanome torolalana antsika ny Tompo avy eo manao hoe: "Izay mangovitra noho ny heriko dia hohatanjahina ary hamoa ny

voan' ny fiderana sy ny fahendrena araka ny fanambarana sy ny fahamarinana izay efa nomeko anareo" (F&F 52:17).

Ny fitahiana avy amin' ny vavaka feno fanetren-tena omban' ny tena finiavana, dia mamela ny Fanahy Masina hikasika ny fontsika ary manampy antsika hahatsiaro ireo zavatra izay efa fantatsika talohan' ny nahaterahantsika teto amin' ity fainana antany ity. Rehefa mazava amintsika ny drafity ny Raintsika any an-danitra ho antsika, dia manomboka mahafantatra ny andraikitsika isika eo amin' ny fanampiana ny hafa hianatra sy hahatakatra ny drafiny. Ny fifamatorana akaiky amin' ny fanampiana ny olona hahatsiaro dia fomba iainantsika manokana ny filazantsara sy ampiharantsika izany eo amin' ny fainantsika. Rehefa tena miaina marina ny filazantsara isika araky ny fankatahaka nampianarin' ny Tompo Jesoa Kristy antsika, dia hitombo ny fahafahantsika manampy ny hafa. Ity zava-nitranga manaraka ity dia ohatra maneho ny fomba ahafahan' ity fitsipika ity ho mahomby.

Nandondona tao amin' ny trano iray ny misiônera vao herotrerony roa, izay nanantena fa hahita olona handray ny hafatr' izy ireo. Nisokatra ny varavarana, ary lehilahy goavana iray no nandray azy ireo tamin' ny feo somary nitrerona: "Ohatry ny efa nolazaiko anie ianareo tsy handondona ny varavarako intsony e! Efa nampitandrina anareo aho taloha fa raha mbola miverina ianareo, dia hivadika toe-javatra ratsy izany. Mandehana mandeha any amin' izay." Nakatony haingana ny varavarana.

Raha nandao ilay trano ireo elder, dia napetrak' ilay misiônera efa manana traikefa bebe kokoa teo an-tsortok' ilay misiônera vao tonga vao haingana ny sandriny mba hankahery sy handrisika azy. Tsy fantatr' izy ireo akory hoe nitazana teo ambaravarankely ilay lehilahy mba hahazo antoka fa azon' ireto misiônera ireto tsara ny hafatra nomeny. Izy dia tena nanantena ny hahita azy ireo hihomehy sy hihanihany tamin' ilay valinteny feno tsy fahalalam-pomba rehefa nanandrana ny hamangy azy izy ireo. Kanefa rehefa hitany ny fifanehoana hatsaram-panahy nisy teo amin' ireto misiônera roa ireto dia tonga nihanalefaka ny fony. Novohany indray ny varavarana ary nangataka ireto

misiônera roa ireto izy hiverina ary hizara aminy ny hafatr' izy ireo.

Amin' ny fotoana izay hanaovantsika ny sitrapon' Andriamanitra sy iainantsika ny ohatra nasehony no ahatsapana ny Fanahy Masina. Nampianatra ny Mpamonjy hoe: "Izany no ahafantaran' ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mifankatia" (Jaona 13:35). Ity fitsipiky ny fifankatiavana sy ny fampivelarana ny fahafahantsika mifantoka amin' i Kristy ity eo amin' ny fomba fisainantsika, sy fomba firesatsika, ary amin' ny zavatra ataontsika dia zava-dehibe ao anatin' ny fahatongavana ho mpianatr' i Kristy sy ho mpampianatra ny filazantsarany.

Ny famohazana izany faniriana izany dia manomana antsika hikaroka ilay fakantahaka nampanantenaina. Ny fikatsahana ireo fakantahaka ireo dia mitarika antsika any amin' ny fotopampianaran' i Kristy izay nampianarin' ny Mpamonjy sy ireo mpitarika izay mpaminaniny. Iray amin' ireo fakantahaka ao amin' ity fotopampianarana ity ny faharetana hatramin' ny farany: "Ary hotahina izay hikatsaka ny hampiorina an' i Zionako amin' izany andro izany fa izy no handray ny fanomezana sy ny herin' ny Fanahy Masina; ary raha maharitra hatramin' ny farany izy dia hasandratra amin' ny andro farany ka hovonjena ao amin' ny fanjakan' ny Zanakondry izay maharitra mandrakizay" (1 Nefia 13:37).

Inona no fomba faran' izay lehibe indrindra ahafahantsika mahazo ny fanomezana sy ny herin' ny Fanahy Masina? Izany dia ilay hery izay azo amin' ny maha-mpanara-dia mahatokin' i Jesoa Kristy. Izany dia ny *fitiavantsika* Azy sy ny mpiara-belona amintsika. Ny Mpamonjy no namaritra ilay fakantahaka eo amin' ny fitiavana rehefa nampianatra antsika Izy hoe: "Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa" (Jaona 13:34).

Ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nanamafy ity fitsipika ity rehefa niteny hoe: "Ny hoe tiava ny Tompo dia tsy hoe torohevitra fotsiny; tsy hoe firariana tsara fotsiny. Fa tena didy izany. . . . Ny fitiavana an' Andriamanitra no fakan' ny hasina rehetra, ny hatsaran-toetra rehetra, sy ny herin' ny toetra ananana

rehetra ary ny fahitsim-po aman-tsaina rehetra hanao ny marina” (“Tenin’ ny Mpaminany Velona,” *Liahona*, Des. 1996, 8).

Nofaritan’ ilay drafity ny Ray ny fakantahaka ho an’ ny fianakaviana mba ho entina hanampiana antsika hianatra, sy hampihatra, ary hahatakatra ny herin’ ny fitiavana. Tamin’ ny andro nanorenana ny fianakaviako manokana dia nandeha tany amin’ ny tempoly izaho sy i Ann malalako ary niditra tao anatin’ ny fanekempihavanana’ ny fanambadiana. Noeritreretiko fa lehibe dia lehibe ny fitiavako azy tamin’ io andro io, kanefa hay vao nanomboka nahatazana ny sombintsombin’ ny fitiavana fotsiny aho tamin’ izany. Rehefa tonga teo amin’ ny fiainanay ireo zanakay sy zafikelinay tsirairay, dia nanomboka nivelatra ny fitiavanay azy ireo tamin’ ny fomba tsy miangatra ary feno. Toa ohatry ny tsy misy farany izany fivelaran’ ny fahafahana mitia izany.

Ny fahatsapana ny fitiavan’ ny Raïntsika any an-danitra dia tahaka ny hery misintona avy any an-danitra. Rehefa esorintsika ireo zavatra mahavarimbariana izay misintona antsika mankany amin’ izao tontolo izao, ka ampiharintsika ny fahafahantsika misafidy mba hikatsahana Azy, dia manokatra ny fontsika isika hahazo hery selestialy iray izay mampanatona antsika akaikikaiky kokoa Aminy. I Nefia dia namariparitra ny fiantraikan’ izany ho “hatrany amin’ ny fahalevonan’ ny nofo[ny] aza” (2 Nefia 4:21). Io herin’ ny fitiavana io ihany no nahatonga an’ i Almà hihira ny “hiran’ ny fitiavana manavotra” (Almà 5:26 jereo koa ny andininy 9). Tena nanohina an’ i Môrmôna izany ka nahatonga azy nanoro hevitra antsika mba “hivavaka . . . amin’ ny herin’ ny fon[tsika] manontolo,” mba hahazoana mamenno antsika amin’ izany fitiavany izany (Môrônia 7:48).

Na ny soratra masina taloha na ny maoderina dia samy feno fampahatsiahivana ny fitiavana mandrakizain’ ny Ray any an-danitra ho an’ ny zanany. Azoko antoka fa manolotra hatrany ny sandriny ny Raïntsika any an-danitra, vonona foana ny hisakambina ny tsirairay amintsika ary hiteny amintsika amin’ ilay feo tony, sy mipaka hatrany amin’ ny aty fanahy hoe: “Tiako ianao.”

Noho ilay fakantahaka avy any an-danitra izay narafitra ho an’ ny fianakaviana dia takatsika tsara kokoa ny fomba tena

hitiavan' ny Ray any an-danitra antsika tsirairay amin' ny fomba tsy miangatra sy feno. Mijoro ho vavolombelona aho fa marina izany. Fantatr' Andriamanitra isika sady tiany. Nomeny fahitana mikasika an' ilay fitoerany masina isika ary niantso mpaminany sy apôstôly Izy hampianatra ireo fitsipika sy fakantahaka izay hitondra antsika hiverina any Aminy. Rehefa miezaka mafy ny hamoha ny faniriana hahafantatra ao anatintsika sy ao amin' ny hafa isika, ary rehefa miaina ny fakantahaka hitantsika isika dia hanatona akaiky Azy. Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa no ilay tena Zanakalahin' Andriamanitra, Ilay Ohatra ho antsika, Mpanavotra malalantsika. Izany dia lazaiko amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Ny Sorona

Nataon' ny Loholona Dallin H. Oaks

Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo

*Ny fiainantsika natokana ho an' ny asa fanompoana sy
ny sorona no fanehoana tsara indrindra an' ilay
fanoloran-tenantsika hanompo ny Tompo sy ny
mpiara-belona amintsika.*

Ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy dia nantsoina hoe "ilay zava-manan-danja indrindra tamin' ny zava-nitranga rehetra nanomboka hatrany amin' ny fahariana ka hatrany amin' ny mandrakizay."¹ Izany sorona izany no ivon' ny hafatr' ireo mpaminany rehetra. Hita taratra mialoha izany tamin' ny alalan' ny fanaovana sorona biby araky ny fitakian' ny lalàn' i Mosesy. Nanambara ny mpaminany iray fa ny tena dikan' ireo lalàna rehetra ireo dia "manondro izany sorona lehibe sady farany [izany] . . . dia ho ny Zanak' Andriamanitra, eny, tsisy fetra ary mandrakizay" (Almà 34:14). Niaritra fijaliana tsy takatry ny saina i Jesoa Kristy tamin' ny fanolorana ny tenany ho sorona ho an' ny fahotan' ny olon-drehetra. Izany sorona izany dia nanolotra ilay faran' izay tsara indrindra—ilay Zanak' ondrilahy tsy misy kilema—handrakotra ny ratsy tena lehibe indrindra—dia ny fahotan' izao tontolo izao. Hoy ny teny tsy hay hadinoina nolazain' i Eliza R. Snow hoe:

*Nalatsany ny rany soa,
Nomeny ny ainy.
Ny ota no sandainy,
Ho fanavotana.*²

Io sorona io—ilay Sorompanavotan' i Jesoa Kristy—no ivon' ny drafity ny famonjena.

Ny fijaliana tsy hay takarina nozakain' i Jesoa Kristy no namarana ny fanaovana sorona amin' ny alalan' ny fandatsahandra, kanefa tsy namarana kosa ny maha-zava-dehibe ny sorona eo amin' ny drafity ny filazantsara izany. Ny Mpamonjy antsika dia mbola mitaky ny hanohizantsika ny fanolorana sorona, saingy ny sorona asainy ataontsika amin' izao dia ny "[hanaterantsika] ho sorona ho [Azy] ny fo torotoro sy ny fanahy manenina" (3 Nefia 9:20). Nandidy antsika tsirairay koa izy hifankatia sy hifanompo—izany hoe, hanolotra sorona mitovitovy amin' ilay sorona nataony amin' ny alalan' ny fahafoizana ny fotoanantsika sy ireo zavatra maha-maika antsika izay miendrika fitiavan-tena. Ao anatin' ny fihirana iray feno fitaomam-panahy no hihirantsika hoe: "Ny fahasoavana hirotsaka tokoa, vokatry ny fahafoizantenany."³

Hiresaka mikasika ireo sorona eto an-tany ireo aho, izay angatahin' ny Mpamonjy mba hataantsika. Tsy horesahiko ao anatin' izany ireo sorona izay terena mba hataantsika na zavatra atao izay mety ny fahazoana tombontsoa manokana no mandrisika antsika hanao izany mihoatra ilay asa fanompoana na ilay sorona (jereo ny 2 Nefia 26:29).

I.

Ny finoana Kristianina dia manana tantara mifono sorona ka tafiditra ao anatin' izany ilay sorona faran' izay lehibe indrindra. Nandritra ireo taona maro tany am-piandohan' ny vanimpotoana Kristianina dia namono ho maritiora olona an' arivony noho ny finoany an' i Jesoa Kristy i Roma. Tao anatin' ireo taonjato taty aoriana, rehefa nosaratsarahan' ny tsy fitoviankevitra ara-potopampianarana ny Kristianina dia nanenjika ary tena namono mihitsy aza ireo mpikambana avy amin' ny vondrona hafa ireo vondrona sasany. Ny Kristianina vonoin' ny Kristianina hafa no martiora tena mampalahelo indrindra teo amin' ny finoana Kristianina.

Maro ireo Kristianina no nanolotra sorona tamin-tsitrano izay nentanin' ny finoana an' i Kristy sy ny faniriana hanompo Azy. Ny sasany dia nisafidy ny hanolotra ny fainana manontolo amin' ny maha-olon-dehibe azy mba hanompo ny Tompo. Izany vondron' olona mendri-kaja izany dia ahitana ireo fikambanan-drelijiozin' ny Fiagonana Katôlika ary ireo izay nanompo

nandritra ny androm-piaiany tamin' ny naha-misiônera Kristianina azy ao amin' ny finoana Prôtestanta samihafa. Ireo ohatra nasehon' izy ireo dia sarotra sy manentana fanahy, kanefa ny ankamaroan' ireo mpino an' i Kristy dia sady tsy takiana no tsy afaka hanokana ny fiaiany manontolo hanao asa fanompoana masina.

II.

Ho an' ny ankamaroan' ny mpanara-dia an' i Kristy dia miompana amin' ny fanaovana izay azontsika atao isan' andro eo amin' ny fiaiantsika manokana andavanandro ny sorona ataontsika. Raha ny amin' izay lafiny izay dia tsy mahalala vondrona hafa izay manao sorona lehibe kokoa noho ny Olomasin' ny Andro Farany aho. Ny sorona ataon' izy ireo—ny sorona ataonareo, ry rahalahy sy anabaviko isany—dia mifanohitra amin' ireo fikatsahana fahafaham-po ho an' ny tena manokana izay mahazatra an' izao tontolo izao.

Ireo ohatra voalohany ho zaraiko dia ireo Môrmôna mpamaky lay. Ny sorona miavaka nataon' izy ireo izay namoizany ny ainy, sy ny fifandraisana ara-pianakaviana, sy ny tokantranony ary ireo zavatra izay mahasoa azy no fototry ny filazantsara naverina tamin' ny laoniny. Niresaka mikasika ny zavatra izay nandrisika an' ireto mpamaky lay ireto i Sarah Rich rehefa niresaka mikasika an' i Charles vadiny, izay nantsoina hanao asa fitoriana any an-toerana lavitra: "Tena fotoana sarotra izany na ho ahy na ho an' ny vadiko, kanefa ny adidy no niantso anay mba hisaraka mandritra ny fotoana fohy ary noho ny fahafantaranay fa nanao ny sitrapon' ny Tompo izahay, dia nanana faniriana izahay ny hahafoy izay mety ho fahatsapan-javatra ananan' ny tenanay manokana mba hanatontosana ilay asa . . . miompana amin' ny fanampiana eo amin' ny fanorenana ny Fanjakan' Andriamanitra eto an-tany."⁴

Amin' izao andro izao, ny tanjaky Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany izay tena miharihary dia ny fanaovan' ireo mpikambana ao aminy asa fanompoana sy sorona tsy misy fitiavan-tena. Talohan' ny namerenana nanokana ny iray tamin' ireo tempolintsika dia nanontanian' ny mpitondra fivavahana Kristiana iray ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe nahoana no tsy ahitana hazofijaliana eo

amin' izany, izay mariky ny finoana Kristianina tena fahita mahazatra. Namaly ny Filoha Hinckley hoe ny mariky ny finoana Kristianina izay anananay dia "ny fiainan' ireo olona ao aminay."⁵ Tena marina tokoa fa ny fiainantsika natokana ho an' ny asa fanompoana sy ny sorona no fanehoana tsara indrindra an' ilay fanoloran-tenantsika hanompo ny Tompo sy ny mpiara-belona amintsika.

III.

Tsy manana mpitondra fivavahananofanina ho matihanina sy karamaina Ny Fianganan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Vokatr' izany, ireo mpikambana lahika izay voantso hitarika sy hanompo eo anivon' ny mpiangona dia tsy maintsy miandraikitra tanteraka ny fitantanana ireo fivoriam-pianganantsika, sy ireo fandaharan' asantsika ary ireo fiaraha-mientantsika maro. Manao izany ho an' ny vondron' ny mpivavaka mihoatra ny 14.000 izy ireo raha eto Etazonia sy Kanada fotsiny no resahina. Mazava ho azy fa tsy isika irery akory no manana lahika avy eo anivon' ny mpiangona ato amintsika izay manompo ho mpampianatra sy mpitarika lahika. Kanefa ny fotoana atolotr' ireo mpikambana ao amintsika mba hifanofanana sy hifanompoana dia be dia be lavitra tokoa. Ohatra amin' izany ny ezaka ataontsika mba hanaovana izay hamangiana isam-bolana ny fianakaviana tsirairay eo anivon' ireo mpiangona ao amintsika amin' ny alalan' ireo mpampianatra isan-tokantrano sy hanaovana izay hitsidihan' ireo mpamangy isan-tokantrano ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana isam-bolana ireo olon-dehibe vehivavy tsirairay. Tsy mahafantatra asa fanompoana azo ampitahaina amin' izany izahay ao anatin' izay mety ho fikambanana misy manerana an' izao tontolo izao.

Ny ohatra tena fantatra tsara indrindra mikasika ny asa fanompoana sy fahafoizan-tena miavaka atao' ny Olomasin' ny Andro Farany (OAF) dia ny asa atao' ireo mpitory filazantsara. Ankehitriny dia tovolahy sy tovovavy mihoatra ny 50.000 izy ireo ary lehilahy sy vehivavy lehibe mihoatra ny 5.000. Manolotra enim-bolana ka hatramin' ny roa taona ao anatin' ny fiaianany izy ireo mba hampianarana ny filazantsaran' i Jesoa Kristy sy hanaovana asa fanampiana olona any amin' ny firenena mihoatra ny 160 manerana an' izao tontolo izao. Mitaky fanaovana sorona

foana ny asan' izy ireo, ka ao anatin' izany ireo taona atolony hanaovana ny asan' ny Tompo sy ny sorona ataony hanomezana vola hiantohana ny tenan' izy ireo.

Ireo izay mijanona ao an-tokantrano koa—ireo ray amandreny sy olona hafa ao amin' ny fianakaviana—dia manao sorona amin' ny famoizana ny fiarohana amin' ireo zanakalahiny sy zanakavaviny izay misiônera amin' ny fandefasan' izy ireo azy ireo hanao izany. Ohatra, nandray ny antsony hitory ny filazantsara ny tanora Bireziliana iray raha mbola tao anatin' ny famelomany ny rahalahiny sy ny anabaviny izy taorian' ny nahafatesan' ny rainy sy ny reniny. Nisy Manampahefana Ambony iray namaritra ny filan-kevitra nataon' ireto ankizy ireto ary nahatsiarovan' izy ireo fa ireo ray aman-dreniny izay efa nodimandry dia nampianatra azy ireo fa tokony ho vonona lalandava izy ireo ny hanompo ny Tompo. Nanaiky ilay antso hitory ilay zatovolahy, ary ilay rahalahiny izay 16 taona indray no nandray ilay andraikitra mba hiasa hamelomana ny fianakaviana.⁶ Maro amintsika no mahafantatra ohatra maro hafa izay maneho ny fanaovana sorona mba hanaovana asa fitioriana na hanohanana mpitoky filazantsara iray. Tsy mahafantatra asa fanompoana sy fanaovana sorona amin-tsitraro tahaka izany isika any amin' izay mety ho fikambanana hafa any amin' izao tontolo izao.

Matetika izahay no misy manontany hoe: “Ahoana no handresenareo lahatra ireo tanora sy olona zokinjokiny izay mpikambana ao aminareo handao ny fianarany na ny fotoana fisotroan-drononony mba hanao sorona toy izany?” Maro ireo reko nanome izao fanazavana izao: “Ny fahafantarana ny zavatra nataon’ ny Mpamony ho ahy—Ny fahasovany tao anatin’ ny fijaliany noho ny fahotako sy ny fandreseny ny fahafatesana mba hahafahako hiaina indray—dia tsapako ho toy ny voninahitra ho ahy ny manao ilay sorona kely izay angatahina amiko ho fanompoana Azy. Te-hizara ny fahalalana izay natolony ahy aho.” Ahoana no handresenay lahatra ireo mpanara-dia an’ i Kristy toy izany mba hanompo? Hoy ny mpaminany iray hoe: “Angatahanay [fotsiny] izy ireo hanao izany.”⁷

Ireo sorona hafa ateraky ny fanaovana asa fitioriana dia ny sorona ataon’ ireo izay mandray andraikitra eo anatrehan’ ny

fampianaran' ireo misiônera ary lasa mpikamban' ny Fiagonana. Ho an' ireo olona niova fo maro dia tena goavana ireo sorona natao ireo ka tafiditra ao anatin' izany ny fahatapahan' ny finamanana amin' ireo namana sasany sy ny fifandraisana amin' ny fianakaviana.

Nandritra ny fihaonambe iray, taona maro lasa izay, no nandrenesantsika mikasika ny tovolahy iray izay nandray ny filazantsara naverina tamin' ny laoniny rehefa nianatra taty Etazonia. Rehefa akaiky ny fotoana hiverenan' ity tovolahy ity ho any amin' ny tany niaviany dia nanontany azy ny Filoha Gordon B. Hinckley mikasika izay hitranga aminy rehefa hiverina hody izy ka efa lasa Kristianina. "Ho diso fanantenana tanteraka amiko ny fianakaviako," hoy ny navalin' ilay tovolahy. "Mety ho roahin' izy ireo aho ary ho raisiny ho toy ny efa maty. Raha ny mikasika ny hoaviko sy ny asako dia hikatona amiko daholo ny varavarana rehetra."

"Moa ve ianao vonona ny hahafoy zavatra goavana toy izany noho ny filazantsara?" hoy ny Filoha Hinckley nanontany.

Tamin-dranomaso no namalian' ity tovolahy ity azy hoe: "Moa tsy marina ve izy ity, sa tsy izany?" Rehefa nekena izany dia namaly izy hoe: "Ka inona no zava-dehibe ankoatr' izany?"⁸ Izany no toe-tsaina amam-panahy vonona hanao sorona ananan' ny mpikambana vaovao maro eo anivontsika.

Ohatra maro hafa mikasika ny asa fanompoana sy ny fanaovana sorona no miseho eo amin' ny fiainan' ireo mpikambana mahatoky ao amintsika izay manompo any amin' ireo tempolintsika. Ny asa fanompoana atao any amin' ny tempoly dia tsy hita afa-tsy eo anivon' ny Olomasin' ny Andro Farany, kanefa tokony ho afaka hahatakatra ny maha-zava-dehibe ny fanaovana sorona toy izany ireo Kristianina rehetra. Tsy manana fombafomba mikasika ny fanaovana asa fanompoana any amin' ny mônastera akory ny Olomasin' ny Andro Farany, kanefa isika dia mbola afaka mahatakatra sy manaja ny sorona ataon' ireo olona izay entanin' ny finoana Kristianina ananany hanolotra ny fiainany hanao izany asam-pivavahana izany.

Nandritra ny fihaonambe tahaka izao, herintaona lasa izay, dia nizara ohatra mikasika ny fanaovana sorona izay misy

ifandraisany amin' ny tempoly ny Filoha Thomas S. Monson. Nisy raim-pianakaviana Olomasin' ny Andro Farany mahatoky iray izay nipetraka tany amin' ny nosikely lavitra iray tany Pasifika, izay nanao asa mitaky herim-batana goavana tany amin' ny toerana lavitra azy nandritra ny enin-taona mba hahazoana vola ampy hitondrana ny vadiny sy ireo zanany 10 mianadahy hanatanteraka fanambadiana sy famehezana mandrakizay any amin' ny Tempolin' i Nouvelle-Zélande. Nanazava ny Filoha Monson hoe: "Ireo izay mahatakatra ny fitahiana mandrakizay izay azo avy amin' ny tempoly dia mahafantatra fa tsy misy fahafoizan-tena lehibe loatra, na saran-dalana lafo loatra, na olana izay sarotra loatra ka tsy ahafahana mandray ireo fitahiana ireo."⁹

Izaho dia feno fankasitrhana noho ny amin' ireo ohatra mahafinaritra ahitana fanehoana fitiavana, sy fanaovana asa fanompoana ary fanaovana sorona amin' ny fomba Kristianina izay hitako eo anivon' ireo Olomasin' ny Andro Farany. Hitako ianareo manatontosa ny antsonareo ato am-piagonana, izay matetika ao anatin' ny fanolorana betsaka ny fotoana sy izay ananana. Hitako ianareo manao asa fitoriana ka avy any am-paosinareo no andoavanareo izay rehetra ilaina amin' izany. Hitako ianareo manolotra amin-kafaliana ny fahaiza-manaonareo eo amin' ny fanompoana ny mpiara-belona aminareo. Hitako ianareo mikarakara ny mahantre amin' ny alalan' ny ezaka ataonareo manokana sy amin' ny alalan' ny fitondrana ny anjara birky ao amin' ny fandaharan' asa fifanampiana sy ny fandaharan' asa fanampiana olona ato amin' ny Fiangonana.¹⁰ Ireo rehetra ireo dia manamafy ny filazana avy tamin' ny fanadihadiana iray natao manerana ny firenena fa ireo mpikamban' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany dia "manao asa an-tsitrano sy manolotra zavatra mihoatra lavitra noho ny ankamaroan' ireo Amerikana ary tena malala-tanana kokoa aza eo amin' ny fanolorana fotoana sy vola raha oharina amin' ireo [20 isan-jato] izay manolotra be indrindra raha ireo olona mpino eto Amerika no resahina."¹¹

Ireo ohatra toy izany dia manamafy orina antsika rehetra. Mampahatsiahy antsika ny fampianaran' ny Mpamonjy izany:

“Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany. . . .

“Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy, dia hahavery azy; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny amiko, dia hahazo izany” (Matio 16:24–25).

IV.

Angamba ireo ohatry ny asa fanompoana sy fanaovana sorona tsy mifono fitiavan-tena izay tena mahazatra sy manan-danja indrindra dia ireo izay atao any anatin’ ny fianakavantsika. Manolo-tena hitaiza sy hikarakara ireo zanany ireo reny. Tsy mitandro hasasarana hamelomana ireo vady aman-janany ireo ray. Ireo fanaovana sorona izay tafiditra ao anatin’ ilay asa fanompoana manan-danja mandrakizay ho an’ ny fianakavantsika dia maro loatra raha ho tanisaina ary efa mahazatra loatra ka tsy dia ilaina holazaina.

Hitako ihany koa ireo Olomasin’ ny Andro Farany tsy mba tia tena izay manangan-jaza, ao anatin’ izany ireo zaza izay mila fanampiana manokana, ary mikatsaka ny hanome an’ ireo zanaka nankinin’ ny fanjakana tamin’ izy ireo ny fanantenana sy ny tombontsoa izay tsy mba nomena azy ireo noho ny toe-javatra niainany teo aloha. Hitako ianareo mikarakara ireo olona ao amin’ ny fianakaviana sy ireo mpifanolobodirindrina izay manana fahasembanana hatrany am-bohoka, na manana olana ara-tsaina na ara-batana, na olana vokatry ny fahanterana. Hitan’ ny Tompo koa ianareo, ary nasainy nambaran’ ny mpaminaniny hoe: “arakaraky ny ifanaovanareo sorona sy ny hanaovanareo sorona ho an’ ny zanakareo no hitahian’ ny Tompo anareo.”¹²

Izaho dia mino fa ireo Olomasin’ ny Andro Farany izay manao asa fanompoana sy sorona tsy misy fitiavan-tena ao anatin’ ny fitsaohana ny Mpamonjy amin’ ny alalan’ ny fanarahana ny ohatra nataony dia tafiditra bebe kokoa ao anatin’ ny fananana ireo soatoavina mandrakizay noho izay mety ho vondron’ olona hafa. Ny fanaovany sorona ny fotoanany sy izay ananany dia raisin’ ny Olomasin’ ny Andro Farany ho anisan’ ny fianarana sy fiomanan’ izy ireo ho amin’ ny mandrakizay. Fahamarinana iray nambara tao amin’ ny *Lectures on Faith*, izany, izay mampianatra fa “ny finoana izay tsy mitaky fanaovana sorona ny zava-drehetra dia tsy hanana hery ampy entina

hiteraka ny finoana ilaina ho an' ny fiainana sy ny famonjena. . . . Amin' ny alalan' izany fanaovana sorona izany, ary amin' ny alalan' izany ihany, no nilazan' Andriamanitra fa hahazoan' ny olombelona ny fiainana mandrakizay.”¹³

Tahaka ny maha-ivon' ny drafity ny famonjena ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy dia tokony hanao sorona avy amintsika manokana koa isika mpanara-dia an' i Kristy mba hanomana ilay hoavy izay atolotr' ilay drafitra ho antsika.

Fantattro fa i Jesoa Kristy no Zanaka Lahitokan' Andriamanitra, ilay Ray Mandrakizay. Fantattro fa noho ny sorompanavotana nataony dia manana antoka isika hahazo ny tsy fahafatesana sy ny fahafahana hahazo ny fiainana mandrakizay. Izy no Tompontsika sy Mpamony antsika ary Mpanavotra antsika, ary mijoro ho vavolombelona ny Aminy aho amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

1. Bruce R. McConkie, *The Promised Messiah: The First Coming of Christ* (1981), 218.
2. “Endrey fahendrena, fitia,” *Fihirana sy Hirano ny Ankizy*, pejy 37.
3. “Dera ho an’ ilay nandre an’ i Jehovah,” *Fihirana sy Hirano ny Ankizy*, p. 100.
4. Sarah Rich, ao amin’ ny Guinevere Thomas Woolstenhulme, ‘I Have Seen Many Miracles,’ ao amin’ ny edisiona nataon’ i Richard E. Turley Jr. sy Brittany A. Chapman, *Women of Faith in the Latter Days: Bok 1, 1775–1820* (2011), 283.
5. Gordon B. Hinckley, “The Symbol of Our Faith,” *Liahona*, Apr. 2005, 3.
6. Jereo ny Harold G. Hillam, “Sacrifice in the Service,” *Ensign*, Nôv. 1995, 42.
7. Gordon B. Hinckley, “The Miracle of Faith,” *Liahona*, Jolay 2001, 84.
8. Gordon B. Hinckley, “It’s True, Isn’t It?” *Tambuli*, Ôkt. 1993, 3–4; jereo koa ny Neil L. Andersen, “It’s True, Isn’t It? Then What Else Matters?” *Liahona*, Mey 2007, 74.
9. Thomas S. Monson, “Ny Tempoly Masina—Fanilo ho an’ Izao Tontolo Izao,” *Liahona*, Mey 2011, 91–92.
10. Jereo, ohatra ao amin’ ny, Naomi Schaefer Riley, “What the Mormons Know about Welfare,” *Wall Street Journal*, Feb. 18, 2012, A11.
11. Ram Cnaan and others, “Called to Serve: The Prosocial Behavior of Active Latter-day Saints” (draft), 16.
12. Ezra Taft Benson, “To the Single Adult Brethren of the Church,” *Ensign*, Mey 1988, 53.
13. *Lectures on Faith* (1985), 69.

Tendrombohitra ho Hanihana

Nataon' ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadidiana Voalohany

Raha manam-pinoana an' i Jesoa Kristy isika dia ho fitahiana ho antsika na ireo fotoana faran' izay mafy na ireo fotoana mora indrindra eo amin' ny fainantsika.

Reko ny Filoha Spencer W. Kimball nandritra ny fivoriana irain' ny fihaonambe nangataka mba homen' Andriamanitra tendrombohitra ho hanihana. Hoy izy hoe: "Fanamby lehibe maro no miandry antsika, fahafahana manao zava-tsoa goavana ho atrehina. Raisiko amin-kafaliana izany zavatra hitranga mampientanentana izany ary te-hiteny amim-panetren-tena amin' ny Tompo aho hoe: 'Omeo ahy izany tendrombohitra izany,' omeo ahy ireo fanamby ireo."¹

Nientana ny foko, noho ny fahafantarako tsara ny sasany tamin' ireo fanamby sy fahorianea efa natrehiny. Nanam-paniriana aho ny hitovy bebe kokoa aminy, izay mpanompo Maherifo an' Andriamanitra. Koa dia nivavaka aho indray alina mba hiatrika fitsapana hanombantombanako ny herimpoko. Tena mbola tsaroako tsara izany. Nandohalika nivavaka aho indray alina tao amin' ny efitrano fatoriako niaraka tamin' ny finoana izay toa nanenika ny foko.

Tao anatin' ny iray na roa andro dia nivaly ny vavaka nataoko. Nanaitra sy nampanetry tena ahy ilay fitsapana faran' izay mafy indrindra teo amin' ny fahatanorako. Nanome ahy lesona anankiroa izany. Voalohany, nanana porofo mazava aho fa nandre sy namaly ny vavaka nataoko tamim-pinoana Andriamanitra. Ary ny faharoa kosa dia nanomboka nianatra lesona iray aho izay mbola tohizako ianarana hatramin' izao

mikasika ny antony nahatsapako fahatokian-tena toy izany tamin' iny alina iny fa misy fitahiana lehibe mety ho tonga avy amin' ny fahoriana, izay hanonitra mihoatra lavitra noho izay mety ho sarany.

Ankehitriny ilay fahoriana izay natrehiko tamin' izany fotoana efa elabe izany dia toa bitika raha oharina amin' ireo izay efa nitranga taty aorianaa—tamiko sy tamin' ireo olon-tiako. Maro aminareo ankehitriny no mandalo fitsapana ara-batana, sy aratsaina ary ara-pihetsehampo izay mety mahatonga anareo hikiakiaka tahaka ny nataon' ny mpanompon' Andriamanitra lehibe sy mahatoky iray izay fantattro tsara tokoa. Nandre azy nihiaaka noho ny fanaintainana teo ambonin' ny fandriany ny mpitsabo-mpanampy nikarakara azy, nanao hoe: "Efa niezaka ny nanao ny tsara aho nandritra ny androm-piainako koa nahoana no mitranga amiko izao zavatra izao?"

Fantatrareo ny fomba namalian' ny Tompo izany fanontaniana izany tamin' ny Mpaminany Joseph Smith tamin' izy tao am-ponja:

"Ary raha hatsipy any an-davaka ianao na eo an-tanan' ireo mpamono olona, ary handalo aminao ny fanamelohana ho faty; raha hatsipy any amin' ny lalina ianao; raha mikomy aminao ny alon-drano misamboaravoara; raha manjary fahavalonao ny rivotra mahery; raha manangona haizina ny lanitra, ary miray tsikombakomba ny singa rehetra mba hamefy ny lalana; ary ambonin' izany rehetra izany, raha ireo valanoranon' ny helo no hampitanatana ny vavany mba hitelina anao, dia fantaro anaka, fa ireo zavatra rehetra ireo dia hanome anao traikera ary ho soa ho anao izany.

"Efa nidina tambanin' izany rehetra izany ny Zanak' Olona. Moa va ianao lehibe kokoa noho Izy?

"Koa hazony ny lalanao dia hitoetra eo aminao ny fisoronana; fa efa voatendry ny fetran' izy ireo ka tsy afa-mihoatra izy. Fantatra ny andronao ary tsy hahena ny taonanao, koa aza matahotra izay mety hataon' ny olona, fa homba anao mandrakizay mandrakizay Andriamanitra."²

Toa tsy misy valiny tsara kokoa ho an' ny fanontaniana mikasika ny antony hisian' ny fitsapana sy ny tokony hataontsika mihoatra noho ny tenin' ny Tompo tenany mihitsy, izay nandalo

fitsapana nangidy lavitra amintsika noho izay azontsika
noeritreretina.

Tsaroanareo ny teniny rehefa nanoro hevitra antsika Izy fa
tokony hibebaka isika vokatry ny finoantsika Azy:

“Koa didiako ianao hibebaka—mibebaha, fandrao hamely
anao amin’ ny tsorakazon’ ny vavako sy amin’ ny fisafaoako ary
amin’ ny fahatezerako Aho ary ho mamaivay ny
fijalianao—mamaivay manao ahoana, tsy fantatrao, mangirifiry
manao ahoana, tsy fantatrao, eny, sarotra zakaina manao ahoana,
tsy fantatrao.

“Fa indro, Izaho Andriamanitra dia efa njaly tamin’ ireo
zavatra rehetra ireo ho an’ ny rehetra, mba tsy hahatonga azy ireo
hijaly raha mibebaka;

“Nefa raha tsy mety mibebaka izy ireo dia tsy maintsy mijaly
tahaka Ahy;

“Fijaliana izay nahatonga ny Tenako, Ilay Andriamanitra,
Ilay lehibe indrindra noho ny rehetra, hangovitra noho ny
fangirifiriana sy hivoa-dra amin’ ny mason-koditra rehetra, ary
hijaly na vatana na fanahy—ary niriko ny mba tsy hisotroako ilay
kapoaka mangidy sy hitakemotra—

“Kanefa, voninahitra anie ho an’ ny Ray, ary nosotroiko izany
ary novitaiko izay efa nomaniko ho an’ ny zanak’ olombelona.”³

Izaho sy ianao dia manam-pinoana fa ny fomba hohoarana sy
handresena ireo fitsapana dia ny finoana fa misy “balsama any
Gileada”⁴ ary hoe efa nampanantena ny Tompo hoe “tsy . . .
hahafoy anao Aho.”⁵ Izany no zavatra nampianarin’ ny Filoha
Thomas S. Monson antsika mba hanampiana antsika sy ireo izay
tompointsika mandritra ny fitsapana izay toa mahatrotreka sy toa
ireny hoe isika irery izany no miatrika azy.⁶

Kanefa ny Filoha Monson dia nampianatra tamim-
pahendrena koa fa ny fototry ny finoana manoloana ny fisian’
ireo fampanantenana dia mitaky fotoana mba hanorenana azy.
Mety efa nahita ny antony ilana izany fototra ioeranana izany
ianao, tahaka ny efa nahitako izany, teo anilan’ ny fandrian’ ny
olona iray izay mitady hilavo lefona teo amin’ ny ady mba
haharetana hatramin’ ny farany. Raha tsy miorim-paka tsara ao
am-pontsika ny fototra iorenan’ ny finoana dia hirodana ny hery
ahafahana maharitra.

Ny tanjoko anio dia ny hamariparitra ny zavatra fantattro mikasika ny fomba ahafahantsika manorina izany fototra tsy voahozongozona izany. Amim-pane tren-tena lehibe no hanaovako izany noho ny antony roa. Voalohany, ny zavatra holazaiko dia mety hahakivy ireo izay sahirana mafy ao anatin' ny fahoriania lehibe ary mahatsapa fa mirodana tsikelikely ny fototra iorenан' ny finoany. Ary faharoa, fantattro fa fitsapana lehibe kokoa noho ny hatramin' izay no miandry ahy alohan' ny hifaranan' ny fiainako. Noho izany, ny torohevitra izay arosoko anareo dia mbola ilaina ho porofoina eo amin' ny fiainako manokana amin' ny alalan' ny faharetana hatramin' ny farany.

Fony aho zatovolahy dia niasa tamin' ny orinasa iray mpiantoka ny fanaovana lafi-pototra sy fototra ho an' ny trano vao haorina. Nandritra ny hafanan' ny fotoam-pahavaratra dia asa mafy tokoa ny manomana ny tany hametrahana ny lasitra izay handrotsahana ny simenitra ho an' ny lafi-pototra. Tsy nisy milina tamin' izany. Nampiasa angady sy angady fandraofambe izahay. Asa mafy tokoa tamin' izany fotoana izany ny fanorenana fototra mafy orina sy maharitra ho an' ireo trano haorina.

Nitaky faharetana koa izany. Rehefa avy nandrotsaka ny lafi-pototra izahay dia niandry izany ho maina aloha. Na dia tianay aok' izany aza ny hanohy ny asa dia tsy maintsy niandry ihany koa izahay aorian' ny nandrotsahana ny fototra alohan' ny hanalana ireo lasitra.

Ary ny tena mahazendana ho an' ny mpanangan-trano izay zazavao amin' ny asa dia ilay dingana mahasorena sy mandany fotoana izay ametrahana ireo tsora-by ao anatin' ilay lasitra mba hahamafy tanteraka ilay fototra rehefa vita.

Mitovy amin' izany fomba izany koa ny tsy maintsy hanomanana amim-pitandremana tsara ny fototra iorenан' ny finoantsika mba hahatohitra ireo tafio-drivotra izay handalo eo amin' ny fiainantsika tsirairay. Izany fototra mafy orina iorenан' ny finoana izany dia ny fahamarinan-toetran' ny tena manokana.

Ny fisafidianantsika ny tsara lalandava rehefa manoloana antsika ny safidy no manorina ilay tany mafy hijoroan' ny finoantsika. Afaka manomboka any amin' ny fahazazana izany satria ny fanahy tsirairay dia teraka miaraka amin' ilay fanomezana ny Fanahin' i Kristy izay maimaim-poana. Amin' ny

alalan' izany Fanahy izany no ahafantarantsika hoe nanao ny tsara teo anoloan' Andriamanitra isika sa nanao ny ratsy teo imasonry.

Ireo safidy ireo, izay miseho an-jatony maro amin' ny ankamaroan' ny andro, dia manomana tany mafy izay hanorenana ny tranon' ny finoantsika eo amboniny. Ilay rafitra vȳ izay handrotsahana ny ventin' ny finoantsika manodidina azy dia ny filazantsaran' i Jesoa Kristy, miaraka amin' ny fanekempihavanana, sy ôrdônansy ary fitsipika rehetra izay ao anatiny.

Ny iray amin' ireo fanalahidy hananana finoana maharitra dia ny fandanjalanjana tsara ny fotoana izay takiana mba hiorenany sy haniriany faka. Izany no antony tsy nahamety ny fivavahako aloha loatra teo amin' ny fiainako mba hahazo tendrombohitra avoavo kokoa hihanihana sy fitsapana lehibe kokoa ho atrehana.

Izany fiorenana mafy izany dia tsy tongatonga ho azy rehefa mandeha ny fotoana, fa tena mitaky fotoana izany. Ny fitomboan' ny taona fotsiny dia tsy ampy hahatanteraka izany. Ny fanompoana an' Andriamanitra sy ny hafa tsy ankiato amin' ny fo sy fanahy manontolo no mahatonga ny fijoroana ho vavolombelon' ny fahamarinana ho lasa tanjaka ara-panahy tsy mety rava.

Ankehitriny aho dia te-hamporisika ireo izay miatrika fitsapana goavana, izay mahatsapa fa mety hanjavona ny finoan' izy ireo manoloana an' ireo olana tsy misy fiafarany. Iny olana mianjady amin' ny tena iny dia mety efa fomba iray hahafahanao manamafy ny finoana ary amin' ny farany ahafahanao manana finoana tsy ho voahozongozona. I Môrônîa, zanakalahin' i Môrmôna ao amin' ny Bokin' i Môrmôna dia nilaza tamintsika ny fomba hahatanteraka izany fitahiana izany. Nampianatra ilay fahamarinana tsotra sy tsara izy hoe ny fanaovana asa miaraka amin' ny fananana finoana na dia kely fotsiny aza dia hamela an' Andriamanitra hampitombo izany:

"Ary ankehitriny, izaho Môrônîa dia somary hiresaka ihany ny momba ireny zavatra ireny; tiako haseho izao tontolo izao fa ny finoana dia ny zavatra izay antenaina nefà tsy hita; koa aza mitohika, satria tsy mahita ianareo, fa tsy mandray fijoroana ho

vavolombelona ianareo raha tsy aorian' ny fizahan-toetra ny finoanareo.

“Fa tamin’ ny finoana no nanehoan’ i Kristy ny tenany tamin’ ny razantsika, rehefaavy nitsangana tamin’ ny maty Izzy; ary tsy naneho ny tenany taminy Izzy raha tsy efa nananany ny finoana Azy; koa tsy maintsy ilaina ny nananany’ ny sasany finoana Azy, satria tsy naneho ny tenany tamin’ izao tontolo izao Izzy.

“Nefa noho ny finoan’ ny olona no efa nanehoany ny tenany tamin’ izao tontolo izao sy nankalazany ny anaran’ ny Ray ary nanomanany ny lalana izay hahatonga ireo hafa ho mpandray anjara amin’ ny fanomezam-pahasoavana avy any an-danitra, mba hahazoany manantena ireo zavatra ireo izay tsy hitany.

“Koa, ianareo dia mety hanana fanantenana koa sy ho tonga mpandray anjara amin’ ny fanomezam-pahasoavana raha tsy te hanana afa-tsy finoana ianareo.”⁷

Izany ampahany sarobidy amin’ ny finoana izany izay tokony ho arovanao sy ho ampiasaina amin’ izay ahafahanao mampiasa azy dia ny finoana ny Tompo Jesoa Kristy. Nampianatra ny herin’ izany finoana izany arak’ izao fomba izao i Môrônîa: “Ary koa tsy nisy na iza na iza, na tamin’ ny fotoana inona na tamin’ ny fotoana inona, nahavita fahagagana raha tsy taorian’ ny ninoany; koa, nino ny Zanak’ Andriamanitra izy aloha.”⁸

Efa nahita vehivavy iray aho izay nandray fahagagana tamin’ ny fahazoana tanjaka ampy hiatrehana ireo fahalasan’ olona maro tsy takatry ny saina tamin’ ny fahafahana nahavita tsotra fotsiny niteny tsy ankijanona ireto teny ireto, dia hoe: “Velona ilay Mpanavotra ahy.”⁹ Izany finoana izany sy ireo teny mifono fijoroana ho vavolombelona ireo dia teo foana na dia tao anatin’ ilay zavozavo izay nanamaizina fa tsy namafa velively ny fahatsiarovany ny fahazazany aza.

Nampitolagaga ahy koa ny nahita ny vehivavy iray izay namela heloka ny olona izay nanao ratsy taminy nandritra ny taona maro. Gaga aho ary nanontany azy hoe nahoana izy no nisafidy ny hamela sy hanadino ireo taona niaretana haratsian-toetra toy izany.

Namaly tsimoramora izy hoe: “Izany no zavatra sarotra indrindra nataoko hattrizay kanefa fantattro fotsiny hoe tsy

maintsy manao izany aho. Dia nataoko izany." Ny finoany fa ny Mpamony dia hamela heloka azy raha toa izy ka mamela ny hafa dia nanomana azy banana fahatsapana fiadanana sy fanantenana rehefa niatrika ny fahafatesana izy volana vitsivitsy monja taorian' ny namelany heloka an' ilay fahavalony tsy nibebaka.

Nanontany ahy izy hoe: "Rehefa ho tonga any aho dia mety hanao ahoana izany hoe any an-danitra izany?"

Ary hoy aho hoe: "Fantatro fotsiny avy tamin' ny nahitako ilay fahafahanao nampihatra finoana sy namela heloka fa hahafinaritra ny fandraisana anao any."

Manana fankaherezana iray hafa aho ho an' ireo izay manontany tena ankehitriny raha ampy ny finoany an' i Jesoa Kristy haharetan' izy ireo hatramin' ny farany. Fitahiana ho ahy ny nahafantatra ireo olona sasany aminareo izay mihaino eto ankehitriny fony ianareo mbola tanora kokoa, sy natanjaka ary manan-tsaina kokoa noho ny ankamaroan' ireo izay manodidina anareo, kanefa nisafidy ianareo ny hanao ny zavatra izay ho nataon' ny Mpamony koa. Tao anatin' ireo fitahiana maro azonareo dia nahita fomba ianareo hanampiana sy hikarakarana ireo olona izay mety ho tsy noraharahanareo na ho nankahalainareo teo amin' ny fiainana niainanareo.

Rehefa tonga ny fitsapana mafy dia ho eo foana ilay finoana ahafahana miaritra izany, miorina araky ny hitanao ankehitriny saingy mety tsy hitanao akory tamin' ny fotoana izay nampiharanao izany, eo amin' ny fitiavana madion' i Kristy, manompo sy mamela heloka ny hafa tahaka izay ho nataon' ny Mpamony. Manorina ny fototry ny finoana ianao amin' ny alalan' ny fanehoana fitiavana toy ny nitiavan' ny Mpamony ary amin' ny alalan' ny fanompoana Azy. Ny finoanao Azy no nitarika anao haneho fiantrana izay hitondra fanantenana ho anao.

Tsy tara na oviana na oviana ny fanamafisana ny fototry ny finoana. Misy foana ny fotoana. Afaka mibebaka sy mangataka famelan-keloka ianao amin' ny alalan' ny finoanao ny Mpamony. Misy olona izay azonao omena famelana. Misy olona izay azonao hanehoana fisaorana. Misy olona izay azonao tomponina sy atraka. Afaka manao izany ianao na aiza na aiza misy anao ary na dia maniry sy mahatsiaro ho nilaozana aza ianao.

Tsy afaka ny hampanantena aho hoe hisy fiafarany ny fahorianao eto amin' ity fiaainana ity. Tsy afaka ny hanome antoka anao aho fa ho mandritra ny fotoana fohy ihany ny fitsapana hianjady aminao. Ny iray amin' ireo endrika mampiavaka ny fitsapan' ny fiaainana dia ny hoe toa mampiadana tanteraka ny fihodin' ny famantaranandro izany ary avy eo toa mampijanona izany mihitsy.

Misy antony mahatonga izany. Mety tsy hanome fankaherezana ho anao akory ny fahafantarana an' ireo antony ireo, kanefa afaka hanome anao faharetana. Avy amin' ny zavatra iray daholo ireo antony ireo: noho ilay fitiavan' izy ireo tonga lafatra anao, dia tian' ny Ray any an-danitra sy ny Mpamony ho mendrika ny hiaraka amin' izy ireo ianao mba hiaina amin' ny maha-fianakaviana mandrakizay. Ireo izay voadio tanteraka tamin' ny alalan' ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy ihany no afaka ho any.

Niady mafy tamin' ny homamiadana ny reniko tao anatin' ny 10 taona latsaka kely. Isan' ny fitsapana ho azy ireo fitsaboana sy fandidiana ary farany ny tsy fahafahany nihetsika teo am-pandriany.

Tsaroako ny raiko teo am-panatrehana azy niala aina niteny hoe: "Nandeha nody mba hiala sasatra any an-trano ny zazavavy kely iray."

Iray tamin' ireo mpandahateny nandritra ny fotoam-pandevenana azy ny Filoha Spencer W. Kimball. Tao anatin' ny fanomezam-boninahitra farany nolazainy mikasika azy, dia tsaroako ny teny iray tahak' izao: "Mety mieritrerira ny sasany aminareo hoe nijaly nandritra ny fotoana ela sy nijaly be tokoa i Mildred noho ny zavatra tsy nety iray izay nataony ka nitaky fisedrana. Hoy izy avy eo hoe: "Tsia, tian' Andriamanitra fotsiny izy mba hamiratra bebe kokoa." Tsaroako aho tamin' izay fotoana izay nieritreritra hoe: "Raha vehivavy tsara toy izao aza mbola nila fampamirapiratana be toy izao, dia hanao ahoana izany ny ahy?"

Raha manam-pinoana an' i Jesoa Kristy isika dia ho fitahiana ho antsika na ireo fotoana faran' izay mafy na ireo fotoana mora indrindra eo amin' ny fiainantsika. Ao anatin' izany toe-javatra rehetra izany isika dia afaka misafidy ny tsara eo ambany

fitarihan' ny Fanahy. Manana ny filazantsaran' i Jesoa Kristy isika izay mamolavola sy mitarika ny fiainantsika raha toa ka misafidy izany. Afaka miaina eo am-pananana fanantenana tonga lafatra sy fahatsapana fiadanana isika noho ny fananana mpaminany manambara amintsika ny toerana misy antsika eo amin' ny drafity ny famonjena. Tsy tokony hahatsapa velively isika hoe irery na tsy tiana ao anatin' ny fanompoana ny Tompo, satria tsy toy izany velively isika. Afaka mahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra isika. Nampanantena ny Mpamonjy fa ireo anjely dia ho eo ankavantsika sy ankavanantsika, mba hanohana antsika.¹⁰ Ary mitazona ny teny nambarany foana Izy.

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Andriamanitra Ray ary Ilay Zanakalahy Malalany no Mpanavotra antsika. Nanamafy ny fahamarinana ny Fanahy Masina nandritra ity fihaonambe ity ary mbola hanao izany rehefa mikatsaka izany ianareo, ka mihaino ary koa mandalina any aoriana ireo hafatra avy amin' ireo mpanompo nahazo lalana avy amin' ny Tompo izay eto. Ny Filoha Thomas S. Monson no mpaminanin' ny Tompo ho an' izao tontolo izao manontolo. Miambina anareo ny Tompo. Velona Andriamaatra Ray. Jesoa Kristy Zanany Malala, no Mpanavotra antsika. Tsy manam-petra ny fitiavany. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

- | | |
|---|---|
| <ol style="list-style-type: none"> 1. Spencer W. Kimball, "Give Me This Mountain," <i>Ensign</i>, Nôv. 1979, 79. 2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:7–9. 3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:15–19. 4. Jeremia 8:22. 5. Josoa 1:5. | <ol style="list-style-type: none"> 6. Jereo ny Thomas S. Monson, "Look to God and Live," <i>Ensign</i>, Mey 1998, 52–54. 7. Etera 12:6–9. 8. Etera 12:18. 9. "Velona ilay Mpanavotra ahy," <i>Fihirana sy Hiran' ny Ankizy</i>, lah. 76. 10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:88. |
|---|---|

Fanohanana ireo Mpiandraikitra ato amin' ny Fiangonana

Atolotry ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Fiadidiana Voalohany

Angatahina isika hanohana an' i Thomas Spencer Monson ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara ary Filohan' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, i Henry Bennion Eyring ho Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadidiana Voalohany, ary i Dieter Friedrich Uchtdorf ho Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Fiadidiana Voalohany.

Ireo izay manohana dia aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia aoka haneho izany.

Angatahina isika hanohana an' i Boyd Kenneth Packer ho Filohan' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo, ary hanohana an' ireto manaraka ireto ho mpikambana ao amin' izany kôlejy izany: Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, ary i Neil L. Andersen.

Ireo izay manohana dia iangaviana haneho izany.

Raha misy manohitra dia afaka maneho izany koa.

Angatahina isika hanohana ireo mpanolotsaina ao amin' ny Fiadidiana Voalohany sy ireo Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany, mpahita ary mpanambara.

Izay rehetra manohana dia iangaviana haneho izany.

Raha misy manohitra, aoka haneho tahaka izany ihany koa.

Ny Loholona Steven E. Snow dia nisaorana tamin' ny naha-mpikambana azy tao amin' ny Fiadian' ireo Kôlejin' ny Fitopololahy.

Ireo izay te-hiaraka aminay haneho fankasitrahana azy, dia afaka maneho izany.

Angatahina isika hanohana ny Loholona Richard J. Maynes ho mpikambana ao amin' ny Fiadidian' ireo Kôlejin' ny Fitopololahy.

Izay rehetra manohana dia iangaviana haneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika mba hisaorana ny Loholona isany Gérald Jean Caussé sy Gary E. Stevenson tamin' ny naха-mpikambana azy ireo tao amin' ny Kôlejy Voalohan' ny Fitopololahy.

Ireo rehetra izay manohana aoka haneho izany.

Taorian' ny taona maro nanompoana tamim-pahatokiana sy tamim-pahombiazana, dia aroso amintsika ny hisaorana ny Eveka isany H. David Burton, Richard C. Edgley, sy Keith B. McMullin tamin' ny naха-Episkòpà Mpiahay azy ireo, ary ny hanendrena azy ireo ho Manampahefana Ambony misotro ronono.

Ireo izay afaka miaraka aminay haneho fankasitrahana azy ireo dia aoka haneho izany.

Naroso mba hisaorana ireto Fitopololahin' ny Vondrom-paritra manaraka ireto, izay hihatra manomboka ny 1 Mey 2012:

Richard K. Ahadjie, Climato C. A. Almeida, Fernando J. D. Araújo, Marvin T. Brinkerhoff, Mario L. Carlos, Rafael E. Castro, David L. Cook, César A. Dávila, Mosiah S. Delgado, Luis G. Duarte, Juan A. Etchegaray, Stephen L. Fluckiger, J. Roger Fluhman, Robert C. Gay, Miguel Hidalgo, Garith C. Hill, David J. Hoare, David H. Ingram, Tetsuji Ishii, Kapumba T. Kola, Glendon Lyons, R. Bruce Merrell, Enrique J. Montoya, Daniel A. Moreno, Adesina J. Olukanni, Gamaliel Osorno, Patrick H. Price, Marcos A. Prieto, Paulo R. Puerta, Carlos F. Rivas, A. Ricardo Sant'Ana, Fabian L. Sinamban, Natã C. Tobias, Stanley Wan, Perry M. Webb, Richard W. Wheeler, ary Scott D. Whiting

Ireo izay te-hiaraka aminay haneho fankasitrahana noho ny asa fanompoana mahatalanjona vitan' izy ireo dia afaka maneho izany.

Aroso amintsika ny hisaorana an-dRahavavy isany Julie B. Beck, sy Silvia H. Allred ary Barbara Thompson miaraka amin'

ny fanehoana fankasitrahana amin-kitsim-po tamin' ny naha-fiadidian' ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany azy ireo.

Torak' izany koa dia arosonay ny fisaorana ireo mpikambana ao amin' ny filankevi-pitantanana ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany.

Ireo rehetra izay te-hiaraka aminay haneho fankasitrahana an' ireo rahavavy ireo noho ny asa fanompoana niavaka sy ny fanoloran-tenany dia iangaviana haneho izany.

Aroso mba ho tohanantsika ho mpikambana vaovao ao amin' ny Kôlejy Voalohan' ny Fitopololahy i Craig A. Cardon, Stanley G. Ellis, Larry Echo Hawk, Robert C. Gay, ary i Scott D. Whiting.

Ireo rehetra izay manohana, aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra aoka haneho tahak' izany ihany koa.

Aroso mba ho tohanantsika i Gary E. Stevenson ho Eveka Mpiahy an' Ny Fianganan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, miaraka amin' i Gérald Jean Caussé ho Mpanolotsaina Voalohany ary i Dean Myron Davis ho Mpanolotsaina Faharoa.

Ireo izay manohana aoka haneho izany.

Sao misy manohitra.

Angatahina isika hanohana ireto manaraka ireto ho Fitopololahin' ny Vondrom-paritra vaovao:

Pedro U. Adduru, Detlef H. Adler, Angel H. Alarcon, Aley K. Auna Jr., W. Mark Bassett, Robert M. Call, Hernando Camargo, Gene R. Chidester, Joaquin E. Costa, Ralph L. Dewsnup, Ángel A. Duarte, Edward Dube, Moroni Gaona, Taylor G. Godoy, Francisco D. N. Granja, Yuriy A. Gushchin, Richard K. Hansen, Todd B. Hansen, Clifford T. Herbertson, Aniefiok Udo Inyon, Luiz M. Leal, Alejandro Lopez, L. Jean Claude Mabaya, Alvin F. Meredith III, Adonay S. Obando, Jared R. Ocampo, Adeyinka A. Ojediran, Andrew M. O'Riordan, Jesus A. Ortiz, Fred A. Parker, Siu Hong Pon, Abraham E. Quero, Robert Clare Rhien, Jorge Luis Romeu, Jorge Saldívar, Gordon H. Smith, Alin Spannaus, Moroni B. Torgan, Steven L. Toronto, ary i Daniel Yirennya-Tawiah.

Ireo izay manohana, aoka mba haneho izany.

Sao dia misy manohitra.

Angatahina isika hanohana an' i Linda Kjar Burton ho filohan' ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany, miaraka amin' i Carole Manzel Stephens ho mpanolotsaina voalohany sy Linda Sheffield Reeves ho mpanolotsaina faharoa.

Ireo izay manohana aoka haneho izany.

Izay manohitra dia afaka maneho izany.

Angatahina isika hanohana ireo Manampahefana Ambony hafa, ireo Fitopololahin' ny Vondrom-paritra ary ireo fiadidian' ny vondrona fanampiny maneran-tany araka izay misy ankehitriny.

Ireo izay manohana dia iangaviana haneho izany

Raha misy manohitra dia afaka maneho izany.

Ry Filoha Monson, raha ny fahitako azy dia niray feo nanohana ireo hevitra naroso ny tato amin' ny foiben' ny fihaonambe.

Misaotra anareo ry rahalahy sy anabavy noho ny fanohananareo, noho ny finoanareo, sy ny fanoloran-tenanareo ary ny vavakareo tsy tapaka.

Asaintsika ireo Manampahefana Ambony vao voantso teo sy ny fiadidian' ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany mba handroso ary haka ny toerany ety aloha.

Tatity ny Departemanta Fanamarinana ny Fampiasam-bolan' ny Fiangonana, taona 2011

Atolotr' i Robert W. Cantwell

*Filoha mpitantana, Departemanta Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'
ny Fiangonana*

*Ho an' ny Fiadidiana Voalohan' Ny Fiangonan' i Jesoa
Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany*

Ry Rahalahy malala: Araka ny voalazan' ny fanambarana ao amin' ny fizarana faha-120 ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia ny Filankevitry ny Fitantanana ny Fahafolokarena no manome lalana ny hampiasana ny volan' ny Fiangonana. Io filankevitra io dia ahitana ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo ary ny Episkôpà Mpiahy.

Io Filankevitra io no manapaka ny teti-bola ho an' ireo departemanta sy tetik' asa samihafa ato amin' ny Fiangonana ary ny vola omena ireo fari-piadidiana ara-pivavahana. Ireo departemantana ny Fiangonana, rehefa nahazo lalana, dia mampiasa ny vola araky ilay teti-bola nekena sy araky ny rafitra sy fomba fiasan' ny Fiangonana.

Ny Departemanta Fanamarinana ny Fampiasam-bolan' ny Fiangonana dia nahazo fahefana hanara-maso ireo firaketana sy ireo rafitra rehetra ilaina mba hanatanterahana ny fanaraha-maso araky ny tokony ho izy amin' ireo vola niditra, sy vola nivoaka, ary ny fitehirizana ny vola raisin' ny Fiangonana. Ny Departemanta Fanamarinana ny Fampiasam-bolan' ny

Fiangonana dia tsy miankina amin' ireo departemanta sy asa hafa ato amin' ny Fiagonana, ary izy io dia mampiasa mpitam-bola voamarina izay manana mari-pahaizana ara-panjakana, mpanamarina ny fampiasam-bola anatiny izay manana mari-pahaizana ara-panjakana, mpiandraikitra ny rafitry ny serasera izay manana mari-pahaizana ara-panjakana, ary olona matihanina itokisana hafa koa.

Araky ny fanaraha-maso natao, dia maneho ny heviny ny Departemanta Fanamarinana ny Fampiasam-bolan' ny Fiagonana fa, raha ny mikasika ny zavatra ara-materialy rehetra, dia voarakitra sy voatantana araky ny fomba fitantanana ara-dalàna sy araky ny teti-bola nekena ary araky ny rafitry sy fomba fiasan' ny Fiagonana ny anjara biriky voaray, sy ny fandaniam-bola natao, ary ny fidiram-bolan' ny Fiagonana tamin' ny taona 2011.

Natao tatitra tamim-panajana,

Ny Departemanta Fanamarinana ny Fampiasam-bolan' ny Fiagonana

Robert W. Cantwell

Tale Mpitantana

Tatitra mikasika ny Antontan' isa ho an' ny Taona 2011

Atolotr' i Brook P. Hales

Mpitantsoratry ny Fiadidiana Voalohany

Ho fampahafantarana ny mpikamban' ny Fiangonana, ny Fiadidiana Voalohany dia namoaka ity tatitra manaraka ity izay momba ny antontan' isa mikasika ny fivoarana sy ny toetoetry ny Fiangonana tamin' ny 31 Desambra 2011 teo.

Vondron' ny Fiangonana

Tsatôka	2.946
Misiôna	340
Distrika	608
Paroasy sy Sampana	28.784

Mpikamban' ny Fiangonana

Totalin' ny Mpikambana	14.441.346
Ireo Zaza vao Notsofina rano Voarakitra tato am-pianganana nandritra ny taona 2011	119.917
Ireo Olona Niova fo natao Batisa nandritra ny taona 2011	281.312

Misiônera

Misiônera Mitory amin' ny Fotoana Feno	55.410
Misiônera mpanao asa fanompoana eto amin' ny Fiangonana	22.299

Tempoly

Tempoly Notokanana nandritra ny taona 2011 (San Salvador El Salvador sy Quetzaltenango Guatemala)	2
Tempoly Naverina notokanana tamin' ny 2011 (Atlanta Georgia)	1
Tempoly amperin' asa	136

**Ireo Mpiaandraikitra Ambony teo Aloha sy Olona Hafa tato
amin' ny Fiagonana izay Nodimandry nanomboka tamin'
ny Fihaonamben' ny Fiagonana volana Aprily tamin' ny
Taon-dasa**

Ny Loholona isany Marion D. Hanks, Jack H Goaslind Jr., Monte J. Brough, Ronald E. Poelman, Keith W. Wilcox, ary i Harold G. Hillam. Izy rehetra ireo dia tao amin' ny Kôlejin' ny Fitopololahy teo aloha; Rahavavy isany Joy F. Evans sy Chieko N. Okazaki, efa samy mpanolotsaina tao amin' ny fiadidian' ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany; Rahavavy Norma Voloy Sonntag, vadin' ny Loholona Philip T. Sonntag, mpikambana tao amin' ny Kôlejin' ny Fitopololahy teo aloha; Rahavavy Leola George, vady navelan' ny Loholona Lloyd P. George, mpikambana tao amin' ny Kôlejin' ny Fitopololahy teo aloha; Rahavavy Argelia Villanueva de Alvarez, vadin' ny Loholona Lino Alvarez, mpikambana tao amin' ny Kôlejin' ny Fitopololahy teo aloha ihany koa; ary Rahalahy Wendell M. Smoot Jr., filohan' ny Amboarampeon' ny Tabernakely teo aloha.

Ireo Mpiasa ao amin' ny Tanimboaloboka

Nataon' ny Loholona Elder Jeffrey R. Holland

Avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo

*Henoy ny bitsiky ny Fanahy Masina izay milaza
aminareo amin' izao fotoana izao mihitsy hoe tokony
hanaiky ny sorompanavotana nomen' i Jesoa Kristy
Tompo ianareo.*

Raha mikasika ireo antso sy fisaorana vao avy nambaran' ny Fiadidiana Voalohany teo dia mamelà ahy ianareo hiteny amin' ny anaranay rehetra fa hotsaroanay sy ho tianay foana ireo izay nanompo tamim-pahatokiana tokoa, toy ny tonga dia hitiavanay sahady sy handraisanay an' ireo izay voantso hanompo.

Mankasitraka sy mankatelina anareo tsirairay izahay.

Te-hiresaka momba ilay fanoharan' ny Mpamony aho izay ahitana an' ilay tompon-trano iray izay "nivoaka maraina hanakarama mpiasa." Rehefa avy nampiditra niasa ny vondron' olona voalohany izy tamin' ny 6 ora maraina, dia niverina tamin' ny 9 ora maraina, sy tamin' ny 12 ora atoandro ary tamin' ny 3 ora tolakandro mba hampiditra mpiasa bebe kokoa satria ilaina maika ny fanangonana ny vokatra. Milaza ny soratra masina fa niverina farany izy tamin' ny "ora fahiraika ambin' ny folo" (teo amin' ny 5 ora hariva teo), ary dia nampiditra niasa an' ilay vondron' olona farany. Avy teo dia ora iray monja tao aorian' izany dia nivory ireo mpiasa mba handray ny karamany nandritra ilay andro. Nahagaga fa ny rehetra dia nandray karama *mitovy* na dia samy hafa aza ny ora niasana. Tonga dia tezitra ireo izay nampidirina niasa voalohany ary nilaza hoe: "Ireo olona farany ireo dia niasa ora iray monja, kanefa ataonao mitovy aminay, izay niaritra ny fahatrotrahana sy ny hainandro."¹ Rehefa

mamaky ity fanoharana ity ianareo dia mety nahatsapa toa an' ireo mpiasa ireo koa fa hoe misy ny tsy rariny eto. Mamelà ahy ianareo mba hiresaka fohifohy mikasika izany olana izany.

Voalohany indrindra dia tsara ny manamarika fa *tsy nisy olona* niharan' ny tsy rariny mihitsy teto. Nanaiky ilay karama feno ho raisina mandritra ilay andro ireo mpiasa voalohany ary dia nahazo an' izany izy ireo. Ankoatra izany dia azo an-tsaina mihitsy fa tena feno fankasitrahana izy ireo nahazo an' ilay asa. Tamin' ny fotoanandron' ny Mpamonjy, ny lehilahy sy ny fianakaviany tamin' ny ankabobeny dia tsy afaka nanao inona firy afa-tsy ny miaina amin' izay azony iny andro iny. Raha toa ianao ka tsy miasa na miompy na manjono na mivarotra dia tena tsy hihinana ianao. Noho ny fahabetsahan' ireo olona te-hiasa mihoatra noho ny habetsaky ny asa misy dia tena tsara vintana ireo lehilahy voalohany ireo tao anatin' ilay vondron' olona te-hiasa tamin' io maraina io.

Marina tokoa fa raha toa ka misy olona tokony ho nanehoana fangorahana dia tokony ireo lehilahy izay *tsy voafidy* no hanehoana izany, farafaharatsiny tany am-boalohany, satria mba manana fianakaviana ho fahanana sy ho tafiana koa izy ireo. Ny sasany amin' izy ireo anefa dia toa tsy mba tsara vintana velively. Isaky ny fitsidihan' ilay tompon' ny tanimboaloboka nandritra io andro io dia olona hafa foana no hitan' izy ireo voafidy.

Kanefa rehefa nifarana ny andro, dia niverina tampoka fanindiminy indray ilay tompon-trano ary nanao tolotra miavaka tamin' ny ora fahiraika ambin' ny folo! Ireto mpiasa farany sady kivy indrindra ireto, rehefa nandre fotsiny fa hahazo ny anjarany koa dia nanaiky ilay asa na dia tsy fantatr' izy ireo akory aza izay karama, saingy fantatr' izy ireo fa *aleo mihinan-kely* toy izay mandry fotsy, ary izay no niainan' izy ireo hatreto. Dia rehefa nivory izy ireo mba handray ny karamany avy dia tena taitra izy ireo fa nandray karama nitovy tamin' ny hafa rehetra! Tena mety ho taitra be tokoa izy ireo ary mety ho tena feno fankasitrahana tokoa! Azo antoka fa mbola tsy nahita fangorahana toy izany velively izy ireo hatramin' izay niasany.

Noho izany fahatakarana ny zava-nitranga tao anatin' ilay tantara izany no nahatsapako fa tokony ho jerena koa ny fimonomononan' ireo mpiasa voalohany. Hoy ilay tompon-trano

tao amin' ilay fanoharana tamin' izy ireo hoe (ary kely fotsiny ny fanovana ataoko): "Ry namako, tsy miangatra anareo izany aho. Nanaiky ilay karama ao anatin' ny andro iray ianareo ary karama tsara izany. Faly ianareo nahazo ilay asa ary faly tamin' ny fomba fiasanareo aho. Nomena karama feno ianareo. Raiso ny karamanareo ary ifalio ny fitahiana azonareo. Ary raha mikasika ireo olon-kafa, *dia mazava ho azy fa malalaka tsara aho hanao izay tiako hatao amin' ny volako manokana.*" Dia ity ilay fanontaniana somary manindrona ihany ho an' ny olona tamin' izany sy ho an' ny olona amin' izao fotoana izao izay mila maheno izany: "*Nahoana ianao no hialona satria nisafidy ny ho tsara fanahy aho?*"

Ry rahalahy sy rahavavy, hisy ny fotoana eo amin' ny fiainantsika izay hahazoan' ny olona hafa fitahiana tsy nampoizina na mari-pankasitrahana manokana. Miangavy anareo aho mba tsy ho tafintohina—ary indrindra mba tsy hialona mihitsy—rehefa mahazo fitahiana ny olona hafa iray. Tsy hoe lasa maivan-danja izany isika rehefa mahazo zavatra bebe kokoa ny hafa. Tsy mifaninana izany isika samy isika mba hahitana izay manan-karena indrindra na manan-talenta indrindra na tsara tarehy indrindra na koa aza hoe izay voatahy be indrindra. Ny fifaninana *tena* ataontsika dia ny fifaninana hanohitra ny fahotana, ary azo antoka fa ny fialonana no anisan' ny tena mibahana indrindra amin' izy ireo.

Ankoatra izany, ny fialonana dia hadisoana izay mitohy foana. Mazava ho azy fa malahelo kely isika rehefa misy *zavatra mampalahelo* mitranga *amintsika*, saingy ny fialonana dia mitaky antsika mba halahelo noho ny *fitahiana* mirotsaka amin' ny *rehetra* izay fantatsika! Tena mba fomba fisainana hafa kely tokoa izany hoe—tezitra be foana isika isaky ny misy olona faly manodidina antsika! Tsy holazaiko akory aza ny fahasorenana amin' ny farany rehefa hahita isika fa Andriamanitra dia sady marina no be famindram-po, ka manome "an' izay rehetra ananany"² an' ireo izay mankatò Azy, araka izay voalazar' ny soratra masina. Noho izany ny lesona voalohany avy ao anatin' ilay tanimboaloboky ny Tompo dia hoe: ny fitsiriritana na ny fiavonavonana, na ny famingampinganana ny hafa dia *tsy manatsara* ny momba *anao*, ary ny fanambanimbanianao ny hafa koa dia tsy mahatsara endrika anao. Noho izany dia aoka ianao

ho tsara fanahy sy ho feno fankasitrahana fa tsara fanahy Andriamanitra. Fomba fiainana mitondra hafaliana izany.

Ny lafiny faharoa tiako ho sintonina avy ao amin' io fanoharana io dia ny fahadisoana mampalahelo izay mety ho ataon' ny sasany raha toa ka manda tsy handray ny karamany izy ireo any amin' ny *fiafaran'* ny andro satria nandany fotoana loatra izy ireo nieritreretana an' izay heveriny ho olana tany *am-piandohan'* ny andro. Tsy voalaza ao anatin' ity soratra masina ity hoe nisy olona nanipy ny volany teny amin' ny tarehin' ilay tompon-trano na lasa nandeha tamim-pahatezerana tsy nandray vola, saingy mieritreritra aho hoe mety nisy nanao izany.

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, ny zavatra niseho tao anatin' ity tantara ity tamin' ny 9 ora na tamin' ny mitataovovanana na tamin' ny 3 ora dia voafafan' ilay fanomezan-karama tamim-pahalalahana-tanana ho an' ny rehetra tany amin' ny fiafaran' ny andro. Ny lamina ahafahana mampivelatra ny finoana dia ny mifikitra sy manohy miasa ary mamita ny asa ary mamela an' ireo ahiahy tany aloha—na izany tena nisy na foronin' ny saina—ho levona eo anatrehan' ny haben' ny valisoa azo. Aza variana mieritreritra ireo olana na fitarainana taloha—izay nisy ifandraisany taminao na tamin' ny namanao, azoko ampiana mihitsy aza hoe na tamin' ity Fiangonana marina sy velona ity. Ny fahambonian' ny fiainanao sy ny an' ny namanao ary ny fahambonian' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy dia hiharihary amin' ny andro farany na dia tsy eken' ny olona rehetra foana aza izany amin' ny voalohany. Noho izany dia aza miahiahy loatra ny zavatra nitranga tamin' ny 9 ora maraina rehefa miezaka ny hanome valisoa ho anareo ny fahasoavan' Andriamanitra amin' ny 6 ora hariva—na inona na inona fifanarahana arak' asa nataonareo nandritra ilay andro.

Isika dia mandany fihetseham-po sarobidy sy hery arapanahy toy izany amin' ny fifikirantsika mafy amin' ny fahatsiarovana feo iray nivalana izay notendrentsika nandritra ny fampisehoana rindram-peonkira tamin' ny pianô natao nandritra ny fahazazana, na amin' ny fahatsiarovana ny zavatra izay nolazain' ny vady na nataony 20 taona lasa izay ka dia vonona isika ny hanao izay hahatadidiavany an' izany sy hahatsapany ho meloka mandritra ny 20 taona fanampiny indray, na amin' ny

fahatsiarovana zava-nitranga iray teo amin' ny tantaran' ny Fiagonana izay nanaporofa tsotra izao fa ny olombelona mety maty dia ho sahirana foana raha te-ho lasa tsara toy ilay antenain' Andriamanitra amin' izy ireo. Na dia tsy avy aminao aza no niantombohan' ny iray tamin' ireo fitarainana ireo dia azonao atao ny mamarana izany eo aminao. Ary dia tena hisy ny valisoa lehibe noho izany fitondrana anjara biriky izany rehefa mijery ny masonao ilay Tompon' ny tanimboaloboka sy mandamina ny zava-drehetra any amin' ny fiafaran' ny fiainantsika eto an-tany.

Izany no mitondra ahy any amin' ilay lafin-javatra fahatelo sady farany hozaraiko. Ity fanoharana ity—tahaka ny fanoharana rehetra—dia tsy tena mikasika ny mpiasa na ny karama loatra toy ireo fanoharana hafa izay tsy tena mikasika ny ondry sy osy. Tantara mikasika ny hatsaran' Andriamanitra izy ity, ny faharetany sy ny famelany heloka ary ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy Tompo. Tantara mikasika ny fahalalahana-tanana sy ny fangorahana. Tantara momba ny fahasoavana. Mampiseho ilay eritreritra henoko taona maro lasa izy ity fa ny zavatra tena tian' Andriamanitra indrindra mikasika ny maha-Andriamanitra Azy dia ny fahafinaretana tsapany rehefa maneho famindram-po Izy, indrindra amin' ireo izay tsy manantena an' izany ary matetika mahatsapa ho tsy mendrika izany.

Tsy fantatro hoe iza ao anatin' ireto olona marobe manatrika ireto no mety mila mihaino ity hafatry ny famelan-keloka izay tena ao anatin' ity fanoharana ity, saingy na dia tara tahaka ny ahoana aza no fiheveranao ny tenanao, na dia betsaka tahaka ny inona aza ireo tombontsoa izay heverinao fa navotsotrao, na betsaka toy inona aza ny fahadisoana izay tsapanao fa efa vitanao, na dia firy aza ireo talenta izay heverinao fa tsy anananao, na dia lavitra toy ny inona aza ny dia nataonao izay tsapanao fa nanalaviranao ny tokantrano na ny fianakaviana na an' Andriamanitra, dia mijoro ho vavolombelona aminao aho fa *tsy* nanalavitra loatra ianao ka hoe tsy ho takatry ny fitiavan' Andriamanitra. Tsy misy izany hoe milentika lalina loatra ianao ka tsy ho tratran' ny hazavana tsy manam-pahataperan' ny Sorompanavotan' i Kristy.

Raha toa avy amin' ny finoana hafa ianareo na efa niaraka taminay fa tsy nijanona dia tsy misy zavatra, raha ao anatin' ireo

toe-javatra roa ireo, izay efa nataonareo ka hoe tsy azo ravana. Tsy misy izany olana hoe tsy azonao vahana izany. Tsy misy an' izany hoe nofinofy ka tsy ho tanteraka mandritra izao fiainana mandalo izao na any amin' ny mandrakizay. Na dia mieritreritra aza ianareo fa ianareo ilay mpiasa very sy farany tao amin' ilay ora fahiraika ambin' ny folo, dia mbola miseho aminareo ny Tompon' ny tanimboaloboka. "Koa aoka isika hanatona ny sezafiangrianan' ny fahasoavana amin' ny fahasahiana,"³ ary hiankohoka eo an-tongotr' Ilay Masin' i Isirael. Avia ka homàna "tsy amim-bola na amin-karena"⁴ eo amin' ny latabatry ny Tompo.

Manao antso avo manokana aho ho an' ireo lehilahy manambady sy raim-pianakaviana, ireo mpihazona ny fisoronana sy ireo mbola hihazona ny fisoronana mba "Hifoha sy hiarina avy amin' ny vovoka . . . ary ho lehilahy"⁵ toa izay nolazain' i Lechia. Matetika fa tsy hoe miseho foana dia ny lehilahy no misafidy ny tsy hamaly ilay antso "hamony ny laharana."⁶ Ny vehivavy sy ny ankizy matetika dia toa vonona kokoa. Ry rahalahy, mandraisa andraikitra. Ataovy izany ho tombontsoanareo. Ataovy izany ho an' ireo izay tia anareo sy mivavaka mba hanaovanareo izany. Ataovy izany ho an' i Jesoa Kristy Tompo izay nandoa sarany tsy takatry ny saina velively mba hanananareo ilay hoavy izay tiany ho anareo.

Ry rahalahy sy anabaviko malala, ho anareo izay notahian' ny filazantsara nandritra ny taona maro satria tsara vintana ianareo fa nahita izany efa ela tany aloha, ho anareo izay nanatona ny filazantsara tsikelikely taty aoriana, ary ho anareo—na mpikambana na tsy mbola mpikambana—izay mbola misalasala, ary ho anareo tsirairay sy ho an' ny rehetra, dia mijoro ho vavolombelona aho mikasika ny herin' ny fitiavan' Andriamanitra izay manavao sy ny fahagagana avy amin' ny fahasoavany. *Izay finoana ho azonareo amin' ny farany no zava-dehibe Aminy, fa tsy izay ora hahazoanareo izany.*

Noho izany raha efa nanao fanekempihavanana ianareo dia tandremo izany. Raha tsy mbola nanao fanekempihavanana ianareo dia manaova. Raha nanao fanekempihavanana ianareo nefo tsy nanaja an' izany dia mibebaha ary areno izany. Tsy hisy mihitsy izany hoe tara loatra izany raha toa ka mbola miteny ny

Tompon' ny tanimboaloboka hoe misy ny fotoana. Henoy ny bitsiky ny Fanahy Masina izay milaza aminareo amin' izao fotoana izao mihitsy hoe tokony hanaiky ny sorompanavotana nomen' i Jesoa Kristy Tompo ianareo ary hankafy ny fiarahana miasa Aminy. Aza ahemotra izany fa efa mihatara. Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

1. Jereo ny Matio 20:1–15.
2. Lioka 12:44.
3. Hebreo 4:16.
4. Isaia 55:1.
5. 2 Nefia 1:14, 21.
6. "Nous voici tous enrôlés,"
Cantiques, no. 161.

Tonga Saina: Ny Fanasan' ny Tompo, ny Tempoly, ary ny Fahafozan-tena Manao Asa Fanompoana

Nataon' ny Loholona Robert D. Hales

Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo

*Miova fo sy mizaka tena ara-panahy isika rehefa
miaina ombam-bavaka ny fanekempihavanantsika*

Ny Mpamony dia nitantara tamin' ny mpianany momba ilay zanakalahy izay nandao ilay rainy mpanan-karena, nandeha tany an-tany lavitra tany, ary nandany ny lovany. Rehefa tonga ny mosary, dia nanao asa farany ambany ilay zatovolahy dia ny manome hanina kisoa izany. Noana mafy izy ary te hihinana ireo voankazo fanome ny biby.

Raha lavitry ny fonenany izy sy lavitry ny toerana tiany hipetrahana, ary tena tao anatin' ny fahantrana tanteraka, dia nisy zavatra manan-danja lehibe mandrakizay nitranga teo amin' ny fiainan' ity zatovolahy ity. Hoy ny tenin' ny Mpamony, "nody ny sainy."¹ Tsaroany hoe iza moa izy, nahatsapa ny zavatra tsy ampy teo amin' ny fiainany izy, ary nanomboka naniry ny hahazo ireo fitahiana izay maimaim-poana tao an-tranon-drainy.

Mandritra ny fiainantsika, na ao anatin' ny fotoan' ny haizina, na olana, na alahelo, na fahotana izany, dia afaka mahatsapa ny Fanahy Masina isika hampatsiahys antsika fa tena zanakalahy sy zanakavavin' ny Ray any an-danitra, izay mikarakara sy tia antsika isika, ary mety maniry mafy an' ireo fitahiana masina ireo isika izay Izy irery ihany no afaka manome azy. Amin' izao fotoana izao dia tokony hiezaka ny *ho tonga saina*

isika ary hiverina any amin' ny fahazavan' ny fitiavan' ny Mpamonjy antsika.

Ireo fitahiana ireo dia natao ho an' ny zanaky ny Ray any andanitra rehetra araka ny rariny sy ny hitsiny. Ny faniriana ireo fitahiana ireo, anisan' izany ny fiainam-pifaliana sy hasambarana, dia lafiny iray manan-danja ao amin' ny drafity ny Ray any andanitra ho antsika tsirairay avy. Nampianatra ny mpaminany Almà hoe: "Na dia tsy afa-manao mihoatra noho ny maniry ny hino aza ianareo, dia avelao izany faniriana izany hiasa ao aminareo."²

Rehefa mitombo ny fanirantsika ara-panahy, dia lasa mizaka tena ara-panahy isika. Ahoana anefa no hanampiantsika ny hafa, sy ny tenantsika ary ny fianakavantsika hampitombo ny fanirantsika hanaraka ny Mpamonjy sy hiaina ny filazantsarany? Ahoana no hampitomboantsika ny faniriana hibebaka, sy ho lasa mendrika, ary haharitra hatramin' ny farany? Ahoana no hanampiantsika ny tanorantsika sy ny tanora tokan-tena mba hamela izany faniriana izany hiasa ao anatin' izy ireo mandrapahatonga azy ireo ho lasa niova fo sy lasa "olomasina [marina] amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Kristy"³

Miova fo sy mizaka tena ara-panahy isika rehefa miaina ombam-bavaka ny fanekempihavanantsika—amin' ny alalan' ny fandraisana ny fanasan' ny Tompo amim-pahamendrehana, amin' ny alalan' ny fahamendrehana handray ny fahazoandalana hiditra any amin' ny tempoly, ary amin' ny alalan' ny fahafoizan-tena hanompo ny hafa.

Rehefa mandray ny fanasan' ny Tompo amim-pahamendrehana isika, dia mahatsiaro fa manavao ny fanekempihavanana nataontsika tamin' ny batisa isika. Raha tiana ho fotoana isan-kerinandro iainana ny fanadiovana ara-panahy ny fanasan' ny Tompo dia mila manomana ny tenantsika isika *alohan'* ny hahatongavana any amin' ny fivorian' ny fanasan' ny Tompo. Manao izany isika amin' ny alalan' ny fampirimana tanteraka ny asantsika isan' andro sy ny fialambolintsika ary fanadinoana ireo eritreritra sy ny olan' izao tontolo izao. Rehefa manao izany isika, dia manome toerana ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika ho an' ny Fanahy Masina.

Dia vonona ny hisaintsaina mikasika ny Sorompanavotana isika. Mihoatra ny fieritreretana fotsiny momba ny fijaliana sy ny fahafatesan' ny Mpamonjy, ny fisaintsainantsika dia manampy antsika hahafantatra fa amin' ny alalan' ny sorona nataon' ny Mpamonjy, dia manana fanantenana, sy fahafahana, ary tanjaka isika hirosoana amin' ny fiovana marina sy amin-kitsimpo eo amin' ny fiainantsika.

Rehefa mihira ny fihirana mikasika ny fanasan' ny Tompo isika, sy mandray anjara amin' ny vavaky ny fanasan' ny Tompo, ary mandray ireo tandindon' nynofony sy ny rany, dia mikatsaka ombam-bavaka ny famelana ny fahotantsika sy ny fahalementsika. Mieritreritra ny fampanantenana nataontsika sy notandrovintsika nandritra ny herinandro lasa isika ary manao fanoloran-tena miavaka manokana hanaraka ny Mpamonjy mandritra ny herinandro ho avy.

Ry ray aman-dreny sy mpitarika, afaka manampy ny tanora ianareo hiaina ireo fitahiana tsy manam-paharoa avy amin' ny fanasan' ny Tompo amin' ny alalan' ny fanomezana azy ireo fahafahana manokana handalina ary hifanakalo hevitra sy hahita ny maha-zava-dehibe ny Sorompanavotana eo amin' ny fiainan' izy ireo. Avelao izy ireo handalina ny soratra masina ho an' ny tenany manokana ary hifampianatra avy amin' ny zavatra niainany.

Ny ray, ny mpitarika ao amin' ny fisoronana, sy ireo fiadidian' ny kôlejy dia manana andraikitra manokana hanampy ny mpihazona Fisoronana Aharôna hiomana mialoha hanatanteraka ny adidy masin' izy ireo ao amin' ny fanasan' ny Tompo. Izany fiomanana izany dia tanterahina mandritra ny herinandro amin' ny alalan' ny fiainana ny fampianaran' ny filazantsara. Rehefa miomana amin' ny fanasan' ny Tompo ireo zatovolahy, ary manamasina sy mizara ny fanasan' ny Tompo amim-pahamendrehana sy amim-panajana, dia manaraka arabakiteny ny ohatra nasehon' ny Mpamonjy tamin' ny Fiaraha-misakafo Farany⁴ izy ireo ary ho lasa tahaka Azy.

Mijoro ho vavolobelona aho fa ny fanasan' ny Tompo dia manome antsika fahafahana mba *hahatongavantsika saina* ary mba hiainantsika "fiovam-po lehibe"⁵—hahatsiarovantsika hoe iza isika ary inona no tena iriantsika. Rehefa manavao ny

fanekempihavanana hitandrina ny didy isika, dia mahazo ny Fanahy Masina ho namana mba hitarika antsika hiverina any amin' ny Ray any an-danitra. Tsy mahagaga raha nodidiana isika mba "hihaona miaraka matetika . . . mba hiara mandray ny mofo sy ny[rano]"⁶ ary handray ny fanasan' ny Tompo ho an' ny fanahintsika.⁷

Ankoatry ny fanasan' ny Tompo, dia hitombo ny fanirantsika hiverina any amin' ny Ray any an-danitra rehefa lasa mendrika ny handray ny fahazoan-dalana hiditra ny tempoly isika. Lasa mendrika isika amin' ny alalan' ny fankatoavana mafy sy tsy tapaka ireo didy. Izany fankatoavana izany dia manomboka any amin' ny fahazazana ary mihamery amin' ny alalan' ny traikefa azo ao amin' ny Fisoronana Aharôna sy ny Zatovovavy mandritra ireo taona maro fiomanana. Ary enga anie, ny mpisorona sy ny Ravintsara hametraka tanjona ary hiomana manokana mba handray ny fanafiana masina sy hofehezina any amin' ny tempoly.

Inona no fenitra arahana ho an' ireo mpihazona ny fahazoan-dalana mankany amin' ny tempoly? Ny Mpanao Salamo dia nampatsiahay antsika hoe:

"Iza no hiakatra any an-tendrombohitr' i Jehovah? ary iza no hitoetra ao amin' ny fitoerany masina?

"Izay madio tanana sy mahitsy fo."⁸

Ny fahamendrehana hihazona ny fahazoan-dalana ho any amin' ny tempoly dia manome antsika hery hitandremana ireo fanekempihavanana ny tempoly. Ahoana no hahazoan' ny tenantsika manokana izany hery izany? Miezaka isika ny hahazo ny fijoroana ho vavolombelona mikasika ny Ray any an-danitra, mikasika an' i Jesoa Kristy, ny Fanahy Masina, ny fisian' ny Sorompanavotana, ary ny fahamarinan' ny Mpaminany Joseph Smith sy ny Famerenana amin' ny laoniny. Manohana ireo mpitondra antsika isika, mikarakara ny fianakavantsika amin' ny hatsaram-panahy, mijoro ho vavolombelon' ny Fiangonana marin' ny Tompo, manatrika ireo fivoriam-piangonantsika, manome lanja ny fanekempihavanantsika, manatanteraka ny adidin' ny ray aman-dreny, ary miaina fiainana feno hatsarana. Mety hiteny ianao hoe toy ny Olmasin' ny Andro Farany mahatoky fotsiny izany! Marina ny voalazanao. Ny fitsipika

arahan' ireo mpihazona ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly dia tsy avo loatra izany ka hoe tsy ho tratra. Miaina amimpahatokiana ny filazantsara fotsiny izany sy manaraka ny mpaminany.

Avy eo, amin' ny maha mpihazona ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly efa nandray ny fanafiana masina antsika, dia manorina lamim-piaianana tahaka ny an' i Kristy isika. Tadifitra ao anatin' izany ny fankatoavana, ny fahafoizan-tena hitandrina ireo didy, ny fifankatiavana, ny fahadiovan' ny saina sy ny fitondrantena, ary fanolorana ny tenantsika hanangana ny fanjakan' Andriamanitra. Amin' ny alalan' ny Sorompanavotan' ny Mpamony sy amin' ny alalan' ny fanarahana ireo lamina fototry ny fahatokiana dia azontsika "ny hery avy any ambony"⁹ hiatrehana ireo fanambin' ny fiainana. Ilaintsika mihoatra noho ny hatramin' izay izany hery masina izany ankehitriny. Hery izay tsy azontsika raha tsy amin' ny alalan' ny ôrdônan sin' ny tempoly. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fahafoizan-tena ataontsika handraisana ny ôrdônan sin' ny tempoly dia mendrika an' izay ezaka rehetra azontsika atao.

Rehefa mitombo ny fanirantsika hianatra sy hiaina ny filazantsara, dia lasa maniry tsotra fotsiny ny hifanompo isika. Nilaza tamin' i Petera ny Mpamony hoe: "Ary rehefa mibebaka hianao, dia ampaherezo ireo rahalahinao."¹⁰ Tena talanjona aho amin' ny faniriana lalin' ny tanora ankehitriny hanompo sy hitahy ny hafa—mba hitondra fanovana eto amin' ity izao tontolo izao ity. Isika koa dia mitady mafy an' ilay fifaliana izay entin' ny fanompoana ataony.

Na izany aza dia sarotra ho an' ny tanora ny mahatakatra fa ny zavatra ataon' izy ireo ankehitriny dia hanomana azy ireo amin' ny fahafahana hanompo any aorianana na hanakana azy ireo tsy hanao izany. Isika rehetra dia manana "andraikitra tsy azo ihodivirana"¹¹ hanampy ireo tanorantsika hiomana amin' ny asa fanompoana maharitra eo amin' ny fiainana amin' ny alalan' ny fanampiana azy ireny mba hizaka tena. Ankoatry ny fizakan-tena ara-panahy izay efa noresahantsika, dia misy koa ny fizakan-tena ara-nofo, ka tafiditra ao anatin' izany ny fanovoana fianarana ambony na fianarana asa aorian' ny fianarana tany amin' ny sekoly ambaratonga faharoa, ny fianarana miasa, ary ny fiainana

amin' izay ananana. Amin' ny alalan' ny fisorohana ny trosa sy ny fanangonam-bola ankehitriny, dia vonona ny hanao asa fanompoana amin' ny fotoana feno ao am-pianganana isika mandritra ny taona maro ho avy. Ny tanjon' ny fizakan-tena arapanahy sy ara-nofo dia ny mba hampilamina antsika manokana ahafahantsika manampy ny hafa izay mila fanampiana.

Na tanora isika na antitra, ny ataontsika androany dia mamaritra ny fanompoana izay ho azontsika atao sy ho ankafizintsika rahampitso. Nampahatsiahysy antsika ny mpahaitononkalo iray hoe: "Ny teny tena mampalahelo indrindra ao anatin' ireo teny mampalahelo rehetra izay tenenina na soratana, dia hoe: 'Raha mba izao mantsy aho no. . . !'"¹² Ndeha isika tsy hiaina ao anatin' ny fanenenana an' izay zavatra nataontsika na tsy nataontsika!

Rahalahy sy ranabavy malala, ilay zatovolahy nolazain' ny Mpamonjy, ilay antsointsika hoe zanaka adala, dia *tena nody tany an-trano*. Tsy hadinon-drainy izy ary niandry azy ny rainy. Ary "raha mbola lavitra [ilay zanakalahy], dia tazan-drainy, ary onena azy izy ka nihazakazaka izy, ary . . . nanoroka azy."¹³ Ho fanomezam-boninahitra ny fiverenan' ny zanany lahy, dia nampaka haingana akanjo izy, sy peratra, ary nankalaza izany tamin' ilay zanak' omby nafahy¹⁴—ireo dia mpampahatsiahysy fa tsy misy fitahiana tsy homena izany rehefa maharitra amimpahatokiana isika ao anatin' ilay lalana mitondra miverina any amin' ny Ray any an-danitra.

Miaraka amin' ny fitiavany sy ny fitiavan' ny Zanakalahiny ato am-poko, dia manasa antsika tsirairay avy aho mba hanaraka ny faniriantsika ara-panahy ary *ho tonga saina*. Ndeha isika hiresaka amin' ny tenantsika eo anoloan' ny fitaratratra ary hanontany hoe, "Aiza ho aiza eo amin' ny fiainako no misy ny fanekempihavanako?" Eo amin' ilay lalana marina isika rehefa afaka miteny hoe, "mandray ny fanasan' ny Tompo amimpahamendrehana isan-kerinandro aho, mendrika ny hihazona fahazoan-dalana hidirana ny tempoly sy handeha ho any amin' ny tempoly aho, ary manolo-tena mba hanompo sy hitahy ny hafa aho."

Mizara ny fijoroako ho vavolombelona manokana aho fa tia antsika tsirairay avy Andriamanitra "ka nomeny ny Zanany

lahitokana”¹⁵ mba hanonitra ny fahotantsika. Fantany isika ary miandry antsika Izy, na dia mbola lavitra Azy aza isika. Rehefa mandray andraikitra eo anatrehan’ ny faniriantsika isika ary tonga saina dia ho “sakambininy mandrakizay amin’ ireo sandrim-pitiavany”¹⁶ ary horaisiny ao an-trano. Mijoro ho vavolombelona n amin’ izany aho amin’ ny anarana masin’ ny Mpamony antsika, Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

- 1. Lioka 15:17.
- 2. Almà 32:27.
- 3. Mosià 3:19.
- 4. Jereo ny Matio 26:17–28; Lioka 22:1–20.
- 5. Almà 5:12; jereo koa Mosià 5:2; Almà 5:13–14.
- 6. Môrônia 6:6.
- 7. Jereo ny Môrônia 4:3;
Fotopampianarana sy
Fanekempihavanana 20:77.
- 8. Salamo 24:3–4.
- 9. Fotopampianarana sy
Fanekempihavanana 95:8.
- 10. Lioka 22:32.
- 11. Fotopampianarana sy
Fanekempihavanana 123:11.
- 12. John Greenleaf Whittier, “Maud Muller,” *The Complete Poetical Works of Whittier* (1894), 48.
- 13. Lioka 15:20.
- 14. Jereo Lioka 15:22–24.
- 15. Jaona 3:16.
- 16. 2 Nefia 1:15.

Finoana, Herimpo, Fahafaham-po: Hafatra ho an' ireo Ray aman-dreny Tokan-tena

Nataon' ny Loholona David S. Baxter
Ao amin' ny Fitopololahy

Miezaka mafy ianao mitaiza ireo zanakao ao amin' ny fahazavana sy ny fahamarinana, ao anatin' ny fahafantarana fa tsy afaka manova ny lasa ianao, fa afaka mamolavola ny hoavy

Ny hafatro anio dia ho an' ireo ray aman-dreny tokan-tena ato amin' ny Fiagonana, izay ny ankamaroan' izy ireo dia reny tokan-tena—dia ianareo vehivavy mahatoky izany, izay noho ny toe-javatra samihafa nitranga teo amin' ny fiainana dia lasa mitaiza zanaka sy mikarakara irery ny tokantrano. Mety mananotena na nisara-bady ianareo. Mety miatrika ireo fanamby amin' ny maha ray aman-dreny tokan-tena ianareo vokatry ny tsy fanajana ny lalàn' ny fahadiovam-pitondrantena, kanefa ankehitriny dia efa miaina araka ny fitsipiky ny filazantsara ianareo, ary efa nanova ny fiainanareo ho tsara kokoa. Isaorana ianareo noho ny fisorohanareo ny fiarahana aman' olona izay hanimba ny hatsaranareo sy ny maha-mpanara-dia anareo. Tsy mendrika ny hatao mihitsy izany.

Na dia nisy fotoana aza ianareo nanontany tena hoe: "fa nahoana no izaho"? Ao anatin' ny fahasarotan' ny fiainana no ahafahantsika mivoatra mankany amin' Andriamanitra rehefa voavolavolan' ireo olana sarotra ny toetrantsika ary rehefa miseho ireo trangam-piainana noho ny fanajan' Andriamanitra

ny fahafahan' ny olombelona misafidy. Hoy ny nambaran' ny Loholona Neal A. Maxwell hoe, tsy afaka mahatakatra ny anton' ny zava-mitranga rehetra isika satria "tsy hananantsika avokoa ny zava-misy rehetra mahatonga izany."¹

Na inona na inona anefa toe-javatra iainanareo na ny antony nahatonga izany, dia tena mahafinairitra ianareo. Isan' andro ianareo dia miatrika ny fahasarotan' ny fainana, manao ny asa izay tokony hataon' olon-droa kanefa dia saika ataonareo samirery tanteraka izany. Sady ray ianao no reny. Ianao no mampandeha ny tokantranonao, miahys ny fianakavianao, indraindray dia tena sahirana ara-pivelomana, ary ny tena mahagaga dia mbola mahita fomba ahafahana manompo amin' ny fomba miavaka ato amin' ny Fiangonana ihany ianao. Mamelona ny zanakao ianao. Miara-mivavaka sy miara-mitomany amin' izy ireo ianao ary mivavaka ho azy ireo. Tehanao ny tsara indrindra ho azy ireo ianao kanefa miahayah isaky ny alina hoe ilay tsara indrindraavy amina dia mety tsy ho ampy velively.

Na dia somary miahotrahota ihany aza aho miresaka mivantana loatra ny toe-piainako manokana, dia nivoaka avy tamin' ny tokantrano tahaka izany aho. Notaizan' ny reniko irery tao anatin' ny toe-piainana feno fahantrana izahay tao anatin' ny ankamaroan' ireo taonan' ny fahazazako sy ny fahatanorako. Notsinjaraina tsara ny vola. Niaina tao anatin' ny faniry anaty izy, ary indraindray nitady mafy fanohanana sy namana. Na dia teo aza anefa izany rehetra izany, dia nanana fahambonian-toetra ny reniko, izay loharano goavan' ny fananana faharisihana sy toetra miavaka nolovainy avy amin' ireo razambeny avy any Écosse.

Soa ihany, fa ireo taona niainany taty aoriania dia nahitana fitahiana bebe kokoa mihoatra noho ny tany am-piandohana. Nanambady mpikambana vao niova fo izy, izay lehilahy maty vady. Nofehezina tany amin' ny Tempolin' i Londres Angleterre izy ireo ary taty aoriania dia nanompo nandritra ny fotoana fohy toy ny mpisahana ny fanaovana ôrdônsy tao. Niaraka teny nandritra ny dimy amby roapolo taona latsaka izy ireo—faly, mirana, ary afa-po mandrapahafatiny izy ireo.

Maro aminareo vehivavy tsara ato amin' ny Fiangonana manerana izao tontolo izao no matrika toe-javatra mitovitovy amin' izany ary mampiseho herimpo mitovy amin' izany hatrany hatrany koa isan-taona.

Tsy dia tena izao loatra no nantenainao na nomaninao, na nivavahanao na niandrasanao tany am-piandohana taona maro lasa izay. Ny dianao mamakivaky ny fainana dia feno fahasaratana sy fiovana tsy ampoizina, ka ny ankamaroany dia vokatry ny fainana ao anatin' ilay izao tontolo izao izay lavo, izay natao ho toerana hiatrehana fitsapana sy fisedrana.

Miaraka amin' izay anefa dia miezaka mafy ianao hitaiza ireo zanakao ao amin' ny fahazavana sy ny fahamarinana, ao anatin' ny fahafantarana fa tsy afaka manova ny lasa ianao, fa afaka mamolavola ny hoavy. Hahazo fitahiana ianao ho fanonerana izany eny an-dalana eny, na dia tsy miseho avy hatrany aza izany.

Miaraka amin' ny fanampian' Andriamanitra, dia tsy tokony hatahotra ny hoavy ianao. Hihalehibe ny zanakao ary hataony hoe sambatra ianao, ary ny zavatra tsirairay ao anatin' ireo zavabitany maro dia ho toy ny atokany ho mari-panajana anao.

Aoka ianao tsy hihevitra velively fa ny toeranao amin' ny maha-mpikambana anao ato amin' ny Fiangonana dia ambany noho ny an' ny mpikambana hafa, toy ireny hoe kelikely kokoa ny fitahiana azonao avy amin' ny Tompo noho ny an' ny hafa. Ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra dia tsy misy ny olona ambany saranga.

Manantena izahay fa rehefa manatrika fivoriana ianao ka mahita fianakaviana izay toa feno tsara sy faly na mandre olona iray miresaka momba ny fianakaviana tonga lafatra, dia hahatsapa ho faly fa anisan' ny mpikambana ao amin' ny fiangonana izay mifantoka amin' ny fianakaviana sy mampianatra ny tena anjara asan' izy ireo ao amin' ny drafity ny fahasambaran' ny Ray any an-danitra ho an' ireo Zanany; ary eo anivon' ity izao tontolo izao ity izay ahitana fahoriana sy fitomboan' ny tsy fahadiovam-pitondratena, dia ananantsika ireo fotopampianarana, sy fahefana, sy ôrdônanisy ary fanekempihavanana izay manolotra ny fanantenana tsara indrindra ho an' izao tontolo izao, ka tafiditra ao anatin' izany koa ny fanantenana tsara indrindra ho an' ny fahasambaran' ny

zanakao amin' ny hoavy ary ho an' ny fianakaviana izay ho aorin' izy ireo.

Nandritra ny fihaonamben' ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany tamin' ny Septambra 2006, dia notantaraain' ny Filoha Gordon B. Hinckley ny zavatra niainan' ny reny iray nisara-bady izay nanan-janaka fito ka tamin' izany fotoana izany izy ireo dia teo anelanelan' ny 7 ka hatramin' ny 16 taona.

Nandeha niampita ny arabe izy hanatitra zavatra ho an' ny mpifanolobodirindrina aminy. Hoy izy hoe:

“Rehefa nihodina hiverina hody aho dia hitako ireo jiro nirehitra tao an-tranoko. Ohatry ny henoko ny feon’ ireo zanako rehefa nivoaka ny trano aho minitra vitsy talohan’ izay. Hoy izy ireo hoe: ‘Neny a! Inona no sakafontsika hariva?’ ‘Afaka mitondra ahy any amin’ ny tranomboky ve ianao?’ ‘Mila mitady taratasy matevina fanaovana sary aho anio hariva.’ Reraka sy torovana aho raha njery io trano io ary nahita ny jiro nirehitra tao amin’ ny efitrano tsirairay. Nieritreritra an’ ireo ankizy rehetra ireo aho izay miandry ahy ho tonga ao an-trano hanome izay ilainy. Tena tsapako ho mavesatra mihoatra noho izay zakako ilay entana nolanjaiko.

“Tsaroako aho njery ny lanitra tao anatin’ ny ranomaso, ary niteny hoe, ‘Ray Malala ô, tena tsy vitako intsony ny anio alina. Reraka loatra aho. Tsy vitako intsony. Tsy afaka ny hody ao an-trano aho dia hikarakara irery ireo zanako rehetra ireo. Moa ve aho afaka mankany Aminao ary miaraka Aminao indray alina monja? . . .’

“Tsy tena nandre ireo teny ho valin’ izany aho, saingy henoko tao an-tsaiko izany. Toy izao ny valiny: ‘Tsia, ry zanako, tsy afaka mankaty amiko ianao amin’ izao fotoana izao. . . Fa izaho afaka mankany aminaoo.’”²

Misaotra anareo ry rahavavy isany, noho izay rehetra ataonareo mba hitaizana ny fianakavianareo ary hananana hatrany tokantrano feno fitiavana izay ahitana hatsarana, sy fiadanana, ary tombontsoa.

Na dia mahatsapa ho irery aza ianareo matetika, ny tena marina dia tsy irery *tanteraka* velively ianareo. Rehefa mandroso ao anatin’ ny faharetana sy finoana ianareo, dia hijaraka aminareo ny Tompo, handrotsaka an’ ireo fitahiana tena ilaina ny lanitra.

Hiova ny tanjonareo sy ny fahitanareo ny fiainana ka raha tokony ho kivy ianareo dia hitraka.

Maro aminareo no efa nahita ilay fahamarinana lehibe sy manova, dia ny hoe rehefa miaina mba hilanja ny enta-mavesatry ny hafa ianao, dia lasa maivana kokoa ny enta-mavesatrao. Na dia tsy miova aza ny toe-javatra misy, ny toe-tranao kosa dia miova. Afaka miatrika ireo fitsapanao amim-panekena bebe kokoa izany ianao ary miaraka amin' ny fo tena mahatakatra, ary miaraka amin' ny fanehoana fankasitrahana lalina kokoa noho ny zavatra anananao, fa tsy maniry izay zavatra tsy anananao.

Hitanao fa rehefa miezaka ianao hankahery ireo hafa izay toa kivy dia hahazo fankaherezana ary tena "feno dia feno" tokoa ny kapoakantsika (Salamo 23:5).

Amin' ny alalan' ny fiainana ao anatin' ny fahamarinana, dia indray andro any ianao sy ny zanakao dia hahazo ireo fitahiana amin' ny maha isan' ny ao anatin' ny fianakaviana iray feno sy mandrakizay.

Ry mpikambana sy mpitarika, moa ve misy zavatra hafa mihoatra noho ny azonareo atao mba hanohanana ny fianakavian' ireo ray aman-dreny tokan-tena ka tsy mitsara na mitsikera azy ireo? Moa ve ianareo afaka mampianatra ny tanora ao anatin' ireny fianakaviana ireny,indrindra fa maneho ohatra tsara ho an' ireo zatovolahy mikasika ny hoe inona no fanaon' ny lehilahy tsara ary ahoana no fomba fiainan' ny lehilahy tsara? Eo anatrehan' ny tsy fisian' ny ray, moa ve ianareo tena mampiseho ohatra izay mendrika ny ho alain-tahaka?

Amin' izao fotoana izao, mazava ho azy, dia misy ireo fianakaviana izay ny lehilahy no ilay ray aman-dreny tokan-tena. Ry rahalahy, mivavaka ho anareo koa izahay, ary midera anareo. Natao ho anareo koa ity hafatra ity.

Ry Ray aman-dreny tokan-tena, mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa rehefa manao ny tsara indrindra vitanareo ianareo ao anatin' ireo olana tena sarotra indrindra mianjady amin' ny zanak' olombelona, dia hitahy anareo ny lanitra. Tena marina fa tsy irery ianareo. Avelao ilay hery manavotra sy feno fitiavan' i Jesoa Kristy hanazava ny fiainanareo amin' izao fotoana izao sy hameno anareo amin' ny fanantenana an' ilay fampanantenana mandrakizay. Mahereza. Manàna finoana sy

fanantenana. Hatreo amin-kerimpo ny ankehitriny ary banjino amim-pahatokiana ny hoavy. Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

1. Neal A. Maxwell, *Notwithstanding My Weakness* (1981), 68.
2. Ao amin' ny Gordon B. Hinckley, "In the Arms of His Love," *Liahona*, Nov. 2006, 117.

Mitoera ao amin' ny Farity ny Tompo!

Nataon' ny Loholona Ulisses Soares

Ao amin' ny Fitopololahy

Ny fanontaniana ao an-tsaintsika isan' andro dia tokony hoe: "Mametraka ahy any amin' ny farity ny Tompo ve sa any amin' ny an' ny fahavalox ireo zavatra ataoko?"

Nilaza ny Filoha Thomas S. Monson indray mandeha hoe: "Mamelà ahy hanome torolalana tsotra izay ahafahanareo mandrefy ireo safidy manoloana anareo. Mora tadidiana izany: 'Tsy hanana ny rariny ianao rehefa manao hadisoana ary tsy ho diso ianao rehefa manao ny rariny'" ("Pathways to Perfection," *Liahona*, Jolay 2002, 112). Tsotra sy mivantana ny torolalan' ny Filoha Monson. Mitovy fiasa amin' ilay Liahônà nomena an'i Lehia izany. Raha mampihatra ny finoana sy mazoto mitandrina ny didin' ny Tompo isika dia ho mora amintsika ny hahita ny lalana marina tokony ho arahina, indrindra rehefa miatrika ireo safidy ataontsika isan' andro isika.

Nolazain' ny Apôstôly Paoly tamintsika ny maha-zava-dehibe ny famafazana ho an' ny Fanahy sy ny maha-zava-dehibe ny fahafantarana ny tsy tokony hamafazana ho an' ny nofo. Hoy izy:

"Aza mety hofitahina hianareo; fa izay afafin' ny olona no hojinjainy.

"Fa izay mamafy ho an' nynofony dia hijinja fahasimbana avy amin' ny nofo; ary izay mamafy ho an' ny Fanahy dia hijinja fiainana mandrakizay avy amin' ny Fanahy.

“Ary aza mba ketraka amin’ ny fanaovan-tsoa isika; fa amin’ ny fotoan’ andro no hijinjantsika, raha tsy reraka isika” (Galatiana 6:7–9).

Ny hoe mamafy ho an’ ny Fanahy dia midika hoe tokony hampiakatra antsika ho eo amin’ ny haavon’ ny maha-masina ireo ray aman-drenintsika any an-danitra ny eritreritra sy ny teny ary ny fihetsika rehetra ataontsika. Kanefa ny soratra masina dia mamaritra ilay toetra ara-batana na ara-nofo eo amin’ ireo olona araky ny nofo, izay ahafahan’ ny olona ho voasariky ny firehetam-pon’ ny nofo, ny fanirian’ ny nofo, ny fahalianan’ ny nofo sy ny fandrisihan’ ny nofo raha tokony mba hitady fitaomana avy amin’ ny Fanahy Masina anefa. Raha tsy mitandrina isika dia mety hitarika antsika haneho fihetsika mirefarefa amin’ ny tany sy tsy voahevitra izay mety ho lasa ampanan’ ny toetrantsika ireo zava-misarika ireo miaraka amin’ ny faneren’ ilay ratsy eto amin’ izao tontolo izao. Mba hialana amin’ izany fitaoman-dratsy izany dia ilaintsika ny manaraka ny torolalana izay nomen’ ny Tompo ny Mpaminany Joseph Smith mikasika ny famafazana tsy tapaka ho an’ ny Fanahy: “Koa aza ketraka amin’ ny fanaovan-tsoa fa mandatsaka ny fanorenan’ ny asa lehibe ianareo. Ary avy amin’ ny zavatra madinika no hivoahan’ izay lehibe” (F&F 64:33).

Mba hampivelarana ny fanahintsika dia takiana isika “[Hanaisotra amintsika] ny fo-lentika rehetra sy ny fahavinirana sy ny fahatezerana sy ny fitabatabana sy ny fitenenan-dratsy ary ny lolompo rehetra” (Efesiana 4:31) ary ho “hendry amin’ ny andron’ ny fizahan-toetra [antsika] [isika]; hanaisotra amin’ ny tena[ntsika] ny tsy fahadiovana rehetra” (Môrmôna 9:28).

Rehefa mandalina ny soratra masina isika dia mahita fa ny fampanantenana nomen’ ny Tompo ho antsika dia miankina amin’ ny fankatoavantsika ary mamporisika antsika hiaina amim-pahamarinana. Ireo fampanantenana ireo dia tokony hamoky ny fanahintsika, hitondra fanantenana ho antsika amin’ ny alalan’ ny famporisihana antsika mba tsy hilavo lefona, na dia manoloana ireo fanambin’ ny fiainana isan’ andro aza noho ny fiainana eto amin’ ity izao tontolo izao ity izay ahitana fa mihamanjavona ireo soatoavina ara-pahadiovam-pitondrantena, ka mamporisika ny olona ho vao mainka hamafy ho an’ ny nofo

bebe kokoa hatrany. Kanefa amin' ny fomba ahoana no ahafahantsika manana antoka fa manampy antsika hamafy ho an' ny Fanahy fa tsy ho an' ny nofo ny safidy ataontsika?

Nilaza ny Filoha George Albert Smith indray mandeha, raha namerina ny torohevitra avy tamin' ny raibeny, nanao hoe: "Misy tsipika mazava tsara manasaraka ny faritry ny Tompo sy ny an' ny devoly. Raha maniry hitoetra any amin' ny faritry ny Tompo ianao dia ho eo ambany fitarihany ka tsy hanana faniriana hanao ratsy, fa raha miampita na dia iray santimetatra monja any amin' ny faritry ny devoly kosa ianao dia ho eo ambanin' ny herin' ilay mpaka fanahy ary raha mahomby izy dia tsy ho afaka ny hieritreritra na hampiasa saina araka ny tokony ho izy akory ianao satria tsy hanana ny Fanahin' ny Tompo intsony" (*Teachings of Presidents of the Church: George Albert Smith* [2011], 191).

Noho izany, ny fanontaniana ao an-tsaintsika isan' andro dia tokony hoe: "Mametraka ahy any amin' ny faritry ny Tompo ve sa any amin' ny fahavaloo ireo zavatra ataoko?"

Nampitandrina ny vahoakany mikasika ny maha-zava-dehibe ny fahaiza-manavaka ny tsara sy ny ratsy i Môrmôna mpaminany:

"Koa, ny zavatra rehetra izay tsara dia avy amin' Andriamanitra; ary izay ratsy dia avy amin' ny devoly; fa ny devoly dia fahavalon' Andriamanitra sy miady Aminy lalandava, ary manainga sy mitaona hanota, ary hanao izay ratsy lalandava.

"Nefa indro, izay avy amin' Andriamanitra dia manainga sy mitaona hanao ny tsara lalandava" (Môrônîa 7:12–13).

Ny Fahazavan' i Kristy miaraka amin' ny fananana ny Fanahy Masina ho namana dia tsy maintsy hanampy antsika hamantatra raha toa ka mampitoetra antsika any amin' ny faritry ny Tompo na tsia ny fomba fiainantsika. Raha tsara ny toetrantsika dia avy amin' ny fitaoman' Andriamanitra izany satria ny zavatra tsara rehetra dia avy amin' Andriamanitra. Kanefa raha toa ka ratsy kosa ny toetrantsika dia eo ambany fisarihan' ilay fahavaloo isika satria izy dia mandresy lahatra ny olona hanao ny ratsy.

Nahakasika ny foko ny vahoaka Afrikanina noho ny tsy fiambahamban' izy ireo sy ny fahazotoan' izy ireo hitoetra ao amin' ny faritry ny Tompo. Na dia ao anatin' ny toe-javatra

sarotra eo amin' ny fiainana aza ireo izay nanaiky ny fanasana hanatona an' i Kristy, dia lasa fahazavana ho an' izao tontolo izao izy ireo. Herinandro vitsy lasa izay raha nitsidika ny iray tamin' ireo paroasy tany Afrika Atsimo aho dia nanana fahafahana niaraka tamin' ny mpisorona tanora roalahy sy ny ekekany ary ny filohan' ny tsatòkany hitsidika ireo zatovolahy malaindaina ao amin' ny kôlejiny. Tena nanaitra ahy tokoa ny herimo sy fanetren-tena izay nasehon' ireto mpisorona roalahy ireto teo ampanasana ireo zatovolahy malaindaina hiverina hivavaka. Teo am-piresahan' izy ireo tamin' ireo zatovolahy malaindaina ireo dia tsikaritro fa namiratra teny amin' ny endrik' izy ireo ny fahazavan' ny Mpamonjy, sady nameno hazavana an' ireo rehetra nanodidina azy ireo izany. Izy ireo dia nanatontosa ny adidiny hoe "[hamonjy] ny osa, [hampiakatra] ny tanana izay miraviravy ary [hampatanjaka] ny lohalika malemy" (F&F 81:5). Ny fihetsika nasehon' ireo mpisorona roa ireo dia nametraka azy ireo ho ao amin' ny faritry ny Tompo, ary dia fitaovana eo an-tanany izy ireo noho izy ireo nanasa ny hafa hanao toy izany koa.

Ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37, dia ampianarin' ny Tompo antsika ny dikan' ny hoe mamafy ho an' ny Fanahy sy izay zavatra tena mametraka antsika ao amin' ny faritry ny Tompo, arak' izao voalaza manaraka izao: manetry ny tenantsika manoloana an' Andriamanitra, maneho fo torotoro sy fanahy manenina, mijoro ho vavolombelona amin' ny Fiagonana fa efa nibebaka marina tamin' ireo fahotantsika, mitondra eo amintsika ny anaran' i Jesoa Kristy, manana finiavana hanompo Azy hatramin' ny farany, maneho amin' ny asantsika fa efa nandray ny Fanahin' i Kristy ary noraisina tamin' ny batisa tato amin' ny Fiagonany. Ny fahavononantsika hanatanteraka ireo fanekempihavanana ireo dia manomana antsika hiaina eo anatrehan' Andriamanitra ho toy ny olona nisandratra. Ny fahatsiarovana ireo fanekempihavanana ireo dia tokony hitarika ny fihetsika ataantsika eo amin' ny fianakavantsika, eo amin' ny fifaneraserantsika amin' ireo olon-kafa ary indrindra eo amin' ny fifandraisantsika amin' ny Mpamonjy.

Nametraka fakantahaka mikasika ny fihetsika tonga lafatra i Jesoa Kristy izay ahafahantsika manamafy orina ny toetrantsika

mba hahafahana manatanteraka ireo fanekempihavanana masina ireo. Ny Mpamonjy dia nanilika teo amin' ny fiainany ireo zavamisarika izay mety tsy hampifantoka Azy amin' ny asa masina nampanaochina Azy, indrindra rehefa nalain' ny fahavaloha fanahy Izy na nalain' ireo mpanara-dia azy fanahy tamin' Izy nanao asa fanompoana teto an-tany. Na dia tsy nanota mihitsy aza Izy dia nanana fo torotoro sy fanahy nanenina, izay heniky ny fitiavana ny Raintsika any an-danitra sy ny olombelona rehetra. Nanetry ny tenany teo anoloan' ny Raintsika any an-danitra Izy, nandà ny sitrapon' ny tenany manokana mba hanatanteraha hatramin' ny farany ny zava-drehetra izay nangatahan' ny Ray taminy. Na dia tamin' ny fotoana niainany fijaliana ara-batana sy ara-panahy faran' izay mafy aza, izay nitondrany ny vesatry ny fahotan' ny zanak' olombelona rehetra teo an-tsonony sy nivoahan' ny ratamin' ny masonkodiny, dia hoy izy tamin' ny Ray hoe: "Nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao" (Marka 14:36).

Ny vavaka ataoko rahalahy sy ranabavy, rehefa mieritreritra ireo fanekempihavanana nataontsika isika dia ny mba hanatanjahantsika ny tenantsika foana hanoherana ireo "zanta-tsipika mirehitry ny fahavaloha" (1 Nefia 15:24), amin' ny alalan' ny fanarahana ny ohatry ny Mpamonjy mba hahafahantsika mamafy ho an' ny Fanahy sy hitoerantsika ao amin' ny faritry ny Tompo. Tsarovy ilay torolalana nomen' ny Filoha Monson, manao hoe: "Tsy hanana ny rariny ianao rehefa manao hadisoana ary tsy ho diso ianao rehefa manao ny rariny." Izany dia ataoko amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Mirindra Tsara amin' ny Feon-kiran' ny Finoana

Nataon' ny Loholona Quentin L. Cook

Avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo

Tian' Andriamanitra ny zanany rehetra. Tiany hiverina any Aminy daholo izy rehetra. Tiany hirindra tsara amin' ilay feon-kiran' ny finoana ny rehetra.

Rehefa mihaona amin' ireo mpikambana rehetra manerana an' izao tontolo izao ireo Manampahefana Ambony ao amin' ny Fiagonana dia hitanay manokana fa tena hery iray ho an' ny tsara ireo Olomasin' ny Andro Farany. Mankasitraka ny zavatra rehetra ataanareo izahay mba hitahiana ny fiainan' ny olona rehetra.

Ireo izay misahana ny fifaneraserana amin' ny daholobe dia tena mahatsapa fa ny fanehoan-kevitra atao'ny maro an' isa sy ireo mpanao gazety eto Etazonia sy manerana an' izao tontolo izao dia lasa nampitombo ny firesahany ampahibemaso mikasika ny Fiagonana sy ny mpikambana ao aminy. Nisy fifanojoana miavaka iray teo amin-javatra maro izay nampitombo be tokoa ny fahatsapana ny fisian' ny Fiagonana.¹

Maro amin' ireo izay nanoratra mikasika ny Fiagonana no nanao ezaka tamin-kitsimpo mba hahatakatra ny olontsika sy ny fotopampianarantsika. Naneho fanajana izy ireo ary niezaka ny tsy hiangatra, izay ankahasitrahany tokoa.

Tsapanay koa fa maro ireo olona no tsy mahatakatra an' ireo zavatra masina. I Lord Sacks Filohan' ny Rabbin ao Angletera raha niresaka tamin' ireo mpitarika tao amin' ny Fiagonana Katôlika Romana tamin' ny volana Desambra lasa teo tany amin' ny Pontifical Gregorian University, dia nanamarika hoe lasa mirona amin' ny tsy finoana tokoa ny faritra sasany eto an-tany.

Nanambara izy fa ny loharano iray amin' izany dia "ny tsy fahaizan' ny sofin' ireo mpahay siansa mahery fihetsika izay tsy mino an' Andriamanitra mihaino ny feon-kiran' ny finoana."²

Ilay fahitana lehibe enti-mampiditra ny ao anatin' ny Bokin' i Môrmôna dia ilay nofy mifono faminaniana izay nahitan' i Lechia ny hazon' aina.³ Io fahitana io dia mamaritra tsotra fotsiny ireo fanamby atrehan' ny finoana izay miseho amin' izao androntsika izao ary ilay fisarahana lehibe misy eo amin' ireo izay tia sy mitsaoka an' Andriamanitra ary mahatsapa ho tompon' andraikitra eo anoloany, ary etsy ankilany ireo izay tsy manao ireo zavatra ireo. Nohazavain' i Lechia ny sasany amin' ireo fitondran-tena izay manimba ny finoana ireo. Ny sasany dia be rehareha sy mieboebo ary ketrina. Ny hany mahaliana azy ireo dia ilay heverin' ny sasany hoe fahendren' izao tontolo izao.⁴ Ny sasany dia liana kely ihany amin' Andriamanitra saingy very ao anatin' ny zavon' ny haizina sy ny fahotana ato anatin' izao tontolo izao.⁵ Ny sasany efa nanandrana ny fitiavan' Andriamanitra sy ny teniny saingy menatra an' ireo mandrabiraby azy ireo ary dia nianjera tany amin' ny "lalana voarara."⁶

Farany, dia misy ireo izay mirindra tsara amin' ny feon-kiran' ny finoana. Fantatrareo hoe iza ianareo. Tia ny Tompo sy ny filazantsara ianareo ary miezaka hatrany miaina sy mizara ny hafany, indrindra amin' ny fianakavianareo.⁷ Mifanaraka amin'ny bitsiky ny Fanahy ianareo, ary mahatakatra ny herin' ny tenin' Andriamanitra, maneho fihetsika masina any an-tokantranonareo ary miezaka amim-pahavitrihana miaina fiainana tahaka ny an' i Kristy amin' ny maha-mpianany anareo.

Fantatray fa tena sahirana ianareo. Ry mpikambana be fanoloran-tena! Miankina aminareo ilay andraikitra hitantanana ny Fiagonana izay tsy ahitana mpitontra fivavahana matihanina mandray karama. Fantatray fa efa fahita mahazatra ny fanokanan' ireo mpikambana ao amin' ny episkôpâ sy ny fiadidian' ny tsatôka ary ireo hafa, ora maro hanompoana amimpiniavana. Ohatra tsara eo amin' ny fanehoana fahafoizan-tena tsy misy tambiny ireo fiadidian' ny vondrona fanampiny sy ny kôlejy. Izany fanompoana sy fahafoizan-tena izany dia hita eo amin' ny mpikambana iray manontolo, eo amin' ireo mpitam-

boky, eo amin' ireo mpampianatra isan-tokantrano sy mpamangy isan-tokantrano ary eo amin' ireo izay mampianatra any amin' ireo kilasy. Feno fankasitrahana an' ireo mpitarika ny Skoto na mpitarika ao amin' ny garderie koa aho izay manompo amim-kerimpo. Atolotray anareo rehetra ny fitiavanay sy ny fankasitrahany noho ny zavatra ataonareo ary noho maha ianareo anareo!

Fantatray fa misy mpikambana izay tsy dia liana ary tsy dia maneho fahatokiana amin' ny sasany amin' ireo fampianaran' ny Mpamonjy. Ny fanirianay dia ny hahatakan' ireo mpikambana ireo tanteraka ny finoana ary hampitomboany ny fahazotoany sy ny fanoloran-tenany. Tian' Andriamanitra ny zanany rehetra. Tiani hiverina any Aminy daholo izy rehetra. Tiani hirindra tsara amin' ilay feon-kiran' ny finoana ny rehetra. Fanomezana iray ho an' ny olona rehetra ny Sorompanavotan' ny Mpamonjy.

Ilaina ny mampianatra sy ny mahatakatra fa tiantsika sy hajantsika daholo ireo olona rehetra nofaritan' i Lehia.⁸ Tsarovy fa tsy anjarantsika mihitsy ny mitsara. Nomena ny Tompo ny fitsarana.⁹ Ny Filoha Thomas S. Monson dia nangataka manokana antsika mba banana "herimpo hanajanona ny fitsarana ny hafa."¹⁰ Nangataka ny mpikambana mahatoky tsirairay koa izy mba *hamony* ireo izay efa nihinana ny voan' ny filazantsara ary dia lavo avy eo ary koa ireo izay mbola tsy nahita ilay lalana ety sy tery. Mivavaka izahay mba hihazonan' izy ireo ilay anja-by sy hahazoan' izy ireo anjara amin' ny fitiavan' Andriamanitra izay hameno "[ny fanahiny] fifaliana mitafotafo."¹¹

Raha nahitana ny karazan' olona rehetra ny fahitan' i Lehia dia ny maha-zava-dehibe mandrakizay ny fianakaviana kosa no fotopampianarana manan-danja indrindra tao anatin' izany. "Tendrin' Andriamanitra ny fianakaviana. Izany no rafitra manan-danja indrindra eto amin' ity fiainana ity ary mandrakizay."¹² Rehefa nihinana ny voan' ny hazon' aina i Lehia (ilay fitiavan' Andriamanitra), dia naniry ny mba "hihinanan' ny ankohonany amin' izany koa izy."¹³

Ny fanirantsika lehibe dia ny hitaiza ny zanatsika ao anatin' ny fahamarinana. Ny fitsipika iray izay hanampy antsika hananteraka izany dia ny fisorohana ny mitsara diso tafahoatra

ny fihetsika iray izay adaladala na tsy malina fa tsy hoe mahameloka. Taona maro lasa izay raha mbola nanan-janaka nipeetraka tao an-trano izaho sy ny vadiko, dia nampianatra ny Loholona Dallin H. Oaks fa zava-dehibe ny manavaka ireo fahadisoana ataon' ireo zatovo izay tokony hahitsy sy ireo fahotana izay mitaky famaizana sy fibebahana.¹⁴ Rehefa misy ny tsy fisian' ny fahendrena dia mila torolalana ny zanatsika. Raha misy ny fahotana dia ilaina ny fibebahana.¹⁵ Hitanay fa tena nanampy tokoa izany teo amin' ny fianakavianay manokana.

Ny fanatanterahana ireo zavatra masina ao anatin' ny tokantrano dia mitahy ny fianakavantsika. Manan-danja manokana ny fanehoana ohatra. Misy fiantraikany bebe kokoa amin' ny zanatsika ny *zavatra ataontsika* noho ny zavatra lazaintsika. Fony aho dimy taona dia naharay filazana ny reniko fa ny zandriny lahy dia maty rehefa voadaroka baomba tany amin' ny morontsirak' i Japana ilay sambo mpiady izay nanompoany tany amin' ny faran' ny Ady Lehibe II.¹⁶ Nahakivy azy tanteraka izany vaovao izany. Tena nampihetsim-po azy izany ka lasa nandeha tany amin' ny efitrano fatoriana izy. Fotoana fohy taorian' izay dia nitsikilo tao amin' ilay efitrano aho mba hijery raha toa izy ka tsy maninona. Nandohalika teo akaikin' ny fandriana izy ary nivavaka. Nisy fiadanana lehibe nanenika ahy satria nampianatra ahy izy mba hivavaka sy hitia ny Mpamony. Ohatra miavaka izay fanehony foana amiko izany. Ny reny sy ny ray izay mivavaka miaraka amin' ny zanany no mety ho manan-danja kokoa noho ny ohatra hafa.

Ny hafatr' i Jesoa Kristy Mpamony antsika sy ny asa fanompoany ary ny sorompanavotany no ampahany manan-danja ao anatin' ny zavatra tokony hampianarina ny fianakavantsika. Tsy misy soratra masina hafa mamaritra tsara kokoa ny finoantsika noho ny ao amin' ny 2 Nefia 25:26: "Ary miresaka an' i Kristy isika, mifaly amin' i Kristy, mitory an' i Kristy, maminany ny amin' i Kristy, ary manoratra araka ny faminaniantsika mba hahafantaran' ny zanatsika ny loharano azony andrandraina ho famelana ny fahotany."

Ny iray amin' ireo fitsipika fototra ao anatin' ny fahitan' i Lehia dia ny hoe tokony hihazona mafy ny anja-by ireo mpikambana mahatoky mba hijanonan' izy ireo eo amin' ilay

lalana ety sy tery izay mitondra any amin' ilay hazon' aina. Zava-dehibe ho an' ny mpikambana ny mamaky sy misaintsaina ary mandalina ny soratra masina.¹⁷

Tena manan-danja tokoa ny Bokin' i Môrmôna.¹⁸ Hisy foana mazava ho azy ireo izay hanamaivan-danja ny maha-zava-dehibe izany boky masina izany na hitsikera izany mihitsy aza. Ny sasany mananihany momba izany. Talohan' ny nandehanako nanao asa fitoriana dia nisy prôfesora tany amin' ny oniversite iray izay nindrana ny tenin' i Mark Twain hoe raha esorinao ao anatin' ny Bokin' i Môrmôna ny andian-teny hoe "Ary ny zavanitranga" dia "ho toy ny bokikely tsotra fotsiny izany."¹⁹

Volana vitsivitsy taty aoriana, rehefa nanao asa fitoriana tany Londres, Angletera aho dia nisy mpampianatra iray manana ny maha izy azy tao amin' ny London University izay mpianatra nivoaka tao Oxford ary manam-pahaizana Egyptiana mikasika ny fiteny Semita. Namaky ny Bokin' i Môrmôna izy, dia nifanoratra tamin' ny Filoha David O. McKay avy eo ary nihaona tamin' ny misiônera. Nampahafantariny azy ny fahareseny lahatra fa ny Bokin' i Môrmôna dia tena dikan-teny miompana amin' ny fahalalan'ny Jiosy sy ny fitenin'ny Egyptiana tokoa nandritra ireo vanim-potoana voafaritra ao amin' ny Bokin' i Môrmôna.²⁰ Ny ohatra iray nasehony tao anatin' ny maro dia ilay andian-teny mpampitohy fehezan-teny hoe "Ary ny zavanitranga" izay nolazainy fa nitovy tamin' ny fomba handikany ireo teny sy andian-teny izay ampiasaina ao anatin' ireo asa soratra Semita.²¹ Nampahafantarina ilay prôfesora fa raha nanampy azy ny fanadihadiana ara-tsaina izay nifototra tamin' ny asany, dia mbola zava-dehibe ny fananana fijoroana ho vavolombelona ara-panahy. Nahazo fijoroana ho vavolombelona ara-panahy izy ary natao batisa. Noho izany ilay zavatra hitan' ny mpanao asa soratra mampihomehy iray ho toy ny zavatra mahatsikaiky dia tsapan' ny manam-pahaizana iray ho toy ny porofo lalin' ny fahamarinan' ny Bokin' i Môrmôna izay nohamafisin' ny Fanahy taminy.

Ny fotopampianarana fototry ny fahafahana misafidy dia mitaky ny fananana fijoroana ho vavolombelona mikasika ny filazantsara naverina tamin' ny laoniny izay mifototra amin' ny finoana fa tsy amin' ny porofo hita ety ivelany na ara-tsantifika.

Tsy hahomby na hitondra fivoarana mihitsy akory ny fifantohana diso tafahoatra amin' ny zavatra tsy mbola nambara tanteraka, toy ny fomba mety nitrangan' ny fiterahan' ny virijiny na ny Fitsanganan' ny Mpamony tamin' ny maty na ny fomba tena nandikan' i Joseph Smith ny soratra masintsika. Resaka finoana ireo. Farany, ny valiny dia ilay torohevitr' i Môrônia mba hamaky sy hisaintsaina ary avy eo manontany amin' Andriamanitra amin-kitsimpo, omban' ny tena finiavana mba hanamafy ny fahamarinana ao amin' ny soratra masina amin' ny alalan' ny fanahy.²² Ankoatr' izany raha toa ka ampidirintsika ao anatin' ny fiainantsika ireo zavatra tsy maintsy atao hita ao amin' ny soratra masina ary raha toa ka miaina ny filazantsara isika dia banana ny Fanahy ary hahatsapa ny hatsarany miaraka amin' ny fahatsapana fifaliana ary indrindra fiadanana.²³

Mazava fa ny maha-samy hafa an' ireo izay maheno ny feon-kiran' ny finoana amin' ireo izay manetsy tadiny na mihaino zavatra hafa, dia ny fandalinana amim-pahavitrihana ny soratra masina. Nanohina lalina ny foko taona maro lasa izay ny nanamafisan' ilay mpamimany malala Spencer W. Kimball ny filana ny famakiana sy ny fandalinana tsy tapaka ny soratra masina. Hoy izy hoe: "Hitako fa rehefa goragora ny fifandraisako amin' Andriamanitra dia toa tsy mihaino izany Andriamanitra ary toa tsy miteny izany Izy ary tena lavitra dia lavitra aho. Raha miroboka tanteraka ao anatin' ny famakiana ny soratra masina aho dia lasa fohy ilay halavirana ary miverina amin' ny tokony ho izy ny fiainam-panahy."²⁴

Manantena aho fa mamaky tsy tapaka ny Bokin' i Môrmôna miaraka amin' ny zanatsika isika. Niresaka mikasika izany niaraka tamin' ny zanako aho. Naneho hevitra roa tamiko izy. Voalohany, ny fikirizana mba hamakian' ny fianakaviana miaraka ny soratra masina isan' andro no fanalahidy. Tamim-piravoravoana no namaritan' ny zanako vavy ny ezaka ataon' izy ireo isaky ny vao maraina amin' ireo zanaka izay tena mbola zatovo mba hamaky tsy tapaka ny soratra masina. Mifoha maraina izy sy ny vadiny ary iny mbola rendremana iny dia manaraka ny arofanina vy amin' ny sisin' ny tohatra izay mitondra any amin' ny efitrano hivorian' ny fianakavian' izy ireo mba hamaky ny soratra masina. Ny fikirizana no vahaolana ary

manampy ny hanihany kely. Mitaky ezaka avy amin' ny olona tsirairay ao amin' ny fianakaviana izany saingy ezaka tsy hanenenana. Ireo sampona mandalo dia resy amin' ny alalan' ny fikirizana.

Ny faharoa dia ny fomba hamakian' ny zanakay faralahy sy ny vadiny ny soratra masina amin' ilay fianakaviany mbola misy ankizy kely. Tsy mbola tonga amin' ny taona ahaizana mamaky teny ny roa amin' ireo zanany efatra. Ho an' ilay anankiray izay dimy taona dia mampiasa famantarana amin' ny tanana izy ireo izay valiany mba handraisany anjara feno ao anatin' ilay famakian' ny fianakaviana soratra masina. Ny famantarana omen' ny rantsan-tanana 1 ho azy dia ny mba hamerenany ny hoe: "Ary ny zava-nitranga," isaky ny miseho ao amin' ny Bokin' i Môrmôna izany. Tsoriko fa tiako ny fiverimberenan' izany andian-teny izany matetika tokoa. Hanampiana izany koa mba hahasoa ireo fianakaviana mbola misy ankizy kely, ny rantsan-tanana 2 dia ho an' ny hoe: "Ary dia toy izany no ahitantsika". Ny rantsan-tanana 3, 4, ary 5 dia fidian' ny ray aman-dreny arak' izay teny hita ao amin' ilay toko izay vakian' izy ireo.

Fantatsika fa tsy hoe tonga lafatra foana ny fiarahan' ny mpianakavy mamaky ny soratra masina sy ny takarivan' ny mpianakavy. Na inona na inona olana atrehanao dia aza kivy.

Aoka ianareo hahatakatra fa ny fananana finoana an' i Jesoa Kristy Tompo sy ny fitandremana ny didiny no fitsapana manandanja indrindra mandritra ny fiainana eto an-tany ary ho toy izany hatrany. Fa ambonin' ny zavatra rehetra, isika tsirairay dia tokony hahatsapa fa rehefa tsy miraharaha ny feon-kiran' ny finoana ny olona iray dia tsy maheno ny Fanahy. Nampianatra ny Mpaminany Nefia hoe: "Eny efa nandre ny feony . . . ianareo; ary niteny tamin' ny feo tony sy malefaka izy, saingy efa donto ianareo, hany ka tsy nahatsapa ny teniny."²⁵

Ny fotopampianarantsika dia mazava. Mila matoky tena sy miran-dava isika. Manasongadina ny finoantsika isika fa tsy ny tahotsika. Isika dia mifaly ao anatin' ny fanomezan-tokin' ny Tompo fa hijoro eo anilantsika Izy ary hanome fitarihana sy torolalana.²⁶ Ny Fanahy Masina dia mijoro ho vavolombelona amin' ny fontsika fa manana Ray any an-danitra be fitiavana isika ary ilay drafiny feno famindram-po mba hamonjena antsika dia

ho tanteraka amin' ny lafiny rehetra noho ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy.

I Naomi W. Randall, izay nanoratra ny "Zanaky ny Ray Aho," dia nanoratra hoe: "Mitarika ny fanahiny. Manome toky ny fitiavany fa lasa ny tahotra rehefa maharitra ny finoana."²⁷

Noho izany dia ndeha isika na aiza na aiza misy antsika eo amin' ilay lalan' ny maha-mpianatra ao anatin' ilay fahitan' i Lehia, hanapa-kevitra mba hamoha ao anatintsika sy ao anatin' ny fianakavantsika ilay faniriana hahazo ilay fanomezana tsy takatry ny saina dia ny fainana mandrakizay izany. Mivavaka aho mba hirindra tsara amin' ilay feon-kiran' ny finoana ianareo. Mijoro ho vavolombelona amin' ny maha-Andriamanitra an' i Jesoa Kristy sy amin' ny tena fisian' ny Sorompanavotany aho, amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarohana

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fankempihavanana 1:30.
2. Jonathan Sacks, "Has Europe Lost Its Soul?" (lahateny natao tamin' ny 12 Desambra 2011, tany amin' ny Pontifical Gregorian University), chiefrabbi.org/ReadArtical.aspx?id=1843.
3. Jereo ny 1 Nefia 8.
4. Jereo ny 1 Nefia 8:27; 11:35.
5. Jereo ny 1 Nefia 8:23; 12:17.
6. 1 Nefia 8:28.
7. Jereo ny 1 Nefia 8:12.
8. Ny torolalan' ny Mpamony dia ny hitadiavana ireo ondry very; jereo ny Matio 18:12–14.
9. Jereo ny Jaona 5:22; jereo koa ny Matio 7:1–2.
10. Thomas S. Monson, "May You Have Courage," *Liahona*, Mey 2009, 124.
11. 1 Nefia 8:12.
12. *Manuel 2: Administration de l'Eglise* (2010), 1.1.1.
13. 1 Nefia 8:12.
14. Jereo ny Dallin H. Oaks, "Sins and Mistakes," *Ensign*, Ôkt. 1996, 62. Nampianatra izany hevitra izany koa ny Loholona Oaks tamin' izy filohan' ny Brigham Young University teo amin' ny 1980 teo.
15. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:25–27.
16. Jereo ny Marva Jeanne Kimball Pedersen, *Vaughn Roberts Kimball, A Memorial* (1995). I Vaughn dia nilalao baolina tao amin' ny Oniversiten' i Brigham Young tamin' ny fararanon' ny taona 1941 ka mpitarika ny fanafihan' ny mpilalao izy. Ny andro taorian' ny nanafihana an' i Pearl Harbor, ny 8 Desambra 1941, dia nirotsaka tao amin' ny tafika an-dranomasina tany Etazonia izy. Maty tamin' ny 11 Mey 1945 izy tamin' ny alalan' ny fanjeran' ny fahavaloo baomba ny USS *Bunker Hill* ary dia nalevina tany an-dranomasina.
17. Jereo ny Jaona 5:39.
18. Jereo ny Ezra Taft Benson, "The Book of Mormon—Keystone of Our Religion," *Ensign*, Nôv. 1986, 4; na *Liahona*, Ôkt. 2011, 52.
19. Mark Twain, *Roughing It* (1891), 127–28. Ny taranaka vaovao tsirairay dia ampahafantarina miaraka amin' ny fanehoan-kevitr'

- i Twain toy ireny hoe misy fahitan-
java-baovao lehibe ireny. Matetika
misy filazana kely hoe i Mark
Twain koa dia manilikilika ny
resaka Kristiana sy ny finoana
amin' ny ankapobeny.
20. 1 Nefia 1:2.
21. Izaho dia nihaona tamin' i Dr.
Ebeid Sarofim tany Londres rehefa
nampianatra azy ireo misiônera
lahy. Jereo koa ny N. Eldon Tanner,
ao amin' ny Conference Report,
Apr. 1962, 53. Maro ireo manam-
pahaizana mikasika ny asa soratra
amin' ny fiteny Semita sy
Egyptiana fahiny no nahatsikaritra
ilay fiverimberenan' ny fampiasana
ilay andian-teny mpampitohy hoe
“Ary ny zava-nitranga” any amin'
ny fiantombohan' ny fehezan-tena;
jereo ny Hugh Nibley, *Since
Cumorah*, boky navoaka
faharoa (1988), 150.
22. Jereo ny Môrônâja 10:3–4;
nanandrana an' izany tamin-
kitsimpo omban' ny tena finiavana
ireo mpitsikera vitsivitsy.
23. Jereo ny Fotopampianaranana sy
Fankempihavanana 59:23.
24. *Teachings of Presidents of the Church:
Spencer W. Kimball* (2006), 67.
25. 1 Nefia 17:45; jereo koa ny Ezra
Taft Benson, “Seek the Spirit of the
Lord,” *Tambuli*, Sept. 1988, 5:
“Maheno ny feon’ ny Tompo amin'
ny alalan’ ny fahatsapan-javatra
isika matetika. Raha manetry tena
sy antra fo isika, dia hibitsika
amintsika ao anatin’ ny
fahatsapantsika zavatra ny
Tompo.”
26. Jereo ny Fotopampianaranana sy
Fankempihavanana 68:6.
27. “When Faith Endures,” *Hymns*, no.
128.

Ahoana no Fomba Ahafahana Mahazo Fanambarana sy Fanentanam-panahy ho an' ny Fiainanao Manokana

Nataon' ny Loholona Richard G. Scott

Avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo

*Nahoana no tian' ny Tompo hivavaka sy hangataka
Aminy isika? Satria izany no fomba ahazoana
mandray fanambarana.*

Na iza na iza mijoro eto amin' ity polpitra ity mba hizara hafatra dia mahatsapa ny hery sy ny fanohanana avy amin' ireo mpikamban' ny Fiagonana manerana an' izao tontolo izao. Feno fankasitrahaha aho fa izany fanohanana izany ihany koa dia mety ho azo avy amin' ilay namana malala iray any amin' ny faritra ambadiky ny voaly. Misaotra anao ry Jeanene.

Ny Fanahy Masina dia mampita fampahalalana izay ilaintsika hitantanana antsika eto amin' ity fiainana an-tany ity. Rehefa miavaka sy mazava ary ilaina izany dia mendrika ny antsoina hoe fanambarana. Rehefa bitsika misesisesy kosa no azontsika matetika mba hitarihana antsika tsikelikely any amin' ny tanjona mendrika iray, raha ny hevitra manodidina an' ity hafatra ity, dia fanentanam-panahy izy amin' izay.

Ny ohatra iray mikasika ny fanambarana dia ny fitarihana azon' ny Filoha Spencer W. Kimball taorian' ny fitaloahany tsy tapaka ary nandritra ny fotoana ela mikasika ny mba hanomezana ny fisoronana an' ireo lehilahy mendrika rehetra

tato amin' ny Fiangonana, raha toa ka nomena ny sasantsasany tamin' izy ireo fotsiny izany tamin' izany fotoana izany.

Ny ohatra iray hafa mikasika ny fanambarana dia ny fitarihana nomena ny Filoha Joseph F. Smith: "Mino aho fa isika dia manao zavatra eo anatrehan' ireo iraky ny lanitra sy olona avy any an-danitra ary miaraka amin' ny tenantsika eny izy ireo. Tsy misaraka amin' izy ireo isika. . . . Mifandray akaiky amin' ny fianakaviantsika sy ny razambentsika isika . . . izay nialoha lalana antsika any amin' ny tontolon' ny fanahy. Tsy afaka ny hanadino azy ireo isika ary tsy afaka ny hitsahatra tsy hitia azy ireo. Tehirizintsika foana ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika izy ireo ary noho izany dia miray sy mikambana amin' izy ireo isika amin' ny alalan' ny fatotra izay tsy azontsika vahana. . . . Raha izay no toe-javatra mikasika ny toetry ny vatantsika izay voafetra ihany, izay voahodidin' ny fahalemena amin' ny maha olombelona, . . . dia tena azo antoka tokoa . . . ny mino fa ireo izay nahatoky sy efa nodimandry . . . dia afaka mahita tsara kokoa antsika noho ny ahitantsika azy ireo, ary izy ireo koa dia mahafantatra tsara kokoa antsika noho ny ahafantarantsika azy ireo. . . . Miaina eo anatrehan' izy ireo isika ary mahita antsika izy ireo sy mieritreritra an' izay mahasoa antsika ary tia antsika bebe kokoa noho ny hatramin' izay. Ary amin' izao fotoana izao dia hitan' izy ireo ireo loza manambana antsika; . . . ny fitiavany antsika sy ny faniriany mba hahazoantsika an' izay mahasoa antsika dia tsy maintsy lehibe kokoa noho izay mba tsapantsika ho an' ny tenantsika."¹

Azo hamafisina mamakivaky an' ilay voaly ny fifandraisana amin' ireo olona izay fantatsika sy tiantsika. Izany dia tanteraka amin' ny alalan' ny ezaka feno fahavononana ataontsika eo amin' ny fanaovana ny marina lalandava. Afaka manamafy orina ny fifandraisantsika amin' ilay olona efa lasa izay tiantsika isika amin' ny alalan' ny fahatsapana fa ny fisarahana dia mandalo ihany ary ireo fanekempihavanana izay natao tany amin' ny tempoly dia mandrakizay. Rehefa hajaina tsy tapaka ireo fanekempihavanana ireo dia afaka manome antoka ny ho fahatanterahan' ireo fampanantenana mandrakizay izay miraikitra ao anatiny.

Ny fahazoana fanambarana iray tena mazava teo amin' ny fiainako dia niseho rehefa natosiky ny Fanahy mafy aho mba hangataka an' i Jeanene Watkins hofehezina amiko any amin' ny tempoly.

Ny iray amin' ireo lesona lehibe izay tokony hianarantsika tsirairay avy dia ny mangataka. Nahoana no tian' ny Tompo isika mba hivavaka sy hangataka? Satria izany no fomba handraisana fanambarana.

Rehefa miatrika zavatra sarotra aho dia izao no fomba fiezahako mba hahatakarana ny tokony hatao. Mifady hanina aho. Mivavaka aho mba hahita sy hahatakatra ireo soratra masina izay hanampy. Averimberina izany dingana arahana izany. Manomboka amin' ny alalan' ny famakiana andinin-tsoratra masina iray aho, dia misaintsaina ny tian' ilay andinininy holazaina, dia mivavaka mba hahazoana fitaomam-panahy. Dia misaintsaina sy mivavaka aho mba hahafantarana raha azoko daholo ny zavatra rehetra tian' ny Tompo hataoko. Mihamaro kokoa ny hevitra rehefa mitombo ny fahatakarana ny fotopampianarana. Hitako fa fomba tsara hianaran-javatra avy amin' ny soratra masina izany lamina izany.

Misy fitsipika sasantsasany manamora ny atao, izay ahafahana mahazo fanambarana. Voalohany, ny fanehoana karazana fihetseham-po toy ny fahatezerana na ny fiarovan-tena dia hampiala ny Fanahy Masina. Tsy maintsy esorina ireo fihetseham-po ireo raha tsy izany dia ho kely ny fanantenantsika hahazo fanambarana.

Ny fitsipika iray hafa dia ny fitandremana amin' ny fanaovana vazivazy. Hanafintohina ny Fanahy ny fihomezena mafy sy tsy sahaza ny tokony ho izy. Ny fananana toetra mahay mihomehy na mahay mampihomehy amin' ny endriny tsara dia manampy amin' ny fahazoana fanambarana. Ny tokelaka mafy dia tsy manampy ahazoana izany. Ny fananana toetra tia mampihomehy dia fomba iray mba hivoahana kely amin' ireo zavatra maro tsy maintsy atao eo amin' ny fiainana.

Ny fahavalо hafa iray ho an' ny fanambarana dia ny fanaovana laza masaka sy ny fitabatabana rehefa miresaka. Ny fitenenan-javatra amim-pitandremana sy amim-pahatoniana dia hampisy ny fahazoana fanambarana.

Amin' ny lafiny iray, ny fifandraisana ara-panahy dia azo hatsaraina amin' ny alalan' ny fitandremana ara-pahasalamana. Ny fanaovana fanatanjahan-tena, ny torimaso ampy tsara ary ny fahazarana mihinana sakafo ara-pahasalamana dia mampitombo ny fahafahantsika mahazo sy mahatakatra fanambarana. Isika dia hiaina ao anatin' ny halavam-potoana nomena mba hiainantsika. Kanefa afaka mampivoatra ny hatsaran' ny asa ataontsika sy izay mahasoa antsika isika amin' ny alalan' ny fanaovana safidy feno fitandremana sy araka ny tokony ho izy.

Zava-dehibe ny tsy tokony hanelingelenan' ny zavatra ataontsika isan' andro ny fihainoantsika ny Fanahy.

Ny fanambarana koa dia mety ho azo amin' ny alalan' ny nofy, rehefa misy ilay fiampitana tsy tsapa akory miala eo amin' ny torimaso mankany amin' ny fifohazana. Raha miezaka tonga dia mirakitra ny ao anatin' ilay nofy ianao dia afaka mahazo antsipirian-javatra maro fa raha tsy izany dia manjavona vetivety izany. Ny fifandraisana feno fitaomam-panahy ao anatin' ny alina dia matetika arahin' ny fahatsapan-javatra masina mandritra ilay fotoana iray manontolo itrangan' izany. Ny Tompo dia mampiasa olona izay hajaintsika tokoa mba hampianatra antsika fahamarinana ao anatin' ny nofy iray, satria matoky azy ireo isika ary hihaino ny toroheviny. Izany dia ny Tompo izay manao fampianarana amin' ny alalan' ny Fanahy Masina. Kanefa Izy ao anatin' ny nofy iray dia sady afaka manao izay hahamora kokoa ny fahatakarana sy manao izay hahamora kokoa ny hahavoakasika ny fontsika amin' ny alalan' ny fampianarana antsika amin' ny alalan' ny olona iray izay tiantsika sy hajaintsika.

Rehefa hoe ho an' ny tanjon' ny Tompo izany dia afaka mamerina na inona na inona Izy mba ho tsaroantsika. Izany dia tsy tokony hampihena ny fahavononantsika hirakitra ireo hevitra azo avy amin' ny Fanahy. Ireo fitaomam-panahy izay voarakitra tsara dia mampiseho amin' Andriamanitra fa masina ho antsika ny fifandraisana Aminy. Ny firaketana koa dia hampivoatra ny fahafahantsika mahatsiaro fanambarana. Ny firaketana ny torolalan' ny Fanahy toy izany dia tokony harovana mba tsy ho very na harovana amin' ny fiselontselonan' ny hafa.

Ny soratra masina dia manome fanamafisana miharihary mikasika ny hoe ny fahamarinana iainana tsy tapaka dia manokatra ny varavarany' ny fitaomam-panahy mba hahafantarana ny tokony hatao ary rehefa ilaina dia mba hampivoarana ny fahafaha-manaon' ny tena manokana amin' ny alalan' ny hery masina. Ny soratra masina dia maneho ny fomba hanamafisan' ny Tompo amin' ny fotoana ilana azy ny fahafahan' ny olona iray mandresy ny olana sy ny ahiahy ary ireo fanamby izay toa tsy zaka. Rehefa misaintsaina mikasika an' ireo ohatra ireo ianao dia hisy fanamafisana tony ho tonga amin' ny alalan' ny Fanahy Masina fa marina ny zavatra niainan' izy ireo. Hahafantatra ianao fa misy fanampiana mitovy amin' izany koa ho anao.

Efa nahita olona maro aho niatrika olana izay nahafantatra ny tokony hatao rehefa mihoatra noho ny zavatra efa niainany manokana izany, satria natoky ny Tompo izy ireo ary nahafantatra fa izy dia hitarika azy ireo hahita vahaolana izay ilaina maika.

Nanambara ny Tompo hoe: "Ary hampianarina avy any ambony ianareo. Hamasino ny tenanareo, dia hotafiana amin' ny hery ianareo, mba hahazoanareo manome araka izay noteneniko."² Ireo teny hoe *hamasino ny tenanareo* dia mety hahagaga. Ny Filoha Harold B. Lee dia nanazava indray mandeha fa ireo teny ireo dia azonao ovaina amin' ilay andian-teny hoe "tandremo ny didiko." Vakio amin' izay endriny izay izany dia mety hazava kokoa ilay torohevitra.³

Ny olona iray dia tsy maintsy madio ara-tsaina sy ara-batana hatrany ary manana finiavana madio mba hahafahan' ny Tompo manentana ny fanahiny. Izay mankatò ny didiny dia atokisan' ny Tompo. Izany olona izany dia mahazo fitaomam-panahy mba hahafantatra ny tokony hatao ary raha ilaina dia mahazo ny hery masina hanaovana izany.

Raha tiana hitombo ho mafy orina sy hitondra tombontsoa kokoa ny fiainam-panahy dia tsy maintsy volena any amin' ny toerana marina izany. Ny fieboeboana dia toy ny tany marivo ambony vatolampy izay tsy hamokatra voa ara-panahy velively.

Ny fanetren-tena dia tany lonaka izay ahafahan' ny fiainam-panahy mitombo sy mamokatra ny voan' ny fanentanam-panahy

mba hahafantarana ny tokony hatao. Ny olona iray izay entanin' ny faniriana hahazo dera sy sitraka dia tsy ho mendrika ny hoampianaran' ny Fanahy. Ny olona iray miatikatika na mamela ny fihetseham-pony hibaiko ny fanapahan-keviny dia tsy ho tarihin' ny Fanahy amin-kery.

Rehefa lasa fitaovana eo amin' ny toeran' ny hafa isika dia mora mahazo fitaomam-panahy kokoa noho ny rehefa mieritreritra fotsiny ny tenantsika. Ao anatin' ilay dingana arahana hanampiana ny hafa dia afaka manome antsika torolalana manan-danja ho tombontsoantsika ny Tompo.

Ny Raintsika any an-danitra dia tsy nametraka antsika eto an-tany mba handamoka fa mba hahomby amim-boninahitra. Mety mifanohitra amin' ny hevity ny maro izany, saingy izay no antony maha tena sarotra ny fahatsapana ny valim-bavaka indraindray. Indraindray isika dia manandrana tsy am-piheverana miatrika ny fiainana amin' ny alalan' ny fiateherana amin' ny traikefantsika sy ny fahaiza-manaontsika manokana. Fahendrena kokoa ho antsika ny mikatsaka amin' ny alalan' ny vavaka sy ny fitaomam-panahy masina ny fahafantarana ny tokony hatao. Ny fankatoavantsika dia manome antoka fa afaka mahazo ny hery masina hanatanterahana tanjona avy amin' ny fitaomam-panahy iray isika rehefa ilaina izany.

I Oliver Cowdery toa ny maro amintsika dia tsy nahafantatra ny fisian' ny valim-bavaka izay efa nomen' ny Tompo. Mba hanokafana ny masonry, sy ny masontsika dia nomena tamin' ny alalan' i Joseph Smith ity fanambarana ity:

"Lazaiko aminao marina dia marina tokoa, sambatra ianao noho izay efa nataonao; fa efa nanontany Ahy ianao, ary indro, isaky ny avy nanontany ianao dia efa nandray toromarika avy amin' ny Fanahiko. Raha tsy izany dia tsy ho tonga teo amin' ny toerana izay misy anao amin' izao fotoana izao ianao.

"Indro, fantatrao fa efa nanontany Ahy ianao ary nanazava ny sainao Aho; ary ankehitriny lazaiko aminao ireto zavatra ireto mba hahafantarao fa efa nohazavain' ny Fanahin' ny fahamarinana ianao."⁴

Raha mahatsapa ianao fa tsy namaly ny vavaka nataonao Andriamanitra dia saintsaino ireo andinin-tsoratra masina

ireo—dia mitadiava tsara porofo eo amin' ny fiainanao manokana fa mety efa namaly ny vavaka nataonao Izy.

Misy zavatra roa ahafantarana fa avy amin' Andriamanitra ny fahatsapan-javatra iray na ny bitsika iray, dia rehefa mitondra fiadanana ao am-ponao izany sy fahatsapana fahatoniana sy hafanana. Rehefa manaraka ireo fitsipika izay noresahako ireo ianao, dia ho vonona ny hamantatra fanambarana izay miseho ao anatin' ny fotoan-tsarotra eo amin' ny fiainanao manokana.

Rehefa manaraka akaiky kokoa ny fitarihana masina ianao dia hahazo fifaliana bebe kokoa eto an-tany sy any amin' ny mandrakizay—ary ankoatra izay dia hitombo bebe kokoa ny fivoaranao sy ny fahafahanao manompo. Tsy takatro tanteraka ny fanatantehana azy, saingy ny fitarihana eo amin' ny fiainanao dia tsy manaisotra ny fahafahanao misafidy. Afaka mandray izay fanapahan-kevitra nosafidiana ho raisina ianao. Saingy tsarovy fa ny fahavononana hanao ny tsara dia mitondra fiadanana-tsaina sy fifaliana.

Raha safidy ratsy no natao dia azo ovaina izany amin' ny alalan' ny fibebahana. Rehefa feno tanteraka ny fepetra takiany, ilay Sorompanavotan' i Jesoa Kristy dia manome fanafahana amin' ny fitakian' ny fahamarinana noho ireo hadisoana natao. Tena tsotra amin' ny fomba mahatalanjona izany ary tsara tsy misy anoharana. Rehefa manohy miaina amim-pahamarinana ianao dia hahazo bitsika foana hahafantarana ny tokony hatao. Indraindray mitaky ezaka lehibe sy fahatokiana avy aminao ny fahitana ny zavatra tokony hatao. Kanefa hahazo bitsika mba hahafantarana izay tokony hatao ianao rehefa mahafeno ireo fepetra takiana hahazoana izany fitarihana masina izany eo amin' ny fiainanao. Izany fepetra izany dia ny fankatoavana ny didin' ny Tompo, ny fahatokiana ny drafitra masin' ny fahasambarany ary ny fisorohana izay zavatra mifanohitra amin' izany.

Tsy hoe zavatra tsy manan-danja ny fifandraisana amin' ny Ray any an-danitra. Tombontsoa masina izany. Mifototra amin' ny fitsipika mandrakizay ary tsy miova izany. Mahazo fanampiana avy amin' ny Raitsika any an-danitra isika ho valin' ny finoantsika sy ny fankatoavantsika ary ny fampiasantsika araka ny tokony ho izy ny fahafantsika misafidy.

Enga anie ny Tompo ka hitaona ny fanahinareo mba hahatakatra sy hampiasa ireo fitsipika izay mitondra any amin' ny fahazoana fanambarana ho an' ny tena manokana sy fanentanam-panahy, amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

1. Joseph F. Smith, ao amin' ny Conference Report, Apr. 1916, 2–3; jereo koa *Gospel Doctrine*, famoahana fanindiminy (1939), 430–31.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43:16.
3. Jereo ny *Teachings of Presidents of the Church*: Harold B. Lee (2000), 34.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:14–15.

Ireo Herin' ny Lanitra

Nataon' ny Loholona David A. Bednar

Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo

*Ireo mpihazona ny fisoronana tanora sy antitra dia
sady mila ny fahefana sy ny hery—ny fahazoan-dalana
ilaina sy ny hery ara-panahy hisolo tena an'
Andriamanitra amin' ny asan' ny famonjena.*

Ry rahalahiko malala, feno fankasitrahana aho fa afaka miaraka midera amin' ny maha-vondrona lehibe mpihazona ny fisoronana antsika isika. Tiako sy ankasitrahako ianareo noho ny fahamendrehanareo sy ny ohatry ny fahatsarana ataoareo manerana an' izao tontolo izao.

Manasa antsika tsirairay aho hieritreritra ny mety ho havalintsika amin' ity fanontaniana napetraky ny Filoha David O. McKay tamin' ny mpikamban' ny Fiagonana ity taona maro lasa izay: "Raha amin' izao fotoana izao ny tsirairay avy aminareo no asaina milaza ao anatin' ny fehezanteny iray na andian-teny iray ny endrika mampiavaka indrindra Ny Fiagonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany dia ahoana no mety ho valinteninareo?" ("The Mission of the Church and Its Members," *Improvement Era*, Nôv. 1956, 781).

Ny valinteny nomen' ny Filoha McKay tamin' izany fanontaniana napetrany izany dia ny "fahefana avy any andanitra" izay an' ny fisoronana. Ny Fiagonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany dia tsy mitovy amin' ireo fiagonana hafa izay milaza fa ny fahefana ananan' izy ireo dia azo avy tamin' ny fahefana natolotr' olona nifandimby toerana, na avy tamin' ny soratra masina na avy tamin' ny fianarana teôlôjia. Manambara mazava isika fa ny fahefan' ny fisoronana

dia nomena tamin' ny alalan' ny fametrahan-tanana mivantana nataon' ireo iraky ny lanitra tamin' ny Mpaminany Joseph Smith.

Hifantoka amin' izany fisoronana masina sy ny herin' ny lanitra izany ny hafatroy. Mivavaka aho mba ho tohanan' ny Fanahin' ny Tompo eo am-pandalinantsika miaraka ireo fahamarinana manan-danja ireo.

Fahefana sy Herin' ny Fisoronana

Ny fisoronana dia fahefan' Andriamanitra nampandraiketina ireo lehilahy eto an-tany mba hanaovana ireo zava-drehetra ho an' ny famonjena ny zanak' olombelona (jereo ny Spencer W. Kimball, "The Example of Abraham," *Ensign*, Jiona 1975, 3). Ny fisoronana no fitaovana hampiasain' ny Tompo amin' ny alalan' ireo lehilahy hamonjena fanahy. Ny iray amin' ny zavatra mampiavaka ny Fianganon' i Jesoa Kristy, taloha sy ankehitriny, dia ny fahefany. Tsy hisy Fianganana marina raha tsy miaraka amin' ny fahefana avy any an-danitra.

Nomena ny fahefan' ny fisoronana ireo lehilahy tsotra. Ny fahamendrehana sy ny faniriana no mahavoafidy amin' ny fanendrena amin' ny fisoronana—fa tsy ny traikefa na fahaizana na ny fahalalana.

Ny lamina hahazoana ny fahefan' ny fisoronana dia voafaritra ao amin' ny fanekem-pinoana fahadimy: "Mino isika fa tsy maintsy voantson' Andriamanitra amin' ny alalan' ny faminaniana sy amin' ny alalan' ny fametrahan-tanana, ataon' ireo izay manana fahefana, ny olona iray vao mitory sy manatanteraka ny ôrdônansin' ny Filazantsara." Noho izany dia mandray ny fahefan' ny fisoronana ary atokana amin' ny anjara fanompoana iray miavaka amin' ny alalan' ny olona iray izay mihazona ny fisoronana ary nahazo lalana tamin' ny mpitarika izay mihazona ny fanalahidy mifandraika amin' izany ny zazalahy na lehilahy iray.

Andrasana ny hampiasan' ireo mpihazona ny fisoronana ity fahefana masina ity araky ny eritreritra, sitrapo ary tanjona masin' Andriamanitra. Tsy misy fitiavan-tena ao amin' ny fisoronana. Ny fisoronana dia ampiasaina hatrany mba hanompoana, sy hitsofana rano ary hampaherezana ireo olon-kafa.

Ny fisoronana ambonimbony kokoa dia azo amin' ny alalan' ny fanekempihavanana matotra izay ahitana ireo adidy ny hanao asa eo ambanin' ity fahefana ity (jereo ny F&F 68:8) sy ny anjara fanompoana (jereo ny F&F 107:99) izay noraisina. Amin' ny maha-mpihazona ny fahefana masin' Andriamanitra dia tokony ho tompon' andraikitra mihetsika isika fa tsy hetsehina (jereo ny 2 Nefia 2:26). Ny fisoronana dia natao hihetsika fa tsy hohetsehina.

Nampianatra ny Filoha Ezra Taft Benson hoe:

“Tsy ampy ny fandraisana fotsiny ny fisoronana ary avy eo mipetraka amim-pahalainana sy miandry mandrapitenin’ ny olona antsika hanao zavatra. Rehefa mandray ny fisoronana isika dia manana ny adidy ho tonga mazoto sy hirotsaka hanaparitaka ny fahamarinana eto an-tany, satria ny Tompo dia nilaza fa:

“ . . . Fa izay tsy manao na inona na inona raha tsy baikoana ary mandray baiko amin’ ny fo feno fisalasalana ka manatanteraka izany ao amin’ ny hakamoana, dia voaheloka.’ [F&F 58:29]” (*So Shall Ye Reap* [1960], 21).

Nanantitrantitra ny toetra mitaky fihetsehana izay an’ ny fisoronana koa ny Filoha Spencer W. Kimball. “Mandika ny fanekempihavanana’ ny fisoronana ny olona iray amin’ ny alalan’ ny fandikany ny didy—kanefa manao izany koa amin’ ny tsy fanaovana ny adidy. Noho izany, *ny tsy fanaovana na inona na inona dia efa fandikana izany fanekempihavanana izany*” (*Le Miracle de Pardon* [1969], 96).

Rehefa manao ny tsara indrindra hanatanterahana ny andraikitsika ao amin’ ny fisoronana isika dia ho voatahy amin’ ny herin’ ny fisoronana. Ny herin’ ny fisoronana dia herin’ Andriamanitra ampiasaina amin’ ny alalan’ ny lehilahy sy zazalahy toa antsika ary izany dia mitaky ny fiainan’ ny tena amim-pahamarinana, fahatokiana, fankatoavana ary fikirizana. Mety mandray ny fahefan’ ny fisoronana amin’ ny alalan’ ny fametrahan-tanana ny zazalahy na lehilahy iray kanefa tsy hanana ny herin’ ny fisoronana izy raha toa ka tsy mankatò, tsy mendrika na tsy manana faniriana ny hanompo.

“Fa ireo zon’ ny fisoronana dia mifamatotra tsy azo sarahina amin’ ny herin’ ny lanitra, ary ny *herin’ ny lanitra dia tsy azo*

fehezina na ampiasaina raha tsy araka ireo fitsipiky ny fahamarinana.

“Marina fa azo atolotra antsika ireo zo ireo; kanefa rehefa miezaka ny hanafina ny fahotantsika isika, na ny hampanarana ny fiavonavonantsika sy ny hambom-pontsika poaka aty, na ny hampiasa fifehezana na fanjakazakana na fanerena amin’ ny fanahin’ ny zanak’ olombelona, na manao ahoana na manao ahoana ampanhan’ ny tsy fahamarinana amin’ izany, dia indro, misintonia ny lanitra; malahelo ny Fanahin’ ny Tompo; ary rehefa misintonia izany, dia Amena ho an’ ny fisoronana na ny fahefan’ izany lehilahy izany” (F&F 121:36–37; nampiana fanamafisana).

Ry rahalahy, tsy eken’ ny Tompo ny fandraisian’ ny zazalahy na lehilahy iray ny fahefan’ ny fisoronana kanefa manao ambanin-javatra ny tokony ho atao mba hahamendrika banana ny herin’ ny fisoronana. Ireo mpihazona ny fisoronana tanora sy antitra dia sady mila ny fahefana sy ny hery—ny fahazoan-dalana ilaina sy ny hery ara-panahy hisolo tena an’ Andriamanitra amin’ ny asan’ ny famonjena.

Lesona iray avy tamin’ ny Raiko

Notaizana tao amin’ ny tokantrano iray nisy reny mahatoky sy ray mahafinaritra aho. Ny mamako dia taranaka avy amin’ ny mpamaky lay izay nahaftoy ny zava-drehetra ho an’ ny Fiagonana sy ny fanjakan’ Andriamanitra. Ny dadako dia tsy mpikamban’ ny Fiagonantsika ary nanam-paniriana ny ho tonga môpera Katôlika fony fahakeliny. Tamin’ ny farany anefa dia nisafidy ny tsy hanatrika ireo seminera fianarana teôlôjia izy fa nianatra kosa ny ho tonga mpanamboatra fitaovana sy loko.

Nandritra ny ankamaroan’ ny fainana ara-panambadiany dia nanatrika ny favorian’ Ny Fiagonan’ i Jesoa Kristy ho an’ ny Olomasin’ ny Andro Farany niaraka tamin’ ny fianakaviako ny raiko. Raha ny marina dia tsy nihevitra mihitsy ny ankamaroan’ ireo olona fa tsy mpikamban’ ny Fiagonana ny raiko. Nilalao sy nanazatra ny ekipa mpilalao softball tao amin’ ny paroasinay izy, nanampy tamin’ ny asa natao teo amin’ ny Skoto, ary nanohana ny reniko tamin’ ireo antso sy andraikitra maro nohazoniny. Tehizara aminareo ny lesona lehibe iray nianarako avy tamin’ ny raiko aho mikasika ny fahefana sy herin’ ny fisoronana.

Fony aho zazalahikely dia im-betsaka aho ao anatin' ny herinandro no nanontany an-draiko hoe rahoviana ihany no ho atao batisa izy. Namaly tamim-pitiavana kanefa tamin' ny fomba hentitra foana izy isaky ny nanadala azy tamin' izany aho: "David a! Tsy ho tonga mpikamban' ny Fiagonana noho ny renin' ise, na noho ny amin' ise na noho ny olon-kafa aho. Ho tonga mpikamban' ny Fiagonana aho rehefa fantattro fa izany no zavatra tsara tokony ho atao."

Angamba teo amin' ny fiantombohan' ny taonan' ny fahatanorako aho rehefa nitranga ity resaka manaraka teo amiko sy ny raiko ity. Niverina tany an-trano vao avy niaraka nanatrika ireo favoriana Alahady izahay ary nanontany ny raiko aho hoe rahoviana no ho atao batisa izy. Nitsiky izy sady niteny hoe: "Ise foana no manontany ahy hoe rahoviana aho no hatao batisa. Androany aho dia manana fanontaniana ho an' ise." Nanao tsoan-kevitra haingana aho tamin' ny fieritreretana fa misy fivoarana mitranga!

Hoy ny raiko: "David a! Mampianatra ny fiagonanao fa nesorina teto an-tany tamin' ny andro fahiny ny fisoronana ary naverina tamin' ny laoniny nomen' ireo iraky ny lanitra tamin' ny alalan' ny Mpaminany Joseph Smith, marina ve izany?" Namaly aho fa marina izany filazana izany. Dia hoy izy avy eo: "Izao ary ny fanontaniako. Isan-kerinandro mandritra ny favorian' ny fisoronana dia mihaino ny eveka sy ireo mpitarika ao amin' ny fisoronana hafa aho mampahatsiahy, mangataka ary miangavy ireo lehilahy mba hanao ny fampianarana isan-tokantrano sy hanao ireo adidin' ny fisoronana anjarany. Raha toa ny fiagonanareo ka namerina tamin' ny laoniny marina ny fisoronan' Andriamanitra, nahoana no tsy misy mampiavaka ny lehilahy ao amin' ny fiagonanareo amin' ireo lehilahy any amin' ny fiagonako mikasika ny fanaovana ny adidiny masina?" Foana avy hatrany ny tao an-tsaiko. Tsy nanana valiny sahaza ho an' ny raiko aho.

Nieritreritra aho fa diso ny raiko mitsara ny filazana marina ataon' ny Fiagonana amin' ny fihazonana ny fahefana masina noho ny fahalemen' ireo lehilahy izay mifanerasera aminy ao amin' ny paroasinay. Rehefa nandinika lalina ny fanontaniany anefa aho dia mitombina ny eritreriny izay milaza fa ireo lehilahy

mihazona ny fisoronana masin' Andriamanitra dia tokony hiavaka amin' ireo lehilahy hafa. Ireo lehilahy izay mihazona ny fisoronana dia tsy tsaratsara kokoa mihoatra ireo lehilahy hafa fa kosa tokony hiavaka ny zavatra ataony. Ireo lehilahy izay mihazona ny fisoronana dia tokony tsy handray fotsiny ny fahefan' ny fisoronana fa koa mendrika sy mahatoky amin' ny fampiasana ny herin' Andriamanitra. "Madiova ianareo izay mitondra ny fanaky ny Tompo" (F&F 38:42).

Tsy hadinoko velively ireo lesona mikasika ny fahefana sy herin' ny fisoronana nianarako avy tamin' ny raiko, lehilahy tsara tsy mpikambana ao amin' ny finoantsika, izay nanantena zavatra bebe kokoa amin' ireo izay milaza fa mihazona ny fisoronan' Andriamanitra. Izany resaka nifanaovako tamin' ny raiko indray Alahady tolakandro taona maro lasa izany dia niteraka tato anatiko faniriana ny ho tonga "zazalahy hendry." Tsy te-ho ohatra ratsy sy sakana eo amin' ny fivoaran' ny raiko amin' ny fianarana ny filazantsara izay naverina tamin' ny laominy aho. Te-ho zazalahy kely hendry fotsiny aho. Mila antsika rehetra mpihazona ny fahefany haneho fajana, marin-toetra ary ho lehilahy hendry amin' ny fotoana sy toerana rehetra ny Tompo.

Mety hahaliana anao ny hahafantatra fa taona maro taty aoriana dia vita batisa ny raiko. Ary tamin' ny fotoana nifanaraka tamin' izany dia nanana fahafahana aho nanome azy ireo Fisoronana Aharôna sy Melkizedeka. Iray amin' ireo traikera lehibe teo amin' ny fiainako ny fanatrehako ny raiko nandray izany fahefana izany ary tsikelikely teny dia ny herin' ny fisoronana.

Zaraiko aminareo izany lesona manokana nianarako avy tamin' ny raiko izany mba hanamasana fahamarinana tsotra. Ny fandraisana ny fahefan' ny fisoronana amin' ny alalan' ny fametrahan-tanana dia fiantombohana manan-danja, kanefa tsy ampy. Ny fanendrena dia manome fahefana kanefa ny fahamarinana dia mitaky asa miaraka amin' ny hery rehefa miezaka mankahery fanahy, mampianatra sy mijoro ho vavolombelona, mitahy sy manoro hevitra ary mampandroso ny asan' ny famonjena isika.

Amin' ity fotoana eto amin' ny tantaran' izao tontolo izao ity dia mila lehilahy marina sy fitaovana mahomby eo am-

pelantanan' Andriamanitra izaho sy ianao izay mpihazona ny fisoronana. Mila mijoro amin' ny maha-lehilahin' Andriamanitra antsika isika. Tsara ho ahy sy ho anao ny mianatra sy manaraka ny ohatr' i Nefia, ilay zafikelin' i Helamàna sy mpianatra voalohany tamin' ireo roambinifolo nantsoin' ny Mpamonjy teo am-panombohany ny asa fanompoany teo anivon' ireo Nefita. "Ary i [Nefia] nampiana[tra] azy [ireo] zavatra maro; . . . Ary i Nefia dia nampianatra tamin-kery sy fahefana lehibe" (3 Nefia 7:17).

"Mba Ampio ny Vadiko Hahatakatra"

Eo am-pamaranana ireo tafa sy dinika amin' ny fahazoandalana mankany amin' ny tempoly izay notarihako tamin' ny naха-eveka sy filohan' ny tsatòka ahy dia matetika aho manontany ireo rahavavy manambady mikasika ny fomba tsara indrindra azoko atao hanompoana azy ireo sy ny fianakaviany. Ny valiny matetika lazain' ireo vehivavy mahatoky ireo dia mitondra fampianarana sy fanairana. Mahalana no mitaraina na mitsikera ireo rahavavy ireo kanefa matetika kosa toy izao no lazainy: "Mba ampio ny vadiko hahatakatra ny andraikiny amin' ny maha-mpitarika ny fisoronana azy ao an-tokantrano. Faly aho mitarika ny fandalinana ny soratra masina, vavaky ny mpianakavy ary takarivan' ny mpianakavy ary hanohy hanao izany hatrany aho. Kanefa iriako raha ho mpiara-miasa amiko ny vadiko ary hanome ny fitarian' ny fisoronana matanjaka izay azony atao. Mba ampio ny vadiko hianatra ireo fomba hahafahany ho tonga patriarika sy mpitarika ao amin' ny fisoronana ao an-tokantranonay izay mpiahy sy mpiaro."

Mieritreritra matetika ireo fahitsim-pon' ireo rahahavy ireo aho. Mandre ahiahy mitovitovy amin' izany amin' izao fotoana izao ireo mpitarika ao amin' ny fisoronana. Maro ireo vehivavy no mangataka ireo vadiny mba tsy hanana fotsiny ny fahefan' ny fisoronana fa hanana koa ny herin' ny fisoronana. Miandranda zioga mitovy amin' ireo vady mahatoky sy mpihazona ny fisoronana izy ireo eo amin' ny asa fanorenana tokantrano hifantoka amin' i Kristy sy amin' ny filazantsara.

Ry rahalahy, mampanantena anareo aho fa raha mandalina amim-bavaka ireo fangatahan' ireo rahavavy ireo izaho sy ianao dia hanampy antsika ny Fanahy Masina hahalala hoe iza marina

isika (jereo ny F&F 93:24) ary hanampy antsika hahafantatra ireo zavatra mila hovaintsika sy hatsaraintsika. Ary izao ankehitriny izao no fotoana hanaovana izany!

Aoka Ianareo ho Ohatra amin' ny Fahamarinana

Te-hanantritrinitra ny fampianaran' ny Filoha Thomas S. Monson aho anio hariva izay nanasa antsika mpihazona ny fisoronana mba ho tonga "ohatra amin' ny fahamarinana." Nampahatsiahy antsika tsy tapaka izy fa eo am-panompoana ny Tompo isika ary mendrika ny hahazo ny fanampiany araky ny fahamendrehantsika (jereo ny "Examples of Righteousness," *Liahona*, Mey 2008, 65–68). Izaho sy ianao dia mihazona ny fahefan' ny fisoronana izay naverina teo an-tany tamin' ity fotoampitananana ity tamin' ny alalan' ny iraky ny lanitra, dia i Jaona Mpanao Batisa sy i Petera, i Jakoba ary i Jaona. Noho izany, ireo lehilahy rehetra izay nandray ny Fisoronana Melkizedeka dia afaka manoritra ny fifanohizan' ny fahefany mivantana hatrany amin' ny Tompo Jesoa Kristy. Manantena aho fa feno fankasitrahana amin' ity fitahiana mahatalanjona ity isika. Mivavaka aho mba ho madio sy mendrika hisolo tena ny Tompo isika eo am-pampiasana ny fahefany masina. Enga anie ka ho mendrika ny herin' ny fisoronana isika tsirairay.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fisoronana masina dia naverina tamin' ny laoniny eto an-tany amin' izao andro farany izao ary ato amin' Ny Fianganan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Mijoro ho vavolombelona koa aho fa ny Filoha Thomas S. Monson no mpisorona avo mpiahy ny fisoronana ambonin' ny Fianganana (jereo ny F&F 107:9, 22, 65–66, 91–92) ary hany olona eto an-tany izay sady mihazona no hany manana lalana hampiasa ny fanalahidin' ny fisoronana rehetra. Ireo fahamarinana ireo no ijoroako ho vavolombelona amin' ny anarana masin' ny Tompo Jesoa Kristy, amena.

Ny Fanavotana ho amin' ny Fivoarana Azo Tsapain- tanana

Nataon' ny Eveka Richard C. Edgley

*Vao Nisaorana tamin' ny naha-Mpanolotsaina Voalohany azy tao amin'
ny Episkôpà Mpiahay*

*Asa izay niantsoan' ny Mpamony mba ho ataontsika
rehetra ny fanavotana fanahy.*

Tao anatin' ny volana vitsivitsy izay dia nampitomboana ny fifantohana amin' ny fanorenana "fivoarana azo tsapain-tanana" ato am-piagonana, izay hitondrana ny olon-drehetra any amin' ny fandraisana sy fitandremana ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana' ny famonjena sy fiainana ny fiovam-po mahery vaika araky ny namaritan' i Almà azy (jereo ny Almà 5:14). Iray amin' ireo fomba mahery vaika sy manan-danja indrindra mba hanorenana fivoarana azo tsapain-tanana ato amin' ny Fiagonana dia ny fifandraisana amin' ireo izay vita batisa kanefa lasa malaina, dia tsy mahazo ireo fitahiana sy ôrdônansin' ny famonjena ary ny fanavotana azy ireo. Na inona na inona antsantsika tsirairay—mpampianatra na mpamangy isan-tokantrano, mpampianatra amin' ny Sekoly Alahady, eveka, ray, reny, na Manampahefana Ambony—isika rehetra dia afaka mirotsaka ao anatin' ilay asa fanavotana amin' ny fomba manandanja. Ny fitondrana ny olon-drehetra rahateo—ny fianakavantsika, ireo tsy mpikambana, ireo malaina, ary ireo mpanota—hanatona an' i Kristy mba handraisany ny ôrdônansin' ny famonjena no antso masina niantsoana antsika rehetra.

Indray Alahady maraina 30 taona lasa izay, raha nanompo tao amin' ny fiadidian' ny tsatòka iray aho dia nandray antso an-

tariby avy tamin' ny iray amin' ireo eveka mahatokinay izahay. Nanazava izy fa nitombo faingana ny paroasiny ka tsy afaka manome antso manan-danja ho an' ireo mpikambana mendrika rehetra intsony izy. Ny fangatahany taminay dia ny hizarana ny paroasiny. Teo am-piandrasana ny fankatoavana izany izahay dia nanapa-kevitra tamin' ny naха-fiadidian' ny tsatoka anay fa hitsidika ilay paroasy ary hiantso ireo rahalahy sy rahavavy mahafinaritra rehetra mendrika ireo ho misiôneran' ny tsatoka.

Ilay olona fahatelo niresaka tamiko dia vehivavy tanora, mpianatra iray tao amin' ny oniversite teo an-toerana. Taorian' ny firesahanay nandritra ny fotoana vitsivitsy dia nandroso ilay antso mba ho misiônera aho. Nisy fahanginana kely nandritra ny fotoana fohy. Dia hoy izy hoe: "Filoha a! Tsy fantatralo angaha fa tsy dia mavitrika anie izaho ato am-piangonana e?"

Nangina kely aho nandritra ny fotoana vitsivitsy ary niteny hoe: "Tsia, tsy fantatralo hoe tsy mavitrika ianao."

Namaly izy hoe: "Tsy dia navitrika tato am-piangonana aho efa ho taona maromaro izay." Avy eo dia hoy izy hoe: "Tsy fantatralo angaha fa rehefa avy nalaindaina ianao dia tsy moramora foana ny fiverenana?"

Hoy aho namaly hoe: "Tsia. Amin' ny 9:00 maraina no manomboka ny fotoam-pivavahan' ny paroasinareo. Rehefa tonga ato am-piangonana ianao dia tsarovy fa miaraka aminay."

Namaly izy hoe: "Tsia, tsy mora toy izany filazanao izany ilay izy. Maro ny ahiahy miserana ao an-tsainao. Miahiahy ianao raha toa ka hisy olona hiarahaba anao na raha hipetraka irery ianao sy tsy hisy hahatsikaritra mandritra ny fivoriam-bavaka. Ary miahiahy koa ianao raha horaisin' ny olona tsara ary iza no ho namanao vaovao."

Tamin-dranomaso izay nirotsaka teo amin' ny takolany no nanohizany avy eo hoe: "Fantatralo fa nivavaka nandritra ny taona maro ny reniko sy ny raiko mba hampiverina ahy ato am-piangonana." Ary taorian' ny fahanginana kely dia hoy izy hoe: "Tao anatin' ny telo volana izay dia nivavaka aho mba banana ny herimpo sy tanjaka ary fomba hiverenana ho mavitrika indray." Avy eo dia nanontany izy hoe: "Filoha a! Mety ho valin' ireo vavaka nataoko ve ity antso ity?"

Nanomboka nirotsaka ny ranomasoko teo am-pamaliana azy hoe: "Izaho dia mino fa namaly ny vavaka nataonao ny Tompo."

Tsy vitan' ny nanaiky ilay antso fotsiny izy fa tena lasa mpitoky ny filazantsara namiratra tokoa. Ary azoko antoka fa nitondra fifaliana lehibe tokoa tsy ho an' ny tenany ihany izy fa ho an' ireo ray aman-dreniny koa ary ho an' ireo olona hafa ao amin' ny fianakaviany.

Maromaro ireo zavatra nianarako na nampahatsiahivina ahy avy tamin' ity tafa sy dinika ity sy ireo nitovitovy tamin' izany:

- Fantattro fa maro ireo mpikambana malaina no manana ireo olon-tiany izay mandohalika isan' andro mangataka fanampiana amin' ny Tompo mba hanavotana ireo olon-tiany.
- Nianatra aho fa tsy moramora na tsotra mihitsy ho an' ireo mpikambana malaina ny miverina ato am-piangonana. Mila fanampiana izy ireo. Mila fanohanana izy ireo ary mila namana.
- Nianatra koa aho fa manana mpikambana malaina isika izay miezaka sy maniry ny hitady ilay lalana hiverenana amin' ny fahavitrihana.
- Nianatra aho fa maro ireo mpikambana malaina no handray antso raha angatahina hanao izany.
- Nahafantatra aho fa ny mpikambana malaina iray dia mendrika ny horaisina amin' ny fomba tsy miangatra sy hojerena amin' ny maha-zanakalahy na zanakavavin' Andriamanitra feno fitiavana azy.

Nandritra ny taona maro dia nanontany tena aho hoe ho nanao ahoana izany tafa sy dinika izany raha toa ka noraisiko tamin' ny naха-mpikamban' ny Fiagonana malaina azy izy. Avelako ianareo hitsara.

Lafiny iray ao amin' ny asan' ny Tompo izay manan-danja foana ny fampahavitrihana. Raha toa ka andraikitrty ny mpikambana tsirairay ny fanavotana dia tokony andraikitrty ny mpihazona ny Fisoronana Aharôna sy Melkizedeka ny mitarika izany asa izany. Izany rahateo no votoatin' ny asa fanompoana ao

amin' ny fisoronana—mitondra ny olon-drehetra ho ao amin' ny fanekempihavanana mampisandratra izay mitondra fiadanana, fifaliana ary fahamendrehana.

Tsaroanareo angamba ao amin' ny Bokin' i Môrmôna rehefa nahita ireo Zôramita nanalavitra ny Fiagonana i Almà Zanany dia nandrafitra ekipa mpitarkika ny Fiagonana izy mba hanavotra ireo olona ireo. Teo am-panatontosan' izy ireo izany andraikiny izany dia niangavy tamin' ny Tompo i Almà tamin'ny alalan' ireto teny ireto izy ireo:

“Tompo ô, hotovinao aminay anie ny hahazoanay fahombiazana amin' ny fitondrana azy ireo *indray* hankany Aminoao ao amin' i Kristy.

“Indro, Tompo ô, sarobidy ny fanahiny, ary *maro aminy no rahalahinay*; noho izany, omeo anay Tompo ô, ny fahefana sy ny fahendrena mba hahazoanay mitondra *indray* ireto rahalahinay ireto hankany Aminoao” (Almà 31:34–35; nampiana fanamafisana).

Volana vitsivitsy lasa izay taorian' ny favoriana nihaonako tamin' ireo mpikambana vao niova fo sy malaina dia nisy rangahy iray niverina navitrika izay mitovitovy taona tamiko nanatona ahy ary nilaza hoe: “Izaho dia tsy navitrika nandritra ny ankamaroan’ ny fiainako. Vao kely aho dia efa nihemotra tato amin' ny Fiagonana. Kanefa ankehitriny aho tafaverina ary miasa ao amin' ny tempoly miaraka amin' ny vadiko.”

Mba hahafahako maneho aminy fa milamina ny zava-drehetra dia toy izao no valinteniko: “Milamina ny zava-drehetra ka tsara fiafarana izany.”

Hoy ny navaliny hoe: “Tsia, tsy milamina ny zava-drehetra. Niverina ato am-piagonana aho saingy namoy ny zanako sy ny zafikeliko rehetra. Ary ankehitriny aho dia manatri-maso ny famoizana ny zafafiko—izay any ivelan' ny Fiagonana daholo. Tsy milamina ny zava-drehetra.”

Ao amin' ny fianakavianay dia manana razambe iray izahay izay lasa mpikamban' ny Fiagonana tany Eorôpa tamin' ny fotoana niantombohan' ny Fiagonana. Lasa nalaina ny zanakalahy iray. Niezaka nikaroka ny taranak' io razambe tsy navitrika tato am-piagonana io izaho sy Rahavavy Edgley.

Mora tamiko sy ny vadiko ny nanao tsoan-kevitra fa nandritra ireo taranaka enina nifandimby manaraka ary miaraka amin' ny vinavina tsotsotra natao dia mety ho teo amin' ny olona miisa 3.000 tao amin' ny fianakaviana no nafoy. Aleo ampiana taranaka roa fanampiny izany. Mety ho tafakatra any amin' ny 20.000 ka hatramin' ny 30.000 ireo zanaky ny Raintsika any andanitra nafoy.

Ny andraikitra amin' ny fanavotana dia mifototra amin' ny iray amin' ireo fotopampianarana fototra ijoroan' ny Fianganonana.

“Tadidio fa lehibe ny hasarobidin’ ny olona eo imason’ Andriamanitra;

“Fa indro, ny Tompo Mpanavotra anao dia niaritra fahafatesana tamin’ ny nofo; koa niaretany ny fangirifirian’ ny olon-drehetra, mba hahazoan’ ny olon-drehetra mibebaka sy manatona Azy. . .

“Ary raha toa aza ka miasa amin’ ny andronareo rehetra ianareo history fibebahana amin’ ity vahoaka ity ary mitondra olona iray monja ho Ahy, akory ny halehiben’ ny fifalianareo miaraka aminy ao amin’ ny fanjakan’ ny Raiko!” (F&F 18:10–11, 15; nampiana fanamafisana).

Nanana fahafahana nanavotra mpikambana malaina vitsivitsy aho nandritra ny fiainako. Ankehitriny rehefa mitondra iray hiverina havitrika ato am-piangonana aho dia tsy fanahy iray monja no alaiko sary an-tsaina—fa mahita taranaka enina, fito, na mihoatra aho—fanahy an’ arivony. Avy eo aho dia mieritreritra an’ ilay soratra masina hoe: “Mitondr[à] olona iray monja ho Ahy, [dia ho] akory ny halehiben’ ny fifalianareo” (F&F 18:15).

Niteny tamin’ ny Apôstôlîny ny Tompo hoe: “Be ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy” (Matio 9:37). Tsy tokony ho vitsy ny mpiasa. Manana mpihazona ny fisoronana an’ arivony mahavita sy mendrika isika ary mpikamban’ ny Fianganana an-tapitrisany manolo-tena manerana an’ izao tontolo izao. Manana filankevitry ny paroasy, kôlejin’ ny fisoronana, Fikambanana Ifanampiana ary fikambanana hafa izay miasa isika ary manana andraikitra ny hanavotra daholo. Asa izay niantsoan’ ny Mpamonjy mba ho ataontsika rehetra ny fanavotana fanahy.

Tany am-piandohan' ity lahateniko ity aho dia nilaza mikasika ny vavaka nataon' i Almà sy ireo namany raha teo am-pirotsahana ny hanavotra ireo Zôramita izy ireo. Nandritra ny Ady Lehibe faha-II dia miaramila Amerikana miisa 500 teo ho eo sy olona mpanohana avy teo an-toerana no nogadraina tany am-ponja. Vokatry ny fijaliana sy fiahiahiana ny ain' izy ireo dia nisy tafika mpilatsaka an-tsitraro izay ahitana miaramila Amerikana miisa 100nofantenana mba hanavotra ireo gadra ireo. Taorian' ny fanangonana ireo mpilatsaka an-tsitraro dia nanome torolalana ho an' izy ireo arak' izao voalaza izao ny mpitari-tafika: "Anio hariva ianareo ry lehilahy rehetra dia hihaona amin' ny mpitondra fivavahanareo, handohalika ary hampanantena amin' Andriamanitra fa raha mbola velon' aina dia tsy hamela ny iray amin' ireo lehilahy ireo hijaly bebe kokoa." (Jereo ny Hampton Sides, *Ghost Soldiers: The Forgotten Epic Story of World War II's Most Dramatic Mission* [2001], 28–29). Izany fanavotana nahitam-pahombiazana izany dia fanavotana tamin' ny fijaliana ara-batana sy ara-nofo. Moa tokony ho latsak' izany ve ny ezaka ataontsika hanavotana ireo mizaka voka-javatra ara-panahy sy mandrakizay? Moa tokony ho latsak' izany ve ny fanoloran-tenantsika amin' ny Tompo?

Eto am-pamaranana, ny fanoloran-tenantsika amin' ny maha-mpikambana ato amin' ny Fiagonana marin' i Kristy dia avy amin' ny hoe ny Tompo dia nijaly ho antsika tsirairay avy—ny tsy mpikambana, ny mpikambana malaina, na ny mpanota aza ary ireo olona rehetra ao amin' ny fianakavantsika. Izaho dia mino fa afaka hitondra olona an' arivony ho ao amin' ny fifaliana, fiadanana sy hatsaran' ny filazantsara isika, ary hitondra olona an' arivony, sy an-tapitrisany mihitsy aza, ao amin' ny taranak' izy ireo ho avy. Izaho dia mino fa afaka ny hahita fahombiazana isika satria Fiagonan' ny Tompo ity ary noho ny maha-zava-dehibe ny fisoronana sy ny maha-mpikambana antsika dia nantsoina isika mba hitondra fahombiazana. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Fisoronana Aharôna: Mitsangàna ary Ampiasao ny Herin' Andriamanitra

Nataon' i Adrián Ochoa

*Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Fiadidian' ny Zatovolahy
Manieran-tany*

*Ny fisoronana dia ilaina ampiasaina mba
hanatontosana zavatra tsara. Ianareo dia nantsoina
mba "hitsangana ary hamirapiratra" fa tsy hanafina ny
fahazavanareo anaty haizina.*

Vao tsy ela akory aho izay no tany Afrika Atsimo nitsidika tokantrano niaraka tamin' i Thabiso, izay mpanampy voalohany tao amin' ny kôlejin' ny mpisorona tao amin' ny paroasin' i Kagiso. I Thabiso sy ny ekekany izay miahy sy miha zona ny fanalahidin' ny kôlejy dia nivavaka ho an' ireo mpikambana ao amin' ny kôlejy izay malaina, ary nikatsaka fitaomam-panahy mba hahafantarana hoe iza no hotsidihana ahoana no hanampiana azy ireo. Nisy nanosika azy ireo hitsidika ny tokantranon' i Tebello, ary dia nasain' izy ireo aho hiaraka amin' izy ireo.

Rehefa nandalo ilay alika masiaka voahofana hiambina izahay dia tafiditra tao amin' ny efitrano fandraisam-bahiny niaraka tamin' i Tebello, zatovolahy iray tsy dia be teny izay nitsahatra tsy nankany am-piagonana satria sahirana nanao zavatra hafa izy isaky ny Alahady. Somary sahiran-tsaina izy kanefa faly nandray anay ary nanasa ny fianakaviany mihitsy izy hiaraka aminy. Naneho ny fitiavany an' ilay fianakaviana ny eveka sy ny faniriany hanampy azy ireo ho tonga fianakaviana mandrakizay amin' ny alalan' ny famehezana any amin' ny

tempoly. Tohina ny fon' izy ireo, ary afaka nahatsapa ny fanatrehan' ny Fanahy Masina tamin' ny fomba mahery vaika izahay izay nitarika ny teny rehetra sy ny fihetseham-po rehetra.

Saingy ny tenin' i Thabiso no tena nampiavaka ilay fitsidihana. Raha ny fahitako azy dia niteny tamin' ny fitenin' ny anjely ity mpisorona tanora ity—teny feno ftiavana izay tena takatsika rehetra fa indrindra indrindra tena nahakasika ny fon' ity namany izany. "Tena tiako tokoa ny niresaka taminao foana tany am-piangonana," hoy izy. "Miteny zavatra tsara ho ahy foana ianao. Ary moa ve fantatralo fa mitsipozipozy ny ekipa mpanao baolina ao amintsika rehefa tsy nisy anao intsony. Ianao mantsy no tena mahay milalao baolina."

"Tena miala tsiny aho," hoy ny navalin' i Tebello. "Hiverina hiaraka aminareo aho ry zalahy."

"Tena mahafinaritra izany" hoy i Thabiso. "Ary tsaroanao ve isika ilay manao fiomanana mba ho misiônera? Afaka manao izany indray ve isika?"

"Eny," hoy ny navalin' i Tebello, "Te-hiverina aho."

Angamba ny hafaliana lehibe indrindra izay niaimako tamin' ny na ha-mpanolotsaina ahy ato amin' ny fiadidian' ny Zatovolahy maneran-tany dia ny mahita ny mpihazona Fisoronana Aharôna manerana izao tontolo izao mampihatra ny herin' ny Fisoronana Aharôna. Kanefa indraindray koa aho manatri-maso amin' ny fo feno alahelo hoe zatovolahy firifiry no tsy mahatakatra ny zavatra tsara azon' izy ireo atao amin' ny hery izay hazonin' izy ireo.

Ny fisoronana dia hery sy fahefan' Andriamanitra izay ampiasaina hanompoana ny zanany. Raha izao mantsy no mba afaka mahatakatra daholo ny zatovolahy rehetra, ny mpihazona ny Fisoronana Aharôna rehetra, fa ny fisoronany dia mihazona ny fanalahidin' ny fanompoan' ny anjely. Raha izao mantsy izy ireo no mba afaka mahatakatra fa manana adidy masina hanampy ny namany hahita ny lalana mitondra mankany amin' ny Mpamony. Raha mba fantany mantsy fa ny Ray any andanitra dia hanome azy ireo hery hanazavana ny fahamarinan' ny filazantsara naverina tamin' ny laoniny amin' ny fomba tena mazava sy tsotra ka dia hahatsapa amin' ny fomba tsy azo lavina ny fahamarinan' ny tenin' i Kristy ny hafa.

Ry zatovolahy malalan' ny Fiangonana, hanontany anareo fanontaniana iray aho izay antenaiko fa ho entinareo ao amponareo mandritra ny fiainanareo. Hery lehibe kokoa manao ahoana no mety ho azonareo eto an-tany noho ny fisoronan' Andriamanitra? Hery lehibe manao ahoana no mety ho lehibe kokoa noho ny fahafahana manampy ny Raintsika any an-danitra manova ny fiainan' ireo namantsika, manampy azy ireo eo amin' ilay lalana mankany amin' ny fahasambarana mandrakizay amin' ny alalan' ny fahadiovana amin' ny fahotana sy ny tsy mety natao?

Tahaka ireo hery hafa, ny fisoronana dia ilaina ampiasaina mba hanatontosana zavatra tsara. Ianareo dia nantsoina mba "hitsangana ary hamirapirat[ra]" (F&F 115:5), fa tsy hanafina ny fahazavanareo anaty haizina. Ireo izay be herimpo ihany no ho isaina ho isan' izay voafidy. Rehefa mampihatra ny herin' ny fisoronana masina ianao, dia hitombo ny herimponao sy ny fahatokianao. Ry zatovolahy, fantatrareo fa manao ny zavatra tsara indrindra ianareo rehefa ao anatin' ny fanompoana an' Andriamanitra. Fantatrareo fa tena faly ianareo rehefa mirotsaka amim-pientanentanana ao anatin' ny asa tsara iray. Andriano ny herin' ny fisoronanareo amin' ny alalan' ny fahadiovanareo sy fahamendrehanareo.

Miray feo amin' ny antso nataon' ny Loholona Jeffrey R. Holland aho izay nataony taminareo enim-bolana lasa izay tetra amin' ity polpitra ity. "Izaho dia miandranda," hoy izy, "lehilahy tanora sy lehibe izay manome lanja ity ady ifanaovan' ny tsara sy ny ratsy ity hirotsaka amin' izany sy hanandratra ny feony. Ao anatin' ny ady isika." Dia notohizany hoe, "... Mangataka feo matanjaka sy feno fanoloran-tena bebe kokoa aho, feo tsy hoe hanohitra fotsiny ny ratsy . . . , fa feo ho an' ny tsara, feo ho an' ny filazantsara, feo ho an' Andriamanitra" ("Mandray anjara Avokoa Isika Rehetra," *Liahona*, Nôv. 2011, 44, 47).

Eny ry mpihazona ny Fisoronana Aharôna, ao anatin' ny ady isika. Ary ao anatin' izany ady izany, ny fomba tsara indrindra hijarovan-tena amin' ny ratsy dia ny fanatanterahana amimpahavitrihana ny fahamarinana. Tsy afaka ny hihaino ireo teny ratsy ianao dia hanao toy ny tsy mandre izany. Tsy afaka ny hijery, irery na miaraka amin' ny hafa sary mamoafady ianao dia

hanao toy ny tsy mahita izany. Tsy afaka ny hikasika zavatra tsy madio ianao dia hody hanao hoe tsy misy voka-dratsiny izany. Tsy tokony hiraviravy tanana ianao rehefa mikatsaka ny hanapotika izay zavatra mahasoa sy madio i Satana. Fa mijoroa kosa amim-pahasahiana amin' ny zavatra fantatralo fa marina! Rehefa mahita na mandre zavatra mifanohitra amin' ny fitsipiky ny Tompo ianao, dia tsarovy hoe iza moa ianao—miaramilan' ny tafik' Andriamanitra, manana ny herin' ny fisoronany masina. Tsy misy fitaovalam-piadiana tsara kokoa hanoherana ny fahavalon, ilay rain' ny lainga, noho ny fahamarinana izay hivoaka ny vavanao rehefa mampiasa ny herin' ny fisoronana ianao. Ny ankamaroan' ireo namanao dia hanaja anao noho ny herimponao sy ny fahamarinan-toetranao. Ny sasany anefa tsy hanao izany. Kanefa tsy mampaninona izany. Hahazo fanajana sy fahatokiana avy amin' ny Ray any an-danitra ianao satria nampiasainaoy ny heriny hanatanterahana ny tanjony.

Miantso indray ny fiadidian' ny kôlejin' ny Fisoronana Aharôna rehetra aho mba hanangana indray ny fanevan' ny fahafahana ary handamina sy hitarika ireo tafikareo. Ampiasao ny herin' ny fisoronanareo mba hanasana ireo manodidina anareo hanatona an' i Kristy amin' ny alalan' ny fibebahana sy batisa. Manana ny fahefana sy ny herin' ny Ray any an-danitra ianao hanao izany.

Roa taona lasa izay raha nitsidika an' i Santiago, Chilie aho, dia tena talanjona tamin' i Daniel Olate, zatovolahy izay matetika miaraka amin' ny misiônera. Nangataka azy aho mba hanoratra ho ahy, ary rehefa nahazo lalana taminy aho dia hovakiako aminareo ny ampahany tamin' ny e-mail nalefany: "Feno 16 taona aho, ary tamin' ny Alahady aho no notendrena tao amin' ny anjara fanompoan' ny mpisorona. Tamin' io andro io ihany aho dia nanao batisa namana iray. Ny anarany dia Carolina. Nampianatra azy ny filazantsara aho, ary nanatrika tsy tapaka ny fiangonana izy ary efa nandray ny mari-boninahitry ny Fivoaran' ny Tena Manokana aza izy, kanefa tsy navelan' ireo ray amandreniny natao batisa izy mandrapahafantatr' izy ireo ahy sy mandrapahanan' izy ireo fahatokiana tamiko. Tiany ny hanaovako batisa azy, ka tsy maintsy niandry iray volana izahay mandrapahatongan' ilay Alahady, izay naha-16 taona ahy. Tena

nahatsapa zavatra tsara aho noho ny fanampiako olona tena tsara toy izany mba hatao batisa, ary faly aho fa izaho no nanao ny batisany."

I Daniel dia iray amin' ireo zatovolahy maro be manerana izao tontolo izao izay mampiasa araka ny tokony ho izy ilay herin' Andriamanitra izay nomeny azy ireo. Ny anankiray hafa dia i Luis Fernando, avy any Honduras, izay nahatsikaritra fa nandeha tamin' ny lalana mampidi-doza ny namany ary nizara ny fijoroany ho vavolombelona taminy izy, izay nanavotra arabakiteny ny fiainany (jereo ny "A Change of Heart," lds.org/youth/video). I Olavo, avy any Brésil, dia ohatra iray hafa. Amin' ny maha-mpanompo maharitra marina azy ao an-tokantranony (jereo ny F&F 84:111), dia nanentana ny fanahin' ny reniny hiverina havitrika ao am-piangonana i Olavo (jereo ny "Reunited by Faith," lds.org/youth/video). Afaka mahita ny sasany amin' ireo tantara ireo sy maro hafa mitovitovy amin' izany ianao ao amin' ny tranonkalan' ny Fiangonana ho an' ny tanora, youth.lds.org. Ankoatra izany, ny Internet, ny fifaneraserana amin' ny alalan' ny fampitam-baovao ary ireo teknôlôjia hafa dia fitaovana izay napetraky ny Tompo eo am-pelantananareo mba hanampy anareo hampihatra ny adidinareo ao amin' ny fisoronana ary hampiely ny fitaoman' ny fahamarinana sy ny hatsaran-toetra.

Ry zatovolahy malala, rehefa mampihatra ny Fisoronana Aharôna amin' ny fomba izaynofaritako teo ianareo, dia miomana amin' ny andraikitra izay ho atrehinareo amin' ny hoavy. Kanefa manao zavatra mihoatra lavitra noho izany ianareo. Tahaka an' i Jaona Mpanao batisa, ilay mpihazona ny Fisoronana Aharôna tsara alaina tahaka, dia manomana ny lalan' ny Tompo ihany koa ianareo ary manitsy ny lalan-kalehany. Rehefa manambara amim-pahasahiana ny filazantsaran' ny fibebahana sy ny batisa ianareo, tahaka ny nataon' i Jaona, dia manomana ny olona amin' ny fiavian' ny Tompo (jereo ny Matio 3:3; F&F 65:1–3; 84:26–28). Matetika ianareo no lazaina fa manana hery anaty lehibe. Ankehitriny no fotoana hampiasana izany hery izany, hampiasana ireo fahaiza-manao izay nomen' Andriamanitra anareo mba hitahiana ny hafa, ary hamoahana

azy ireo avy ao amin' ny haizina ho any amin'ny hazavana ary hanomana ny lalan' ny Tompo.

Nomen' ny Fiagonana ny bokiloy Adidy amin' Andriamanitra ianareo ho loharano hanampy anareo hianatra sy hanatontosa ny andraikitareo. Halalino matetika izany. Mandovalaha ianareo, lavitra an' ireo teknôlôjia, ary katsaho ny fitarihan' ny Tompo. Ary dia mitsangàna ary ampiasao ny herin' Andriamanitra. Mampanantena anareo aho fa handray valiny avy amin' ny Ray any an-danitra ianareo mikasika ny fomba hitondranareo ny fiainanareo sy hanampiana ny hafa.

Hindramiko ny tenin' ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Aza ataonareo ambanin-javatra ny hery mitaona lavitra ananan' ny fijoroanareo ho vavolombelona. . . . Manana ny fahafahana hahita ny tsy hitan' ny olona ianareo. Rehefa manana maso hijerena, sofina handrenesana, ary fo hahatsapana ianareo, dia afaka manampy sy mamony ny hafa" ("Be Thou an Example," *Liahona*, Mey 2005, 115).

Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa tena misy ny herin' ny fisoronana. Nahazo ny fijoroako ho vavolombelona aho tamin' ny alalan' ny fampiasaiko ny fisoronako. Efa nahita fahagagana maro niseho aho izay notanterahin' ireo manana ny herin' ny Fisoronana Aharôna. Efa vavolombelon' ny herin' ny fanompoan' ny anjely aho rehefa nanambara tenin' ny fanantenana avy amin' ny Fanahy ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna mahatoky, ka nanokatra ny fon' ny olona iray mila fahazavana sy fitiavana. Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, Tomponsika, sy mpitarika antsika ary Mpamony antsika, amena.

Ny Tanjon'ny Asa fanompoana ao amin' ny Fisoronana

Nataon' ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Fiadian' ny Voalohany

Ny fahatakarana ny tanjon' ny filazantsara sy ny tanjon' ny fisoronana dia hanampy antsika hahita ny tanjona masin' izany rehetra izany.

Ankafiziko tokoa ity fiarahana mahafinaritra aminareo ity ry rahalahy ato amin' ny fisoronana ary faly toa anareo koa aho amin' ny hakanto sy hatsaran' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Midera anareo aho noho ny finoanareo, sy ny asa tsara vitanareo ary ny fandalanareo ny fahamarinana.

Misy rohim-pifandraisana izay mampifamatotra antsika satria samy nandray ny fanendrena amin' ny fisoronan' Andriamanitra avy tamin' ireo izay nitokisana isika ka nomena ny fahefana sy herin' ny fisoronana masina. Tsy fitahiana kely izany akory. Andraikitra masina izany.

Ny Herin' ny Tanjona

Vao tsy ela aho no nisaintsaina mikasika ny antso manandanja roa izay noraisiko tamin' ny naha-mpihazona ny fisoronana ahy tato amin' ny Fiangonana.

Ny voalohany tamin' ireo dia azoko fony aho diakona. Nivavaka niaraka tamin' ny fianakaviako tany amin' ny sampan' ny Fiangonana tany Francfort, Allemagne aho. Nanana mpikambana mahafinaritra maro tao izahay tao amin' ilay sampana kely nisy anay. Iray amin' izy ireo ny filohan' ny sampanay, Rahalahy Landschulz. Tena nankafiziko izy, na dia toa

hentitra lava sy manara-dalàna foana aza izy ary ny ankamaroan' ny fotoana dia manao palitao matroka izay hatrany. Tsaroako izaho nisangisangy tamin' ireo zatovolahy namako niteny hoe tena nilazaon' ny toetrandro ny filohan' ny sampantsika.

Mampihomehy ahy ny mieritreritra izany ankehitriny satria ireo tanoran' ny Fiagonana amin' izao andro izao koa dia mety tena mihevitra ahy ho toy izany koa.

Indray Alahady dia nangataka hiresaka tamiko ny Filoha Landschulz. Ny tonga tao an-tsaiko voalohany dia hoe: "Fa inona no hadisoana nataoko?" Niegaka nitadidy ireo zavatra maro mety ho nataoko aho izay nahatonga izao fitadiavan' ilay filohan' ny sampana hiresaka amin' ny diakony izao.

Nanasa ahy hiditra ao amin' ny efitrano fianarana kely iray ny Filoha Landschulz—satria tsy mba nanana birao ho an' ny filohan' ny sampana ny trano fiagonanay—ary tao no nandrosoany ahy antso mba ho filohan' ny kôlejin' ny diakona.

"Antso manan-danja izany," hoy izy, ary avy eo dia naka fotoana izy ary namariparitra ny maha manan-danja izany. Nanazava ny zavatra handrasan' izy sy ny Tompo amiko izy ary ny fomba ahafahako mahazo fanampiana.

Tsy tsaroako ny ankamaroan' ny zavatra nolazainy kanefa tsaroako tsara kosa ny zavatra tsapako. Nanenika ny foko ilay Fanahy izay masina sy avy any an-danitra rehefa niresaka izy. Afaka nahatsapa aho fa Fiagonan' ny Mpamonjy ity. Ary tsapako fa ilay antso izay naroso ho ahy dia nentanin' ny Fanahy Masina. Tadidiko aho nahatsapa ho niakatra amin' ny toerana somary avoavo kokoa noho ny teo aloha rehefa nivoaka izany efitrano kely izany.

Efa ho 60 taona izay no lasa fa mbola ankamamiako hatrany ireo fahatsapana fahatokiana sy fitiavana ireo.

Rehefa niverina nieritreritra izany zavatra niainako izany aho dia niezaka nitadidy ny isan' ny diakona tamin' izany fotoana izany tao amin' ilay sampanay aho. Raha tsara ny fitadidiako dia mety ho roa angamba. Nefa mety ho manita-javatra aho raha milaza izany.

Kanefa tsy nampaninona na hoe iray ny diakona na hoe roa ambin' ny folo. Nahatsapa ho henin-kaja aho ary te-hanompo

araka izay tsara indrindra vitako sy tsy te-handiso fanantenana ny filohan' ny sampako na ny Tompo.

Tsapako ankehitriny fa afaka nanome izany antso izany tamin' ny fomba tsotra ilay filohan' ny sampana raha niantso ahy tamin' izany toerana izany izy. Afaka nilaza tamiko teny andalantsara izy na nilaza izany avy hatrany nandritra ny fivorian' ny fisoronana hoe izaho no filohan' ny kôlejin' ny diakona vaovao.

Kanefa dia naka fotoana hihaonana tamiko izy ary nanampy ahy hahatakatra tsy ny zavatra *takiana* fotsiny amin' izany andraikitro sy adidiko vaovao izany, fa ny tena manan-danja indrindra dia ny *tanjon'* izany.

Zavatra izay tsy ho hadinoiko velively izany.

Ny tiako hiaviana amin' izany tantara izany dia tsy ny hamariparitra fotsiny ny fomba fandrosoana antso ato am-piagonana (na dia lesona tena tsara aza izany mikasika ny fomba mahomby hanaovana izany). Fa ohatra ho ahy mikasika ny hery mamporisika ananan' ny mpitarika ao amin' ny fisoronana izany izay manainga ny fanahy ary mitaona hanao asa.

Mila ampahatsiahivina tsy tapaka antsika ny antony mandrakizay ao ambadiky ny hanaovana ireo zavatra izay andidiana antsika. Ilaina ho tafiditra ho ampanhan' ny zavatra manorina ny fainantsika ireo fitsipika fototry ny filazantsara, eny fa na dia midika aza izany fa mila mamerimberina mianatra azy ireo. Tsy midika akory izany hoe tokony ho lasa fahazarana fotsiny na zavatra hankaleo ilay dingana arahana. Fa rehefa mampianatra ireo fitsipika fototra ao an-tokantranontsika na ato am-piagonana isika dia avelao hitondra hazavana sy hafanana ary fifaliana ao am-pon' ireo izay ampianarintsika ny lelafon' ny fientanentanana ho an' ny filazantsara sy ny afon' ny fijoroana ho vavolombelona.

Manomboka hatramin' ny diakona vao avy notendrena ka hatrany amin' ny mpisorona avo zokiny indrindra no hilazako fa manana ny lisitr' ireo *zavatra* izay azontsika atao ary tokony hataontsika isika eo anatrehan' ireo andraikitra ao amin' ny fisoronana. Zava-dehibe *ireo zavatra atao* ao anatin' ny asantsika, ary mila manao azy ireo isika. Kanefa ao amin' ireo *tanjon'* ny asa

fanompoana ao amin' ny fisoronana no ahitantsika ny fahavitrihana, ny fitiavana ary ny herin' ny fisoronana.

Ny *zavatra atao* ao amin' ny asa fanompoana ao amin' ny fisoronana dia mampianatra antsika izay tokony hatao. Ny *tanjony* dia mitaona fanahy ny fanahintsika.

Ny *zavatra atao* dia mampahafantatra, fa ny *tanjony* kosa dia manova.

Ny Fahamaroan' ny Zavatra "Tsara" Atao

Ny antso hafa ao amin' ny fisoronana nosaintsainiko dia noraisiko taona maro taty aoriane rehefa nanana ny ankohonako manokana aho. Niverina nippetraka tany Francfort, Allemagne izahay ary vao nahazo fisondrontan-toerana tao am-piasana aho izay nitaky fotoana sy asa be avy amiko. Nandritra izany fotoana na ha sahirana ahy teo amin' ny fainako izany no niantsoin' ny Loholona Joseph B. Wirthlin ahy ho filohan' ny tsatoka.

Nandritra ny tafa sy dinika nifanaovako taminy dia zavatra maro no nandalo tato an-tsaiko, ary indrindra moa ny ahiahiko fa mety tsy hanana fotoana izay takian' ity antso ity aho. Na dia nampanetry tena ahy azy izany antso izany ary voninahitra ho ahy dia nanontany tena vetivety aho hoe hanaiky izany ve aho sa tsia. Kanefa eritreritra kely nandalo fotsiny izany satria fantattro fa ny Loholona Wirthlin dia voatson' Andriamanitra ary nanao ny asan' ny Tompo izy. Ka tsy nisy azoko natao afa-tsy ny nanaiky?

Misy fotoana izay tsy maintsy hirotsahantsika ao anatin' ny haizina amim-pinoana, ary manana fahatokiana fa hametraka tany mafy orina eo ambanin' ny tongontsika Andriamanitra rehefa manao izany isika. Ka dia nanaiky tamim-pifaliana izany antso izany aho ary nahafantatra fa hanampy ahy Andriamanitra.

Tamin' ny fotoana nantombohan' izany antso izany dia nanana fahafahana manokana izahay tamin' ny naha-tsatsoka anay nandray fiofanana avy tamin' ireo mpampianatra sy mpitarika lehibe sasantsasany ato am-piangonana—tonga tany amin' ny faritra nisy anay ny lehilahy toa an-dry Loholona Russell M. Nelson sy ny Filoha Thomas S. Monson. Toy ny ando avy any an-danitra ny fampianaran' izy ireo ary nanainga fanahy anay tokoa. Mbola ananako ao ireo fanamarihana noraisiko nandritra ireo fivoriam-piofanana ireo. Nanome anay ny

fahatakarana ny dikan' izany hoe manorina ny fanjakan' Andriamanitra izany ireo Rahalahy ireo amin' ny alalan' ny fanorenana ny fijoroana ho vavolombelon' ny tena manokana sy ny fanamafisana orina ny fianakaviana. Nanampy anay izy ireo hahita ny fomba ampiharana ny fahamarinana sy ny fitsipiky ny filazantsara teo amin' ireo toe-javatra niainanay manokana sy ho an' ny fotoana iainanay manokana. Raha lazaina amin' ny fomba hafa dia hoe nanampy anay hahita ny *tanjon'* ny filazantsara ireo mpitarika nentanim-panahy, ary dia nila namoritra ny tanan' akanjonay izahay ary nandeha nanao ny asa.

Tsy ela dia tsapanay fa maro ireo zavatra tsara azon' ny fiadidian' ny tsatoka atao—maro tokoa, raha ny marina, ka raha tsy nametraka laharam-pahamehana nentanim-panahy izahay dia mety tsy ho nahavita ireo izay nanan-danja. Nanomboka nifanitsaka ireo laharam-pahamehana ka namily ny fifantohanay hiala tamin' ireo vina nozarain' ireo Rahalahy taminay. Maro tokoa ny zavatra "tsara" tokony hatao, fa tsy samy tena manan-danja avokoa akory izy rehetra.

Nianatra lesona manan-danja izahay: ny fahatsaran' ny zavatra iray dia tsy antony ampy handaniana ny fotoana sy ny loharano anananay hanaovana izany. Ny zavatra ataontsika sy ny zavatra santarintsika ary ny drafitra ataontsika dia tokony ho voaentana sy mifototra amin' ny *tanjon'* ny asa fanompoantsika ao amin' ny fisoronana fa tsy amin' ny zavatra ironan' ny rehetra izay manaitra ny maso na zavatra mahaliana amin' izao fotoana izao. Raha tsy izany dia lasa bantsembana ny ezaka ataontsika izy ireo na mampihena ny herintsika ary mamandrika ny tenantsika ao anatin' ny fanaovana izay zavatra mahaliana antsika manokana, na ara-panahy na ara-batana, izay tsy tena ivon' ny maha-mpanara-dia.

Ry rahalahy, samy mahafantatra isika rehetra fa mitaky fifehezan-tena ny fifantohana hatrany amin' ireo zavatra izay manana ny hery tena lehibe hampitomboana ny fitiavantsika an' Andriamanitra sy ireo mpiara-belona amintsika, hampatanjahana ny fanambadiana, hanamafisana orina ireo fianakaviana ary hanorenana ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany. Tahaka ny hazo fihinam-boa iray izay misy sampana maro sy rakotra ravinkazo maro ny fiainantsika, ka ilaina rantsanana matetitetika

mba hahafahantsika mampiasa ny herintsika sy ny fotoanantsika hanatontosana ilay tena tanjontsika—"hamokatra voa tsara"!¹

Tsy Irery Ianao

Ka ahoana ary no ahafantarantsika hoe inona no tokony ho safidiana? Samy manana andraikitra isika tsirairay hamariparitra izany ho an' ny tenantsika. Kanefa, nodidiana isika mba handalina amim-pahazotoana ny soratra masina, hihaino ny tenin' ireo mpaminany ary hanao izany ao anatin' ny vavaka feno finoana, sy fahamatorana ary fanoloran-tena arahim-bavaka.

Ry rahalahy, mahatoky Andriamanitra. Amin' ny alalan' ny Fanahy Masina no hiresahany ao amin' ny saintsika sy ny fontsika mikasika izay lalana tokony harahintsika isaky ny dingana tsirairay eo amin' ny fiainantsika.

Raha madio ny fontsika—raha tsy mikatsaka ny voninahitra ho an' ny tenantsika isika fa ny voninahitr' Andriamanitra Tsitoha, ary raha mikatsaka hanao ny Sitrapony isika, raha maniry ny hitahy ny fiainan' ny fianakavantsika isika sy ny an' ireo mpiara-belona—dia tsy handeha irery velively. Nampahatsiahy matetika antsika ny Filoha Monson hoe: "Rehefa manompo ny Tompo isika dia mendrika ny hahazo ny fanampiany."²

"Handeha eo alohanareo [ny Rainareo any an-danitra.] Ho eo ankavanaranareo sy eo ankavianareo [Izy], ary ho ao am-ponareo ny Fanahi[ny], ary hanodidina anareo ny anjeli[ny] mba hanohana anareo."³

Ny Herin' ny Fanaovana Asa

Ry rahalahiko malala, ireo fitahiana masina avy amin' ny asa fanompoana ao amin' ny fisoronana dia tonga amin' ny alalan' ny ezaka am-pahavitrihana ataontsika, ny finiavantsika hahafoy tena, ary ny faniriantsika hanao izay tsara. Andeha isika mba ho anisan' ireo izay mihetsika fa tsy ireo izay hetsehina. Tsara ny mitory kanefa raha toriteny tsy mitondra amin' ny asa dia toy ny afo tsy manan-kafanana na rano tsy mahafaka hetaheta.

Amin' ny alalan' ny fampiharana ny fotopampianarana no hampitombo ny fahavitrihantsika hiaina ny filazantsara ary hameloman' ny herin' ny fisoronana ny fanahintsika.

I Thomas Edison, ilay lehilahy namorona ny takamoa teto amin' izao tontolo izao dia nilaza fa "ny lanjan' ny hevitra iray dia mifototra amin' ny fampiasana izany."⁴ Toy izany koa, lasa sarobidy kokoa ny fotopampianaran' ny filazantsara rehefa ampiharina.

Tsy tokony havelantsika hatory fotsiny ao am-pontsika sy tsy ho ampiharina eo amin' ny fainantsika ireo fotopampianaran' ny fisoronana. Raha misy fanambadiana na fianakaviana mila fanavotana—mety hoe ny antsika aza izany—dia tsy tokony hiraviravy tanana isika. Fa andeha kosa isika hisaotra an' Andriamanitra noho ny drafity ny fahasambarana izay ahitana ny finoana ny fibebahana, ny famelan-keloka ary fiantombohana vaovao. Ny fampiharana ny fotopampianaran' ny fisoronana dia hahatonga antsika ho mendrika ny ho vady, sy ray ary zanakalahy izay mahatakatra ny *tanjon'* ny fisoronana sy ny heriny mba hananana indray sy hiarovana ny hatsarana sy ny fahamasinan' ny fianakaviana maharitra mandrakizay.

Ny fihaonamben' ny Fiagonana dia fotoana tsara hatrany sady hihainoana no hanaovana asa. Koa andeha isika "ho mpankato ny teny, fa [tsy ho] mpihaino fotsiny ihany."⁵ Ry rahalahy, manasa anareo aho hisaintsaina tsara ireo tenin' ny mpanompon' Andriamanitra mandritra ity faran' ny herinandro ity. Avy eo dia mandoaliha. Angataho ny Raitsika any Andanitra mba hanazava ny sainareo sy hikasika ny fonareo. Mangataha fitarihana avy amin' Andriamanitra eo amin' ny fiainanareo andavanandro, eo amin' ny andraikitrareo ato ampiangonana, ary eo anatrehan' ireo fanambin' ny fiainanareo amin' izao fotoana izao. Araho ny bitsiky ny Fanahy—aza mangataka andro. Raha manao ireo rehetra ireo ianareo dia mampanantena aho fa tsy hamela anareo handeha irery ny Tompo.

Mananà Faharetana Hatrany

Fantatray fa na dia eo aza ny faniriana tsara ao aminareo dia tsy voatery hizotra araky ny lamina ny zava-drehetra. Manao hadisoana isika eo amin' ny fiaianana sy eo amin' ny asa fanompoana ataontsika ao amin' ny fisoronana. Matetika no lavo sy maneho fahalemena isika.

Rehefa nanoro hevitra antsika mba “[h]itozo ao amin’ ny faharetana mandra-pahatonga anareo ho tanteraka”⁶ ny Tompo dia fantany fa mitaky fotoana sy faharetana izany. Ny fahatakarana ny *tanjon'* ny filazantsara sy ny *tanjon'* ny fisoronana dia hanampy antsika hahita ny tanjona masin’ izany rehetra izany. Hanome famporisihana sy hery antsika hanaovana ny zavatra tsara izany, eny fa na dia sarotra aza. Ny fifantohana hatrany ao amin’ ny fitsipika fototry ny fiainana ny filazantsara dia hanome antsika fahazavana, fahendrena ary fitarihana.

“Tsy hitozo ao amin’ ity tanjona lehibe tokoa ity va isika?”⁷
Eny, ry rahalahy, hitozo!

Hianatra avy amin’ ireo hadisoantsika isika rehefa eo ambany fitarihan’ ny Fanahy Masina. Raha lavo isika dia hitsangana indray. Raha manao hadisoana dia hanohy hiroso foana. Tsy hitoditodika mihitsy isika ary tsy hilavo lefona velively.

Amin’ ny maha-mpirahalahy matanjaka antsika ao amin’ ity fisoronana mandrakizain’ Andriamanitra ity dia hiara-hijoro isika, ho soroka miara-milanja, hifantoka amim-panoloran-tena sy amim-pitiavana amin’ ireo fitsipika fototry ny filazantsaran’ i Jesoa Kristy izay naverina tamin’ ny laoniny ary hanompo ny Andriamanintsika sy ireo mpiara-belona.

Velona Andriamanitra!

Ry rahalahiko malala, mijoro ho vavolombelona aho androany fa velona Andriamanitra Ray sy ny Zanakalahiny, i Jesoa Kristy. Tena misy Izy ireo! Eo ry zareo!

Tsy irery ianao. Miahys ny momba anao ny Rainao any andanitra ary maniry ny hitahy sy hanohana anao ao anatin’ ny fahamarinana.

Aoka ianao hanana antoka fa miresaka amin’ ny zanak’ olombelona Andriamanitra amin’ izao fotoana iainantsika izao. Hiresaka aminao Izy!

Nahita ny zavatra nolazainy fa hitany ny Mpaminany Joseph Smith. Ny Fianganan’ i Jesoa Kristy ho an’ ny Olomasin’ ny Andro Farany dia naverina eto an-tany tamin’ ny alalan’ ny hery sy fahefan’ ilay Andriamanitra Tsitoha.

Ny vavaka ataoko dia ny mba hijanonantsika mpihazona ny fisoronany hirindra hatrany amin’ ny *tanjon'* ny asa fanompoana ao amin’ ny fisoronana ary hampiasa ireo fitsipika fototry ny

filazantsara naverina tamin' ny laoniny mba hanovana ny fiainantsika sy ny fiainan' ireo izay tompointsika.

Rehefa manao izany isika, dia hanadio ny fanahintsika sy ireo toetra ananantsika ny hery tsy manam-petran' ny Sorompanavotana mandrapahatonga antsika ho ilay lehilahy manana ireo toetra izay andrasana amintsika. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin' ny anarana masin' i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

1. Matio 7:18.
2. Thomas S. Monson, "To Learn, to Do, to Be," *Liahona*, Nôv. 2008, 62.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:88.
4. Thomas Edison, ao amin' ny *Little Journeys to the Homes of Good Men* and Great, Book 2 (1910), 155, nosoratan' i Elbert Hubbard.
5. Jakoba 1:22.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 67:13.
7. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 11.

Fianakaviana ao anatin' ny Fanekempihavanana

Nataon' ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadidiana Voalohany

*Tsy hisy zavatra hafa izay tonga na ho tonga eo amin'
ny fianakavianao ka manan-danja mihoatra ny
fitahian' ny famehezana.*

Tiako ny miaraka aminareo eto mandritra ity fivoriana ity izay nanasana ireo rehetra mpihazona ny fisorongan' Andriamanitra eto an-tany. Fitahiana ho antsika ny eo ambany fiahian' ny Filoha Thomas S. Monson. Amin' ny maha-Filohan' ny Fiagonana azy dia izy no lehilahy velona tompon' andraikitra amin' ireo fanalahidy izay mamehy ireo fianakaviana ary ireo ôrdônansin' ny fisoronana rehetra ilaina mba hahazoana ny fiainana mandrakizay, izay fanomezana lehibe indrindra amin' ny fanomezan' Andriamanitra rehetra.

Misy raim-pianakaviana iray, izay niverina avy tamin' ny fahalainany teo aloha, izay mihaino eto anio hariva satria te-hahazo toky amin' ny fony manontolo amin' izany fanomezana avy amin' ny famehezana izany izy. Tia ny zanany kely roa izy, lahy sy vavy kely ary ny vadiny. Toy ireo ray aman-dreny hafa koa dia afaka mahita mialoha ny fifaliana any an-danitra izy rehefa mamaky ireto teny ireto: "Ary ny fiaraha-miaina izay misy etoana eo anivontsika ihany no hisy eo amintsika any, saingy izany dia homban' ny voninahitra mandrakizay, dia voninahitra izay tsy ananantsika ankehitriny."¹

Izany ray miara-mihaino amintsika eto izany dia mahafantatra ny lalana mankany amin' izany toeran-kaleha lehibe izany. Tsy mora izany. Efa fantany izany. Nitaky finoana an' i Jesoa Kristy izany, fibebahana marina, ary fiovana tao am-

pony izay azo avy tamin' ny eveka tsara fanahy hahatsapa iray izay nanampy azy hahatsapa ny famelan-keloka feno fitiavan' ny Tompo.

Nitohy ihany ireo fiovana mahatalanjona teo aminy rehefa nidiitra ny tempoly masina ho an' ny fanafiana masina izy izay nofaritan' ny Tompo tamin' ireo olona nomeny hery tao amin' ny tempoly voalohany tamin' ity fotoam-pitantanana ity. Tany Kirtland, Ohio izany. Toy izao no nolazain' ny Tompo mikasika izany:

"Koa, noho izany antony izany, dia nomeko anareo ny didy handehananareo any Ohio; ary any no hanomezako anareo ny lalàko; ary any no hanafiana anareo amin-kery avy any ambony;

"Avy amin' io toerana io . . . manana asa lehibe efa miandry Aho, fa ho voavonjy i Israely, ary hotarihiko izy ireo na aiza na aiza sitrako, ary tsy misy hery hahasakana ny tanako."²

Ho an' ilay namako vao nampahavitrihana tsy ela izay sy ho an' ireo mpihazona ny fisoronana rehetra, dia misy asa lehibe mbola ho atao entina hanavotana ny ampanhan' i Israely, izay andraikitsika na ho andraikitsika, dia ny fianakavantsika izany. Fantatr' ilay namako sy ny fianakaviany fa mitaky ny famehezana amin' ny alalan' ny fahefan' ny Fisoronana Melkizedeka any amin' ny tempoly masin' Andriamanitra izany.

Nangataka ahy mba hanao izany famehezana izany izy. Tian' izy mivady hatao faran' izay haingana izany. Kanefa noho ny fahafenoan' ny fotoana amin' ny fahatongavan' ny fihaonamben' ny Fiagonana dia navelako hotapahin' izy mivady miaraka amin' ny ekekany ny fakana fotoana amin' ny mpitantsoratro mba hahazoana daty mety hanaovana izany.

Akory ny hatairako sy ny hafaliako rehefa niteny tamiko tany am-piagonana ilay ray fa ho atao ny 3 Aprily ilay famehezana. Tamin' izany andro izany, tamin' ny 1836 no nandefasana an' i Elia, izay mpaminany niakatra velona tany an-danitra, ho ao amin' ny Tempolin' i Kirtland mba hanome ny fahefan' ny famehezana an' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery. Eto anivon' ny Fiagonana ireo fanalahidy ireo ankehitriny ary ho eto mandrapahatapiry ny fotoana.³

Izany dia mitovy amin' ilay fanomezan-dalana avy any andanitra nomen' ny Tompo an' i Petera rehefa nampanantena izy

hoe: "Homeko anao ny fanalahidin' ny fanjakan' ny lanitra; ka na inona na inona fehezinao ety ambonin' ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanao ety ambonin' ny tany dia hovahana any an-danitra."⁴

Nitahy ireo rehetra mpihazona ny fisoronana ny fiverenenan' i Elia. Nolazain' ny Loholona Harold B. Lee mazava tsara izany raha niteny izy nandritra ny fihaonamben' ny Fiagonana, rehefa nilaza ny teny nolazain' ny Filoha Joseph Fielding Smith. Henoy tsara ilay izy: "Mihazona ny fisoronana aho. Ianareo ry rahalahy izay manatrika eto dia mihazona ny fisoronana koa, ary mihazona ny Fisoronana Melkizedeka isika—izay nohazonin' i Elia sy ireo mpaminany hafa ary i Petera, i Jakoba ary i Jaona. Kanefa na dia manana ny fahefana hanao batisa aza isika, na dia manana ny fahefana hametra-tanana ho amin' ny fanomezana ny Fanahy Masina sy hanendry ireo hafa ary hanao ireo zavatra hafa rehetra ireo, dia tsy hahavita na inona na inona isika satria tsy hanan-kery ireo zavatra nataontsika raha tsy misy ny fahefan' ny famehezana."

Notohizan' ny Filoha Smith izany hoe:

"Ny ôrdônansy ambonimby, ireo fitahiana lehibe izay zava-dehibe amin' ny fisandrata ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra, izay any amin' ny toerana mitokana no hahazoana azy, ary tsy misy olona manana ny zo hanatanteraka izany raha tsy efa nandray ny fahefana hanao izany avy amin' ny lehilahy izay mihazona ny fanalahidy rehetra. . . .

“. . . Tsy misy lehilahy eto ambonin' ity tany ity izay manana ny zo handeha sy hanatanteraka ôrdônansy ao amin' ny filazantsara raha tsy Filohan' ny Fiagonana izy, izay mihazona ireo fanalahidy, ary manome lalana ho amin' izany. Nomeny antsika ny fahefana. Nanolotra ny fahefan' ny famehezana eo amin' ny fisoronantsika izy satria izy no mihazona ireo fanalahidy.”⁵

Izany fanomezan-toky izany dia nolazain' ny Filoha Boyd K. Packer koa rehefa nanoratra mikasika ny fahefan' ny famehezana izy. Ny fahafantarana fa marina ireo teny ireo dia mankahery ahy, hankahery koa an' ilay fianakaviana izay hofeheziko amin' ny 3 Aprily: "Nihazona ireo fanalahidy ireo i Petera. Nihazona ny fahefan' ny famehezana izay hamehezana ety ambonin' ny tany i

Petera, . . . mba hamehezana any an-danitra na hamahana ety ambonin' ny tany ka dia ho toy izany koa any an-danitra.

Hazonin' ny Filohan' ny Fiagonana ireo fanalahidy ireo—izay mpaminany, mpahita ary mpanambara. Izany fahefan' ny famehezana masina izany dia eto anivon' ny Fiagonana ankehitriny. Tsy misy zavatra hafa raisina ho toy ny masina kokoa noho izany ho an' ireo izay mahafantantra ny lanjan' izany fahefana izany. Tsy misy zavatra hafa tokony ho arovana noho izany. Vitsy ireo lehilahy izay mihazona ity fahefan' ny famehezana ity eto ambonin' ny tany mandritra ny fotoana iray—isaky ny tempoly dia misy rahalahy izay nomena izany fahefan' ny famehezana izany. Tsy misy olona mahazo izany afatsy avy amin' ny mpaminany, mpahita ary mpanambara sy Filohan' Ny Fiagonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany.”⁶

Tamin' ny fahatongavan' i Elia dia tsy ny fahefana fotsiny no natolotra fa ny fo koa dia nampitodihana: “Ny fanahy, fahefana ary antson' i Elia dia, ny hananany ny fahefana hihazona ny fanalahidin' ny fanambarana, ôrdônanisy, fahitana, hery sy fanafiana masina amin' ny fahafenoan' ny Fisoronana Melkizedeka sy ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany; ary handraisany sy hahazoany ary hanatanterahany ireo ôrdônanisy rehetra izay atao ato amin' ny fanjakan' Andriamanitra, hatramin' ny famerenana ny fon' ireo ray hitodika amin' ny zanaka ary ny fon' ireo zanaka hitodika amin' ny ray, na dia ireo izay efa any an-danitra aza.”⁷

Izany fahatsapana ny fitodihan' ny fony izany dia efa tonga teo amin' ilay namako sy ny fianakaviany. Mety tonga eo aminareo mandritra ity favoriana ity izany. Mety hitanareo tao an-tsainareo, tahaka ny nahitako azy, ny endriky ny rainareo na ny reninareo. Mety ho ny rahalahinareo na ny anabavinareo izany, na zanakavavy na lahy.

Mety any amin' ny tontolon' ny fanahy izy ireo na any amin' ny kaontinanta lavitra. Fa be ny fifaliana azo avy amin' ny fahatsapana fa azo antoka ny fifandraisana amin' izy ireo satria ianao dia voafehy na azo fehezina amin' izy ireo amin' ny alalan' ny ôrdônanisin' ny fisoronana izay ho eken' Andriamanitra.

Efa nampianarina ny zavatra tsy maintsy ataony ireo mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka izay ray ao anatin' ny fianakaviana voafehy. Tsy hisy zavatra hafa izay tonga na ho tonga eo amin' ny fianakavianaao ka manan-danja mihoatra ny fitahian' ny famehezana. Tsy misy zavatra manan-danja mihoatra ny fanajana ny fanekempihavanana' ny fanambadiana sy ny fianakaviana izay nataonao na ho ataonao any amin' ny tempolin' Andriamanitra.

Mazava ny fomba hanaovana izany. Ny Fanahy Masin' ny Fampantanenana, amin' ny alalan' ny fankatoavantsika sy ny fahafoizan-tenantsika, dia tsy maintsy hamehy ny fanekempihavanana' ny tempoly izay nataontsika mba hahatanteraka izany any amin' ny tontolo izay ho avy. Nanazava ny dikan' izany hoe fehezin' ny Fanahy Masin' ny Fampantanenana izany ny Filoha Harold B. Lee, tamin' ny filazany ny teny nambaran' ny Loholona Melvin J. Ballard hoe: "Afaka mamitaka ny olona isika fa tsy afaka mamitaka ny Fanahy Masina, ary tsy ho mandrakizay ireo fitahiana voaraintsika raha tsy fehezina amin' ny alalan' ny Fanahy Masin' ny fampanantenana. Ny Fanahy Masina dia ilay mamaky ny ao antsaina sy ny ao am-pon' ny olona ary manome lalana amin' ny famehezana ireo fitahiana voalaza eo ambonin' ny loha. Rehefa izany dia voafatotra, mihatra ary manan-kery tanteraka izany famehezana izany."⁸

Rehefa nofehezina tao amin' ny Tempolin' i Logan Utah izaho sy Rahavavy Eyring dia tsy mbola takatro tamin' izany ny lanjany fenon' izany fampantanenana izany. Mbola miezaka manakatra ny tena dikan' izany aho, kanefa nanapa-kevitra izaho sy ny vadiko nanomboka hatramin' izay fanambadianay efa ho 50 taona izay mba hanasa ny Fanahy Masina arak' izay vitanay ho eo amin' ny fiainanay sy eo anivon' ny fianakavianay.

Fony aho raim-pianakaviana mbola tanora, vao nofehezina tany amin' ny tempoly sy nampitodika ny foko tamin' ny vadiko sy ny fianakaviako kely dia nihaona vao voalohany tamin' ny Filoha Joseph Fielding Smith aho. Tao amin' ilay efitrano filankevity ny Fiadidiana Voalohany izay nanasana ahy no nahazoako fijoroana ho vavolombelona azo antoka rehefa nanontany ahy ny Filoha Harold B. Lee hoe, raha niresaka

mikasika ny Filoha Smith, izay nipetraka teo akaikiko: "Moa mino ve ianao fa ity lehilahy ity dia mpaminanin' Andriamanitra?"

Vao niditra ny efitrano ny Filoha Smith ary mbola tsy niteny na inona na inona. Feno fankasitrahana mandrakizay aho fa afaka namaly noho ny zavatra tsapako tao am-poko: "Fantattro hoe izany tokoa izy," ary fantattro tamim-pananana antoka tanteraka toy ny fahalalako fa ny masoandro dia mibaliaka fa izy dia mihazona ny fahefan' ny famehezana ao amin' ny fisoronana ho an' ny rehetra eto ambonin' ny tany.

Izany zava-nitranga izany dia nampahery vaika ny tenin' ny Filoha Smith teo amiko sy ny vadiko rehefa nanome izao torolalana manaraka izao ny Filoha Joseph Fielding Smith nandritra ny favorian' ny fihaonambe tamin' ny 6 Aprily 1972, nanao hoe: "Sitraky ny Tompo ny hanamafisana orina sy hiarovana ny vondron' ny fianakaviana. Miangavy ireo ray izahay mba haka ny toerana natokana ho azy amin' ny mahalohan' ny tokantrano azy. Mangataka ireo reny izahay mba hanohana sy hanampy ny vadiny ary ho fahazavana eo amin' ireo zanany."⁹

Mamelà ahy ianareo hanolotra zavatra efatra azonareo atao amin' ny maha-ray mihazona fisoronana anareo mba hanomezana hery ny fianakavianareo sy hitarihana azy hiverina hody indray mba hiaraka amin' ny Ray any an-danitra sy ny Mpamonjy.

Voalohany, ataovy izay hahazoana sy hihazonana fijoroana ho vavolombelona azo antoka fa ananantsika ireo fanalahidin' ny fisoronana ary hazonin' ny Filohan' ny Fiagonana. Mivavaha mahakasika izany isan' andro. Ny valiny dia ho tonga miaraka fitomboan' ny faharisihana ny hitarika ny fianakavianareo, ny fitomboan' ny fahatsapanareo fanantenana ary miaraka amin' ny fifaliana bebe kokoa eo amin' ny asa fanompoana ataonareo. Ho falifaly ianareo sy hihevitra fa afaka ny ho tsara ny zava-drehetra ary ho fitahiana lehibe ho an' ny vadinareo sy ny fianakavianareo ianareo.

Ny faharoa izay tsy maintsy atao dia ny fitiavana ny vadinareo. Hitaky finoana sy fanetren-tena ny fametrahana ny zava-mahaliana azy ho eo ambonin' ny anao manakona ao

anatin' ireo zava-manahirana eo amin' ny fiainana. Andraikitrareo ny mamelona sy mikolokolo ny fianakaviana miaraka aminy sady manompo ny hafa. Mety handany ny hery sy tanjaka rehetra izay anananareo izany indraindray. Mety hampitombo ny zavatra ilain' ny vadinareo ny taona sy ny aretina. Raha misafidy ianareo amin' izany ny hanao izay hahafaly azy kokoa mihoatra noho ianareo manokana dia mampanantena aho fa hitombo ny fitiavanareo azy.

Fahatelo, asaivo mifankatia ny tsirairay ao amin' ny fianakaviana. Nampianatra ny Filoha Ezra Taft Benson hoe:

“Raha ny mandrakizay no resahina dia azo lazaina fa raharaham-mpianakaviana ny famonjena. . . .

“Ny ankizy ambonin' ny zava-drehetra hafa dia mila mahafantatra sy mahatsapa fa tiana sy ilaina ary ankasitrahana izy ireo. Ilaina omena antoka mikasika izany matetika izy ireo. Mazava be fa andraikitra tokony ho tanterahan' ireo ray amandreny izany, ary matetika ny reny no afaka manao izany amin' ny fomba tsara indrindra.”¹⁰

Kanefa loharano lehibe iray hafa hananana izany fahatsapana ho tiana izany ny fitiavana avy amin' ireo ankizy hafa ao amin' ny fianakaviana. Ny fifanampian' ireo mpirahalahy sy mpirahavavy dia tsy ho tanteraka raha tsy amin' ny alalan' ny fikirizana ataon' ny ray aman-dreny sy amin' ny fanampian' Andriamanitra. Fantatrareo fa marina izany avy amin' ireo zavatra iainanareo eo amin' ny fianakavianareo. Ary hamafisina foana izany isaky ny mamaky ny fifandirana nisy teo amin' ny fianakavian' i Lehia sy ny vadiny, Sarià, ao amin' ny rakitsoratry ny Bokin' i Môrmôna ianareo.

Ny fahombiazana azon' izy ireo dia manome fitarihana ho antsika. Nampianatra ny filazantsaran' i Jesoa Kristy tamin' ny fomba tsara sy tamim-pikirizana izy ireo hany ka ireo zanany, eny hatramin' ireo taranaka sasantsasany tao anatin' ny taranaka nifandimby aza dia nampalefaka ny fony teo anoloan' Andriamanitra sy teo amin' izy samy izy. Ohatra, nanoratra sy nanatona ireo olona tao amin' ny fianakaviany izay fahavalony i Nefia sy ireo hafa. Nisy ny fotoana nanalefahan' ny Fanahy ny fon' ireo olona an' arivony ary nanovany an' ilay fankahalana ho fitiavana.

Ny fomba iray hamerenanareo ireo fahombiazan' i Lehia Rainy dia amin' ny alalan' ny fomba hitarihanareo ny vavaky ny mpianakavy sy ireo fotoana iarahan' ny fianakaviana, toy ny takarivan' ny mpianakavy. Omeo fotoana ahafahana manao vavaka ireo ankizy rehefa afaka mifampivavaka ao anatin' ilay faribolan' ireo izay mila fitahiana. Fantaro haingana ny niantombohan' ny tsy fitovian-kevitra ary jereo ireo fihetsika tsy mifono fitiavan-tena izay nifampanaovan' izy ireo. Rehefa mifampivavaka izy ireo sy mifampanompo dia hihamalefaka ny fo ary hitodika any amin' izy samy izy sy any amin' ny ray amandreny.

Ny fomba fahaefatra hitarihana ny fianakaviana araky ny fomban' ny Tompo dia tonga rehefa ampiharina ny fitsipi-pifehezana. Afaka manatanteraka ny adidintsika amin' ny fanitsiana araky ny fomban' ny Tompo isika ary avy eo mitarika ireo zanatsika mankany amin' ny fiainana mandrakizay.

Ho tsaroanareo ireo teny, saingy mety mbola tsy hitanareo ny herin' ny mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka manomana ny fianakaviany hiaina ao anatin' ilay fiaraha-monina izay hiainany any amin' ny fanjakana celestialy. Tsaroanareo angamba ireto teny ireto. Be mpahafantatra izany:

“Tsy misy hery na fitaomana azo na tokony hotanana amin' ny alalan' ny fisoronana raha tsy amin' ny fandresen-dahatra, ny fahari-po, ny hatsaram-panahy sy ny hamoram-po ary ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy;

“Amin' ny halemem-panahy sy ny fahalalana madio izay mampivoatra fatratra tokoa ny fanahy, tsy misy fihatsarambelatsihy sy tsy misy fitaka—

“Manitsy eo no ho eo amin' ny fomba henjana rehefa entanin' ny Fanahy Masina; ary rehefa izany dia maneho fitiavana sesehena amin' ilay nitsinao, fandrao heveriny ho fahavalony ianao;

“Mba hahafantarany fa ny fahatokianao dia mahery kokoa noho ny famatoran' ny fahafatesana.”¹¹

Ary taty aoriana ilay fampanantenana dia lasa manan-danja lehibe ho antsika amin' ny maha-ray ato Ziona antsika: “Ny Fanahy Masina no ho namanao lalandava, ary ho tehim-piandrianan' ny fahamarinana sy ny marina ka tsy hiovaova ny

tehim-piandriananao; ary ny fanapahana dia ho fanapahana maharitra mandrakizay, ary tsy mitady fitaovalam-pamoretana no hikorianany mankany aminao mandrakizay mandrakizay.”¹²

Tena ambony izany fitsipika izany ho antsika, kanefa rehefa fehezintsika amim-pinoana ny fontsika sy ny avonavontsika, dia haneho ny fanekeny ny Fanahy Masina, ary ho azo antoka ireo fampanantenana sy fanekempihavanana masina.

Hahita fahombiazana ianareo amin’ ny alalan’ ny finoanareo fa namerina ireo fanalahidin’ ny fisoronana izay mbola eto anivontsika ny Tompo—miaraka amin’ ny fatorana azo antoky ny fitiavanareo ny vadinaréo, miaraka amin’ ny fanampian’ ny Tompo hampitodika ny fon’ ireo zanakareo amin’ izy samy izy ary amin’ ireo ray aman-dreniny, ary miaraka amin’ ilay fitiavana izay mitarika anareo hanitsy sy hamporisika amin’ ny fomba izay manasa ny Fanahy hatrany.

Fantattro fa i Jesoa no ilay Kristy sy ilay Mpamonjy antsika. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Filoha Thomas S. Monson, dia mihazona sy mampiasa ireo fanalahidy rehetran’ ny fisoronana eto an-tany amin’ izao fotoana izao. Tiako izy ary manohana azy aho. Tiako izy ary mivavaka ho azy aho. Amin’ ny anarana masin’ i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

1. Fotopampianaranana sy Fanekempihavanana 130:2.
2. Fotopampianaranana sy Fanekempihavanana 38:32–33.
3. Jereo ny Joseph Fielding Smith, *Sealing Power and Salvation*, Brigham Young University Speeches of the Year (Jan. 12, 1971).
4. Matio 16:19.
5. Joseph Fielding Smith, teny nindramin’ i Harold B. Lee, tao amin’ ny Conference Report, Ókt. 1944, 75.
6. Boyd K. Packer, “The Holy Temple,” *Liahona*, Ókt. 2010, 85.
7. *Teaching of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 11.
8. Melvin J. Ballard, nolazain’ i Harold B. Lee, tao amin’ ny Conference Report, Ókt. 1970, 111.
9. Joseph Fielding Smith, “Counsel to the Saints and to the World,” *Ensign*, Jolay 1972, 27.
10. Ezra Taft Benson, “Salvation—a Family Affair,” *Tambuli*, Nôv. 1992, 3, 4.
11. Fotopampianaranana sy Fanekempihavanana 121:41–44.
12. Fotopampianaranana sy Fanekempihavanana 121:46.

Manam-piniavana sy Mendrika ny Hanompo

Nataon' ny Filoha Thomas S. Monson

Mitranga na aiza na aiza ny fahagagana rehefa takatra tsara ny fisoronana, hajaina sy ampiasaina araky ny tokony ho izy ny heriny, ary ampiasaina ny finoana.

Ry rahalahiko malala, tsara ery izany mihaona aminareo indray izany. Isaky ny manatrika favoriamben' ny fisoronana maneran-tany aho dia misaintsaina ireo fampianarana avy tamin' ny sasany amin' ireo mpitarik' Andriamanitra manan-kaja izay efa nandaha-teny nandritra ny favoriamben' ny fisoronana maneran-tany an' ny Fiagonana. Maro no efa lasa namonjy ny valisoany mandrakizay, kanefa avy tamin' ireo fisainany mamiratra, avy tany amin' ny ati-panahiny manontolo ary avy tamin' ny fitiavana ao am-pony no nanoloran' izy ireo antsika torolalana nentanim-panahy. Hozaraiko aminareo anio hariva ny sasantsasany amin' ireo fampianarany mahakasika ny fisoronana.

Avy amin' ny Mpaminany Joseph Smith: "Ny fisoronana dia fitsipika mandrakizay ary efa nisy niaraka tamin' Andriamanitra hatrizay hatrizay, ary hisy mandrakizay, tsy misy fiandohan' andro na fiafaran-taona."¹

Avy amin' ny tenin' ny Filoha Wilford Woodruff no ianarantsika ny hoe: "Ny Fisoronana Masina no lalam-pifandraisana izay hifandraisan' Andriamanitra sy hifampiraharahany amin' ny olombelona eto an-tany; ary ireo iraky ny lanitra izay nitsidika ny tany mba hampita hafatra amin' ny olona dia lehilahy izay nihazona sy nanaja ny fisoronana fony niaina tety an-tany; ary ny zava-drehetra izay nomanin'

Andriamanitra mba ho tanterahana ho an' ny famonjena ny olombelona, hatramin' ny nahatongavan' ny olombelona teto antany hatramin' ny fanavotana an' izao tontolo izao, dia notanterahina sy ho tanterahana amin' ny herin' ny fisoronana mandrakizay."²

Nanazava bebe kokoa ny Filoha Joseph F. Smith hoe: "Ny fisoronana dia . . . ny herin' Andriamanitra ampandraiketiny ny olombelona izay ahafahan' ny olombelona manao asa eto an-tany ho an' ny fanavotana ny fianakavian' ny zanak' olombelona, amin' ny anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, ary hiasa ara-dalana; tsy mihevitra ho manana ho azy izany fahefana izany, na koa hoe mindrana izany avy tamin' ireo taranaka izay efa maty sy lasan-ko razana, fa kosa fahefana izay nomena amin' izao andro izay hiainantsika izao tamin' ny alalan' ny fampianaran' ireo anjely sy fanahy avy any ambony, *mivantana avy any anatrehan' Andriamanitra Tsitoha.*"³

Ary farany avy amin' ny Filoha John Taylor: "Inona no atao hoe fisoronana? . . . Izany no fomba fitantanan' Andriamanitra, na eto an-tany izany na any an-danitra, satria avy amin' izany fahefana, na fahafahana misafidy, na fitsipika izany no hitantanana ny zava-drehetra eto an-tany sy any an-danitra, ary amin' ny alalan' io fahefana io no hihazonana sy hanohanana ny zava-drehetra. Io no mitantana ny zava-drehetra—io no mitarika ny zava-drehetra—io no manohana ny zava-drehetra—ary misy ifandraisany amin' ny zava-drehetra izay misy idiran' Andriamanitra sy ny fahamarinana."⁴

Endrey izany fitahiana raisintsika amin' izao andro farany izao, izay hisian' ny fisoronan' Andriamanitra eto an-tany. Endrey ny tombontsoa manokana ananantsika noho ny fihazonana io fisoronana io. Tsy dia tena fanomezana loatra ny fisoronana fa andraikitra nomena mba hanompo, tombontsoa ahafahana hampitraka, ary fahafahana hitahy ny fiainan' ny hafa.

Miara-dalana amin' izany fahafaha-manao zavatra maro izany ny andraikitra sy adidy. Tiako sy ankafiziko ilay teny manan-kaja hoe *adidy* sy ny zava-drehetra mifandraika amin' izany.

Na tamin' ny anjara fanompoana iray na tamin' ny iray hafa, na tamin' ny toe-java-niseho iray na tamin' ny iray hafa dia

nanatrika fivorian' ny fisoronana aho nandritra ireo 72 taona lasa—hatramin' ny nanendrena ahy ho diakona tamin' ny faha-12 taonako. Tena mandeha tokoa ny fotoana. Manaraka ny fikorian' izany taona izany koa ny fiavosan' ireo adidy. Tsy mihamora na mihena ny adidy. Be ireo fifandirana nitranga sy nifarana, fa ilay ady atao ho an' ny fanahin' ny olombelona dia mitohy tsy misy fiafarana. Toy ny antso mifono fahendrena no ahatongavan' ny tenin' ny Tompo any aminao, aty amiko ary any amin' ireo mpihazona ny fisoronana na aiza na aiza, manao hoe:

“Ankehitriny, aoka ny olona tsirairay hianatra ny *andraikiny*, ary hiasa amin' ny zotom-po rehetra ao amin' ny anjara fanompoana izay anendrena azy.”⁵

Ilay antso hanoa adidy dia tonga tamin' i Adama, tamin' i Noà, tamin' i Abrahama, tamin' i Mosesy, tamin' i Samoela, tamin' i Davida. Tonga tamin' ny Mpaminany Joseph Smith sy ireo tsirairay izay nandimby azy koa izany. Tonga tamin' ilay zazalahy hoe Nefia koa ny antso mba hanoa adidy rehefa nomen' ny Tompo torolalana izy, tamin' ny alalan' i Lehia rainy, mba hiverina an' i Jerosalema hiaraka amin' ireo rahalahiny haka ireo takela-barahina teo an-tanan' i Labana. Nimonomonona ireo rahalahin' i Nefia, ary nilaza fa zavatra sarotra no angathina amin' izy ireo. Inona kosa no navalin' i Nefia? Hoy izy: “Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian' ny Tompo, satria fantatro fa tsy manome didy ho an' ny zanak' olombelona ny Tompo raha tsy efa nanomana lalana ho azy mba hahazoany manatontosa ny zavatra izay andidiany azy.”⁶

Rehefa ho tonga amiko sy aminao izany antso izany dia ahoana no handraisantsika izany? Himonomonona ve isika, tahaka ny nataon' i Lamana sy i Lemoela, ary hiteny hoe: “sarotra ny zavatra izay takia[na] amin[na]”?⁷ Sa ve isika hanao tahaka an' i Nefia ary afaka hiteny tsirairay hoe: “Handeha aho ary hanao”? Moa ve isika hanam-piniavana hanompo sy hankatò?

Indraindray ny fahendren' Andriamanitra dia toa miendrika ho hadalana na sarotra loatra fotsiny, kanefa dia iray amin' ireo lesona manan-danja sy lehibe indrindra azontsika ianarana eto amin' ity fiainana ity ny hoe rehefa miteny Andriamanitra ka mankatò ny olona iray, dia hanana ny marina hatrany izany olona izany.

Rehefa misaintsaina ilay teny hoe *adidy* aho sy ny fomba ahafahan' ny fanatanterahana ny adidintsika hampivoatra ny fainantsika sy ny fainan' ireo olon-kafa dia tsaroako ireo teny nosoratan' ny mpahaitononkalo sy mpanoratra malaza iray izay:

*Natory aho ka nanofy
Hoe fifaliana ny fainana
Nifoha aho ka nahita
Hoe toa adidy no iainana.
Dia nanao aho kanjo indro—
Hay fifaliana ny adidy.*⁸

Nolazain' i Robert Louis Stevenson tamin' ny fomba hafa koa izany. Hoy izy: "Fantatro ny atao hoe fahafinaretana, satria efa nanao asa tsara aho."⁹

Rehefa manao ny adidintsika isika sy mampiasa ny fisoronantsika dia hahita fifaliana marina. Hahatsapa ilay fahafaham-po avy amin' ny fahatontosana ny asantsika isika.

Efa nampianarina antsika ireo addidin' ny fisoronana manokana izay hazonintsika, na izany Fisoronana Aharôna na Fisoronana Melkizedeka. Mamporisika anareo aho hisaintsaina ireo adidy ireo ary avy eo hanao izay rehetra vitanareo hanatanterahana azy ireo. Mba hahafahana manao izany dia tsy maintsy mendrika ny tsirairay. Aoka isika banana tanana vonona, sy tanana madio ary hanam-piniavana mba hahafahantsika mandray anjara amin' ny fanomezana ny zavatra izay tian' ny Ray any an-danitra ho raisin' ny hafa avy Aminy. Raha tsy mendrika isika dia mety tsy banana ny herin' ny fisoronana; ary rehefa tsy manana izany isika dia tsy banana koa ny zavatra ilaintsika ho amin' ny fisandratana. Aoka isika ho mendrika ny hanompo.

Ny Filoha Harold B. Lee, iray amin' ireo mpampianatra lehibe teto am-piangonana dia niteny hoe: "Rehefa lasa mpihazona ny fisoronana ny olona iray dia lasa solontenan' ny Tompo nahazo lalana. Ny antsony dia tokony ho raisiny toy ny hoe eo am-panaovana ny raharahan' ny Tompo izy."¹⁰

Nandritra ny Ady Lehibe faha-II, tamin' ny tapany voalohan' ny taona 1944, dia nisy traikera nampiasana ny fisoronana nitranga nandritra ny fanafihana sy fambabooan' ireo vondro-

miaramila tantsambo Amerikana tany amin' ny nosikely Kwajalein, izay ampanahantsoa ireo Nosy Marshall any amin' ny Ranomasimbe Pasifika eo anelanelan' i Australie sy Hawaii. Ny zavatra nitranga teto dia notantarain' ny mpanao fanadihadiana an-gazety iray—izay tsy mpikamban' ny Fiangonana—izay niasa tao amin' ny orinasa fanaovan-gazety iray tao Hawaii. Tao amin' ny lahatsoratra an-gazety iray tamin' ny 1944 dia nanoratra izao izy taorian' ny nitrangan' ilay traikefa. Nanazava izy fa tao amin' ny vondrona faharoa tao aorian' ireo vondro-miaramila tantsambo izay tany amin' ny nosy Kwajalein izy sy ireo mpanao fanadihadiana hafa. Teo am-pirosoana dia tsikaritr' izy ireo nisy miaramila tantsambo iray nitsingevana miankohoka tao anaty rano, izay hita fa naratra mafy tokoa. Ny fanambanin' ny rano manodidina azy dia mena noho ny ra. Avy eo dia nahita miaramila tantsambo iray hafa izy ireo izay milomano manatona ilay namany naratra. Naratra ihany koa io miaramila tantsambo faharoa io, ary ny sandriny havia dia mikirazorazo tsy afanihetsika manaraka ny ilan' ny vatany. Natrakany ny lohan' ilay iray izay nitsingevana tanaty rano mba tsy hahasempotra azy. Niantsoantso vonjy tao anatin' ny fahamehana izy. Notazanin' ireo mpanao fanadihadiana indray ilay zazalahy navotany ary nihiaka izy ireo hoe: "Anaka, tsy misy azontsika ho atao ho an' io zazalahy io intsony."

"Avy eo," hoy ilay mpanao fanadihadiana nanoratra, "dia nahita zavatra izay mbola tsy fahitako hatramin' izay niainako aho. Ity zazalahy ity, izay naratra mafy ihany koa, dia niezaka namonjy ny morony niaraka tamin' ity vatana izay toa tsy miaina intsony izay an' ny tantsambo namany ity. Napetrany teo ambonin' ny lohaliny ny lohan' ilay namany. Tena nahavariana izany zava-nitranga izany—nahita azy roalahy izay naratra mafy efa mila ho faty—samys... zatovolahy izay miendrika ho madio ara-pitondrantena, na dia anatin' ny toe-javatra mampahory aza. Avy eo dia nanondrika ny lohany teo amin' ilay iray hafa ilay tovolahy iray sady niteny hoe: 'Mandidy anao aho, amin' ny anaran' i Jesoa Kristy sy amin' ny alalan' ny herin' ny fisoronana, mba tsy ho faty mandrapahafahako mahita fanampiana arapitsaboana.'" Tahak' izao no namaran' ilay mpanao fanadihadiana ny zavatra nosoratany: "Izahay telo, [izaho sy ireo

miaramila tantsambo roa], dia indro niaraka ato amin' ny hôpitaly. Tsy fantatr' ireo dokotera . . . [izay tsy nahafatesan' izy ireo], fa izaho kosa mahafantatra.”¹¹

Mitranga na aiza na aiza ny fahagagana rehefa takatra tsara ny fisoronana, hajaina sy ampiasaina araky ny tokony ho izy ny heriny, ary ampiasaina ny finoana. Rehefa manolo ny fisalasalana ny finoana, rehefa manolo ireo ezaka mifono fitiavan-tena ny asa fanompoana tsy hilana tambiny dia mahatanteraka ny tanjony ny herin' Andriamanitra.

Ilay antso hanoa adidy dia tonga amim-pahanginana rehefa manaiky ny handray ireo andraikitra isika izay mihazona ny fisoronana. Ny Filoha George Albert Smith, ilay mpitarika tsotra nefá nahomby, dia nilaza hoe: “Andraikitrao aloha ny mianatra ny zavatra tian’ ny Tompo ary avy eo, amin’ ny alalan’ ny hery sy ny tanjaky ny Fisoronany Masina, ny milofo amin’ ny antsonao eo anatrehan’ ireo namana amin’ ny fomba izay . . . hahatonga ny olona ho faly hanaraka ny ohatra ataonao.”¹²

Ny antso hanoa adidy toa izany—na dia antso somary bitika ihany aza kanefa nahafahana nanampy nanavotra fanahy iray—dia tonga tamiko tamin’ ny 1950 fony aho vao nantsoina ho eveka. Maro sy amin’ ny endrinny maro samihafa ireo andraikitro tamin’ ny haha-eveka ahy ary niezaka araka izay vitako aho hanao izay zava-drehetra notakiana tamiko. Tafiditra tamin’ ny ady iray hafa i Etazonia tamin’ izany. Koa satria maro tamin’ ireo mpikambana tato amintsika no nanompo ho miaramila tao amin’ ny tafika, dia nomen’ ny birao foiben’ ny Fiagonana andraikitra ireo eveka rehetra mba hanome ireo miaramila tsirairay ireo famandrihana tamin’ ny *Church News* sy ny *Improvement Era*, ireo gazetibokin’ ny Fiagonana tamin’ izany andro izany. Ho fanampin’ izany, dia nangatahina ny eveka tsirairay mba hanoratra taratasy manokana isam-bolana ho an’ ny miaramila tsirairay izay avy ao amin’ ny paroasiny. Nanana lehilahy 23 nanompo ho miaramila ny paroasinay. Ny kôlejin’ ny fisoronana dia nanao ezaka tamin’ ny fanampiana ny vola hanaovana ny famandrihana ireo gazetiboky ireo. Noraisiko ilay asa, eny ilay adidy, hanoratra taratasy miisa 23 isam-bolana. Tao aorian’ izay taona maro izay dia mbola manana ny tahadikan’ ny maro tamin’ ireo taratasy nosoratako ireo aho sy ny valiny izay voaraiko.

Mirotsaka ny ranomasoko rehefa mamerina mamaky ireo taratasy ireo aho. Fifaliana tokoa ny mamerina mijery indray ny fanoloran-tenan' ny miaramila iray hiaina ny filazantsara, na ny fanapahan-kevitry ny tantsambo iray hihazona ny finoany miaraka amin' ireo fianakaviany.

Indray hariva dia natolotro ny rahavavy iray tao amin' ny paroasy ireo amboaran-taratasy miisa 23 ho an' io volana io. Ny andraikiny dia ny mandefa ireo taratasy ireo ary mihazona ny lisitr' ireo adiresy izay niovaova foana. Nanopy maso tamin' ny valopy iray izy ary tamim-pitsikiana no nanontaniany ahy hoe: "Eveka a! tsy mety kivy mihitsy ve ianao? Misy taratasy ho an' ny Rahalahy Bryson indray ity. Ity no taratasy faha-17 nalefanao ho azy kanefa izy mbola tsy nandraisana valiny mihitsy."

Namaly aho hoe: "Angamba mety hamaly izy amin' ity volana ity." Tena *izay tokoa* no nitranga tamin' io volana io. Vao sambany tamin' izay no namaliany ny taratasiko. Tena fahatsiarovana mamy, zava-tsarobidy ny valin-taratasy avy taminy. Nanompo tany amin' ny toerana lavitra izy, nitokamorina, marina te-hody ary naniry. Nanoratra izy hoe: "Ry eveka malala, tsy dia tia manoratra taratasy aho." (Afaka nilaza *izany* taminy koa aho raha volana maromaro tany aloha.) Toy izao no tohin' ny taratasiny: "Misaotra noho ireo *Church News* sy ireo gazetiboky, fa ambonin' izany dia misaotra anao aho noho ireo taratasy nosoratanao ho ahy manokana. Nandray fanapahan-kevitra lehibe teo amin' ny fiainako aho. Notendrena ho mpisorona ao amin' ny Fisoronana Aharôna aho. Tretrika ny foko ary faly tokoa aho."

Tsy faly mihoatra noho izay tsapan' ny ekekany rahalahy Bryson. Nianarako tamin' izay ny fampiharana ilay fomba fiteny izay manao hoe: "Ataovy ny anjara[nao], izay no tsara indrindra. Ankino amin' ny Tompo ny ambiny."¹³

Taona maro taty aoriania, raha nanatrika ny Tsatòkan' i Cottonwood Salt Lake aho, izay nanompoan' i James E. Faust ho filoha, dia nizara izany tantara izany aho mba ho entina hamporisihana ny olona tsy hanadino ireo miaramilantsika izay manompo. Taorian' io favoriana io dia nisy lehilahy ranjanana iray nanatona ahy. Noraisiny ho ao an-tanany ny tanako sady niteny izy hoe: "Eveka Monson, tadinidao ve aho?"

Tadidiko tampoka hoe izy. "Rahalahy Bryson!" hoy aho nihika. "Manao ahoana ianao? Inona no ataonao ato ampiangonana?"

Tamin' ny valin-teny feno fifaliana no nilazany hoe: "Salama aho. Manompo ao amin' ny fiadidian' ny kôlejin' ny loholona aho. Mamerina ny fisaorako anao hatrany aho noho ny fiahianao ahy sy tamin' ireo taratasy nosoratanao ho ahy izay sarobidy tamiko tokoa."

Ry rahalahy, mila ny fanampianareo izao tontolo izao. Moa ve isika manao izay rehetra tokony ho ataontsika? Tsaroantsika ve ny tenin' ny Filoha John Taylor: "Raha tsy milofo amin' ny antsonareo ianareo dia ho raisin' Andriamanitra ho tompon' andraikitra ianareo mahakasika ireo olona izay mety ho voavonjinareo raha nanao ny andraikitareo ianareo."¹⁴ Maro ireo tongotra tokony hatanjahina, tanana ho sintonina, saina ho hamafisina, fo ho entanina ary fanahy tokony ho vonjena. Miandry anareo ireo fitahian' ny mandrakizay. Anareo ny andraikitra tsy ho mpitazana ka ho mpandray anjara eny amin' ny sehatra ho an' ny asa fanompoana ao amin' ny fisoronana. Aoka isika hanongilan-tsofina amin' ny fampahatsiahivana ao amin' ny Epistilin' i Jakoba: "Fa aoka ho mpankato ny teny hianareo, fa aza mpihaino fotsiny ihany ka mamitaka ny tenanareo."¹⁵

Aoka isika hianatra sy hisaintsaina ny adidintsika. Aoka isika hanam-piniavana sy ho mendrika ny hanompo. Aoka isika hanaraka ny dian-tongotry ny Tompo eo am-panatanterahantsika ny adidintsika. Rehefa mandia ny lalana nolalovan' i Jesoa izaho sy ianao dia hahita fa mihoatra an' ilay naha-zaza azy tao Betlehema izy, mihoatra noho ny maha-ilay zanaky ny mpandrafitra azy izy, ary mihoatra lavitra noho izaympampianatra efa niaina tety an-tany. Hanatona sy hahafantatra Azy amin' ny maha-Zanak' Andriamanitra Azy isika, amin' ny maha-Mpamonjy sy Mpanavotra Azy. Rehefa nomena Azy ny antso hanoa ny adidy dia hoy ny navaliny: "Ray ô, hatao anie ny sitraponao ary ho Anao ny voninahitra mandrakizay."¹⁶ Enga anie hanao toy izany isika tsirairay, izany no vavaka ataoko amin' ny anarany masina, dia ny anaran' i Jesoa Kristy Tompo, amena.

Fanamarihana

1. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 104.
2. *Teachings of Presidents of the Church: Wilford Woodruff* (2004), 38.
3. Joseph F. Smith, *Gospel Doctrine*, edisiona faha-5 (1939), 139–40; nampiana fanamafisana.
4. *Teachings of Presidents of the Church: John Taylor* (2001), 119.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:99; nampiana fanamafisana.
6. 1 Nefia 3:7; jereo ihany koa ny andininy 1–5.
7. Jereo ny 1 Nefia 3:5.
8. Rabindranath Tagore, in William Jay Jacobs, *Mother Teresa: Helping the Poor* (1991), 42.
9. Robert Louis Stevenson, in Elbert Hubbard II, comp., *The Note Book of Elbert Hubbard: Mottoes, Epigrams, Short Essays, Passages, Orphic Sayings and Preachments* (1927), 55.
10. *Stand Ye in Holy Places: Selected Sermons and Writings of President Harold B. Lee* (1976), 255.
11. Ao amin' ny Ernest Eberhard Jr., "Giving Our Young Men the Proper Priesthood Perspective," 19 Jolay 1971; 4–5, Church History Library.
12. George Albert Smith, in Conference Report, Apr. 1942, 14.
13. Henry Wadsworth Longfellow, "The Legend Beautiful," in *The Complete Poetical Works of Longfellow* (1893), 258.
14. *Teachings: John Taylor*, 164.
15. Jakoba 1:22.
16. Mosesy 4:2.

Izay Miantra no Hiantrana

Nataon' ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Fiadidiana Voalohany

*Rehefa feno ny fitiavan' Andriamanitra ny fontsika dia
lasa "mifaneho hatsaram-panahy sy malemy fo ary
mamela heloka" isika.*

Ry rahalahy sy anabavy malalako, vao tsy ela akory izay no nandray taratasy avy tamin' ny reny sahiran-tsaina iray aho izay niangavy ahy mba hanao lahateny mikasika ny lohahevitra iray izay hitondra tombontsoa manokana ho an' ny zanany roa mandritra ny fihaonamben' ny Fianganana. Tena tsy nifankahazo am-po izy ireo ary dia nijanona tsy nifampiresaka intsony. Tena vaky fo ilay renim-pianakaviana. Nanome antoka ahy izy tao amin' ilay taratasy fa ny hafatra mikasika izany lohahevitra izany mandritra ny fihaonamben' ny Fianganana dia hampiombona ny zanany, ary dia hihatsara ny zava-drehetra.

Ny fiangaviana tamin-kitsimpo nataon' ity rahavavy ity dia iray tamin' ireo bitsika maro izay voaraiko tao anatin' izay volana vitsivitsy lasa izay fa tokony hiresaka kely mikasika ny lohahevitra iray izay lasa olana lehibe aho anio—tsy ho an' ilay reny sahiran-tsaina fotsiny ihany fa ho an' ireo olona maro ato am-pianganana, ary ho an' izao tontolo izao mihitsy.

Talanjona amin' ny finoan' ity reny be fitiavana ity aho hoe afaka manampy hanasitrana ny fifandraisana misy eo amin' ireo zanany ny lahateny iray ao amin' ny fihaonamben' ny Fianganana. Mino aho fa tsy ny fahaizan' ireo mpandahateny loatra no ananany fahatokisana fa ny "herin' ny tenin' Andriamanitra," izay misy "fiantraikany mahery kokoa amin' ny sain' ny olona noho ny . . . zavatra hafa."¹ Ranabavy malala, mivavaka aho mba hokasihan' ny Fanahy ny fon' ireo zanakao.

Rehefa Miharatsy Tanteraka ny Fifandraisana

Efa nisy hatrany am-piandohan' ny fisian' ny olombelona ny fifandraisana saroatra dia saroatra sy rava. I Kaina fahiny no voalohany namela ny fahatsapana fankahalana sy faharatsian-toetra hanimba ny fony. Nataony izay namboleny tao anaty fanahiny ny fialonana sy fankahalana ary navelany hitombo ireo fahatsapana ireo mpandrapahavitany zavatra iray izay tsy takatry ny saina—dia ny famonoana ny rahalahiny ary rehefa izany dia lasa rain' ny lainga avy amin' i Satana teto an-tany.²

Hatramin' ireo fiandohana fahiny ireo, ilay toe-tsaina feno fialonana sy fankahalana dia niteraka ny sasany amin' ireo tantara mampivarahontsana indrindra niseho teto an-tany. Nahatonga an' i Saoly hankahala an' i Davida izany, nahatonga ireo zanakalahin' i Jakoba tsy ho tia an' i Josefa rahalahiny, nahatonga an' i Lamana sy Lemoela hiady amin' i Nefia ary nahatonga an' i Amalikià hifanandrina amin' i Môrônia.

Ataoko angamba fa ny olona tsirairay eto an-tany dia efa niharan-javatra tamin' ny fomba samihafa avy tamin' ilay toe-tsaina tia fifandirana, feno lolom-po ary mifono valifaty. Ary mety misy mihitsy aza fotoana ahatsapantsika ny fisian' izany toetra izany ato anatintsika. Rehefa maratra ny fontsika, na tezitra isika na mialona isika dia mora ny mitsara ny olon-kafa, ary manendrikendrika isika matetika hoe mikononkonona zavatra ratsy izy ireo mba hanomezantsika rariny an' ilay lolompo ao anatintsika.

Ny Fotopampianarana

Fantatsika mazava ho azy fa tsy mety izany. Mazava ny fotopampianarana. Samy miankin-doha amin' ny Mpamonyjy isika rehetra. Tsy misy ho voavonjy raha tsy amin' ny Alalany. Tsy manam-petra sy mandrakizay ny Sorompanavotan' i Kristy. Misy fepetra anefa ny famelana ireo otan *tsika*. Tsy maintsy mibebaka isika ary tsy maintsy mamela ny hafa koa. Nampianatra i Jesoa hoe: “[Mi]famelà ianareo; fa izay tsy mamela ny fahadisoan[a] . . . dia meloka eo anoloan' ny Tompo; fa mitoetra ao aminy ny fahotana lehibe kokoa”³ ary “Sambatra ny miantra; fa izy no hiantrana.”⁴

Mazava ho azy fa toa tena mitombina tokoa ireo teny ireo—rehefa ampiharina amin' ny olon-kafa. Afaka mahita mazava tsara sy mora tokoa an' ilay voka-dratsy mitranga isika rehefa mitsara sy manana lolompo *ny olon-kafa*. Ary azo antoka fa tsy ho tiantsika ny hitsaran' ny olona antsika.

Fa raha ny tenantsika kosa no mitsaratsara an-tendrony sy feno lolom-po dia haintsika ery matetika ny manamarina ny hatezerantsika ho toy ny zavatra ara-drariny ary ny fitsaratsarantsika ho toy ny mari-pototra sy mety. Na dia tsy mahita ny ao am-pon' ny olon-kafa aza isika dia sahy mitso-tena fa mahafantatra ny fisian' ny fihetsika ratsy na olon-dratsy iray mihitsy aza raha vao mahita olona na fihetsika ratsy. Tsy toy izany kosa anefa no ataontsika rehefa isika no mahatsapa fankahalana satria isika dia mahatsapa, raha mikasika antsika manokana fa manana ny fampahalalana rehetra ilaina mba hanebatebahana olon-kafa.

Tao amin' ny taratasy nosoratany ho an' ireo Romana dia nilaza ny Apôstôly Paoly fa ireo izay mitsara ny hafa dia "tsy manan-kalahatra." Nanazava izy fa raha vao mitsara olon-kafa isika dia manameloka ny tenantsika koa isika, satria samy manota ny rehetra.⁵ Ny tsy famelana heloka dia fahotana lehibe—iray amin' ireo fampitandremana nataon' ny Mpamonyj izany. Ny mpianatr' i Jesoa dia "nitady hirika hifampiampangana ka tsy nifamela tao am-pony; ary noho izany faharatsiana izany, dia nijaly izy ireo ary nofaizina mafy tokoa."⁶

Niresaka mazava tsara momba izany lohahevitra izany ny Mpamonyj ka tsy misy fomba ahafahana mandika vilana izany. "Izaho Tompo dia hamela izay tiako havela heloka," saingy hoy Izy avy eo hoe: "... fa *takiana* aminareo kosa ny hamela ny olon-d *rehetra*."⁷

Afaka manampy fanazavana fanampiny kely ve aho? Rehefa mitaky ny hamelantsika ny olon-drehetra ny Tompo, dia tafiditra ao anatin' izany koa ny famelana ny tenantsika. Indraindray, ao anatin' ireo olona rehetra eto amin' izao tontolo izao, ilay olona iray izay tena sarotra ny mamela azy, ary angamba koa ilay olona iray izay tena mila indrindra ny famelantsika azy—dia ny tenantsika.

Ny Fitsipika Fototra

Azo ampianarina amin' ny alalan' ny toriteny ahitana teny roa monja ny lohahevitra mikasika ny fitsaratsarana ny hafa. Raha mikasika ny fankahalana, fifosafosana, tsy firaharahiana, fanalana baraka, fananana lolom-po na faniriana handratra fo no resahaha—dia ampiharo izao manaraka izao:

Ajanony izany!

Tena tsotra be ilay izy. Mila manajanona ny fitsaratsarantsika ny hafa fotsiny isika ary manolo izany eritreritra sy fahatsapana te-hitsaratsara izany amin' ny fo feno fitiavana an' Andriamanitra sy ny fitiavana ny zanany rehetra. Raitsika Andriamanitra. Zanany isika. Mpirahalahy sy mpirahavavy isika rehetra. Tsy haiko loatra ny fomba tena hilazako ny hoe *aza mitsaratsara ny hafa* amin' ny fomba tena mazava sy amim-pirehetampo ary amim-pandresen-dahatra mba hahatsiarovanareo izany foana. Afaka mitanisa soratra masina aho, afaka miezaka ny mamebelatrala fotopampianarana ary hilaza soratra mampita hafatra hitako vao haingana teo amin' ny taratasy mandraikitena tao aorian' ny fiara iray mihitsy *aza aho*. Nipetaka tao aorian' ny fiara iray izany ary nimotomotra be ihany ilay mpamily azy, kanefa ireo teny hita teo amin' ilay taratasy mandraikitena dia nampianatra lesona manan-danja. Hoy izany hoe: "Aza mitsara ahy ianao satria manota tahaka anao aho fa amin' ny fomba hafa fotsiny."

Tokony hanaiky isika fa tsy lavorary isika rehetra—mpangataka avokoa isika eo anatrehan' Andriamanitra. Moa ve isika rehetra, tsy efa nisy fotoana, mba nangataka tamimpantren-tena ny famindrampony sy niangavy ny fahasoavany? Moa ve isika rehetra tsy efa naniry tamin' ny herin' ny fanahintsika manontolo hahazo famindrampo—mba ho voavela amin' ireo hadisoana izay nataontsika sy ireo fahotana vitantsika?

Satria miankina amin' ny famindrampon' Andriamanitra isika rehetra dia ahoana no ahafahantsika mandà ny tsy hanome ny hafa ilay ampanan' ny famindrampo izay katsahintsika mafy ho an' ny tenantsika? Ry Rahalahy sy rahavavy malalako, moa tsy tokony hamela ve isika raha te-ho voavela?

Ny Fitiavan' Andriamanitra

Moa sarotra atao ve izany?

Eny, mazava ho azy.

Tsy mora ny mamela ny tenantsika sy ny olon-kafa. Raha ny marina, ho an' ny ankamaroantsika dia mitaky fiovana mahery vaika eo amin' ny toetrantsika sy ny fomba fisainana izany—eny mitaky fiovam-po mihitsy aza. Kanefa ity misy vaovao tsara. Natao mba hitondra izany “fiovana mahery vaika”⁸ ao am-po izany mihitsy ny filazantsaran' i Jesoa Kristy eo amin' ny fainantsika.

Ahoana no anaovana izany? Amin' ny alalan' ny fitiavan' Andriamanitra.

Rehefa heniky ny fitiavan' Andriamanitra ny fontsika dia hisy zavatra tsara sy madio hitranga amintsika. “[Mitandrina] ny didiny [isika], sady tsy mampijaly ny didiny. “Fa izay rehetra naterak' Andriamanitra dia maharesy izao tontolo izao.”⁹

Rehefa avelantsika bebe kokoa hifehy ny saintsika sy ny fihetseham-pontsika ny fitiavan' Andriamanitra—dia avelantsika bebe kokoa hitombo ao am-pontsika ny fitiavan' ny Raïntsika any an-danitra—dia ho moramora kokoa ny hitiavana ny hafa amin' ny fitiavana madion' i Kristy. Rehefa manokatra ny fontsika mba hidiran' ilay fitiavan' Andriamanitra izay mipozaka vao maraina iny isika dia hanjavona ilay haizina sy hatsiakan' ny fankahalana sy fialonana.

Araky ny mahazatra dia i Kristy no ohatra tonga lafatra tokony ho arahintsika. Natorony antsika tao anatin' ny fampianarany sy teo amin' ny fainany ny lalana. Izy dia namela ny ratsy fanahy, ny olona manana fisainana mirefarefa amin' ny tany ary ireo izay nikatsaka ny handratra sy hamono Azy.

Nilaza i Jesoa fa mora ny mitia ireo izay tia antsika, ka na dia ny ratsy fanahy aza dia afaka manao *izany* koa. Kanefa nampianatra lalàna ambonimbony kokoa i Jesoa Kristy. Nanakoako nandritra ny taonjato maro ary mbola manan-kery hatramin' izao andro izao ny teniny. Natao ho an' ireo rehetra izay maniry ny ho tonga mpianany izany. Natao ho anao sy ho ahy izany: “Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an' izay manenjika anareo.”¹⁰

Rehefa heniky ny fitiavan' Andriamanitra ny fontsika dia ho "samy halemy fanahy amin' ny namany avy [isika], ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan' Andriamanitra ny helo[tsika]—ao amin' i Kristy."¹¹

Afaka manaisotra ireo elakelaky ny lolom-po sy ny fahatezerana hiala eo amin' ny masontsika ny fitiavana madion' i Kristy, mba hahafahantsika mahita ny hafa amin' ny fomba fahitan' ny Raintsika any an-danitra azy: fa isika rehetra dia olona mety maty manam-pahalemena sy tsy lavorary izay manana hery anaty sy manana ny maha izy azy izay mihoatra lavitra an' izay azon' ny saintsika eritreretina. Mila mifankatia sy mifamela koa isika satria tia antsika loatra Andriamanitra.

Ny Lalan' ny Maha-Mpianatra

Ry rahalahy sy rahavavy malalako, raiso ho toy ny famakafakana ny momba ny tenanareo ireto fanontaniana manaraka ireto:

Moa manana lolom-po amin' ny hafa ve ianao?

Moa ve ianao mifosafosa, na dia mety ho marina aza ny teneninao?

Moa ve ianao manilika na manalavitra na manafay ny hafa noho ny zavatra nataon' izy ireo?

Moa ve ianao mialona any anaty olona iray hafa?

Moa ve ianao manana faniriana hanao ratsy amin' ny olona iray?

Raha toa ka nataonao eny ny valin' ireo fanontaniana ireo dia mety tokony hampihatra ilay toriteny ahitana teny roa voalaza teny aloha ianao hoe: Ajanony izany!

Mora tokoa ny manangom-bato sy mitora-bato eto amin' ity izao tontolo izao ity izay ahitana fifanendrikendrehana sy hasomparana. Kanefa alohan' ny hanaovantsika izany dia aoka isika hahatsiaro ireo teny avy amin' ilay Iray izay Tompontsika sy ohatra arahintsika: "Izay tsy nanota aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany."¹²

Rahalahy sy rahavavy,

Aoka isika ho tsara fanahy.

Aoka isika hamela heloka.

Aoka isika hifampiresaka amim-pitiavana.

Aoka hameno ny fontsika ny fitiavan' Andriamanitra.

"Aoka isika hanao soa amin' ny olona rehetra."¹³

Nampantanena ny Mpamonjy hoe: "Omeo, dia mba homena hianareo; fatra tsara sady ahintsana no afatratra, . . . Fa izay fatra [ampiasainareo] no hamarana ho anareo kosa."¹⁴

Moa ve izany fampanantenana izany tsy ampy ho antsika mba hifantohana amin' ny ezaka ataontsika hanehoana fihetsika feno hatsaram-panahy, sy famelana heloka ary fiantrana, toy izay fihetsika ratsy?

Andeha isika ho mpanara-dia an' i Jesoa Kristy, haneho hatsaram-panahy manoloana ireo ratsy fanahy amintsika.¹⁵ Andeha isika tsy hamaly faty na hamela ny hatezerana hanenika ny fontsika.

"Fa voasoratra hoe: Ahy ny famaliana; Izaho no hamaly, hoy Jehovah.

"Fa raha noana ny fahavalonao, omeo hanina izy; raha mangetaheta izy, omeo hosotroiny. . . .

"Aza mety ho resin' ny ratsy hianao, fa reseo amin' ny soa ny ratsy."¹⁶

Tsarovy: amin' ny farany dia ny miantra [ihany]; . . . no hiantrana.¹⁷

Amin' ny maha-mpikamban' Ny Fianganan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany antsika, na aiza na aiza misy antsika dia aoka isika ho fantatra amin' ny maha olona "mifankatia"¹⁸ antsika.

Mifankatiava

Ry Rahalahy sy rahavavy, efa be loatra ireo alahelo sy fahoriana eto amin' ity fiainana ity raha mbola ho ampiantsika didoha, sy fankahalana ary lolompo avy amintsika indray.

Tsy lavorary isika.

Tsy lavorary toa izany koa ireo manodidina antsika.¹⁹ Manao zavatra izay mahasorena sy mahadiso fanantenana ary mahatezitra ny olona. Ho toy izany foana no hitranga eto amin' ity fiainana an-tany ity.

Na izany aza anefa dia tokony ho esorintsika izay lolompo ao anatintsika. Anisan' ny ao anatin' ny tanjon' ny fiainana eto an-tany ny hanesorana ny zavatra toy izany. *Izany no fomban' ny Tompo.*

Tsarovy fa ny lanitra dia feno olona tahak' izao: Voavela izy ireo. Ary namela heloka koa.

Apetraho eo amin' ny Mpamony ny enta-mavesatrao. Aza mitsara. Avelao hanova sy hanasitrana ny fonao ny Sorompanavotan' i Kristy. Mifankatiava. Mifamelà heloka.

Ireo miantra no hiantrana.

Izany no ijoroako ho vavolombelona amin' ny anaran' ilay Iray izay tena tia tokoa ka nanolotra ny ainy ho antsika, Izay namany—amin' ny anarana masin' i Jesoa ilay Kristy; amena.

Fanamarihana

- | | |
|---|--|
| 1. Almà 31:5. | 10. Matio 5:44; jereo koa ny andininy 45–47. |
| 2. Jereo ny Mosesy 5:16–32. | 11. Efesiana 4:32. |
| 3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:9. | 12. Jaona 8:7. |
| 4. Matio 5:7. | 13. Galatiana 6:10. |
| 5. Jereo ny Romana 2:1. | 14. Lioka 6:38. |
| 6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:8. | 15. Jereo ny Matio 5:39–41. |
| 7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:10; nampiana fanamasiana. | 16. Romana 12:19–21. |
| 8. Môsià 5:2. | 17. Jereo ny Matio 5:7. |
| 9. 1 Jaona 5:3–4. | 18. Jaona 13:35. |
| | 19. Jereo ny Romana 3:23. |

Isaorana Andriamanitra

Nataon' ny Loholona Russell M. Nelson

Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo

Tena ho tsara kokoa ny zava-miseho raha toa ny olon-drehetra ka tonga saina amin' ilay hery sy fitiavan' Andriamanitra ary maneho izany fankasitrahana izany ho Azy.

Ry rahalahy sy rahavavy malala, misaotra anareo izahay amin' ny fanohaninanareo sy ny fanoloran-tenanareo. Maneho ny fankasitrahany sy ny fitiavanay anareo tsirairay avy izahay.

Vao haingana izaho sy Rahavavy Nelson no nankafy ny hatsaran' ny trondro avy amin' ny faritry ny zanapehintany tao anatin' ny vatandrano kely iompiana trondro izay an' olona manokana. Nilomano haingana sy nivezivezy mandroso sy miverina ireo trondro maro loko ary amin' ny habeny sy endrinysamihafa. Nanontany ilay mpikarakara nijoro tsy lavitra teo aho hoe: "Iza no manome sakafo an' ireto trondro mahafinaritra ireto?"

"Izaho" hoy izy.

Dia nanontany aho avy eo hoe: "Efa mba nisaotra anao ve izy ireo?"

"Tsia!" hoy izy.

Nieritreritra an' ireo olona sasantsasany fantattro aho izay toa tsy mahatsiaro ny Mpahary azy sy ilay tena "mofon' aina"¹ ho azy ireo. Miaina isan' andro isan' andro izy ireo, ary tsy manana eritreritra momba an' Andriamanitra sy amin' ny hatsaram-panahiny amin' izy ireo.

Tena ho tsara kokoa ny zava-miseho raha toa ny olon-drehetra ka tonga saina amin' ilay hery sy fitiavan' Andriamanitra ary maneho izany fankasitrahana izany ho Azy. Nampianatra i Amôna hoe: "Aoka isika hanolotra fisaorana ho

an' [Andriamanitra], fa Izy dia mampihatra fahamarinana mandrakizay."² Ny halehiben' ny fanehoantsika fankasitrahana no handrefesana ny fitiavantsika Azy.

Andriamanitra no rain' ny fanahintsika.³ Manana vatana nofo sy taolana feno voninahitra sy lavorary Izy.⁴ Niara-niaina Taminy tany an-danitra isika talohan' ny nahaterahantsika.⁵ Ary rehefa nohariany ara-batana isika dia nohariana araka ny endrik' Andriamanitra, ary samy nanana vatana ny tsirairay avy.⁶

Eritrereto ny zavatra mamelona ny vatantsika. Tena fanomezana avy any an-danitra mihitsy izany. Ny filana rivotra, sakafo, ary rano dia tonga daholo teo amintsika toy ny fanomezana avy amin' ny Ray any an-danitra be fitiavana. Nohariana ny tany mba hanohanana ny diantsika fohy eto amin' ny fiainana an-tany.⁷ Isika dia nateraka niaraka tamin' ny fananana fahafahana hitombo, hitia, hanambady ary hanorina fianakaviana.

Tendrin' Andriamanitra ny fanambadiana sy ny fianakaviana. Ny fianakaviana no rafitra manan-danja indrindra eto an-tany ary mandrakizay. Ao amin' ny drafitra lehiben' ny fahasambaran' Andriamanitra dia azo fehezina any amin' ny tempoly sy hiomana hiverina hiara-hipetraka eo anatrehany mandrakizay ny fianakaviana. Izany no atao hoe fiainana mandrakizay! Manatanteraka ilay faniriana lalin' ny zanak' olombelona izany—dia ny faniriana ara-boajanahary mba hiaraka foana amin' ireo olon-tiana ao amin' ny fianakaviana.

Tafiditra ao anatin' ny tanjony masina isika: "Izao no asako sy voninahitro," Hoy izy, dia "ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain' ny olona."⁸ Mba hahatratrarana izany tanjona izany dia "toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zananilahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay."⁹ Izany fihetsika izany dia fanehoana amin' ny fomba masina ny fitiavana an' Andriamanitra. "Fa tsy naniraka ny Zanaka ho amin' izao tontolo izao [Izy] hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao."¹⁰

Ivon' ny drafitra mandrakizain' Andriamanitra ny asa nanirahana ny Zananilahy, Jesoa Kristy.¹¹ Tonga Izy mba hanavotra ny zanak' Andriamanitra.¹² Noho ny Sorompanavotan'

ny Tompo dia tena misy ny fitsanganana amin' ny maty (na tsy fahafatesana).¹³ Noho ny Sorompanavotana dia manana fahafahana hahazo ny fainana mandrakizay ny rehetra izay ho mendrika izany. Nanazava i Jesoa hoe:

“Izaho no fananganana ny maty sy fainana; izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray:

“Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay.”¹⁴

Noho ny Sorompanavotan’ ny Tompo sy ny fanomezany ny fitsanganana amin’ ny maty—sy noho ity hafatra tena ambony mikasika ny Paska ity—dia isaorana Andriamanitra!

Ireo Fanomezana Ara-batana

Tia ny zanany ny Raintsika any an-danitra.¹⁵ Nomeny fanomezana ara-batana sy ara-panahy ny tsirairay. Andeha ho resahiko ny karazany tsirairay. Rehefa mihira ny “Zanaky ny Ray aho” ianareo, dia ataovy ao an-tsaina ny fanomezana natolony anareo izay ny vatanareo manokana. Ireo toetra maro miavaka ananan’ ny vatanareo dia maneho ny “toetoetra araka an’ Andriamanitra”¹⁶ anananareo.

Paompy mampitolagaga iray ny fonareo.¹⁷ Manana vava-fantsona kely malefaka efatra izany izay mandrindra ny fikorianan’ ny ra. Ireo vava-fantsona ireo dia misokatra sy mihidy in-dray hetsy mahery ao anatin’ ny andro iray—in’ enina amby telopolo tapitrisa isan-taona. Kanefa raha tsy hoe ovain’ ny aretina mihatra aminy, izy ireo dia afaka mahazaka izany fiasana mafy izany ao anatin’ ny fotoana izay saika tsy voafetra.

Eritrereto ny rafi-piarovan’ ny vatana. Mba hiarovana izany amin’ ny aretina dia mahatsapa mialoha ny fanaintainana izany. Rehefa trattran’ ny otrikaretina izy dia mamorona hery fiarovana amin’ izany. Manome fiarovana ny hoditra. Miaro amin’ ny faharatrana mety ateraky ny hafanana na hatsiaka be loatra izany.

Manavao ho azy ireo sela tsy miasa intsony ny vatana ary mandamina ny fatran' ireo singa manan-danja ilainy. Manasitrana ho azy ireo faritra voadidy sy mangana ary taolana tapaka ny vatana. Ny fahafahany miteraka dia fanomezana masina iray hafa avy amin' Andriamanitra.

Tokony ho tsaroantsika fa tsy mitaky vatana tonga lafatra ny fanatratrarana ny tanjona masin' ny tsirairay. Raha ny marina, ireo fanahy tena tsara sasantsasany dia mitoetra ao amin' ny vatana malemy na tsy tomombana. Matetika ireo olona manana fahasembanana ara-batana no manana tanjaka lehibe ara-panahy, satria efa tena miatrika fanamby lehibe izy ireo.

Ireo izay mandalina ny fiasan' ny vatan' olombelona dia azo antoka fa "efa nahita an' Andriamanitra mihetsika ao amin' ny fahandrianany sy ny heriny."¹⁸ Satria tantaran' ny lalàn' Andriamanitra ny vatana, noho izany izay fahasitranana rehetra mitranga dia avy amin' ny fankatoavana ny lalàna izay ifotoran' izany fitahiana izany.¹⁹

Misy tokoa ireo olona izay manana fihevitra diso hoe ireo toetra mahavariana ananan' ny vatana ireo dia kisendrasendra na vokatry ny fipoahan-javatra lehibe iray fahagola tany ho any. Anontonio ny tenananao hoe: "Moa mety hahavitana rakibolana iray ve ny fipoahan' ny toeram-panontana boky iray?" Tsy ho izany *mihitsy* no hanampoizana ny zavatra hitranga. Fa raha toy izany kosa anefa ny fisehony dia tsy ho afaka velively hamerina amin' ny laoniny izay pejiny rovidrovittra izany na hanatonta boky vaovao hafa indray!

Raha mitohy tsy misy fiafarana ny fahafahan' ny vatana miasa araky ny tokony ho izy, miaro, manasitrana, mandamina ary mamorona dia ho mandrakizay ny fiainana ety. Eny, hihitsoka ety ambonin' ny tany isika! Soa ihany fa nampisy ny fahaterana sy ireo lamina hafa izay hiafara amin' ny fahafatesan' ny vatana ny Mpahary antsika. Ny fahafatesana, tahaka ny fahaterahana dia lafin-javatra iray ao anatin' ny fiainana. Mampianatra ny soratra masina fa "tsy nilaina ny hamonjena ny olona tamin' izany fahafatesan' ny vatana izany, satria ho nandrava ny drafitra lehiben' ny fahasambarana izany."²⁰ Ny fiverenana any amin' Andriamanitra amin' ny alalan' ny vavahadin' ny fahafatesana dia fifaliana ho an' ireo izay tia Azy sy niomana hihaona Aminy.²¹

Amin' ny farany dia ho avy tokoa ny fotoana izay
 "[hanakambanana] indray ao amin' ny endriny tomombana ny fanahy sy ny vatana; ny rantsambatana sy ny vanintaolana dia samy haverina amin' ny tena endriny,"²² ary tsy hosarahana intsony. Noho ireo fanomezana ara-batana ireo dia isaorana Andriamanitra!

Ireo Fanomezana Ara-panahy

Noho ny maha manan-danja ny vatana dia ampiasaina ho taberinakelin' ny fanahy mandrakizain' ny olona izany. Efa nisy hatrany amin' ny fiainana talohan' ny nahaterahana ny fanahintsika²³ ary hitohy hiaina aorian' ny fahafatesan' ny vatana.²⁴ Mampihetsika sy manome ny toetra maha-izy ny olona iray ny fanahy.²⁵ Eto amin' ity fiainana ity sy amin' ny fiainana ho avy, rehefa mitambatra ny fanahy sy ny vatana, dia lasa olombelona iray tena manan-kasina.

Satria zava-dehibe ny fanahin' ny olona iray dia misy vokany mandrakizay ny fivoarany. Mihamatanjaka izany rehefa mifandray ao anatin' ny vavaka feno fanetren-tena amin' ny Rauntsika any an-danitra be fitiavana.²⁶

Ireo toetra izay hitsarana antsika indray andro any dia ara-panahy daholo.²⁷ Izany dia ahitana ny fitiavana, fahatsaran-toetra, fahamarinan-toetra, famindrampo ary fanompoana ny hafa.²⁸ Rehefa mikambana sy mitoetra ao amin' ny vatanareo ny fanahinareo dia ho afaka ny hitombo sy haneho ireo toetra ireo amin' ny fomba izay tena manan-danja tokoa eo amin' ny fivoaranareo mandrakizay.²⁹ Ny fivoarana ara-panahy dia tratra amin' ny alalan' ny dingan' ny finoana, fibebahana, batisa sy fanomezana ny Fanahy Masina, ary faharetana hatramin' ny farany, ka ao anatin' izany ny ôrdônansin' ny fanafiana masina sy famehezana any amin' ny tempoly masina.³⁰

Tahaka ny filan' ny vatana sakafo isan' andro mba hahavelomany dia ilaina vokisana koa ny fanahy. Vokisana amin' ny fahamarinana mandrakizay ny fanahy. Tamin' ny taona lasa isika dia nankalaza ny faha-400 taonan' ny dikan-tenin' ny Baiboly Masina natao teo ambanay fitarihan' ny Mpanjaka James. Ary efa ho nanana ny Bokin' i Môrmôna nandritra ny 200 taona latsaka koa isika izao. Ilay boky iray manontolo na ny ampahanynofantenana avy ao amin' ny boky dia nadika amin' ny fiteny

miisa 107 izao ankehitriny. Noho ireo soratra masina sarobidy ireo sy ny hafa dia fantatsika fa Andriamanitra no Raintsika Mandrakizay ary ny Zananilahy, Jesoa Kristy, no Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Noho ireo fanomezana ara-panahy ireo dia isaorana Andriamanitra!

Ireo Fanomezana avy amin' ny Filazantsara

Fantatsika fa ireo mpaminany nandritra ny fotoampitananana maro toa an' i Adama, Noà, Mosesy, ary Abrahama dia samy nampianatra ny maha-Andriamanitra ny Raintsika any an-danitra sy an' i Jesoa Kristy, rehefa niseho tamin' ny Mpaminany Joseph Smith tamin' ny 1820 Izy ireo. Naorina ny Fiagonana tamin' ny 1830. Ankehitriny, 182 taona aty aoriania dia mbola eo ambanin' ny fanekempihavanana ny hitondra ny filazantsara ho amin' ny "firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra"³¹ isika. Rehefa manao izany isika dia handray fitahiana na ny mpanome na ny mpandray.

Ny andraikitsika dia ny mampianatra ny zanany sy manaitra azy ireo mba hahatsiaro an' Andriamanitra. Taloha ela be dia niteny ny Mpanjaka Benjamin hoe:

"Minoa an' Andriamanitra; minoa fa misy Izy, ary Izy no nahary ny zava-drehetra, na any an-danitra na ety an-tany; minoa fa Izy dia manana ny fahendrena rehetra sy ny fahefana rehetra, na any an-danitra na ety an-tany; . . .

" . . . Minoa fa ianareo dia tsy maintsy mibebaka amin' ny fahotanareo ary mandoa izany sy manetry ny tenanareo eo anoloan' Andriamanitra; ary mangataka amin-kitsim-po mba hamelany anareo; ary ankehitriny, raha mino izany zavatra rehetra izany ianareo dia ezaho izay anaovanareo izany."³²

Andriamanitra dia tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay, fa isika kosa dia miova. Ny fanamby atrehantsika isan' andro dia ny manao izay ahazoana ny herin' ny Sorompanavotana mba hahafahantsika tena miova, ho tonga bebe kokoa tahaka an' i Kristy, ary ho mendrika ny fanomezan' ny fisandravana sy hiaina mandrakizay hiaraka amin' Andriamanitra, sy i Jesoa Kristy ary ny fianakaviantsika.³³ Noho ireo hery, sy tombontsoa ary fanomezana avy amin' ny filazantsara ireo dia isaorana Andriamanitra!

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Izy, i Jesoa no ilay Kristy, ary ity no Fiagonany, izay naverina amin' izao andro farany izao mba hanatanterahana ny tanjony masina. Tarihin' ny Filoha Thomas S. Monson isika ankehitriny, izay tiantsika sy tohanantsika amin' ny fontsika manontolo, tahaka ny hanohanantsika ireo mpanolotsainy sy ireo Apôstôly Roambinifololahy ho mpaminany, mpahita ary mpanambara ihany koa. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

1. Jaona 6:35, 48; jereo koa ny andininy 51.
2. Almà 26:8; jereo koa ny Almà 7:23.
3. Jereo ny Asan' ny Apôstôly 17:27–29.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:22.
5. Jereo ny Mosesy 6:51; Romana 8:16; Hebreo 12:9; Jeremia 1:4–5.
6. Jereo ny Genesisy 2:7; 1 Korintiana 15:44; Mosesy 3:7.
7. Jereo ny 1 Nefia 17:36.
8. Mosesy 1:39.
9. Jaona 3:16.
10. Jaona 3:17.
11. Ireo tanjony dia voafintina fohifohy ao amin' ny 3 Nefia 27:13–22.
12. Jereo ny Almà 11:40.
13. Jereo ny 2 Nefia 9:6–7, 20–22.
14. Jaona 11:25–26.
15. Jereo ny 1 Nefia 17:40; 1 Jaona 4:10.
16. 2 Petera 1:4.
17. Mampiditra sy mamoaka 7.570 litatra isan' andro ny fo.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:47.
19. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:21. Tena marina tsy azo ihodivirana izany lalàn' Andriamanitra izany.
20. Almà 42:8.
21. Naneho ny fomba fijeriny mikasika Ny Andriamanitra ireo mpahay Salamo: "Zava-dehibe eo imason' i Jehovah ny fahafatesan' ny olony masina" (Salamo 116:15); jereo koa ny Mpitoriteny 12:7.
22. Almà 11:43; jereo koa ny Mpitoriteny 12:7; Almà 40:23; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:17.
23. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:38.
24. Jereo ny Almà 40:11; Abraham 3:18.
25. Ny fanahin' ny olona dia araka ny bika aman' endrik' izany olona izany (Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 77:2).
26. Jereo ny 3 Nefia 14:9–11.
27. Ny fanahy, fa tsy ny vatana akory, no ampahany miasa sy tompon' andraikitra ao amin' ny olombelona. Fa maty ny tena, raha tsy misy fanahy (jereo ny Jakoba 2:26). Ny fanahy, noho izany no misafidy ny tsara na ny ratsy ary ho raisina ho tompon' andraikitra amin' ireo toetra tsara sy ratsy izay ananany amin' ny fitsarana farany (jereo ny Almà 41:3–7).
28. Ny toetra ara-panahy dia ahitana "finoana, ny fahatsaran-toetra, ny fahalalana, ny fahononam-po, ny faharetana, ny fifankatiavan' ny mpiralahaly, ny toetra araka an' Andriamanitra, ny fiantrana, ny fanetren-tena ary ny zotom-po" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:6).
29. Jereo ny 2 Nefia 2:11–16, 21–26; Môrônîa 10:33–34.

30. Ity no fotopampianaran’ i Kristy (jereo ny 2 Nefia 31:11–21).
31. Môsià 15:28; jereo koa ny 1 Nefia 19:17; 2 Nefia 26:13; Môsià 3:20; 15:28; 16:1; Almà 37:4; Fotopampiananarana sy Fanekempihavanana 1:18–23; 77:11; 133:37.
32. Môsià 4:9–10.
33. “Ny fiainana mandrakizay . . . no fanomezana lehibe indrindra avy amin’ Andriamanitra” (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7).

Lesona Miavaka

Nataon' ny Loholona Ronald A. Rasband

Ao amin' ny Fiadidian' ny Fitopololahy

Ny fanantenako sy ny vavaka ataoko dia mba hanohizantsika hizaka amim-boninahitra ny entamavesatsika ary hanolorantsika fanampiana ireo manodidina antsika izay mijaly.

Nandritra izay 20 volana lasa izay dia voatahy manokana ny fianakavianay noho ny fanananay zazakely miavaka iray.

I Paxton kely, zafikelinay lahy, dia manana aretina tsy fahita firy hatrany ambohoka vokatry ny fahabangana eo amin' ny chromosome iray, izay aretina "génétique" izay nampiavaka azy tokoa ara-bakiteny satria iray ao anatin' ny an-jaton' ny tapitrisa ny fitrangan' izany. Ho an' ny zanako vavy sy ny vadiny, hatramin' ny nahaterahan' i Paxton dia nanomboka teo ny dia iray tsy nampoizina sady nanova tanteraka ny fiainana. Izany toe-javatra niainana izany dia lasa fitsapana sarotra izay nianarana lesona miavaka maro misy ifandraisany amin' ny mandrakizay.

Ny Loholona Russell M. Nelson Malala izay vao niresaka tamintsika teo dia nampianatra hoe:

"Noho ny antony izay tsy fantatra dia misy olona sasantsasany manana olana ara-batana hatramin' ny fahaterahana. Mety tsy ho tomombana ny ampahany sasany amin' ny vatana. Mety tsy mirindra tsara ny fiasan' ny rafitra sasany ao amin' ny vatana. Ary samy iharan' ny aretina sy fahafatesana ny vatantsika rehetra. Na izany aza anefa dia fanomezana tsy voavidim-bola ny vatana. . . .

"Tsy mitaky vatana tonga lafatra ny fanatratrarana ny anjara hitovy amin' Andriamanitra. Raha ny marina, ny sasantsasany

amin' ireo fanahy tsara indrindra dia mitoetra ao amin' ny vatana malemy na tsy tomombana. . . .

"Ho avy tokoa ny fotoana izay '[hanakambanana] indray ao amin' ny endriny tomombana ny fanahy sy ny vatana; ny rantsambatana sy ny vanintaolana dia samy haverina amin' ny tena endriny,' (Alma 11:43). Ary noho ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy dia ho tanteraka ao Aminy isika."¹

Ho anareo rehetra izay miatrika fanamby, olana, fahadisoampantanenana na alahelo noho ny mahazo ireo olon-tiana, dia tsarovy fantaro izao: tia an' ireo olona iharan' ny fanaintainana amin' ny fitiavana tsy manam-petra sy fangorahana mandrakizay Andriamanitra Raitsika any an-danitra, ary tia anareo ihany koa!

Mety hanontany tena ireo izay iharan' izany fanaintainana izany hoe: nahoana no mamela izao zavatra izao hitranga Andriamanitra Tsitoha? Ary hanaraka ho azy avy eo ilay fanontaniana tsy maintsy hapetraka manao hoe: nahoana no mitranga amiko izao? Nahoana isika no tsy maintsy miaina aretina sy zava-mitranga izay mankarary na mahafaty mialoha ireo olona sarobidy ao amin' ny fianakaviana na mamela azy ireo hijalijaly mandritra ny taona maro? Nahoana no misy alahelo toy izany?

Mandritra izany fotoana izany dia afaka mitodika amin' ilay drafitra lehiben' ny fahasambarana nataon' ny Raitsika any an-danitra isika. Izany drafitra izany, rehefa nampahfantarina antsika nandritra ny fainana talohan' ny fainana an-tany, dia nanosika antsika rehetra hihobim-pifaliana.² Raha lazaina amin' ny fomba tsotra dia fotoana fiofanana ho amin' ny fisandratana mandrakizay ity fainana ity, ary izany dingana izany dia midika hoe fitsapana sy fisedrana izany. Efa toy izany hatrany izany ary tsy misy olona afa-miala amin' izany.

Ny fametrahama-pitokisana amin' Andriamanitra dia zava-dehibe eo amin' ny fainantsika eto an-tany. Mandray ny herin' ny Sorompanavotan' i Kristy isika rehefa manana finoana Aminy mandritra ireo fotoana mampisy fanontaniana maro sy mahakely ny valiny ireo.

Taorian' ny Fitsangananany tamin' ny maty, rehefa nitsidika an' i Amerika ny Mpamony antsika, Jesoa Kristy, dia nandroso ity fanasana ity ho an' ny olon-drehetra:

"Moa va ianareo manana ireo izay marary eo anivonareo? Ento aty ireo. Moa va ianareo manana ireo izay malemy, na jamba, na mandringa, na kilemaina, na boka, na izay maina, na izay marenina, na izay ory na manao ahoana na manao ahoana izany? Ento aty izy dia hositraniko, fa manana fangorahana anareo Aho; ny kiboko dia feno famindram-po. . . .

"Ary ny zava-nitranga, rehefa avy niteny toy izany Izy, dia niara-nientana ny valalabemandry iray manontolo, nandroso niaraka tamin' ny mararinny sy ny oriny ary ny maleminy, ary niaraka tamin' ny jambany, ary niaraka tamin' ny mareniny sy tamin' ireo izay nijaly na manao ahoana na manao ahoana izany; ary nositraniny ny tsirairay avy taminy arakaraka ny nitondrana azy teo anoloany."³

Misy tanjaka lehibe azo avy amin' ilay teny hoe: "ny valalabemandry iray manontolo . . . dia nandroso"—*iray manontolo, ry rahalahy sy rahavavy. Miatrika fanamby isika rehetra.* Ary ilay andian-teny hoe: "izay nijaly na manao ahoana na manao ahoana izany." Moa tsy milaza momba antsika rehetra va izany?

Fotoana fohy taorian' ny nahaterahan' i Paxton kely dia fantatray fa hitahy anay sy hampianatra anay lesona miavaka ny Ray any an-danitra. Rehefa nametraka ny tananay teo ambonin' ny lohany kely ny rainy sy ny tenako mba handraisany ny voalohany amin' ireo tsodranon' ny fisoronana maro dia tonga tao an-tsaiko ireo teny ao amin' ny toko faha-9 ao amin' ny bokin' i Jaona dia: "ny hanehoana ny asan' Andriamanitra eo aminy."⁴

Tena naseho tamin' ny alalan' i Paxton tokoa ny asan' Andriamanitra.

Mianatra faharetana, sy finoana ary fankasitrahaha izahay amin' ny alalan' ny hery mampitonin' ny asa fanompoana, amin' ny alalan' ireo ora tsy manam-petra niainana fiontanam-po mahery vaika, ny ranomasom-pangorahana, ary ireo vavaka sy fanehoam-pitiavana ho an' ireo olon-tiana mila fikarakarana manokana, indrindra ho an' i Paxton sy ny ray aman-dreniny.

Nilaza ny Filoha James E. Faust, izay filohan' ny tsatòkako fony aho zatovolahikely hoe: "Izaho dia mankasitraka ireo ray aman-dreny be fitiavana izay mizaka mafy sy mandresy ny tebitebiny sy ny alahelony noho ny zanaka iray izay teraka niaraka tamin' ny fananana olana lehibe ara-tsaina na fahasembana ara-batana. Izany tebiteby izany matetika dia mitohy isan' andro isan' andro, mandritra ny androm-piainan' ireo ray aman-dreny na ilay zaza mihitsy. Matetika aza ireo ray aman-dreny dia tsy maintsy manome fikarakarana goavana izay tsy misy fiafarana mihitsy, na andro na amin' ny alina. Maro ireo reny no mifofotra mafy ara-batana sy ara-pihetsehampo mandritra ny taona maro, manamaivana ny fanaintainana izay mihatra eo amin' ilay zanany mila fanampiana manokana."⁵

Araky namaritan' i Môsià azy dia nanatri-maso ny fitiavana madion' ny Mpamonjy izay natolotra ho an' ny fianakavian' i Paxton izahay, fitiavana izay natao ho an' ny olon-drehetra: "Ary ankehitriny ny zava-nitrange dia nohamainana ny entamavesatra izay nampitondraina an' i Alma sy ny rahalahiny; eny, nampahatanjaka azy ny Tompo mba hahafahany mitondra mora foana ny enta-mavesany, ary izy dia nanaiky tamim-pifaliana sy tamim-paharetana ny sitrapon' ny Tompo rehetra."⁶

Indray alina tamin' ny voalohandohan' ny nahaterahan' i Paxton, raha tao amin' ny sampan-draharaha fameloman' aina ny zaza vao teraka iny izahay tao amin' ilay Foibe mahafinaritra Fitsaboana ireo Zaza Madinika tao Salt Lake City, Utah, dia variana izahay tamin' ireo fanoloran-tena sy fikarakarana tsy an- kijanona natolotr' ireo mpitsabo, mpanampy mpitsabo ary mpikarakara. Nanontany ny zanako vavy aho hoe ahoana no ahafahantsika mandoa ny vola saran' izao ary dia nanombantombana ny saran' izany aho. Nilaza ny dokotera iray nijoro teo akaikaiky teo fa "ambany loatra" ny tombantombana nataoko ary ny fitsaboana an' i Paxton kely raha ny marina dia mihoatra noho ny tombantombako. Teo no nahafantarany fa ny ankamaroan' ireo sarany naloa tao amin' io hôpitaly io dia efa voaloa avy amin' ireo fanomezana fotoana sy vola tamimpahalahana nataon' ny hafa. Nampanetry tena ahy ny teny nolazainy teo am-pisaintsainako ny hasarobidin' ity fanahy kely ity ho an' ireo izay miahy azy fatratra.

Nahatsiaro ilay soratra masina mahazatra ireo misiônera aho izay lasa nisy dikany vaovao tamiko: "Tadidio fa lehibe ny hasarobidin' ny olona eo imason' Andriamanitra."⁷

Nitomany aho teo am-pisaintsainana ny fitiavana tsy manam-petran' ny Raïntsika any an-danitra sy ny Zanakalahiny, Jesoa Kristy, ho antsika tsirairay avy, teo am-pianarana tamin' ny fomba mahery vaika ny hasarobidin' ny fanahy, ara-batana sy ara-panahy, eo imason' Andriamanitra.

Nahafantatra ny fianakavian' i Paxton fa voahodidin' ny anjely mpanompo avy any an-danitra sy teto an-tany tsy tambo isaina izy ireo. Ao ny sasany izay tonga moramora rehefa ilaina ary nandeha tsy an-kiteniteny. Ao ireo hafa izay manatitra sakafo eo am-baravarana, manasa ny lamba, maka ireo mpiray tampo avy any am-pianarana, miantso mba hankahery ary indrindra nivavaka ho an' i Paxton. Teo dia lesona iray hafa miavaka koa no nianarana: Raha sendra olona izay lasan' ny rano ianao, moa ve ianao hanontany raha mila fanampiana izy—sa tsara kokoa raha tonga dia hitsoraka anaty rano ianao ary hanavotra azy ireo ao anatin' izany rano lalina be izany? Na dia avy amin' ny fo sy atao matetika aza ilay filazana hoe: "Lazao raha misy azoko hanampiana" dia tsy fanampiana mihitsy.

Manohy mianatra ny lanjan' ny fieritreretana sy fahalianana mikasika ny fiainan' ireo manodidina antsika isika, ka tsy mianatra ny lanjan' ny fanampiana fotsiny fa ny fifaliana lehibe tsapa azo avy amin' ny fanampiana ny hafa koa.

8

Na dia miatrika fitsapana, fizahan-toetra, fahasembanana, alahelo, ary karazam-pijaliana hafa aza isika dia eo hatrany ilay

Mpamonjy antsika izay miahysy be fitiavana. Nampanantena Izyhoe:

“Tsy hamela anareo ho kamboty Aho; hankaty aminareo Aho. . . .

“Ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen’ izao tontolo izao no fanomeko anareo. [Aza malahelo ny fonareo, aza matahotra].”⁹

Tena feno fankasitrahana ny Raintsika any an-danitra izahay amin’ ilay Paxton mahatalanjona anay. Nampiseho ny asany tamin’ ny alalany tokoa ny Tompo ary manohy mampianatra anay lesona manan-danja, sy masina ary miavaka.

Tiako ny hamarana ny teniko amin’ ny tonon’ ity fihirana iray izay tena tiako ity:

Mirotsaka amin’ ity ady ity ny rehetra;

Faly isika! Faly tokoa!

Ry tafika, misy satro-boninahitra miandry antsika any;

*Handresy isika ary hanao izany.*¹⁰

Ry rahalahy sy rahavavy, ny fanantenako sy ny vavaka ataoko dia ny mba hanohizantsika hizaka amim-boninahitra ny enta-mavesatsika ary hanolorantsika fanampiana an’ ireo manodidina antsika izay mijaly sy mila fikarakarana sy fankaherezana. Enga anie isika hisaotra an’ Andriamanitra amin’ ireo fitahiany sy hanavao ny fanoloran-tenantsika amin’ ny Raintsika any an-danitra, mba hanompo amim-panetren-tena ireo zanany. Amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

1. Russell M. Nelson, “We Are Children of God,” *Liahona*, Jan. 1999, 103.
2. Jereo ny Joba 38:7.
3. 3 Nefia 17:7, 9.
4. Jaona 9:3.
5. James E. Faust, “The Works of God,” *Ensign*, Nov. 1984, 54.
6. Mosià 24:15.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10.
8. Thomas S. Monson, “Our Brothers’ Keepers,” *Ensign*, Jiona 1998, 39.
9. Jaona 14:18, 27.
10. “Nous voici tous enrôlés,” *Cantiques*, no. 161.

Ny Fahitan' ireo Mpaminany mikasika ny Fikambanana Ifanampiana: Finoana, Fianakaviana, Fanampiana

Nataon' i Julie B. Beck

Filohan' ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany Vao Nisaorana

Finoana, fianakaviana, ary fanampiana—ireo teny tsotra telo ireo dia lasa maneho ny fahitan' ireo mpaminany mikasika an' ireo rahavavy ao amin' ny Fiagonana.

Tao anatin' izay taona vitsivitsy lasa izay dia natosiky ny Fanahy hiresaka matetika momba ny Fikambanana Ifanampiana aho—ireo tanjony, ireo toetra mampiavaka azy¹, ny lanjan' ny tantarany,² ny asany, ny fiarahany miasa amin' ireo eveka sy ireo kôlejin' ny Fisoronana Melkizedeka.³ Toa zava-dehibe ankehitriny ny hifantohana kely amin' ny fahitan' ireo mpaminany ny Fikambanana Ifanampiana.⁴

Toy ny nampianaran' ireo mpaminanin' ny Tompo an' ireo loholona sy ireo mpisorona avo mikasika ny tanjony sy ny adidys dia nizara ny fahitan' izy ireo mikasika ny Fikambanana Ifanampiana izy ireo. Raha jerena ny torohevitra nomen' izy ireo dia mazava fa ny tanjon' ny Fikambanana Ifanampiana dia ny hampitombo ny finoana sy ny fahamarinan-toetran' ny tena manokana, hanamafy orina ny fianakaviana sy ny tokantrano ary hitady sy hanampy an' ireo izay mila fanampiana. *Finoana, fianakaviana, ary fanampiana—ireo teny tsotra telo ireo dia lasa*

maneho ny fahitan' ireo mpaminany mikasika an' ireo rahavavy ao amin' ny Fiangonana.

Nanomboka tamin' ny Famerenana tamin' ny laoniny, dia nozarain' ireo mpaminany ny fahitan' izy ireo vehivavy matanjaka sy mahatoky ary manana tanjona, izay mahatakatra ny lanjany sy ny tanjony mandrakizay. Rehefa nanorina ny Fikambanana Ifanampiana ny Mpaminany Joseph Smith, dia nomeny torolalana ny filohan' izany voalohany mba "hiahy ilay fikambanana amin' ny alalan' ny fikarakarana ny mahantra—hikarakara izay ilainy, ary hisahana ireo raharaha isan-karazany ao anatin' ilay fikambanana."⁵ Ilay fikambanana dia nalainy sary an-tsaina ho toy ny "fikambanana miavaka izay manalavitra ny faharatsiana rehetran' izao tontolo izao."⁶

I Brigham Young, izay Filohan' ny Fiangonana faharoa dia nanome torolalana ny mpanolotsainy sy ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo mba hitarika ireo eveka "hamela [ireo rahavavy] hanorina Fikambanana Ifanampiana ho an' ny Vehivavy any amin' ny paroasy maro." Nanampy izy hoe: "Mety hisy hieritrerira hoe zavatra tsy manan-danja izany saingy tsy izany velively."⁷

Taty aoriana dia nilaza ny Filoha Joseph F. Smith fa ny Fikambanana Ifanampiana izay "avy amin' Andriamanitra sy nahazo alalana avy amin' Andriamanitra ary naorin' Andriamanitra sy tendrin' Andriamanitra"⁸ dia mifanohitra amin' ny fikambanan' izao tontolo izao izay "naorin' ny lehilahy na naorin' ny vehivavy." Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nilaza tamin' ireo rahavavy fa izy ireo dia "nomena hery sy fahefana hanao zavatra lehibe maro."⁹ Hoy izy hoe: "Ianareo dia mpikambana ao amin' ny fikambanam-behivavy lehibe indrindra eto amin' izao tontolo izao. Izany fikambanana izany dia ampanhan-javatra tena lehibe ao anatin' ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany ary naorina sy nampiasaina amin' ny fomba iray mba hanampiana ireo mpikambana mahatoky hahazo ny fiainana mandrakizay any amin' ny fanjakan' ny Raintsika."¹⁰

Hery Mitarika izay Mivelatra

Isan-taona dia rahavavy sy zatovovavy an' arivony no lasa tafiditra ao anatin' izany "fiaraha-monin' ny vehivavy" izay tsy mitsahatra mitombo izany.¹¹ Aorian' izany dia na aiza na aiza

ipetrahan' ny rahavavy iray ary na aiza na aiza toerana hanompoany dia mitoetra ho mpikambana sy mandray anjara foana ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana izy.¹² Noho ny tanjona manan-danjan' ny Fikambanana Ifanampiana dia naneho ny faniriany mba hanombohan' ireo zatovovavy ny fiomanany hiditra ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana mialoha lavitra ny hahafeno azy ireo 18 taona ny Fiadidiana Voalohany.¹³

Ny Fikambanana Ifanampiana dia tsy fandaharan' asa iray. Ampahany ôfisialy iray ao anatin' ny Fiagonan' ny Tompo izany, izay "notendren' Andriamanitra" mba hampianatra sy hanentana ny fanahin' ireo rahavavy hanatanteraka ny tanjony mikasika ny finoana sy ny fianakaviana ary ny fanampiana. Ny Fikambanana Ifanampiana dia fomba fainana ho an' ny vehivavy Olomasin' ny Andro Farany ary ny hery mitarika ao anatin' dia mihoatra lavitra ny fotoam-pianarana Alahady na ny fiaraha-mientana. Izany dia manaraka ny lamin' ireo mpianatra vehivavy izay nanompo an' i Jesoa Kristy Tompo sy ny Apôstôliny tao anatin' ny Fiagonany Fahiny.¹⁴ Nampianarina isika fa "adidin' ny vehivavy iray ny mampiditra ao anatin' ny fainany ireo soatoavina izay voizina ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana toy ny maha adidy ho an' ny lehilahy ny mampiditra ao anatin' ny fainany ireo karazan-toetra izay voizina ao anatin' ny fisoronana."¹⁵

Rehefa nanorina ny Fikambanana Ifanampiana ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra an' ireo rahavavy izy fa izy ireo dia natao "hanampy ny mahantre" sy "hamonjy fanahy."¹⁶ Ao anatin' ilay andraikitr' izy ireo "hamonjy fanahy," dia nomena alalana ireo rahavavy mba hanorina vondrona iray lehibe misy hery mitarika ary handray anjara ao anatin' izany. Ny filohan' ny Fikambanana Ifanampiana voalohany dia natokana mba hamelabelatra ny soratra masina ary ny Fikambanana Ifanampiana dia mbola mitazona andraikitra manan-danja eo amin' ny fampianarana ao amin' ny Fiagonan' ny Tompo. Rehefa nolazain' i Joseph Smith ireo rahavavy fa ny Fikambanana Ifanampiana dia hanomana azy ireo hahazo "ireo tombontsoa sy fitahiana ary fanomezana avy amin' ny fisoronana,"¹⁷ dia nisokatra ho azy ireo ny asa famonjen' ny Tompo. Ny famonjena fanahy dia ahitana ny fizara ny filazantsara sy ny fandraisana

anjara amin' ny asa fitoriana. Izany dia ahitana ny firotsahana amin' ny asa atao any amin' ny tempoly sy ny asa mikasika ny tantaran' ny fianakaviana. Izany dia ahitana ny fanaovana izay zavatra rehetra azo atao mba hizakan-tena ara-panahy sy aranofo.

Ny Loholona John A. Widtsoe dia nanambara fa ny Fikambanana Ifanampiana dia "manamaivana ny fahantrana, manamaivana ny aretina, manamaivana ny ahiahy ary manamaivana ny tsy fahalalana—manamaivana an' ireo zavatra rehetra izay manakantsakana ny fifalian' ny vehivavy sy ny fivoarany. Tena asa mahafinaritra izany!"¹⁸

Ny Filoha Boyd K. Packer dia nampitaha ny Fikambanana Ifanampiana amin' ny "rindrina miaro iray."¹⁹ Ilay andraikitra mba hiaro ireo rahavavy sy ny fianakaviany dia mampitombo ny lanjan' ny fikarakarana sy ny fanompoana ao anatin' ny famangiana isan-tokantrano ary izany dia fampisehoana ny fahavononantsika hahatsiaro ireo fanekempihavanana izay nataontsika tamin' ny Tompo. Amin' ny maha—"mpikarakara ny sahirana sy ny marofy" antsika dia miara-miasa tsara amin' ny eveka isika mba hikarakarana ireo zavatra ara-nofo sy arapanahy ilain' ireo Olomasina.²⁰

Hoy ny Filoha Spencer W. Kimball hoe: "Maro ireo rahavavy no misaringo-borodamba— misaringo-borodamba ara-panahy. Tokony hanana akanjo lava tsara tarehy izy ireo, akanjo lava arapanahy. . . . Tombontsoa ho antsika ny mandeha any amin' ireo tokantrano, dia manolo an' ireo vorodamba amin' ny akanjo lava."²¹ Nizara ity fomba fahitan-javatra ity ny Filoha Harold B. Lee. Hoy izy hoe: "Tsy hitanareo ve ny antony nanomezan' ny Tompo andraikitra ny Fikambanana Ifanampiana mba hamangy an' ireo tokantrano ireo? Satria ankoatry ny Mpamony dia tsy misy afa-tsy izy ireo ato amin' ny Fianganana izay manana hatsaram-panahy mahasarika bebe kokoa sy manana fahatakarana an-tsaina an' izay miseho ao am-po sy izay miseho eo amin' ny fiainan' ireo olona tsirairay ireo."²²

Ny Filoha Joseph F. Smith dia nampitandrina an' ireo rahavavy ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana sy ireo mpitarika azy ireo rehefa nilaza fa izy dia tsy te "hahita mihitsy fotoana hoe ireo ao anatin' ny Fikambanana Ifanampiantsika dia

hanara-drenirano na hifangaroharo amin' ny hafa na tsy hanana ny maha izy azy amin' ny alalan' ny fifangarongaroana amin' ireo . . . fikambanana naorim-behivavy." Izy dia nanantena an' ireo rahavavy "mba hitarika an' izao tontolo izao ary . . . indrindra indrindra ireo vehivavin' izao tontolo izao any amin' izay zavatra rehetra izay mendrim-piderana, izay zavatra rehetra mifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra, izay zavatra rehetra manome hery sy manadio ny zanak' olombelona."²³ Ny toroheviny dia manamafy ilay adidy miompana amin' ny fanesorana ao anatin' ny Fikambanana Ifanampiana ireo fombandrazana, lohahevitra sy fanarahana ny fankafizana zava-baovaon' izao tontolo izao sy ny zavatra ironan' ny fiaraha-monina ary mampiditra ireo fomba fanao izay mifanaraka amin' ny tanjon' ny Fikambanana Ifanampiana.

Ireo mpitarika izay mikatsaka fanambarana dia manome antoka fa ny fivoriana rehetra, ny lesona rehetra, ny fampianarana rehetra, ny fiaraha-mientana rehetra ary ny ezaka rehetra ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana dia manatanteraka ireo tanjona nanorenana an' izany. Ilay fifaneraserana sy finamanana ary firaisan-kina iriantsika dia ho vokatra tsara avy amin' ny fiarahantsika manompo amin' ny Tompo ao anatin' ny asany.

Manatontosa ny Fahitan' ireo Mpaminany

Ny Filoha Thomas S. Monson sy ireo mpanolotsainy, vao haingana, dia nijoro ho vavolombelona "fa ny Tompo dia namerina tamin' ny laoniny ny fahafenoan' ny filazantsara tamin' ny alalan' ny Mpaminany Joseph Smith ary ny Fikambanana Ifanampiana dia ampanhan-javatra manan-danja ao anatin' izany famerenana amin' ny laoniny izany." Ho porofon' ny fanirian' izy ireo mba hiarovana ilay "lova lehiben' ny" Fikambanana Ifanampiana dia vao haingana ny Fiadidiana Voalohany no namoaka sy nampiely nanerana an' izao tontolo izao ny boky *Filles dans mon Royaume: L' histoire et l' oeuvre de la Société de Secours*. Ao anatin' ireo pejin' ireo boky ireo isika dia afaka mahita ireo lamina sy ohatra mikasika ny fiaraha-miasan' ny rahavavy sy rahalahy ao anatin' ny fianakaviana sy ny Fiagonana, ary afaka mianatra ireo fitsipika momba ny hoe iza moa isika, inona no inoantsika ary inona no tokony harovantsika.

Namporisihan' ny Fiadidiana Voalohany isika mba handalina izany boky manan-danja izany ary "hamela an' ireo fahamarinana tsy manam-petra sy ohatra manentana ny fanahy ao anatin' mba hitarika ny fiainan[tsika]."²⁴

Rehefa mifanaraka kokoa amin' ireo tanjon' ny Fikambanana Ifanampiana ny toetran' ireo rahavavy, dia ho tanteraka ny fahitan' ireo mpaminany. Hoy ny Filoha Kimball hoe: "Misy hery ao anatin' ity rafitry ny [Fikambanana Ifanampiana] ity izay tsy mbola nampiasaina tanteraka mba hanamafisan' orina ny tokantranon' i Ziona sy hanorenana ny Fanjakan' Andriamanitra—ary tsy ho ampiasaina tanteraka izany raha tsy efa samy mahatakatra ny hery ananan' ny Fikambanana Ifanampiana ireo rahavavy sy ny fisoronana."²⁵ Naminany izy fa "ny ankamaroan' ny firoboroboana lehibe izay hitranga ao amin' ny Fiagonana amin' ny andro farany dia hitranga satria ho maro dia maro amin' ireo vehivavy tsara eto amin' izao tontolo izao (izay ahitana toetra tsara ara-panahy foana any anatin') no ho voasarika ho mpikamban' ny Fiagonana. Izany dia hitranga ary ho tonga hatrany amin' ny hoe ireo vehivavin' ny Fiagonana . . . dia hita fa miavaka sy samy hafa—amin' ny vehivavin' izao tontolo izao—amin' ny fomba mahafaly."²⁶

Feno fankasitrahaha noho ny fahitan' ireo mpaminany mikasika ny Fikambanana Ifanampiana aho. Izaho toa ny Filoha Gordon B. Hinckley, "dia resy lahatra fa tsy misy fikambanana hafa na aiza na aiza izay mitovy amin' ity Fikambanana Ifanampian' ny Fiagonana ity."²⁷ Andraikitsika ankehitriny ny mampifanaraka ny toetrantsika amin' ny fahitan' ireo mpaminany mikasika ny Fikambanana Ifanampiana rehefa mikatsaka ny hampitombo ny finoana sy hanamafy orina ny fianakaviana ary hanome fanampiana isika.

Faranako amin' ny tenin' ny Filoha Lorenzo Snow izany izay manao hoe: "Feno fampanantenana ny hoavin' ny Fikambanana [Ifanampiana]. Rehefa mitombo ny Fiagonana dia hivelatra torak' izany koa ny filana azy ary hitondra soa bebe kokoa aza izany noho ny teo aloha."²⁸ Hoy izy tamin' ireo rahavavy izay manampy amin' ny fampandrosoana ny fanjakan' Andriamanitra hoe: "Satria nandray anjara tamin' ity asa ity ianareo dia azo antoka fa hahazo anjara amin' ny fahombiazan' ity asa ity ianareo

sy hahazo anjara amin' ny fisandratana sy ny voninahitra izay homen' ny Tompo an' ireo zanany mahatoky.”²⁹ Izany fahitana izany koa no ijoroako ho vavolombelona amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

1. Jereo ny Julie B. Beck, “Fulfilling the Purpose of Relief Society,” *Liahona*, Nôv. 2008, 108–11.
2. Jereo ny Julie B. Beck, BYU Women’s Conference address (Apr. 29, 2011), http://ce.byu.edu/cw/womensconference/archive/2011/pdf/JulieB_openingS.pdf; Julie B. Beck, “What I Hope My Granddaughters (and Grandsons) Will Understand about Relief Society,” *Liahona*, Nôv. 2011, 109–13; Julie B. Beck, “Relief Society: A Sacred Work,” *Liahona*, Nov. 2009, 110–14.
3. Jereo ny Julie B. Beck, “Why We Are Organized into Quorums and Relief Societies” (lahateny natao nandritra ny fivoriam-bavaka tao amin’ ny Brigham Young University, 17 Jan 2012), speeches.byu.edu.
4. Ity hafatra dia tsy fizarana amin’ ny antsipiriany ireo fanambarana nataon’ ny mpaminany momba ny Fikambanana Ifanampiana. Sombiny fotsiny amin’ ireo fahitany sy ny torolalany izany. Ny *Filles dans mon Royaume: L’ histoire et l’ oeuvre de la Société de Secours*, ireo tatitra mikasika ny fihaonambe, ary ireo boky hafan’ ny Fianganana dia ahitana fampianarana maro mikasika io lohahevitra io.
5. Joseph Smith, ao amin’ ny *Filles dans mon Royaume: L’ histoire et l’ oeuvre de la Société de Secours* (2011), 13.
6. Joseph Smith, ao amin’ ny *Filles dans mon Royaume*, 15.
7. Brigham Young, ao amin’ ny *Filles dans mon Royaume*, 41.
8. Joseph F. Smith, ao amin’ ny *Filles dans mon Royaume*, 65–66.
9. Joseph Fielding Smith, ao amin’ ny *Filles dans mon Royaume*, 142.
10. Joseph Fielding Smith, ao amin’ ny *Filles dans mon Royaume*, 97.
11. Boyd K. Packer, ao amin’ ny *Filles dans mon Royaume*, 85.
12. Jereo ny Boyd K. Packer, “The Circle of Sisters,” *Ensign*, Nôv. 1980, 110.
13. Jereo ny First Presidency letters, 19 Mar. 2003, sy 23 Feb. 2007.
14. Jereo ny *Filles dans mon Royaume*, 3–6.
15. Boyd K. Packer, ao amin’ ny *Filles dans mon Royaume*, 16.
16. Joseph Smith, ao amin’ ny *Filles dans mon Royaume*, 17.
17. Joseph Smith, ao amin’ ny *History of the Church*, 4:602.
18. John A. Widtsoe, ao amin’ ny *Filles dans mon Royaume*, 25.
19. Boyd K. Packer, “The Circle of Sisters,” *Ensign*, Nôv. 1980, 110.
20. Joseph Fielding Smith, ao amin’ ny *Filles dans mon Royaume*, 142.
21. Spencer W. Kimball, ao amin’ ny *Filles dans mon Royaume*, 117.
22. Harold B. Lee, “The Place of Relief Society in the Welfare Plan,” *Relief Society Magazine*, Des. 1946, 842.
23. Joseph F. Smith, ao amin’ ny *Filles dans mon Royaume*, 66.
24. The First Presidency, ao amin’ ny *Filles dans mon Royaume*, ix.
25. Spencer W. Kimball, ao amin’ ny *Filles dans mon Royaume*, 142.
26. Spencer W. Kimball, ao amin’ ny *Filles dans mon Royaume*, 95.

27. Gordon B. Hinckley, ao amin' ny *Filles dans mon Royaume*, 160.
28. Lorenzo Snow, ao amin' ny *Filles dans mon Royaume*, 19.
29. Lorenzo Snow, ao amin' ny *Filles dans mon Royaume*, 7.

Ny Fotopampianaran' i Kristy

Nataon' ny Loholona D. Todd Christofferson

Avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo

Ao amin' ny Fiagonana ankehitriny toy ny tamin' ny fahiny ihany, ny fanorenana ny fotopampianaran' i Kristy sy ny fanitsiana ireo zavatra diso arapotopampianarana dia misy ifandraisany amin' ny fanambarana masina.

Maneho ny fankasitrahany sy ny fitiavanay lalina ho an' ny Rahavavy Beck sy Rahavavy Allred, ary Rahavavy Thompson izahay ary ny ny filankevi-pitantanany' ny Fikambanana Ifanampianana.

Nahita izahay tato ato fa nitombo ny fahalianana hahafantatra mikasika ny finoan' ny Fiagonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Zavatra rainsintsika antanan-droa izany satria ny asa fototra nanirahana antsika koa anie dia ny history manerana an' izao tontolo izao ny filazantsaran' i Jesoa Kristy, ny fotopampianarany (jereo ny Matio 28:19–20; F&F 112:28). Saingy tsy maintsy miaiky isika fa teo ny fotoana nisian' ny fisafotofotoan-kevitra ary mbola mitohy misy ihany izany mikasika ny fotopampianarantsika sy ny fomba nanorenana azy. Izay no lohahevitra tiako hozaraina androany.

Ny Mpamonjy dia nampianatra ny fotopampianarany tao anatin' ny mitataovovanon' ny fotoana ary niady mafy ireo Apôstolin' ny Mpamonjy mba hiarovana izany amin' ireo fanenjehana avy amin' ny fomban-drazana sy ny filôzôfia diso. Ireo taratasy nosoratana ao amin' ny Testamenta Vaovao dia mitanisa zava-nitranga maro izay mampiseho fa efa nanomboka

nisy nandritra ny fotoana nanaovan' ny Apôstôly asa fanompoana ilay apôstazia izay natahorana ary efa nihanaka.¹

Ireo taonjato taorian' izany dia nohazavain' ny tara-pahazavan' ny filazantsara indraindray ary avy eo nitombo tsikelikely mandrapahatonga ny taonjato faha-19 izay nisian' ny fiantombohan' ilay fiposahan' ny hazavana mamirapiratry ny Famerenana tamin' ny laoniny sy ny filazantsaran' i Kristy feno izay tonga teto an-tany indray. Izany andro lehibe izany dia nanomboka raha tao anatin' ny "andrim-pahazavana . . . nihoatra ny famirapiratan' ny masoandro" (Joseph Smith—Tantara 1:16), dia indro Andriamanitra Ray sy ny Zanaka Malalany Jesoa Kristy, namangy an' ilay tovolahy Joseph Smith ary nanomboka nampisy ilay fitobahan' ny fanambarana izay tonga amin' ny alalan' ny hery sy fahefana.

Ao anatin' ireo fanambaran' ny andro farany ireo no ahitantsika ilay antsoina hoe fotopampianarana fototry ny Fiagonan' i Jesoa izay naverina indray eto an-tany. Izany fotopampianarana izany dianofaritan' i Jesoa ao anatin' ireto teny hita ao amin' ny Bokin' i Môrmôna: Testamenta Iray Hafa Momba an' i Jesoa Kristy ireto:

"Izao no fotopampianarako ary izany dia fotopampianarana izay efa nomen' ny Ray Ahy; ary Izaho dia vavolombelona manambara ny Ray sy manambara Ahy; ary Izaho dia vavolombelona fa mandidy ny olona rehetra ny Ray na aiza na aiza, hibebaka sy hino Ahy.

"Ary na zovy na zovy no mino Ahy sy atao batisa dia izy no hovonjen; ary izy no handova ny fanjakan' Andriamanitra.

"Ary na zovy na zovy no tsy mino Ahy sy tsy atao batisa dia hohelohina.

" . . . Ary na zovy na zovy no mino Ahy dia mino ny Ray koa; ary aminy ny Ray dia vavolombelona hanambara Ahy, fa hamangy azy amin' ny afo sy amin' ny Fanahy Masina Izy. . . .

"Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, izany no fotopampianarako, ary na zovy na zovy no manorina eo ambonin' izany dia manorina eo ambonin' ny vatolampiko, ary ny vavahadin' ny helo tsy haharesy azy" (3 Nefia 11:32–35, 39).

Izany no hafatsika, ilay vatolampy iorenantsika, ary fototra iorenan' ny zavatra rehetra hafa ao amin' ny Fiagonana. Toy ny

zavatra rehetra avy amin' Andriamanitra dia madio sy mazava ary mora takarina io fotopampianarana io—na dia ho an' ny ankizy iray aza. Manasa ny rehetra amim-pifaliana izahay mba handray izany.

Ao amin' ny Fianganan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany dia "mino ny zava-drehetra izay efa nambaran' Andriamanitra isika, izay ambarany ankehitriny, ary mino isika fa Izy dia mbola hanambara zavatra lehibe sy manan-danja maro mikasika ny Fanjakan' Andriamanitra" (Fanekem-pinoana 1:9). Izany dia ilazana fa raha toa ka misy zavatra maro izay mbola tsy fantatsika, dia tonga ary hitohy ho tonga amin' ny alalan' ny fanambarana masina ireo fahamarinana sy fotopampianarana voaraintsika. Any amin' ireo finoana sasany, ireo mpahay finoana an' Andriamanitra dia manamafy ny tokony hisian' ny fahefana mitovy ahafahana mampianatra eo amin' ireo mpitondra fivavahana isan-tsokajiny, ary ny lafiny mikasika ny fotopampianarana amin' izay dia mety ho lasa ady hampandresena hevitra eo amin' izy ireo. Ny sasany miantehitra amin' ilay filankevitra ara-pinoana lehibe niseho tamin' ny taonjato faha-14 ka hatramin' ny faran' ny taonjato faha-15 sy ny fampianarany. Ny hafa dia manao ho lohalaharana ny hevitra nentin' ireo mpahay finoana an' Andriamanitra izay niaina taorian' ny nahafatesan' ny ireo apôstôly na ny fandalinana mikasika ireo fomba sy fitsipika nandikana ny Baiboly ary fanazavana amin' ny antsipiriany ny zavatra ao anatin' izany. Isika dia manome lanja ny fandalinana izay mampitombo ny fahatakarana, saingy ao amin' ny Fianganana ankehitriny toy ny tamin' ny fahiny ihany, ny fanorenana ny fotopampianaran' i Kristy sy ny fanitsiana ireo zavatra diso ara-potopampianarana dia misy ifandraisany amin' ny fanambarana masina izay azon' ireo nomen' ny Tompo fahefana ho apôstôly.²

Tamin' ny 1954, ny Filoha J. Reuben Clark Jr., izay mpanolotsaina iray tao amin' ny Fiadidiana Voalohany dia nanazava ny fomba hampahafantarana ny fotopampianarana ary ny andraikitra faran' izay lehibe indrindra sahanin' ny Filohan' ny Fianganana. Raha niresaka momba ireo mpikambana ao amin' ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo izy dia nilaza hoe: "Tokony ho [ataontsika] ao an-

tsaina fa ny sasany amin' ireo Manampahefana Ambony dia nomena antso manokana ho sahanin' izy ireo. Manana fanomezam-pahasoavana manokana izy ireo, ary tohanana ho mpaminany, mpahita ary mpanambara izay manome azy ireo fanomezam-pahasoavana manokana ara-panahy mifandray amin' ny fampianarany ny olona. Izy ireo dia manana ny zo sy ny hery ary ny fahefana mba hanambara izay saina sy ny sitrapon' Andriamanitra mikasika ny olony, ary eo ambanin' ny hery sy fahefana faran' izay lehibe ananan' ny Filohan' ny Fiagonana izany. Ny sasany amin' ireo Manampahefana Ambony ireo dia tsy nomena izany fanomezam-pahasoavana sy fahefana manokana ara-panahy izany mikasika ny fampianarany. Misy famerana mihatra amin' izy ireo. Ary ilay famerana mihatra amin' izy ireo eo amin' ny lafin' ny hery sy fahefana ao anatin' ny fampianarana dia mihatra amin' ny mpiandraikitra sy mpikamban' ny Fiagonana hafa rehetra satria tsy misy amin' izy ireo nomena fanomezam-pahasoavana ara-panahy ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara. Ankoatra izay araka ny efa voalaza dia manana fanomezam-pahasoavana ara-panahy manokana sy lehibe kokoa ny Filohan' ny Fiagonana eo amin' izay lafiny izay, satria izy no Mpaminany sy Mpahita ary Mpanambara ho an' ny Fiagonana iray manontolo.⁷³

Ahoana no fomba hanambaran' ny Mpamony ny sitrapony sy ny fotopampianarany amin' ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara? Mety ataony amin' ny fampiasana mpitondra hafatra iray izany na ataon' ny tenany manokana. Afaka miteny amin' ny alalan' ny feony manokana Izy na amin' ny alalan' ny feon' ny Fanahy masina—izay fifandraisian' ny Fanahy mankany amin' ny fanahy, mety hambara amin' ny alalan' ny teny na amin' ny alalan' ny fahatsapan-javatra izay mampita fampahalalana sarotra ambara amin' ny alalan' ny teny (jereo ny 1 Nefia 17:45; F&F 9:8). Afaka mifandray manokana amin' ny mpanompony Izy na mifandray amin' izy ireo ao anatin' ny filankevitra ataon' izy ireo (jereo ny 3 Nefia 27:1–8).

Hilaza zavatra roa maneho izany avy ao amin' ny Testamenta Vaovao aho. Ny voalohany dia fanambarana izay nambara ho an' ny lohan' ny Fiagonana. Any am-piandohan' ny bokin' ny Asan' ny Apôstôly any dia ahitantsika ireo Apôstolin' i Kristy izay tsy

nanambara ny hafatry ny filazantsara afa-tsy tamin' ireo Jiosy ihany. Nanaraka ny lamin' ny asa fanompoan' i Jesoa izy ireo (jereo ny Matio 15:24), saingy ankehitriny araka ny fandaharam-potoanan' ny Tompo dia tonga ny fotoana hiovana. Tamin' i Petera tany Jopa dia nanofy nahita karazam-biby avy any andanitra izy izay naidina ho amin' ny tany ka tao anatin' ny "lamba lehibe mifatotra amin' ny zorony efatra" (Asan' ny Apôstôly 10:11) izy ireo ary nodidiana izy mba "hamono sy hihinana" (Asan' ny Apôstôly) izany. Nisalasala i Petera satria ny sasany tamin' ireo biby ireo farafahakeliny dia "tsy madio" na "fady" araka ny lalàn' i Mosesy ary i Petera dia tsy mbola nandika velively ilay didy mandrara ny tsy hihinanana zavatra toy izany. Na dia izany aza dia nilaza tamin' i Petera ilay feo tao anatin' nynofiny hoe: "Izay efa nodiovin' Andriamanitra dia aza ataonao fady" (Asan' ny Apôstôly 10:15).

Nazava ny dikan' ilay nofy rehefa vetivety taorian' izay dia nisy olona maro nirahin' i Kornelio Tomponjato Romana tonga tany amin' ny tranon' i Petera mba hangataka azy hampianatra ilay tompon' izy ireo. Nanangona vondron' olona maromaro izay ahitana havana sy namana i Kornelio ary rehefa nahita azy ireo tsindrindaona ny handray ny hafany i Petera dia nilaza hoe:

"Efa nampahafantarin' Andriamanitra fa tsy misy olona azoko atao hoe fady na tsy madio. . . .

" . . . Hitako marina tokoa izao fa tsy mizaha tavan' olona Andriamanitra:

"Fa amin' ny firenena rehetra izay olona matahotra Azy ka manao ny marina no ankahasitrahany" (Asan' ny Apôstôly 10:28, 34–35; jereo koa ny andininy 17–24).

"Raha mbola nilaza izany teny izany Petera, dia nilatsaka tamin' izay rehetra nandre ny teny ny Fanahy Masina.

"Ary ireo [izay niaraka tamin' i Petera] dia talanjona . . . satria nilatsaka tamin' ny jentilisa koa ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina.

" . . . Dia namaly i Petera ka nanao hoe:

"Moa misy olona mahazo mandrara ny rano tsy hanaovana batisa ireo, izay efa nandray ny Fanahy Masina tahaka antsika koa?" (Asan' ny Apôstôly 10:44–47).

Tamin' ny alalan' izay zava-nitranga izay sy tamin' ny alalan' ny fanambarana nomena an' i Petera dia novain' ny Tompo ny fomba fanao iray tao amin' ny Fiangonana ary nanambara fampahalalana ara-potopampianarana feno kokoa tamin' ny mpianany Izy. Ary noho izany ny fitoriana ny filazantsara dia nivelaatra mba hampidirana ny olona rehetra.

Any amin' ny faramparan' ny bokin' ny Asan' ny Apôstôly dia mahita tantara iray hafa izay misy ifandraisany amin' ilay fomba fifandraisana isika. Amin' ity indray mitoraka ity dia aseho ny fomba ahafahan' ny fanambarana mikasika ireo lafin-javatra ara-potopampianarana ho tonga ao anatin' ny fotoana hanaovana filankevitra. Nisy ny fifandirana mikasika ny hoe tokony hisy fiantraikany eo amin' ny didy iray ao anatin' ny filazantsara sy ny Fianganon' i Kristy ve ny famorana izay notakiana eo ambanin' ny lalàn' i Mosesy (jereo ny Asan' ny Apôstôly 15:1, 5). "Ary dia nivory ny apostoly sy ny loholona mba hihevitra . . . izany zavatra izany" (Asan' ny Apôstôly 15:6). Tsy feno akory ny zavatra voarakitsika mikasika izany filankevitra izany saingy nolazaina isika fa taorian' ny "ady hevitra be ihany" (Asan' ny Apôstôly 15:7), dia nitsangana i Petera izay Apôstôly zokiny indrindra ary nanambara ny zavatra nambaran' ny Fanahy Masina taminy. Nambarany tamin' ny filankevitra fa rehefa natomboka notoriana tamin' ireo Jentilisy tsy voafora ny filazantsara tao an-tranon' i Kornelio, dia nandray ny Fanahy Masina izy ireo toy ny nandraisana' ireo Jiosy voafora niova fo an' izany. Hoy Andriamanitra hoe: "fa tsy nataony misy hafa isika sy izy, fa nodioviny tamin' ny finoany ny fony.

"Koa nahoana ianareo no maka fanahy an' Andriamanitra amin' ny fametrahанарео zioga amin' ny vozon' ny mpianatra, izay tsy zakan' ny razantsika na isika ho entina?

"Fa mino isika fa ny fahasoavan' i Jesosy Tompo no hamonjena antsika, dia tahaka ny azy ihany koa" (Asan' ny Apôstôly 15:9–11; jereo koa ny andininy 8).

Taorian' ny nitenenan' i Paoly sy i Barnabasy ary ireo olona hafa mba hanohana ny fanambaran' i Petera dia nanome sosokevitra ny mba hanaovana izany fanapahan-kevitra izany ao anaty taratasy ho an' ny Fiangonana i Jakoba ary "nifanara-kevitra" ny filankevitra (Asan' ny Apôstôly 15:25; jereo koa ny

andininy 12–23). Tao anatin' ilay taratasy nanambarana ny fanapahan-kevitr' izy ireo dia nanambara ireo Apôstôly hoe: "Fa sitraky ny Fanahy Masina sy izahay" (Asan' ny Apôstôly 15:28), na amin' ny teny hafa, izany fanapahan-kevitra izany dia tonga tamin' ny alalan' ny fanambarana masina tamin' ny alalan' ny Fanahy Masina.

Ireo lamina ireo koa dia arahana ankehitriny ao amin' ny Fiagonan' i Jesoa naverina tamin' ny laoniny. Ny Filohan' ny Fiagonana dia afaka manambara na manazava fotopampianarana izay mifototra amin' ny fanambarana omena azy (mba hahitana ohatra dia jereo ny F&F 138). Ny fanazavana ara-potopampianarana koa dia mety tonga amin' ny alalan' ny filankevitra itambaran' ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo (jereo mba hahitana ohatra ny Fanambarana Ôfisialy 2). Ny resaka atao ao anatin' ny filankevitra matetika dia ahitana ny fampiasana ireo soratra masina nankatoavin' ny Fiagonana, ireo fampianaran' ireo mpitarika ao amin' ny Fiagonana, ary ny zavatra natao teo aloha. Saingy amin' ny farany toy ny ao amin' ny Testamenta Vaovao ihany dia tsy hoe fifanarahana tsotra fotsiny eo amin' ireo mpikambana ao amin' ny filankevitra akory no tanjona fa fanambarana avy amin' Andriamanitra. Fomba fiasa sady ahitana ny fampiasana ny saina sy ny finoana izany mba hahazoana mahafantatra ny saina sy ny sitrapon' ny Tompo.⁴

Miaraka amin' izay ihany koa dia tokony ho tsaroana fa tsy izay zavatra rehetra nolazain' ny mpitarika iray ao amin' ny Fiagonana, na mpitarika taloha izany na ankehitriny akory dia voatery hoe fotopampianarana. Efa takatry ny rehetra ato amin' ny Fiagonana fa ny zavatra nolazain' ny mpitarika iray tao anatin' ny fotoana iray manokana dia matetika raisina ho hevitra avy amin' ny tenany manokana izay avy tamim-pisainana tsara fa tsy natao ho lasa zavatra ôfisialy sy tsy maintsy arahan' ny Fiagonana iray manontolo. Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra fa "ny mpaminany iray [dia] mpaminany rehefa mitondra tena ho toy izany izy."⁵ Ny Filoha Clark, izay efa nindraman-teny tany aloha dia nanambara hoe:

"Maneho izany toe-javatra izany ny tantara tsotra iray notantarain' ny raiko ahy fony aho ankizilahy, izay tsy fantatro

hoe inona ilay fahefana resahana fa maneho izany toe-javatra izany fotsiny ilay izy. Ilay tantarany dia hoe nandritra ny fientanentanana mikasika ny fahatongavan' ny Tafik'i [Johnston], dia nanao lahateny ho an' ny olona tao anatin' ny fivoriana maraina iray Rahalahy Brigham, izay lahateny feno fihantsiana an' ilay tafika manatona ary fanambarana ny fikasana hanohitra sy handroaka azy ireo. Tao anatin' ny fivoriana natao ny tolakandro dia nitsangana izy ary nilaza hoe, niteny i Brigham Young tamin' ny maraina, saingy ny Tompo indray no hiteny izao. Dia nanao lahateny iray izy ka samy hafa tamin' ilay nataony ny maraina izany....

“... Ny Fiagonana dia hahafantatra amin' ny alalan' ny fijoroan' ny Fanahy Masina ho vavolombelona izay omena ireo mpikambana raha toa ilay rahalahy, izay mizara ny heviny ka 'entanin' ny Fanahy Masina' ary hiseho ihany izany fahalalana izany amin' ny farany.”⁶

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nanamafy ny anjara asa lehiben' ny Mpamonjy ao amin' ny fotopampianarantsika ao anatin' ny fehezan-teny manan-danja iray: “Ireo fitsipika fototry ny finoantsika dia ny fijoroana ho vavolombelon' ireo Apôstôly sy mpaminany mikasika an' i Jesoa Kristy izay manao hoe, maty Izy dia nalevina ary nitsangana tamin' ny maty ny andro fahatelo, dia niakatra any an-danitra ary ireo zavatra hafa mikasika ny finoantsika dia mifampiankina amin' izany fotsiny.”⁷ Ny fijoroan' i Joseph Smith ho vavolombelona mikasika an' i Jesoa dia hoe velona Izy “satria hita[ny] izy, [t]eo ankavan'an' Andriamanitra ary re[ny] ny feo manambara fa Izy no Zanaka Lahitokan' ny Ray” (F&F 76:23; jereo koa ny andininy 22).

Miantso ny rehetra izay maheno na mamaky ity hafatra ity aho mba hikatsaka amin' ny alalan' ny vavaka sy ny fandalinana ny soratra masina izany fijoroana ho vavolombelona momba ilay toetra maha-Andriamanitra an' i Jesoa Kristy izany sy momba ny Sorompanavotany ary ny Fitsanganany tamin' ny maty. Ekeo ny fotopampianarany amin' ny alalan' ny fibebahana, ny fanaovana batisa ary ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina ary amin' ny alalan' ny fanajana ireo lalàna sy fanekempihavanana' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy mandritra ny fiainanareo.

Satria efa manakaiky ny fetin' ny Paska dia zaraiko ny fijoroako ho vavolombelona manokana fa i Jesoa avy any Nazareta dia Zanak' Andriamanitra, ilay Mesia marina tao anatin' ny faminaniana fahiny. Izy ilay Kristy nijaly tao Getsemane, izay maty teo amin' ny hazo fijaliana, dia nalevina ary nitsangana tamin' ny maty tokoa tamin' ny andro fahatelo. Izy ilay Tompo nitsangana tamin' ny maty ary amin' ny alalany no hitsanganantsika rehetra amin' ny maty sy hahafahan' ireo izay vonona, hahazo fanavotana sy fisandratana any amin' ilay fanjakany any an-danitra. Izany no fotopampianarantsika izay manamafy ireo testamenta rehetra tany aloha mikasika an' i Jesoa Kristy ary ambara indray amin' izao androntsika izao. Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy.

Fanamarihana

1. Jereo ny Neal A. Maxwell, "From the Beginning," *Ensign*, Nôv. 1993, 18–19:

"Nanoro hevitra hialana amin' ny 'ady sy ny fifandirana eo anivon' ny Fiagonana (Jakoba 4:1) i Jakoba. I Paoly dia naneho ny alahelony mikasika ny 'fisarahana' ao amin' ny Fiagonana ary ny tena tsy mba hiantran' ny 'ambodia masiaka ny ondry' (1 Kor. 11:18; Asan' ny Apôstôly 20:29–31). Fantany fa hisy apôstazia ho avy ary nanoratra ho an' ny Tesaloniana izy fa ny fiavian' i Jesoa fanindroany dia tsy hitranga 'raha tsy efa tonga aloha ny fihemorana'; ary nanoro hevitra bebe kokoa izy hoe 'miasa sahadys ny zava-miafina' (2 Tes. 2:3, 7).

"Tamin' ny farany dia nanamafy i Paoly fa tena niely be ilay fihemorana: 'fantattro fa efa nahafoy ahy izay rehetra any Asia' (2 Tim. 1:15). . . .

"Nampiahiahay be ny apôstôly ny fihahanan' ny fahavetavetana sy ny fanompoan-tsampy (jereo ny 1 Kor. 5:9; Efes. 5:3; Joda 1:7). I Jaona sy i Paoly dia nanoratra ny ahiahin' izy ireo mikasika ireo

Apôstôly sandoka (jereo ny 2 Kor. 11:13; Apôk. 2:2). Tena voatohintohina ny Fiagonana. Ny sasany dia tsy hoe niala fotsiny fa lasa nanohittra ampahibemaso mihitsy ny Fiagonana. Tao anatin' ny toe-javatra iray dia njoro irery i Paoly ary nitaraina hoe: 'nandao ahy avokoa izy rehetra' (2 Tim. 4:16). Niampanga ampahibemaso ireo izay 'nampividika mpianakavy maro' (Titosy 1:11) koa izy.

"Nisy mpitarika vitsivitsy nikomy rehefa nisy anankiray izay tia toerana ambony nanda ny handray ireo rahalahiny (jereo ny 3 Jaona 1:9–10).

"Tsy mahagaga raha toa ny Filoha Brigham Young ka nilaza hoe: 'Nolazaina fa nesorina tao amin' ny Fiagonana ny Fisoronana, saingy tsy izany no niseho. Ny Fiagonana no nandao ny Fisoronana' (ao amin' ny *Journal of Discourses*, 12:69)."

Rehefa nandeha ny fotoana araka ny nilazan' ny Loholona Maxwell azy, "dia nibahan-toerana ny fombafomba Grika momba ny filôzôfia ary avy eo nosoloin' ny

- fianteherana amin' ny fanambarana izay angamba toe-javatra nafainganin' ireo Kristianina tsara eritreritra izay naniry ny hitondra ny finoan' izy ireo tao anatin' ilay kolontsaina nibahana tamin' izany fotoana izany . . .
- “. . . Aoka isika rehetra [koa] mba hitandrina mikasika ny fandraisana ny fanambarana momba ny haifinoana an' Andriamanitra ho toy ny fahendrena ekena” (*Ensign*, Nôv. 1993, 19–20).
2. Manambara ny tenin' Andriamanitra ireo Apôstôly sy mpaminany toa an' i Joseph Smith, saingy ankoatra izany dia mino isika fa ny lehilahy sy ny vehivavy amin' ny ankapobeny na ny ankizy koa aza dia afaka ny hianatra zavatra avy amin' ny fanentanampanahy masina na afaka mahazo fitarihana amin' ny alalan' izany ho valin' ny vavaka natao sy vokatry ny fandalinana ny soratra masina. Toy ny tamin' ireo andron' ireo Apôstôly fahiny dia omena ny fanomezana ny Fanahy Masina ireo mpikamban' ny Fianganon' i Jesoa Kristy izay manamora ny fifandraisana tsy tapaka amin' ny Rainy any an-danitra na amin' ny teny hafa dia hoe ny fahazoana fanambarana ho an' ny tena manokana (jereo ny Asan' ny Apôstôly 2:37–38). Amin' izay fomba izay ny Fianganana dia lasa vondron' olona manolo-tena sy matotra ara-panahy ary ny finoan' izy ireo dia vokatry ny fahitanazavatra niainany manokana—finoana azo avy amin' ny Fanahy Masina sy hamafisin' ny Fanahy Masina. Tsy midika akory izany fa ny mpikambana rehetra dia miteny ho an' ny Fianganana na afaka mamaritra ny fotopampianarana ao anatin' fa ny olona tsirairay dia afaka mahazo

fitarihana masina mba hiatrehana an' ireo fanamby sy ireo zavatra mahaso eo amin' ny fiainany.

3. J. Reuben Clark Jr., “When Are Church Leaders’ Words Entitled to Claim of Scripture?” *Church News*, 31 July, 1954, 9–10; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 28:1–2, 6–7, 11–13.
4. Ny fiomanana ilaina sy ireo zavatra takiana avy amin' ireo mpandray anjara ao amin' ny filankevitra dia “fahamarinana, . . . fahamasinana, ary fietren' ny fo, halemem-panahy sy ny fahari-po, . . . finoana, sy ny hatsaran-toetra ary fahalalana, ny fahononam-po, ny faharetana, ny toetra araka an' Andriamanitra, fifankatiavan' ny mpirahalahy ary ny fiantrana;
- “Satria ny fampanantenana dia izao: raha miavosa ao aminy ireo zavatra ireo, dia tena hahavokatra izy ireo amin' ny fahalalana ny Tompo” (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:30–31).
5. Joseph Smith, ao amin' ny *History of the Church*, 5:265.
6. J. Reuben Clark Jr., (“Church Leaders’ Words,” 10.) Tao anatin’ ilay tantara notantarain-drainy azy mikasika an' i Brigham Young dia nanohy nanoratra bebe kokoa an' izao ny Filoha Clark:

“Tsy fantatro raha efa nitrange ity zavatra ity, saingy azoko lazaina hoe maneho fitsipika iray izany—fa na ny Filohan’ ny Fianganana aza dia mety ho ‘entanin’ ny Fanahy Masina’ foana rehefa miresaka amin’ ny olona. Efa niseho izany teo amin’ ny lafin’ ny fotopampianarana (matetika hevitra tena saintsainina) ka na ireo Filohan’ ny Fianganana nifandimby sy ireo olon-kafa aza dia nahatsapa fa tsy ‘nentanin’ ny Fanahy Masina’ ilay

mpandahateny rehefa nanambara izany fotopampianarana izany.

“Ahoana no hahafantaran’ ny Fiagonana fa ireo anoanon’ ireo rahalahy ao anatin’ ireo fitsipika sy fotopampianarana saintsainina ireo dia mahafeno ny fepetra izay maneho fa ilay mpandahateny dia ‘nentanin’ ny Fanahy Masina? Ny Fiagonana dia hahalala amin’ ny alalan’ ny fijoroana ho vavolombelon’ ny Fanahy masina

fa ao anatin’ ny vatan’ ireo mpikambana, raha toa ilay rahalahy izay maneho ny heviny ka ‘entanin’ ny Fanahy Masina’; ary rehefa tonga ny fotoana dia hiharihary izany fampahalalana izany” (“Church Leaders’ Words,” 10).

7. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 49.

Ny Hazakazaky ny Fiainana

Nataon' ny Filoha Thomas S. Monson

*Avy aiza isika? Maninona eto? Ary handeha ho aiza
aorian' ity fiainana ity? Tsy voatery tsy ahitam-baliny
ireo fanontanian' izao tontolo izao ireo.*

Ry rahalahy sy ranabaviko malala, anio maraina aho dia te-hiresaka aminareeo mikasika ireo fahamarinana mandrakizay—ireo fahamarinana izay hampivoatra ny fiaintantsika ary hafahantsika ho tafaverina soa aman-tsara any an-tranontsika.

Na aiza na aiza dia maika daholo ny olona. Mifamezivezy faingana ny fiaramanidina mitondra ireo olona sarobidy mpandehany hamakivaky ireo kaontinanta mivelatra sy ranomasimbe midadasika mba hahafahana manatrika ireo fivoriana fandraharahana, mamita adidy, mankafy fialan-tsasatra na mamangy fianakaviana. Ireo lalambe na aiza na aiza—ao anatin' izany ireo lalambe mirazotra—dia lalovan' ireo fiara an-tapitrisany, hifamezivezen' ireo olona an-tapitrisany maro kokoa noho izany, ao anatin' ny henjikenjika toa tsy misy fiafarana ary noho ny antony maro samihafa eo am-pamonjentsika ny asa aman-draharaha isan' andro.

Ao anatin' izany hazakazaka faingan' ny fiainana izany dia moa mba maka fotoana ve isika hisaintsainana—an' ireo fahamarinana mandrakizay?

Rehefa ampitahaina amin' ireo fahamarinana mandrakizay ny ankamaron' ireo fanontaniana sy ahiahy mahakasika ny fiainana andavanandro dia tena tsy misy lanjany mihitsy. Inona

no ho atao laoka rahariva? Inona no loko tokony handokoana ny efitrano fandraisam-bahiny? Tokony ho ampidirina amin' ny ekipa mpilalao baolina kitra ve i Johnny sa tsia? Ireo fanontaniana ireo sy ireo maro hafa tsy voatanisa koa dia tsy manan-danja rehefa mitranga ny fotoan-tsarotra, rehefa iharam-boina ireo olon-tiana, rehefa tonga tampoka ny aretina, rehefa mihombo tanteraka ny aretina ka mandondom-baravarana rafahafatesana. Mifantoka kokoa ny saintsika ary afaka mamaritra mora kokoa isika hoe inona no tena manan-danja ary inona no ambikambin-javatra.

Vao haingana aho no namangy vehivavy iray izay niatrika aretina mahafaty nandritra ny roa taona mahery izay. Nilaza izy fa talohan' ny narariany dia feno foana ny fotoanany tamin' ny fanaovany asa toy ny fanadiovany ny tranony arak' izay lafatra indrindra ary fandravahany izany amin' ireo entana tsara tarehy. Nankany amin' ny mpanao volo indroa isan-kerinandro izy ary nandany vola sy fotoana isam-bolana mba hividianana akanjo vaovao fanampiny. Mahalana no namangy azy ny zafikeliny satria manahy hatrany izy sao ho vaky na ho simbain' ireo tanana kely tsy miraharaha zavatra ireo fananany izay noheveriny hoe sarobidy.

Avy eo dia nandray ilay vaovao manafintohina izy izay nilaza fa notandindomin-doza ny ainy ary mety efa vitsivitsy sisa ny andro iainany eto an-tany. Nilaza izy fa tamin' ny fotoana nandrenesany ny valim-panadihadian' ny dokotera dia fantany avy hatrany fa handany ny fotoana sisa ananany iarohana amin' ny fianakaviany sy ny namany izy ary hanao ny filazantsara ho ivon' ny fainainy, satria ireo no sarobidy indrindra aminy.

Ny fotoana mampahiratra toy izany dia mitranga eo amintsika rehetra amin' ny fotoana iray na amin' ny fotoana hafa, na dia tsy voatery ho amin' ny toe-java-mahory hatrany aza izany. Hitantsika amin' izay hoe inona no tena manan-danja eo amin' ny fainantsika ary ahoana no fomba tokony iainantsika.

Hoy ny Mpamony:

"Aza mihary harena ho anareo ety an-tany, izay misy kalalao sy harafesina manimba, sady misy mpangalatra manamitrano sy mangalatra:

“Fa miharia harena ho anareo any an-danitra, izay tsy misy kalalao na harafesina manimba, sady tsy misy mpangalatra manamitrano na mangalatra:

“Fa izay itoeran’ ny harenao, dia ho any koa ny fonao.”¹

Mandritra ny fotoana lalina hisaintsainantsika na ilantsika vahaolana goavana dia manakatra mankany an-danitra ny fanahin’ ny olona, mikatsaka valiny avy amin’ Andriamanitra mikasika ireo fanontaniana lehibe eto amin’ ny fiainana: *Avy aiza isika? Maninona eto? Ary handeha ho aiza aorian’ ity fiainana ity?*

Ny valin’ ireo fanontaniana ireo dia tsy hita ao anatin’ ny boky fianarana any amin’ ny oniversite, na amin’ ny fikarohana amin’ ny alalan’ ny Internet. Ireo fanontaniana ireo dia mihoatra ny fahatakaran’ ny olombelona ny fiainana an-tany. Mahakasika ny mandrakizay izy ireo.

Avy aiza isika? Ity fanontaniana ity dia tsy maintsy efa mandalo ao an-tsain’ ny olombelona tsirairay, raha tsy mbola notononony.

Nilaza tamin’ ireo Ateniana ny apôstôly Paoly teo amin’ ny Havoan’ i Mars fa “terak’ Andriamanitra isika.”² Noho ny fahafantarantsika fa naterak’ ireo ray aman-dreny mety maty ny vatantsika dia tsy maintsy mikatsaka ny tena tian’ ny Paoly holazaina isika. Nanambara ny Tompo fa “ny fanahy sy vatana no atao hoe olona velona.”³ Noho izany dia ny fanahy no naterak’ Andriamanitra. Nantsoin’ ny mpanoratra an’ i Hebreo hoe “Rain’ ny fanahy”⁴ Izy. Ara-bakiteny izany dia “ateraka ho zanakalahy sy ho zanakavav[iny]”⁵ ny fanahin’ ny olombelona rehetra.

Hitantsika fa nisy ireo mpahaitononkalo nentanim-panahy no nanoratra hafatra manainga fanahy sy nirakitra fomba fisainana mahatalanjona, mba handalinantsika izany lohahevitra izany. Noraketin’ i William Wordsworth an-tsoratra ny fahamarinana:

*Ny fahaterahantsika dia toy ny torimaso hanadinoana ny taloha;
 Ny Fanahy ao anatintsika dia toy iroa kintana iroa,
 Izay efa nisy talohan' ny fainana an-tany,
 Ary tonga avy any lavitra any:
 Tsy nanadino ny zava-drehetra isika akory,
 Ary mba efa niomana koa,
 Satria misy sombin-danitra anatintsika tsy matory
 Avy amin' Andriamanitra, izay fomenana soa:
 Tsy lavitra ny lanitra raha mbola zaza isika!⁶*

Misaintsaina ireo andraikiny amin' ny fampianarana, sy fanentanam-panahy ary fanomezana fitarihana sy fanehoana ohatra ho an' ireo zanany ny ray aman-dreny. Ary raha mandinika ireo ray aman-dreny dia ireo ankizy kosa—indrindra ireo tanora—dia mametraka ity fanontaniana lalina ity: "Maninona eto isika?" Matetika izany ao anatin' ny fanahy mangina ao ary manao hoe: "Maninona eto *aho*?"

Tokony ho velom-pankasitrahana tokoa isika fa nisy Mpahary namorona tany ary nametraka antsika ety, niaraka tamin' ny voalin' ny tsy fahatsiarovana ny fainana niainantsika taloha mba hahafahantsika mandalo fotoam-pisedrana, fotoana hanaporofoantsika ny tenantsika, ka hahafahantsika ho mendrika handray ny zava-drehetra izay nomanin' Andriamanitra ho raisintsika.

Mazava be fa ny tanjona fototra iray ho an' ny fisantsika eto an-tany dia ny hahazo vatana nofo sy taolana. Nomena antsika ihany koa ny fanomezan' ny fahafahana misafidy. Amin' ny endriny maro, dia afaka misafidy ho an' ny tenantsika isika. Eto no ianarantsika avy amin' ireo traikefa manahirana eo amin' ny fainantsika. Afaka mamantatra ny tsara sy ny ratsy isika. Mahay manavaka ny mangidy sy ny mamy koa. Hitantsika fa misy vokany mifandray amin' ny asa ataontsika.

Amin' ny alalan' ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra dia afaka ny ho tafiditra ao amin' ilay "trano" noresahin' i Jesoa isika raha nilaza Izy hoe: "Ao an-tranon' ny Raiko misy fitoerana maro. . . . handeha hamboatra fitoerana hoa anareo Aho . . . ka izay itoerako no hitoeranareo koa."⁷

Na dia tonga teto an-tany "tanatin' ny rahona feno voninahitra" aza isika dia mandroso tsy azo ivalozana hatrany ny fiainana. Manaraka ny fahazazana ny fahatanorana ary avy eo ny fahamatorana na dia tsy tsikaritra loatra aza. Avy tamin' ireo zavatra niainana no nianarantsika ny antony ilana ny fanampiana avy any an-danitra eo am-pandiavantsika ny fiainana.

Nasian' Andriamanitra, Raintsika, sy i Jesoa Kristy, marika ny lalana mankany amin' ny fahatanterahana. Miantso antsika mba hanaraka ireo fahamarinana mandrakizay izy ireo ary ho tanteraka tahaka Azy ireo.⁸

Noharin' ny Apôstôly Paoly tamin' ny hazakazaka manana tanjona voafaritra mazava tsara ny fiainana. Nampitandrina ireo Hebreo izy nanao hoe: "Aoka isika koa hanaisotra . . . ny ota izay malaky mahazo antsika, ary aoka isika hihazakazaka amin' ny faharetana amin' izao fihazakazahana filokana napetraka eo anoloantsika izao."⁹

Aoka tsy tsinontsinoavintsika, ao anatin' ny zotom-pontsika ity torohevitra feno fahendrena avy amin' ny Mpitoriteny ity: "Fa tsy ho an' ny haingan-tongotra ny fihoarana, ary tsy ho an' ny mahery ny ady."¹⁰ Raha ny marina, dia ho an' ireo izay maharitra hatramin' ny farany tokoa ny valisoa.

Rehefa misaintsaina ny hazakazaky ny fiainana aho dia tsaroako ny karazan' ny hazakazaka iray hafa, izay nataoko tamin' ny andron' ny fahazazako. Manao sambo kely vita amin' ny rantsan-kazo malemin' ny hazo malahelo izaho sy ny namako. Rehefa avy nasiana lamba landihazo manana endrika telolafy ireo sambokely voasokitra dia nalatsakay tanatin' ny Renirano misamboaravoaran' i Provo Utah mba hifarinana. Mihazakazaka manaraka ny sisin' ny renirano izahay, mijery ireo sambokely indraindray toa milentika anatin' ny fikorian' ny rano ary amin' ny fotoana hafa mikoriana amim-pahatoniana rehefa miha-lalina ny rano.

Nandritra ny fifaninanana manokana tahaka izany dia tsikaritray fa mitarika ireo sambo kely rehetra hahatratra ny tanjona farany ny sambo iray. Tampotampoka teo dia nosintonin' ny fisamboaravoaran' ny rano hanatona ranomody iray midadasika ireo sambo, ary dia nipitika tery amin' ny lafiny tery. Nihananalavitra tsikelikely izany ary tsy afaka niverina teny

amin' ny fikorian' ny rano tam-boalohany intsony. Nony farany dia namonjy morony teny amin' ny sisiny ilay izy, tery anivon' ireo sasany nanodidina azy efa rotidrotiky ny fitopatopazana, ary hazonin' ireo vatomely anaty rano mafy ka tsy mihetsika intsony.

Ilay sambo kilalao fony fahazaza dia tsy nanana rafitra ifotorana ahafahana mitombina tsara, tsy nanana familian-tsambo ahazoana tari-dalana ary tsy nanana loharanon-kery. Mazava ho azy fa manaraka ny fikorian' ny rano ny lalan-kalehany—ny lalan' ny manara-drenirano.

Tsy mba toy ireo sambokely ireo kosa isika fa nomena toetra araky ny an' Andriamanitra mba hitarika antsika amin' ny diantsika. Rehefa tonga teto amin' ny fiainana an-tany isika dia tsy mitopatopa manaraka ny onjan' ny fiainana akory fa manana hery entina mieritreritra, hisainana ary hanatratrarana tanjona iray.

Tsy nalefan' ny Ray any an-danitra eto amin' ity dia mandrakizay ity ka tsy nomeny fitaovana izay ahafahantsika mandray fitarihana avy any ambony akory isika izay ahazoana antoka fa hahatafaverina antsika any soa aman-tsara. Ny vavaka no tiako horesahina. Ilay bitsika avy amin' ny feo tony sy malefaka ihany koa no tiako horesahina. Ary tsy hadinoko ny soratra masina izay mitahiry ny tenin' ny Tompo sy ny tenin' ireo mpaminany—nomena antsika mba hahitana fahombiazana amin' ny fandinganana ilay tanjona farany.

Misy fotoana eo amin' ny sombin-dalan' ny fiainantsika izay ahatsapana fisalasalana eo amin' ny dingana atao, faharerahana eo amin' ny fitsikiana, fanaintainana noho ny aretina—isan' izany ny fiafaran' ny fahatanorana, ny fahatongavan' ny fahamatorana, ny fanatonana amin' ny fahanterana ary ny fandalovana amin' ny rafahafatesana.

Ny olon-drehetra izay manan-tsaina dia samy efa nametraka ity fanontaniana nolazain' i Joba fahiny ity, manao hoe: "Raha maty ny olona, moa ho velona indray va izy?"¹¹ Na dia miezaka ny hanala izany fanontaniana izany ao an-tsaintsika aza isika dia toa miverina hatrany izany. Mihatra amin' ny olombelona rehetra ny fahafatesana. Mifaoka ireo antitra eo am-pandehanany amimpiozongozonana izany. Miantraika amin' ireo mbola vantombantony eo amin' ny fiainana koa ny antsony ary

indraindray manapaka tampoka ny hehin' ireo ankizy madinika koa.

Kanefa inona no zava-misy aorian' ny fahafatesana? Moa ny fahafatesana va ny farany? Tao amin' ny boky nosoratan' i Robert Blatchford hoe *God and My Neighbor* dia nokianiny mafy ireo zavatra iaraha-manaiky izay inoan' ny Kristiana toy ny Andriamanitra, i Kristy, ny vavaka ary indrindra ny tsy fahafatesana. Nilaza tamim-pahasahiana izy fa ny fahafatesana no fiafaran' ny fisiantsika ary tsy misy olona afaka manaporofo ny mifanohitra amin' izany. Kanjo nisy zavatra nahavariana nitranga. Rava tampoka teo ilay rindrin' ny tsy finoany ny zavatra izay eken' ny rehetra. Nihanjahanja teo ary tsy nanankavalny izy. Nanomboka niverina tsikelikely tamin' ny finoana izay nalany baraka sy nialany izy. Inona no nahatonga izany fiovana teo amin' ny fomba fijeriny izany? Maty ny vadiny. Tao anatin' ny ratram-po no nidirany tao amin' ilay efitrano izay nampandriana ny vata-mangatsikan' ny vadiny. Nanopy maso indray tamin' ilay endrika tena ankafiziny izy. Rehefa nivoaka avy tao izy dia niteny tamin' ny namany hoe: "Izy no ao nefo toa tsy izy. Niova ny zava-drehetra. Nisy zavatra izay tao aminy teo aloha izay tsy ao intsony. Tsy toy ilay teo aloha intsony izy. Inona no tsy eo raha tsy ny fanahy?"

Nanoratra izy taty aorianana hoe: "Tsy araky ny eritreretin' ny olona sasany ny fahafatesana. Tahaka ny fidirana amin' ny efitrano iray hafa fotsiny izany. Ao anatin' izany efitrano izany no ahitana . . . ireo lehilahy sy vehivavy malalantsika ary zanaka mamintsika izay tiantsika ary efa nandao antsika."¹²

Ry rahalahy sy ranabaviko, fantatsika fa tsy ny fahafatesana no farany. Izany fahamarinana izany dia efa nampianarin' ireo mpaminany velona nandritra ireo vanimpotoana rehetra. Hitantsika ao amin' ny soratra masina koa izany. Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna dia mamaky teny manokana mitondra fampiononana isika:

"Ankehitriny, raha ny momba ny toetry ny fanahy eo anelanelan' ny fahafatesana sy ny fitsanganana amin' ny maty—Indro, izany dia efa nampahalalain' ny anjely iray ahy, satria ny fanahin' ny olon-drehetra, raha vantany vao miala ity vatana mety maty ity, eny, ny fanahin' ny olon-drehetra, na tsara

izy na ratsy, dia entina mody any amin' Ilay Andriamanitra izay nanome aina azy.

"Ary amin' izany ny zavatra hitranga, ny fanahin' ireo izay marina dia raisina ao amin' ny toetry ny fahasambarana izay antsoina hoe paradisa, dia ny toetry ny fitsaharana, ny toetry ny fiadanana izay hialany sasatra amin' ny fahasahiranana rehetra sy ny fiahiahiana rehetra ary ny alahelo."¹³

Taorian' ny nanomboana ny Mpamonjy sy nametrahana ny vatan' i Jesoa tao am-pasana nandritra ny telo andro dia niditra tao amin' ny vatany indray ny fanahiny. Nikodia ny vato ary nivoaka nandeha ilay Mpanavotra nitsangana tamin' ny maty, nitafy ny vatana nofo sy taolana tsy mety maty.

Fantatra ny valin' ny fanontanian' i Joba nanao hoe: "Raha maty ny olona, moa ho velona indray va izy?" rehefa nanatona ny fasana i Maria sy ireo hafa ary nahita lehilahy roa mitafy akanjo lava midorehitra izay nilaza hoe: "Nahoana no ato amin' ny maty no itadiavanareo ny velona? Tsy ato Izy, fa efa nitsangana."¹⁴

Vokatry ny fandresen' i Kristy ny fasana dia hitsangana amin' ny maty isika rehetra. Izany no fanavotana ny fanahy. Nanoratra i Paoly hoe: "Ary misy tenan' ny any an-danitra, ary misy tenan' ny ety an-tany, fa hafa ny voninahitry ny any an-danitra, ary hafa ny an' ny ety an-tany."¹⁵

Ilay fanjakana selestialy no katsahintsika rehetra. Ny hiaina eo anatrehan' Andriamanitra no iriantsika. Te-hiaraka eo anivon' ny fianakaviana mandrakizay isika. Ireo fitahiana ireo dia azo avy amin' ny alalan' ny fiainana feno ezaka, sy fikatsahana, ary farany fahombiazana.

Avy aiza isika? Maninona eto? Ary handeha ho aiza aorian' ity fiainana ity? Tsy voatery tsy ahitam-baliny ireo fanontanian' izao tontolo izao ireo. Amin' ny foko manontolo sy amim-panetren-tena no ilazako fa marina ireo zavatra noresahiko teo ireo.

Mifaly amin' ireo izay mitandrina ny didiny ny Raintsika any an-danitra. Sahiran-tsaina ny amin' ilay zanany very koa Izy, ny amin' ilay zatovo tsy miraika hanaraka ny lalana, ny amin' ilay tanora nania, ary ny amin' ireo ray aman-dreny tsy tompon' andraikitra. Miresaka am-pitiavana amin' ireo ny Mpampianatra

ary ho antsika rehetra koa, manao hoe: "Miverena. Miakara. Mandrosoa. Modia. Mankanesa aty amiko."

Hankalaza ny Paska isika afaka herinandro. Hitodika any amin' ny fiainan' ny Mpamony, sy ny fahafatesany ary ny Fitsanganany tamin' ny maty ny eritreritsika. Amin' ny maha-vavolombelony manokana ahy dia mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa velona Izy ary miandry ny fiverenantsika amim-boninahitra. Ny mba ho tahaka izany ny fiverenantsika, izany no vavaka ataoko amim-panetrentena amin' ny anarany masina—dia i Jesoa Kristy, Mpamony sy Mpanavotra antsika, amena.

Fanamarihana

1. Matio 6:19–21.
2. Asan' ny Apôstôly 17:29.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:15.
4. Hebreo 12:9.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:24.
6. William Wordsworth, *Ode: Intimations of Immortality from Recollections of Early Childhood*, (1884), 23–24.
7. Jaona 14:2–3.
8. Jereo ny Matio 5:48; 3 Nefia 12:48.
9. Hebreo 12:1.
10. Mpitoriteny 9:11.
11. Joba 14:14.
12. Jereo ny Robert Blatchford, *More Things in Heaven and Earth: Adventures in Quest of a Soul* (1925), 11.
13. Almà 40:11–12.
14. Lioka 24:5–6.
15. 1 Korintiana 15:40.

Ny Herin' ny Fanafahana

Nataon' ny Loholona L. Tom Perry

Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo

*Afaka ny ho afaka amin' ny fomba ratsy sy ny
faharatsiana isika amin' ny alalan' ny fitodihana any
amin' ny fampianaran' ny soratra masina.*

Manana namana iray tena akaiky ahy aho izay nandef
karavato vaovao ho ahy hanaovana mandritra ny fivoriana
handraisako fitenenana, isaky ny fihaonamben' ny Fiagonana.
Tena mahay mifidy izy e? Sa ahoana ny hevitrareo?

Manana olana sarotra vitsivitsy io tanora namako io.
Mametra azy izany amin' ny lafiny iray saingy amin' ny lafiny
iray dia tena mahatalanjona izy. Ohatra ny fahasahiany nandritra
ny naха-misiонera azy dia azo oharina amin' ny an' ireo
zanakalahin' i Mosiа. Ny fahatsoran' ny finoany dia mahatonga
izany ho mafy orina tsara. Mino aho fa ny tao an-tsain' i Scott dia
hoe tsy mampino izany hoe ny olon-drehetra dia tsy mpikamban'
ny Fiagonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro
Farany ary ny olon-drehetra dia mbola tsy namaky ny Bokin' i
Môrmôna ary tsy manana fijoroana ho vavolombelona mikasika
ny fahamarinan' izany.

Mamela ahy ianareo hitantara zava-nitrange iray teo amin'
ny fiainan' i Scott rehefa nandeha fiaramanidina irery voalohany
izy mba hitsidika ny rahalahiny. Nisy namana iray teo
akaikikaiky teo izay nandre ny resadresaka nifanaovan' i Scott
tamin' ilay olona teo akaikiny:

“Manahoana! I Scott no anarako. Iza no anaranao?”

Nilaza ny anarany ilay nipetraka teo akaikiny.

“Inona no asanao?”

“Injeniera aho.”

“Tsara kosa izany. Aiza ianao no mipetraka?”

“Any Las Vegas.”

“Manana tempoly izahay any. Fantatrao ve hoe aiza ny tempolin’ ny Môrmôna any?”

“Eny! Tena tranobe mahafinaritra izany.”

“Môrmôna ve ianao?”

“Tsia.”

“Tokony ho izy mihitsy ianao. Tena fivavahana mahafinaritra izany. Efa namaky ny Bokin’ i Môrmôna ve ianao?”

“Tsia.”

“Tokony hamaky izany ianao. Boky tena tsara izany.”

Miombon-kevitra tanteraka amin’ i Scott aho—ny Bokin’ i Môrmôna dia boky tena tsara tokoa. Ny tenin’ ny Mpaminany Joseph Smith voasoratra ao amin’ ny pejy fampidirana ny Bokin’ i Môrmôna dia tena manan-danja lehibe ho ahy foana:

“Nolazaiko ireo rahalahy fa ny Bokin’ i Môrmôna no boky marina indrindra amin’ ny boky rehetra eto an-tany sy vato ifaharan’ ny fivavahantsika, ary hanatona bebe kokoa an’ Andriamanitra ny olona amin’ ny fanarahana ny fepetra ao anatin’ toy izay ny ao anatin’ ny boky hafa.”

Amin’ ity taona ity mandritra ny kilasin’ ny Sekoly Alahady dia mandalina ny Bokin’ i Môrmôna isika. Rehefa miomana sy mandray anjara isika, dia enga anie isika mba harisika hanaraka ny ohatra feno fahasahiana nananan’ i Scott hizara ny fitiavantsika an’ ity soratra masina miavaka ity amin’ ireo olona hafa tsy mitovy finoana amintsika.

Ilay lohahevitra lehibe ao amin’ ny Bokin’ i Môrmôna dia ambara ao amin’ ny andininy farany ao amin’ ny toko voalohan’ ny 1 Nefia. Nanoratra i Nefia hoe: “Nefa indro, izaho Nefia dia haneho aminareo fa ny halehiben’ ny famindram-pon’ ny Tompo dia amin’ ireo rehetra izay efa nofinidiny, noho ny finoany, ka mampahery azy na dia hatrany amin’ ny herin’ ny fanafahana aza” (1 Nefia 1:20).

Te-hiresaka mikasika ny fomba hanafahan’ ny Bokin’ i Môrmôna antsika aho, izay famindram-po malefaky ny Tompo natokany ho an’ izao andro farany izao, amin’ ny alalan’ ny fampianarana antsika ny fotopampianaran’ ny Tompo amin’ ny fomba madio sy “faran’ izay marina.”

Maro amin' ireo tantaran' ny Bokin' i Môrmôna no tantara mikasika ny fanafahana. Ny niaingan' i Lehia ho any an-tany foana niaraka tamin' ny fianakaviany dia momba ny fanafahana tamin' ny faharavan' i Jerosalema. Ny tantaran' ny Jaredita dia tantaram-panafahana, tahaka ny tantaran' ny Miolekita. I Almà Zandriny dia nafahana tamin' ny fahotana. Ireo zatovolahy miaramilan' i Helamàna dia nafahana tamin' ny ady. Nafahana tao an-tranomaizina i Nefia sy Lehia. Ny lohahevity ny fanafahana dia tena miharihary ao anatin' ny Bokin' i Môrmôna iray manontolo.

Misy tantara roa tena mitovy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna ary mampianatra lesona manan-danja iray. Ny voalohany dia avy amin' ny bokin' i Môsià, manomboka eo amin' ny toko faha 19. Eto isika dia mianatra fa ny Mpanjaka Limia dia nonina tao amin' ny tanin' i Nefia. Niady tamin' ny vahoakan' i Limia ny Lamanita. Ny vokatry ny ady dia ny namelan' ireo Lamanita ny Mpanjaka Limia mba hanapaka eo anivon' ny vahoakany ihany, kanefa dia mbola ho eo ambanin' ny ziogany izy ireo. Fiadanana tena tsy nampahazo aina izany. (Jereo ny Mosià 19–20.)

Rehefa tofoky ny fanararaotan' ny Lamanita ny vahoakan' i Limia, dia nandresy lahatra ny mpanjakany izy ireo mba hiady amin' ny Lamanita indray. In-telo resy ny vahoakan' i Limia. Enta-mavesatra tokoa no niantsorohan' izy ireo. Farany dia nanetry tena izy ireo ary nitalaho mafy tamin' ny Tompo mba hanafaka azy ireo. (Jereo ny Mosià 21:1–14.) Ny andininy 15 ao amin' ny toko 21 dia milaza amintsika ny valintenin' ny Tompo hoe: "Ary ankehitriny ny Tompo dia nitaredretra tamin' ny fihainoana ny fitalahoany noho ny helony; na dia teo aza izany, dia nihaino ny fitalahoany ny Tompo, ary nanomboka nanalefaka ny fon' ny Lamanita, hany ka dia nanomboka nohamaiwaniny ny entany; saingy tsy hitan' ny Tompo ny mahamety ny hanafahana azy hiala amin' ny fanandevozana."

Taoriane kelin' ny nahatongavan' i Amôna sy ireo vondron-dehilahy kely avy any Zarahemla, ary niaraka tamin' i Gideona—iray amin' ireo mpitarika ny vahoakan' i Limia—dia nanamboatra drafitra izy ireo, izay nahomby, ary dia tafavoaka tamin' ny fanararaotan' ny Lamanita. Nitaredretra ny Tompo nihaino ny fitalahoany. Nahoana? Noho ny helok' izy ireo.

Ny tantara faharoa dia misy itovizany amin' ilay voalohany eo amin' ny lafiny maro saingy samy hafa izy ireo. Ilay tantara dia voarakitra ao amin' ny Mosià 24.

I Almà sy ny vahoakany dia nipetraka tao amin' ny tanin' i Helama, rehefa nanatona ny sisin-tanin' izany tany izany ireo tafiky ny Lamanita. Nihaona izy ireo ary nitady vahaolana hisian' ny fandriampahalemana. (Jereo ny Mosià 23:25-29.) Vetivety anefa ny mpitarika ireo Lamanita dia nanomboka nanery hanaovana ny sitrapony tamin' ireo vahoakan' i Almà ary nametraka enta-mavesatra teo amin' izy ireo (jereo ny Mosià 24:8). Hitantsika ao amin' ny andininy 13 hoe: "Ary ny zavantiranga dia tonga taminy tao amin' ny fahoriany ny feon' ny Tompo, nanao hoe: Atrakao ny lohanareo ary manàna fahatokiana, satria fantattro ny fanekempihavanana izay efa nataonareo Tamiko; ary Izaho hanao fanekempihavanana amin' ny oloko sy hanafaka azy hiala amin' ny famatorana."

Nafahana teo an-tanan' ny Lamanita ny vahoakan' i Almà, ary afaka niverina soa aman-tsara niara-niaina tamin' ny vahoakan' i Zarahemla.

Inona no maha samy hafa ny vahoakan' i Almà sy ny vahoakan' ny Mpanjaka Limia? Mazava ho azy, fa betsaka ny fahasamihafana: ny vahoakan' i Almà dia tia fandriampahalemana sy marin-toetra kokoa. Efa natao batisa izy ireo ary nanao fanekempihavanana tamin' ny Tompo. Nanentry tena teo anoloan' ny Tompo izy ireo na dia talohan' ny fanombohan' ny fahoriany aza. Ireo fahasamihafana rehetra ireo dia tena nahamety na naha ara-drariny ny hanafahan' ny Tompo azy ireo haingana amin' ny fomba feno fahagagana. Ireo soratra masina ireo dia mampianatra antsika ny herim-panafahan' ny Tompo.

Ireo faminaniana izay efa voalaza mialoha momba ny fiainan' i Jesoa Kristy sy ny iraka nampanaorina azy dia mampanantena antsika an' ilay fanafahana izay homeny. Ny Sorompanavotany sy ny Fitsanganany tamin' ny maty dia manome antsika rehetra ny fahafahana amin' ny fahafatesana ara-nofo, ary raha mibebaka isika, dia ho afaka amin' ny fahafatesana ara-panahy, izay mitondra miaraka aminy ireo fitahian' ny fiainana mandrakizay. Ny fampantanen' ny Sorompanavotana sy ny Fitsanganana

amin' ny maty, ny fampanantenan' ny fanafahana avy amin' ny fahafatesana ara-nofo sy ara-panahy, dia efa nambaran' Andriamanitra tamin' i Mosesy rehefa niteny izy hoe: "Fa indro ny asako sy ny voninahitro—ny hanatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fainana mandrakizain' ny olona" (Mosesy 1:39).

Mifanohitra amin' ireo finoana izay narafitra tsara ho antsika ao amin' ny soratra masina, dia hitantsika izao ireo herimpanoheran' ny tsy finoana izay manohitra ireo finoana mitoetra hatrizay ao anatin' ny soratra masina —soratra izay nanome antsika fitarihana tao anatin' izay taonjato marobe izay ka mamaritra ireo soatoavina sy fitsipika mandrakizay tokony harahantsika eto amin' ity fainana ity. Milaza izy ireo fa ny fampianaran' ny Baiboly dia diso ary efa lany andro ny fampianaran' ilay Mpampianatra. Izy ireo dia manamafy fa ny olona tsirairay dia malalaka amin' ny fametrahana izay fitsipika ho arahany. Miezaka ny manova ny zon' ireo mpino izy ireo, izay mifanohitra amin' ny ampianarina ao amin' ny soratra masina sy ny tenin' ny mpaminany.

Tena fitahiana lehibe ny manana ny tantara mikasika ny asa nanirahana ny Tompontsika sy ny Mpamonjy antsika izay ambara ao amin' ny Bokin' i Môrmôna mba hanampiana vavolombelona faharoa mikasika ny fotopampianarana voalaza ao amin' ny Baiboly. Nahoana no zava-dehibe ho an' izao tontolo izao ny sady manana ny Baiboly no manana ny Bokin' i Môrmôna? Mino aho fa ny valin' izany dia hita ao amin' ny toko faha-13 ao amin' ny 1 Nefia. Nanoratra i Nefia hoe: "Ary niteny tamiko ilay anjely nanao hoe: Ireto rakitsoratra farany ireto, izay efa tazanao teo anivon' ny Jentilisa [Bokin' i Môrmôna], no hampitoetra ny fahamarinan' iretsy voalohany iretsy [ny Baiboly] izay an' ny apostoly roa ambin' ny folon' ny Zanakondry ary hampahafantatra ny zavatra tsotra sy sarobidy izay efa nesorina tanatiny; ary hampahafantatra amin' ny foko, sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina rehetra fa ny Zanakondrin' Andriamanitra no Zanaky ny Ray Mandrakizay sy Mpamonjy izao tontolo izao; ary ny olona rehetra dia tsy maintsy manatona Azy, fa raha tsy izany dia tsy azo vonjena izy." (andininy 40).

Na ny Baiboly na ny Bokin' i Môrmôna irery dia tsy ampy. Ilaintsika Izy roa mba hampianatra antsika sy hianarantsika momba ny fotopampianarana fenon' i Kristy. Ny filana ny iray dia tsy manamaivan-danja mihitsy ilay iray hafa. Ny Baiboly sy ny Bokin' i Môrmôna dia samy ilaina ho an' ny famonjena sy ny fisandratantsika. Nampianatra tamin' ny fomba mahery vaika ny Filoha Ezra Taft Benson hoe: "Rehefa ampiasaina miaraka, ny Baiboly sy ny Bokin' i Môrmôna dia mandresy tanteraka ny fotopampianarana diso izany" ("A New Witness for Christ," *Ensign*, Nôv. 1984, 8).

Hofaranako amin' ny filazako tantara roa ny teniko—ny iray avy amin' ny Testamenta Taloha, ary ny iray ao amin' ny Bokin' i Môrmôna—mba hanehoana fa miara-miasa tsara ireo boky ireo.

Ny tantaran' i Abrahama dia manomboka amin' ny fanafahana azy tamin' ireo Kaldeana mpanompo sampy (jereo ny Genesisy 11:27–31; Abrahama 2:1–4). Izy sy ny vadiny Saraha, taty aoriana dia nafahana tamin' ny alahelon' izy ireo ary nahazo fampanantenana fa amin' ny alalan' ny taranak' izy ireo dia ho voatahy ny firenen-drehetra eto ar-tany (jereo ny Genesisy 18:18).

Ny Testamenta Taloha dia mirakitra ny tantaran' i Abrahama nitondra an' i Lota, zana-drahalahiny niaraka taminy niala tany Egypta. Rehefa nomena ny fahafahana misafidy an' izay tany tiany haleha i Lota dia nisafidy ny lemak' i Jordana, nametraka ny lainy nanatrika an' i Sodoma, izay tanànan' ny faharatsiana lehibe (Jereo ny Genesisy 13:1–12.) Ny ankamaroan' ny olana natrehan' i Lota teo amin' ny fiainany taty aoriana, ary maro izy ireo, dia nitranga vokatry ny fanapahan-keviny hametraka ny varavarana' ny lainy hitodika any Sodoma.

I Abrahama, rain' ny mahatoky, dia niaina fiainana hafa. Mazava ho azy fa betsaka ireo fanamby, kanefa dia fiainana feno fitahiana izany. Tsy fantatsika hoe nitodika taiza ny varavarana' ny lain' i Abrahama, saingy misy fanoroana lehibe ao amin' ny andininy farany ao amin' ny toko faha 13 ao amin' ny Genesisy. Izay milaza hoe: "Ary Abrama [na Abrahama] nifindrafindra toby, dia nandeha ka nonina teo an-kazo terebintan' i Mamre, izay any Hebrona, ary nanorina alitara teo ho an' i Jehovah izy." (Genesisy 13:18).

Na dia tsy fantatro aza, dia mino manokana aho fa ny varavarany' ny lain' i Abrahama dia nanatrika ny alitara izay natsangany ho an' ny Tompo. Ahoana no ahafahako milaza izany? Satria fantattro ny tantara ao amin' ny Bokin' i Môrmôna momba ny torolalan' ny Mpanjaka Benjamina ho an' ny vahoakany rehefa nivory mba hihaino ny lahateny farany nataony izy ireo. Nampianatra azy ireo ny Mpanjaka Benjamina mba hampanatrika ny varavarany' ny lain' izy ireo any amin' ny tempoly (jereo ny Mosià 2:1–6).

Afaka ny ho afaka amin' ny fomba ratsy sy ny faharatsiana isika amin' ny alalan' ny fitodihana any amin' ny fampianaran' ny soratra masina. Ny Mpamony no Mpanafaka Lehibe, satria manafaka antsika amin' ny fahafatesana sy ny fahotana Izzy (jereo ny Romana 11:26; 2 Nefia 9:12).

Manambara aho fa i Jesoa no Kristy ary afaka ny hanakaiky Azy isika amin' ny alalan' ny famakiana ny Bokin' i Môrmôna. Ny Bokin' i Môrmôna dia testamenta iray hafa momba an' i Jesoa Kristy. Ny testamenta voalohan' ny Mpamony antsika dia ny Testamenta Taloha sy Vaovao—na ny Baiboly.

Averiko indray, aoka isika hahatsiaro ilay namaritan' ny namako Scott ny Bokin' i Môrmôna hoe: "Boky tena tsara izany." Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa ny hatsaran' ny Bokin' i Môrmôna amin' ny ankapobeny dia avy amin' ny firindran' izany amin' ny Baiboly Masina, amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Mba Ho Hita Indray Izay Very

Nataon' ny Loholona M. Russell Ballard

Avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo

Rehefa mikatsaka ny haina ny filazantsara sy ny fotopampianaran' i Kristy ianao dia hitarika anao sy ny fianakaviana ny Fanahy Masina.

Ry rahalahy sy rahavavy, araka ny soratra masina, ilay Liahôna dia “bola boribory iray izay araka ny fahaizana asa kanto” ka nisy sahaza roa tanatin’ izany, ary ny iray nanondro dia ny lalana tokony halehan’ ny fianakavian’ i Lehia Rainy tany antany foana (1 Nefia 16:10).

Azoko an-tsaina ny antony nahataitra an’ i Lehia rehefa nahita izany izy tamin’ ny voalohany, satria tsaroako ny fihetsiko tamin’ ny vao nahita maso voalohany ny fiasan’ ny vondron’ ny zanabolana GPS aho. Ny tao an-tsaiko dia fitaovana maoderina iray “izay araka ny fahaizana asa kanto” izany. Ohatry ny toa tsy azoko saintsainina akory hoe iny fitaovana kely ao anatin’ ny telefaoniko iny dia afaka manondro mazava tsara ny toerana misy ahy ary milaza amiko ny fomba ahatongavako any amin’ ny toerana tiako haleha.

Fitahiana ho ahy sy i Barbara vadiko ny GPS. Ho an’ i Barbara dia midika izany fa tsy mila miteny amiko mba hijanona intsony izy sy manontany olona amin’ izay lalana tokony ho aleha. Ho ahy dia midika izany fa afaka manana ny rariny aho rehefa miteny hoe: “Tsy mila manontany na iza na iza aho. Fantatro tsara izay alehako.”

Ry rahalahy sy rahavavy, ankehitriny isika dia manana fitaovana izay mbola miavaka kokoa noho ny GPS tsara indrindra. Misy fotoana, sy antony maro izay tsy ahitan’ ny olona

tsirairay ny lalany. Amin' ny alalan' ny bitsiky ny Fanahy Masina no ahafahantsika miverina eo amin' ilay lalana marina ary ny sorompanavotan' ny Mpamony no afaka mampody antsika any an-trano.

Azo lazaina fa sady mihatra amin' ny fiaraha-monina iray manontolo na amin' ny olona tsirairay koa ny hoe very. Isika ankehitriny dia miaina ao anatin' ny fotoana iray izay isian' ny fisafotofotoana ao anatin' ny ankamaroan-javatra eto amin' ity izao tontolo izao ity, indrindra mikasika ireo soatoavina sy ireo laharampahamehana ao amin' ny tokantranontsika.

Ny Filoha Joseph F. Smith zato taona lasa izay, dia nampifandray mivantana ny fifaliana tamin' ny fianakaviana ary namporisika antsika mba hampifantoka ny ezaka ataontsika ao anatin' izany. Hoy izy hoe: "Tsy misy an' izany hoe tena fifaliana izany izay misaraka amin' ny tokantrano sy hita any ivelan' ny tokantrano. . . . Tsy misy ny fifaliana rehefa tsy misy ny fanompoana ary tsy misy fanompoana lehibe kokoa noho ilay manova ny tokantrano ho rafitra masina sy mampivelatra ary miaro ny fainam-pianakaviana. . . . Mila fivoarana ny tokantrano" (*Teachings of Presidents of the Church: Joseph F. Smith* [1998], 382, 384).

Mila fivoarana ny tokantranontsika sy ny fianakavantsika ao anatin' ity izao tontolo izao ity izay tsy mitsahatra mirona any amin' ny zavatra ara-nofo sy ny tsy finoana. Ny ohatra iray mahavariana mikasika an' izany dia ny fitomboan' ny tsy firaharahiana ny fanambadiana eto Etazonia. Vao nanomboka kely ity taona ity dia nanao tatitra ny gazety *New York Times* fa "ny isan' ny zaza nateraky ny vehivavy tsy manambady dia nitombo bebe kokoa indray: Ny antsasany mahery amin' ny zaza nateraky ny vehivavy Amerikana latsaky ny 30 taona dia ivelan' ny fanambadiana avokoa" (Jason DeParle and Sabrina Tavernise, "Unwed Mothers Now a Majority Before Age of 30," *New York Times*, 18 Feb. 2012, A1).

Fantatsika koa fa misara-panambadiana ny antsasany latsaka eo anivor' ireo lehilahy sy vehivavy eto Etazonia izay manambady. Na dia ireo izay mitoetra ho mpivady aza dia matetika lasa goragora noho ny famelana ireo zavatra hafa hiditra ao anatin' ny fifandraisan' ny fianakaviana.

Mampiahiahy toy izany koa ilay lavaka mihalehibe foana izay manasaraka ny manan-karena sy ny mahantara ary izay manasaraka ireo izay miezaka ny miaro ny soatoavina sy ny fanoloran-tena mikasika ny fianakaviana sy ireo izay nitsahatra tsy nanao izany intsony. Raha ara-tarehimarika dia ireo izay tsy dia nandia fianarana loatra ary noho izany kely fidiram-bola no toa tsy dia manambady sy tsy miangona ary mety ho tafalatsaka kokoa ao anatin' ny fanaovana heloka sy ny fananan-jaza any ivelan' ny fanambadiana. Ary ireo fironana ireo dia mampisy fikorontanana koa any amin' ny faritra maro hafa eto amin' izao tontolo izao. (Jereo W. Bradford Wilcox and others, "No Money, No Honey, No Church: The Deinstitutionalization of Religious Life among the White Working Class," available at www.virginia.edu/marriageproject/pdfs/Religion_WorkingPaper.pdf.)

Ny firobobroboana sy ny fahaizana anefa, izay mifanohitra amin' ny eritreretin' ny maro, dia toa mifandray amin' ny tena mety hananana fianakaviana manaraka ny fomba nentim-paharazana sy ny soatoavina nentim-paharazana.

Ny fanontaniana tena mipetraka mazava ho azy dia mikasika ny *antony* sy ny *vokany*. Moa ve manana soatoavina sy fianakaviana mafy orina kokoa ny ampahany sasany ao amin' ny fiaraha-monina *satria* manam-pahaizana sy miroborobo kokoa izy ireo, na moa ve izy ireo manam-pahaizana sy miroborobo kokoa *satria* manana soatoavina sy fianakaviana izay mafy orina izy ireo? Raha ato amin' ity Fiagonana izay miely manerana an' izao tontolo izao ity dia fantatsika fa ilay farany no izy. Rehefa manao fanoloran-tena ao anatin' ny fianakiavana sy fanekempihavanana ara-pinoana ao anatin' ny fitsipiky ny filazantsara ny olona, dia manomboka mandroso kokoa arapanahy izy ireo ary ara-nofo koa indraindray.

Ary mazava ho azy fa lasa mafy orina ny fiaraha-monina amin' ny ankapobeny rehefa mihamafy orina ny fianakaviana sy ny fanoloran-tena atao ao anatin' ny fianakaviana. Ny fanoloran-tena amin' ny fianakaviana sy ny soatoavina no *anton-javatra* fototra. Ny ambiny rehetra dia saika *vokany* avokoa. Rehefa mivady ny lehilahy sy ny vehivavy ary mifanao fanekempihavanana izy ireo dia tena hampitombo be ny

tombontsoan' izy ireo ara-pivelomana izany. Rehefa teraka ao anatin' ny fanambadiana ny zanaka ary sady manana ray sy reny dia mitombo be tokoa ny fananan' izy ireo tombontsoa sy ny mety tena hahazoan' izy ireo fahombiazana eo amin' ny asa. Ary rehefa miara-miassa sy miara-milalao ny fianakaviana dia mivelatra ny mpifanolobodirindrina sy ny fiaraha-monina, mivoatra ny toe-karena ary mihena ny filana fandaharan' asa hanampiana ny mahantara ataon' ny fanjakana ary mihena ny vola lany amin' izany.

Noho izany, ny vaovao ratsy dia miteraka olana lehibe arapiaraha-monina sy ara-toekarena ny faharavan' ny fianakaviana. Saingy ny vaovao tsara kosa, toy ny hita ao anatin' ny anton-javatra sy ny vokany rehetra, dia mety miova ireo olana ireo raha toa ka ovaina ny antony mahatonga azy ireo. Voavaha ny zavatra tsy ara-drariny amin' ny alalan' ny fiainana fitsipika sy soatoavina marina. Ry rahalahy sy rahavavy, ny *anton-javatra* tena manan-danja indrindra eo amin' ny fiainantsika manontolo dia ny fianakaviantsika. Raha toa isika ka manolo-tena hanatanteraka izany tanjona izany dia hivoatra ny lafiny rehetra eo amin' ny fiainantsika ary ho lasa ohatra sy hazavana mpitarika ho an' ny olona rehetra eto an-tany isika amin' ny maha-olona sy amin' ny maha-fiangonana antsika.

Saingy tsy mora izany ao anatin' ilay izao tontolo izao, izay mitodika any amin' ny lalana samifaha ny fo, ary ilay planeta iray manontolo dia toa mandeha sy miova tsy tapaka ao anatin' ny hafainganam-pandeha izay tsy azon' ny saina noeritreretina mihitsy taloha. Tsy misy intsony izany zavatra tsy miova mandritra ny fotoana ela izany. Miova ny fombafomba, ny fironana eo amin' ny lafin' ny haingo sy ny fahazarana, ny fahamarinana ara-pôlitika ary na dia ny fiheverana ny tsara sy ny ratsy aza. Ny mpaminany Isaia dia nilaza mialoha fa ny ratsy dia holazaina ho tsara ary ny tsara holazaina ho ratsy (jereo ny Isaia 5:20).

Ilay fisarahana ara-panahy eo amin' ny tsara sy ny ratsy dia mihalehibe mihitsy satria ny ratsy dia lasa mametsifetsy sy mamely tampoka bebe kokoa noho ny hatramin' izay ary misintonia ny olona ho any toy ny andriamby maizina—na dia misarika ireo madio am-po sy mendri-kaja eto an-tany izay

mitady ny atao hoe madio ara-toe-tsaina amam-panahy sy ny atao hoe tsara aza ny filazantsaran' ny fahamarinana sy ny fahazavana.

Mety kely ny isantsika raha oharina amin' ny hafa, saingy amin' ny maha-mpikamban' ny Fiagonana antsika dia afaka miampita an' ireo lavaka lehibe ireo isika. Fantatsika ny herin' ny fanompoana mifototra ao amin' i Kristy izay mampivondrona ny zanak' Andriamanitra na manao ahoana na manao ahoana toe-piaiany ara-panahy na ara-bola. Herintaona lasa izay dia nanasa antsika ny Fiadidiana Voalohany mba handray anjara amin' ilay andro iray hankalazana ny faha-75 taona niorenan' ny fandaharan' asa izay mikasika ny fifanampiana amin' ny alalan' ny fanampiana olona ho lasa mahaleo tena bebe kokoa. Ora antapitrисаны маро нолань ирео мпикамбана ато амінтика maneuverana an' izao tontolo izao nanaovana izany.

Ny Fiagonana dia tadintsambo ao anatin' ilay ranomasina mitroatraoatra ary vatofantsika ao anatin' ny rano ahotakotaky ny fiovana sy ny fisaratsarahana ary hazavana mitarika ho an' ireo izay manome hasina sy mitady ny fahamarinana. Ny Tompo dia mampiasa ity Fiagonana ity mba hisintonana ny zanany maneuverana an' izao tontolo izao hankany amin' ny toeram-piarovana avy amin' ny filazantsarany.

Ny fanahin' i Elia izay tsy voafetra dia hery lehibe koa ao anatin' ny tanjon' ny Tompo mikasika ny fianakaviana ary ao anatin' ny hoavin' ireo zanany mandrakizay. Araka ny tenin' i Malakia, ny Fanahin' ny Fanahy Masina dia hampody "ny fon' ny ray amin' ny zanaka, ary ny fon' ny zanaka ho amin' ny rainy" (Malakia 4:6).

Ny Fiagonana dia mijoro ho ohatra maneho ny fampodiana ny fo sy ho toy ny mpanova zavatra ho amin' ny tsara ao anatin' izao tontolo izao. Raha eo anivon' ireo mpikamban' ny Fiagonana izay nivady tany amin' ny tempoly sy manatrika tsy tapaka ny fivoriana Alahady dia tena ambanimbany kokoa ny tahan' ny fisaraham-panambadiana noho ny an' izao tontolo izao ary ny fianakaviana dia mitoetra ho mifanakaiky kokoa sy mifandray matetika kokoa. Tsara kokoa ny fahasalaman' ny fianakaviantsika ary miaina taona maro lavitra kokoa isika raha oharina amin' ny salan-taona hahafatesan' ny mponina. Mitondra

anjara biriky bebe kokoa isika eo amin' ny lafiny ara-bola ary fanampiana lehibe kokoa ho an' ireo izay sahirana. Ary isika dia tena mikatsaka bebe kokoa ny hanovo fianarana ambony. Tsy hoe mba hieboeboana akory no antony nilazako an' ireo zavatra ireo fa mba hijoroana ho vavolombelona fa tsara kokoa ny fainana (ary ahitana fifaliana kokoa) rehefa mitodika any amin' ny fianakaviana ny fo ary rehefa miaina ao anatin' ny hazavan' ny filazantsaran' i Kristy ny fianakaviana.

Noho izany dia inona no azontsika atao mba tsy hahavery antsika? Voalohany, dia toroako hevitra ianareo hoe *sokajio izay laharam-pahamehana*. Avelao izay zavatra rehetra ataonareo any ivelan' ny tokantrano mba ho fanampiny sy hanohanana ny zavatra miseho ao anatin' ny tokantranonareo. Tadidio ny torohevitry ny Filoha Harold B. Lee hoe: "Ny asa manan-danja indrindra . . . izay ho ataonareo hatramin' izay dia ny asa izay ho ataonareo ao an-tokantranonareo manokana" (*Teachings of Presidents of the Church: Harold B. Lee* [2000], 134) ary ilay torohevitry ny Filoha David O. McKay izay manan-kery mandrakizay manao hoe: "Tsy misy fahombiazana hafa afaka manonitra ny tsy fahombiazana ao an-tokantrano" (nampiasaina tao amin' ny J. E. McCulloch, *Home: The Savior of Civilization* [1924], 42; ao amin' ny Conference Report, Apr. 1935, 116).

Arindrao ny fainanareo manokana mba hananana fotoana hanaovana vavaka sy hamakiana ny soratra masina ary hanaovana ny fiaraha-mientan' ny mpianakavy. Omeo andraikitra ao an-tokantrano izay hampianatra azy ireo ny fomba fanaovana asa ny zanakareo. Ampianaro izy ireo fa ny fainana ny filazantsara dia hampanalavitra azy ireo amin' ny fahalotoana sy ny tsy fahadiovam-pitondrantena ary ny herisetra hita amin' ny Internet sy ny haino aman-jery ary ny jeux vidéos. Tsy ho very izy ireo ary ho vonona ny handray andraikitra rehefa omena azy ireo izany.

Faharoa, isika dia tokony hanao ireo zavatra araka ny *tena filaharany!* Fanambadiana aloha dia avy eo fianakaviana. Maro loatra eto amin' izao tontolo izao no nanadino izany filaharan-javatra ara-boajanahary izany ary mieritreritra fa afaka manova na mamadika izany mihitsy aza izy ireo. Esory amin' ny alalan'

ny finoana ny tahotrao. Matokia an' ilay herin' Andriamanitra izay hitarika anao.

Ho anao izay tsy mbola manambady ataovy mifantoha amin' ny fitadiavana an' ilay ho namanao mandrakizay. Ry tovolahy isany, tsarovy ilay zavatra iray hafa nolazain' ny Filoha Joseph F. Smith hoe: "Ny fitovoana . . . dia [mitondra] ao anatin' ilay saina marivo salosana ilay hevitra hoe tena tsara [izany] satria lasa mihakely ny andraikitra sahanina. . . . Any amin' ny tovolahy no mianjera ilay tena fahadisoana. Ny tsy fisian' ny famerana an' ilay taona maha-mpitovo azy dia mitondra azy ireo hiala ao amin' ny lalan' ny fandraisana adidy sy andraikitra. . . . Ireo anabaviny ao amin' ny filazantsara no ianjadian' ny tsy rariny . . . [ary] hanambady izy ireo raha afaka manao izany ary hanaiky amim-pifaliana ireo andraikitra sahanina ao anatin' ny fiainam-pianakaviana." (*Gospel Doctrine*, 5th ed. [1939], 281).

Ary ho anareo tovovavy dia te-hanampy aho hoe tokony tsy hanadino izany andraikitra izany ianareo. Tsy misy asa izay afaka mitondra fahafaham-po lehibe noho ny fikarakarana fianakaviana. Ary rehefa tonga amin' ny taonako ianareo dia ho tsapanareo bebe kokoa izany.

Fahatelo, ry mpivady! Tokony ho *mpiara-miasa mitovy lenta* ianareo ao amin' ny fanambadianareo. Vakio ilay fanambarana mikasika ny fianakaviana ary ataovy izay ahatakarana izany sy hanarahana izany. Ialao ny fampiharana fitondrana tsy marina amin' ny endriny rehetra. Tsy misy na iza na iza tompon' ny vady na zanatsika. Andriamanitra no Raitsika rehetra ary nanome antsika tombontsoa hahazoana ilay fianakavantsika manokana Izy izay Azy irery ihany teo aloha mba hanampiana antsika hitovy bebe kokoa Aminy. Amin' ny maha-zanany antsika dia tokony hianatra ny hitia an' Andriamanitra isika ao an-tokantrano ary tokony hahafantatra fa afaka mangataka Aminy izay fanampiana ilantsika isika. Ny olona rehetra na manambady na mpitovo dia afaka ny ho faly sy haneho fanohanana ao anatin' izay fianakaviana misy azy.

Ary farany dia ampiasao ireo *loharano ho an' ny fianakaviana* ao amin' ny Fiagonana. Rehefa mitaiza ny zanaka dia afaka mitady fanampiana avy amin' ny paroasy ny fianakaviana. Miaraha manohana sy miasa amin' ireo mpitarika ao amin' ny fisoronana

sy ny vondrona fanampiny ary araraoty tanteraka ireo tombontsoa azo avy amin' ny fandaharan' asa ho an' ny tanora sy ny fianakaviana ao amin' ny Fiangonana. Tsarovy ity teny iray hafa tena manaitra ny saina izay avy amin' ny Filoha Lee ity hoe—ny Fiangonana no fototra izay anorenantsika ny fianakaviantsika. (jereo ny *Teachings: Harold B. Lee* [2000], 148).

Ankehitriny raha toa ianao manokana ka very na very ianareo amin' ny maha-fianakaviana iray anareo noho ny antony iray, dia ilay fampianaran' ny Mpampony avy ao amin' ny Lioka toko faha-15 no hany ilainareo ampiharina. Ny Mpampony ao anatin' izany dia miresaka momba ny ezaka nataon' ny mpiandry ondry iray izay nitady ilay ondry very sy momba ny vehivavy iray izay nitady ilay farantsakely very ary momba ilay fitsenana an' ilay zanaka adala izay niverina nody. Nahoana i Jesoa no nampianatra ireo fanoharana ireo? Tiany isika hahafantatra fa na iza na iza amintsika tena ho very dia hahita foana ny lalantsika isika amin' ny alalan' ny Sorompanavotany sy ny Fampianarany.

Rehefa mikatsaka ny hiaina ny filazantsara sy ny fotopampianaran' i Kristy ianao dia hitarika anao sy ny fianakaviana ny Fanahy Masina. Banana GPS ara-panahy ianao izay hilaza aminao foana ny toerana misy anao sy ny lalana alehanao. Mijoro ho vavolombelona aho fa tia antsika rehetra ilay Mpamponjin' ny olombelona nitsangana tamin' ny maty ary raha manaraka Azy isika dia hitondra antsika soa aman-tsara hiverina eo anatrehan' ny Raintsika any an-danitra Izy, ary izany no ijoroako ho vavolombelona amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Manana ny Fahitana mba Handraisana Andraikitra

Nataon' ny Loholona O. Vincent Haleck

Ao amin' ny Fitopololahy

Raha toa isika ka te hiroborobo fa tsy te ho very, dia tsy maintsy manana fahitana mikasika antsika isika tahaka ny fahitan' ny Mpamony antsika.

Tahaka ireo ray aman-dreny tsara rehetra, ny ray aman-dreniko dia naniry hoavy mamirapiratra ho an' ireo zanany. Ny raiko dia tsy mpikambana, ary satria noho ny toe-draharaha tsy dia nahazatra niseho tamin' izany fotoana izany, dia tapa-kevitra ny ray aman-dreniko fa tokony handao an' i Samoa Amerikana izay nosy fiavianay izaho sy ireo rahalahiko sy anabaviko, mba handeha ho any Etazonia hianatra.

Sarotra be tamin' ireo ray aman-dreninay indrindra fa ho an' ny reniko ny fanapahan-kevitra hisaraka aminay. Fantatr' izy ireo fa hisy ireo fanamby tsy fantatra satria hipetraka any amin' ny tontolo vaovao izahay. Kanefa, niaraka tamin' ny finoana sy ny fanapahan-kevitra, dia niroso nanatanteraka ny drafiny izy ireo.

Noho ny nitaizana reniko ho Olomasin' ny Andro Farany, dia efa tsy zoviana taminy intsony ny fitsipiky ny fifadian-kanina sy ny vavaka, ary ireo ray aman-dreninay dia samy nahatsapa fa mila ny fitahian' ny lanitra izy ireo hanampy ireo zanany.

Niaraka tamin' izay faniriana izay dia nanomboka nanokana andro iray isan-kerinandro hifadiana hanina sy hivavahana ho anay izy ireo. Ny tanjon' izy ireo dia ny hanomana ny zanak' izy ireo hanana hoavy mamirapiratra. Nandray andraikitra izy ireo teo anatrehan' izany tanjona izany, raha nampihatra ny finoany tamin' ny alalan' ny fikatsahana ny fitahian' ny Tompo. Tamin' ny alalan' ny fifadian-kanina sy ny vavaka dia nahazo

fanomezan-toky sy fankaherezana ary fahatonian-tsaina izy ireo fa handeha tsara avokoa ny zava-drehetra.

Rehefa eo anivon' ireo fanambin' ny fiainantsika isika dia ahoana no fomba ahazoantsika fahitana izay ilaina hanatantehana ireo zavatra izay hampanakaiky antsika kokoa amin' ny Mpamorony? Raha mikasika izay fahitana izay dia mampianatra antsika an' ity fahamarinana ity ny bokin' ny Ohabolana: "Raha tsy misy fahitana, dia atondraka hanaram-po amin' izay tsy mety ny olona" (Ohabolana 29:18). Raha toa isika ka te hiroborobo fa tsy te ho very, dia tsy maintsy manana fahitana mikasika antsika isika tahaka ny fahitan' ny Mpamorony antsika.

Ny Mpamorony dia nahita zavatra tsara bebe kokoa tamin' ireo mpanarato be fanetren-tena ireo izay nantsoiny hanaraka Azy noho ny tamin' ny vao nahitany azy ireo tamin' ny voalohany. Izy dia nahita fahitana hoe ho lasa inona izy ireo any aoriania. Fantany ny hatsaran' izy ireo sy ny hery anaty ananan' izy ireo ary dia nandray andraikitra niantso azy ireo Izy. Tsy nanana trikefa izy ireo tany am-piandohana, fa rehefa nanaraka teny izy ireo, dia nahita ny ohatra nasehony sy nahatsapa ny fampianarany ary lasa mpianany. Nisy ny fotoana izay nandaozan' ny mpianany sasany Azy satria ny zavatra henon' izy ireo dia sarotra tamin' izy ireo. Rehefa tsapan' i Jesoa fa mety handeha koa ny hafa, dia nanontany an' ireo Roambinifololahy izy hoe: "Hianareo koa va mba te-hiala?" (Jaona 6:67). Ny valintenin' i Petera dia nampiseho fa niova izy ary nahatakatra hoe iza ny Mpamorony. "Hankany amin' iza moa izahay? Hianao no manana ny tenin' ny fiainana mandrakizay" (Jaona 6:68), hoy ny navaliny.

Niaraka tamin' izay fahitana izay, ireo mpianatra mahatoky sy be fanoloran-tena ireo dia afaka nanatanteha zavatra sarotra rehefa nandeha nitory ny filazantsara izy ireo sy nanorina ny Fiagonana taorian' ny nandehanan' ny Mpamorony. Tamin' ny farany dia nisy tamin' izy ireo nahafoy ny ainy mihitsy noho ny fijoroany ho vavolombelona.

Misy ohatra hafa ao amin' ny soratra masina mikasika an' ireo izay nahazo ilay fahitana mikasika ny filazantsara ary nandray andraikitra teo anatrehan' izany fahitana izany. Ny

mpaminany Almà dia nahazo ny fahitany rehefa nandre an' i Abinadia nampianatra sy nijoro ho vavolombelona tamimpahasahiana teo anoloan' ny Mpanjaka Noa. Nandray andraikitra teo anatrehan' ny fampianaran' i Abinadia i Almà ary nandeha nampianatra ireo zavatra nianarany sy nanao batisa olona maro izay nino ny teniny (Jereo ny Mosià 17:1-4; 18:1-16.). Raha tao anatin' ny fanenjehana ireo Olomasina fahiny ny Apôstôly Paoly dia niova fo teny amin' ny lalana nankany Damaskosy izy ary dia nandray andraikitra tamin' ny alalan' ny fampianarana sy fijoroana ho vavolombelona momba an' i Kristy (jereo ny Asan' ny Apôstôly 9:1-6, 20-22, 29).

Amin' izao andrantsika izao dia maro ireo tovolahy sy zatovovavy ary mpivady efa lehibe izay namaly ny antson' ny mpaminanin' Andriamanitra mba hitory ny filazantsara. Miaraka amin' ny finoana sy ny herimpo dia mandao ny tokantranony sy ny zava-drehetra mahazatra azy izy ireo noho ny finoan' izy ireo an' ilay soa lehibe azon' izy ireo atao amin' ny maha-misiônera azy ireo. Rehefa mandray andraikitra eo anatrehan' ilay fahitany izy ireo ka mandeha manompo dia mitahy fiainan' olona maro, ary manova ny fiainan' izy ireo manokana koa ao anatin' izany. Tamin' ny fihaonamben' ny Fiagonana lasa teo, dia nisaotra antsika ny Filoha Thomas S. Monson tamin' ny fifanompoana nataantsika ary nampatsiahysy antsika an' ilay andraikitsika mba ho toy ny tanan' Andriamanitra hitahy ireo zanany eto an-tany (jereo "Mandra-pihaonantsika Indray," *Liahona*, Nôv. 2011, 108). Nahafaly ny fo ny fahatontosan' izany andraikitra izany rehefa nandray andraikitra teo anatrehan' izany fahitana izany ny mpikamban' ny Fiagonana.

Rehefa takatry ny Mpamonjy talohan' ny nandehanany famila fanampiana isika, dia hoy izy hoe: "Tsy hamela anareo ho kamboty Aho" (Jaona 14:18). Nampianatra ny mpianany izy hoe: "fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin' ny Ray amin' ny anarako, Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo" (Jaona 14:26). Io ihany ilay Fanahy Masina izay afaka manome hery antsika sy mamporisika antsika hanao ireo zavatra izay ampianarin' ny Mpamonjy sy ny mpaminanintsika sy Apôstôlintsika amin' izao fotoana izao.

Rehefa arahantsika asa ny fampianaran' ny mpitarika antsika, dia mahazo fahatakarana lalina kokoa an' ilay fahitan' ny Mpamony ho antsika isika. Nandritra ity fihaonambe ity, dia nahazo torolalana manentana ny fanahy isika avy amin' ny mpaminany sy ny apôstôly. Halalino ny fampianaran' izy ireo ary saintsaino ao am-ponareo izany miaraka amin' ny fikatsahana ny Fanahy Masina mba hanampy anareo hahazo fahitana mikasika an' ireo fampianarana ireo eo amin' ny fiainanareo. Eo anatrehan' izany fahitana izany, dia ampiharo ny finoanareo ary araho asa ny torohevitr' izy ireo.

Fakafakao ary halalino ny soratra masina miaraka amin' ny saina handray hazavana sy fahalalana bebe kokoa avy amin' ny hafatr' izy ireo ho anao. Saintsaino ao am-ponao izy ireo ary avelao izy ireo hanentana ny fanahinao. Ary manaova asa eo anatrehan' izay fanentanam-panahy azonao.

Toy ilay zavatra nianaranay amin' ny maha-fianakaviana anay, dia hoe mandray andraikitra isika rehefa mifady hanina sy mivavaka. I Almà dia nilaza fa ny fifadian-kanina sy ny vavaka dia fomba iray hahazoana fananana antoka rehefa nilaza izy hoe: "Nifady hanina sy nivavaka andro maro aho mba hahazoan' ny tenako mahafantatra ireny zavatra ireny" (Almà 5:46). Isika koa dia lasa mahafantatra ny fomba hiatrehana ireo fanamby eo amin' ny fiainantsika amin' ny alalan' ny fifadian-kanina sy vavaka.

Miaina zavatra sarotra isika eo amin' ny fiainantsika izay matetika afaka mampihena ny fahitantsika sy ny finoantsika mba hanao ireo zavatra izay tokony hataontsika. Laso sahirana loatra isika ary matetika mahatsapa ho rempotra sy tsy afaka manao na inona na inona intsony. Satria samihafa avokoa isika rehetra, dia amim-panetrentena no anoroako hevitra hoe tsy maitsy mampifantoka ny fahitantsika amin' ny Mpamony sy ny fampianarany isika. Inona no zavatra hitany tamin' i Petera, i Jakoba, ary i Jaona sy ireo Apôstôly hafa izay nahatonga Azy handray andraikitra ka hanasa azy ireo mba hanaraka Azy? Tahaka ny fahitany azy ireo koa, ny Mpamony dia manana fahitana lehibe hoe ho lasa inona isika any aoriana. Ilaintsika ny fananana ny finoana sy herimpo nananan' ireo apôstôly voalohany mba hahafahantsika mifantoka indray amin' ireo

zavatra tena manan-danja izay mitondra hasambarana maharitra sy hafaliana lehibe.

Rehefa mandalina ny fiainan' ny Mpamonjy sy ny fampianarany isika, dia hitantsika eo anivon' ny olona Izy ka mampianatra, mivavaka, manome hery, ary manasitrana. Rehefa manaraka ny ohatra nasehony isika ary manao ny zavatra hitantsika ataony, dia manomboka mahita fahitana an' ilay hoe ho lasa inona isika any aoriana. Hahazo fahiratan-tsaina mba hanao tsara bebe kokoa ianao amin' ny alalan' ny fanampian' ny Fanahy Masina. Ho tonga ny fiovana, ary hitondra lamina hafa eo amin' ny fiainanao ianao izay hitahy anao sy ny fianakavianao. Nandritra ny asa fanompoany teo anivon' ireo Nefita, dia nanontany ny Mpamonjy hoe: "Karazana olona toa inona moa ianareo?" Dia namaly izy hoe: "Tahaka Ahy" (3 Nefia 27:27). Mila ny fanampiany isika mba ho tonga tahaka Azy, ary efa nasehony antsika ny lalana: "Koa, mangataha dia handray ianareo; dondony dia hovohana ianareo; fa izay mangataka no mahazo; ary izay mandondona no hovohana" (3 Nefia 27:29).

Fantatro fa rehefa mahazo fahitana mikasika antsika isika tahaka ny fahitan' ny Mpamonjy antsika, ary rehefa mandray andraikitra eo anatrehan' izany fahitana izany isika, dia ho voatahy amin' ny fomba maro tsy ampoizina ny fiainantsika. Noho ilay fahitana nananan' ny ray aman-dreniko, dia tsy hoe nomena fitahiana mba handrato fahalalana fotsiny aho teo amin' ny fiainako fa tafiditra tao anatin' ny toe-javatra izay nahafahako nahita sy nandray ny filazantsara. Ny tena zava-dehibe, dia nianatra ny dikan' ny hoe ray aman-dreny tsara sy mahatoky aho. Amin' ny teny tsotra dia niova tanteraka ny fiainako.

Ny fahitana nananany no nitarika ny ray aman-dreniko hifady hanina sy hivavaka ho an' izay mahasoa ny zanany ary ny fahitana nananan' ireo apôstôly fahiny no nitarika azy ireo hanaraka ny Mpamonjy, ary mbola eo ihany izany fahitana izany mba hanentana ny fanahintsika sy hanampy antsika handray andraikitra. Ry Rahalahy sy rahavavy, isika dia olona manana tantara eo amin' ny fahitana ary manana finoana sy ny herimpo handray andraikitra. Jereo ny lalana nodiavintsika ary ny fitahiana efa azontsika! Minoa fa afaka manome fahitana anao Izy

eo amin' ny fiainanao sy manome herimpo handraisana andraikitra.

Mijoro ho vavolombelona aminareo ny amin' ny Mpamony sy ny faniriany mba hiverenantsika any Aminy aho. Mba hahatanteraka izany, dia tsy maintsy manana finoana mba handray andraikitra isika—dia ny hanaraka Azy ary ho tonga tahaka Azy izany. Ao anatin' ireo fotoana maro samihafa eo amin' ny fiainantsika, dia manolotra ny tanany Izy ary manasa antsika:

“Ento ny ziogako, ka mianara amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia hahita fitsaharana ho an’ ny fanahinareo hianareo.

“Fa mora ny ziogako, ary maivana ny entako. (Matio 11:29–30).

Tahaka ny nahitan’ ny Mpamony ny hery anaty lehibe nananan’ ireo mpianany fahiny, dia mahita an’ izany zavatra izany koa Izy ao anatintsika. Aoka isika mba hahita ny tenantsika tahaka ny hahitan’ ny Mpamony antsika. Mivavaka aho mba hananantsika izany fahitana izany miaraka amin’ ny finoana sy herimpo handray andraikitra, amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy, amena.

Araky ny Fitsipiky ny Fahamarinana Irery Ihany

Nataon' ny Loholona Larry Y. Wilson
Ao amin' ny Fitopololahy

Ny ray aman-dreny hendry dia manomana ny zanak' izy ireo hahavita izany tsy misy azy ireo. Manome fahafahana hivoatra izy ireo rehefa manovo fahamatorana ara-panahy ny ankizy mba hahafahan' izy ireo mampihatra araka ny tokony ho izy ny fahafahan' izy ireo misafidy

Iray volana na nihoatra kely taorian' ny nivadianay, dia nandeha dia lavitra tamin' ny fiara izaho sy ny vadiko. Izy no nitondra fiara ary izaho kosa niezaka niala sasatra. Niezaka hoy aho satria ny lalambe izay nizoranay dia malaza amin' ny fisakanan' ny pôlisy noho ny fandehanana mafy loatra, ary ny vadiko dia mety nanana fahazarana nandeha mafy tamin' izany fotoana izany. Hoy aho hoe: "Mandeha mafy loatra ianao. Mandehana mora."

"Hoy ilay vao lasa vadiko tany an' eritreriny, "efa am-polo taonany izao no nitondrako fiara ary ankoatra ny mpampianatra nitondra fiara ahy, dia tsy nisy olona niteny ahy amin' ny fomba fitondrako fiara." Ary dia hoy ny navaliny ahy hoe: "Inona no manome anao zo hiteny ahy amin' ny fomba fitondrako fiara?"

Tena marina fa nampitandrina ahy ny fanontanian' ny vadiko. Noho izany raha mba nanao izay tsara indrindra avy amiko aho mba handray ny andraikitro vaovao amin' ny mahavady ahy, dia hoy aho hoe: "Tsy fantatro—satria vadinao aho ary izaho mihazona ny fisoronana."

Ry rahalahy ity misy fanorotoroana kely fotsiny: raha toa ianareo efa sendra toe-javatra mitovitovy amin' izany, dia *tsy* izany no valiny mety. Ary faly aho mitatitra fa izay ihany no fotoana tokana nanaovako izany hadisoana izany.

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia manazava fa ny zo ampiasana ny fisoronana ao an-tokantrano na any amin' ny toeran-kafa dia mifandray mivantana amin' ny fahamarinana eo amin' ny fiainantsika: "Ny herin' ny lanitra dia tsy azo fehezina na ampiasaina raha tsy araka ireo fitsipiky ny fahamarinana."¹ Mitohy milaza izany fa tsy hanana izany hery izany isika rehefa "mampiasa fifehezana na fanjakazakana na fanerena amin' ny fanahin' ny [olon-kafa], na manao ahoana na manao ahoana *ampahan'* ny tsy fahamarinana."²

Ity soratra masina ity dia milaza fa tokony hitarika amin' ny alalan' ny "fitsipiky ny fahamarinana" isika. Izany fitsipika izany dia ampiharina amin' ny mpitarika rehetra ao amin' ny Fiagonana ary amin' ireo ray sy ny reny rehetra ao an-tokantranony ihany koa.³ Very ny zontsika amin' ny fananana ny Fanahin' ny Tompo sy ny fahefana hafa rehetra azontsika avy amin' Andriamanitra rehefa mampihatra fifehezana tsy aradrariny amin' ny olon-kafa isika.⁴ Mety hieritreritra isika fa izany fomba izany dia hitondra soa ho an' ilay olona "voafehy." Kanefa isaky ny manandrana manery olona iray hanaraka ny fahamarinana isika, olona izay *afaka* sy *tokony* hampihatra ny fahafahany misafidy, dia manao ny tsy rariny. Rehefa mamestraka fetra henjana ho an' ny olona iray *mba hisian'* ny lamina isika, dia tokony hotanterahina miaraka amin' ny faharetana feno fitiavana sy amin' ny fomba izay mampianatra ny fitsipika mandrakizay izany famerana zany.

Tsy afaka manery tsotra izao ny hafa isika hanao ny zavatra tsara. Ny soratra masina dia milaza mazava tsara fa tsy izany no fomban' Andriamanitra. Ny fanerena dia manangona lolom-po. Mahatonga tsy fahatokisana izany ary mitarika ny olona hahatsapa fa tsy mahay izy ireo. Ny fahafahana mianatra dia ho very rehefa mieritreritra amim-panambonian-tena ny olona mifehy fa manana ny valiny marina rehetra ho an' ny hafa izy. Ny soratra masina dia nilaza fa "efa toetra sy efa saika fomban' ny olon-drehetra" ny mampihatra avy hatrany fitondrana tsy

marina,⁵ ka tokony ho mailo isika fa fandrika mora mahavoafandrika izany. Ny vehivavy koa dia mety mampihatra izany fitondrana tsy marina, na dia miantefa kokoa amin' ireo lehilahy aza izany olana izany ao amin' ny soratra masina.

Ny fitondrana tsy marina dia matetika miaraka amin' ny fitsikerana tsy tapaka ary tsy fanomezana sitraka na fitiavana. Ireo izay iharan' izany dia hahatsapa fa izy ireo dia tsy hahazo sitraka na oviana na oviana amin' ny mpitarika sy ireo ray amandreny ary dia tsy hahomby foana izy ireo. Ny ray aman-dreny hendry dia tsy maintsy mahazaka rehefa vonona ny hanomboka hampihatra ny fahafahany misafidy amin' ny sehatra miavaka iray eo amin' ny fiainany ireo zanany. Kanefa rehefa mihazona ny fafefana *rehetra* amin' ny fanapahan-kevitra ny ray aman-dreny ary mandray izany ho toy ny "zony," dia tena mametra ny fivoarana sy ny fivelaran' ireo zanany izy ireo.

Voafetra ihany ny fotoana hijanonan' ny zanatsika ao antokantranontsika. Raha toa isika ka miandry ny fotoana handaozany ny tokantranontsika vao hamela azy ireo hampiasa izany fahafahana misafidy izany, dia niandry ela loatra isika. Tsy hahay tampotampoka eo handray fanapahan-kevitra hendry izy ireo raha toa ka tsy mbola nanana fahafahana velively mba nandray fanapahan-kevitra manan-danja tao antokantranontsika. Ny ankizy toy izany dia na matetika mikomy amin' izany fanerena izany na tratran' ny tsy fahaizana mandray fanapahan-kevitra ho an' ny tenany manokana.

Ny ray aman-dreny hendry dia manomana ny zanak' izy ireo hahavita izany tsy misy azy ireo. Manome fahafahana hivoarana izy ireo eo rehefa manovo ny fahamatorana ara-panahy ireo zanaka mba hahafahan' izy ireo mampihatra araka ny tokony ho izy ny fahafahan' izy ireo misafidy. Ary mazava ho azy, ny dikan' izany dia matetika ny zanaka hanao fahadisoana mba hahafahan' izy ireo mianatra avy amin' izany.

Ny fianakavianay dia niaina zavatra iray izay nampianatra anay momba ny fanampiana ny zanaka hampivelatra ny fahafahan' izy ireo manao safidy. Ny zanakay vavy, Mary, dia mpilalao baolina kitra malaza tamin' ny mbola zatovo. Indray taona ny ekipany dia tonga tany amin' ny lalao famaranana, ary araky ny vinavinantsika rehetra, dia ho tanterahina andro

Alahady izany lalao izany. Amin' ny maha-zatovo azy, dia antaonany maro no nampianarana an' i Mary fa ny andro Sabata dia natao ho andro fitsaharana sy fanavaozana ny hery arapanahy, fa tsy fialam-boly. Kanefa dia mbola nahatsapa fanerena avy tamin' ny mpanazatra sy ny ekipany ny hilalaovany izy ary koa ny faniriany tsy hamela ny ekipany ho resy.

Nanontany anay ny tokony ho ataony izy. Afaka nandray mora foana teo amin' ny toerany ilay fanapahan-kevitra izaho sy ny vadiko. Kanefa dia nanapa-kevitra izahay taorian' ny fandinhana ombam-bavaka fa raha amin' ity toe-javatra ity dia efa vonona ny zanakay vavy handray andraikitra ara-panahy amin' izay fanapahan-kevitra horaisiny manokana. Namaky soratra masina niaraka taminy izahay, ary namporisika an' i Mary hivavaka sy hisaintsaina momba izany.

Andro vitsivitsy taty aoriana dia nolazainy ny fanapahan-keviny. Hilalao amin' ny andro Alahady izy. Inona ary no ho ataonay izao? Taorian' ny fifanakalozan-kevitra fanampiny sy nandraisana ny fanomezan-toky avy amin' ny Fanahy dia notanterahanay araka ny nampanantenanay ny hamela azy hanao ny safidiny mba hilalao. Taorian' ny fiafaran' ny lalao, dia nandeha tsimoramora nanatona ny reniny izay efa niandry azy i Mary. "Neny a!" hoy izy, "tena *nahatsiravina* iny. Tsy te-hahatsapa zavatra tahaka izany intsony aho. Tsy hilalao amin' ny andro Sabata intsony aho." Ary dia tsy nanao izany intsony izy.

Takatr' i Mary mivantana tamin' izay ny fitsipiky ny fitandroana ny andro Sabata. Raha toa ka nanery azy izahay tsy hilalao, dia ho nosakananay tsy hahazo fampianarana mahery vaika avy amin' ny Fanahy izy.

Araka ny hitanareo, ny fanampiana ny zanaka hampihatra ny fahafahany misafidy araka ny tokony ho izy dia mitaky ny fampianarana azy ireo hivavaka sy handray ny valin' ny vavak' izy ireo. Tsy maintsy misy koa ny fampianarana momba ny lanja sy ny tanjon' ny fankatoavana ary koa momba ireo fitsipiky ny filazantsara hafa manan-danja.⁶

Teo amin' ny fitaizana ny fianakavianay dia nanapa-kevitra izahay fa ny tanjonay lehibe indrindra dia ny hanampy ny zanakay hanorina ny fifandraisan' izy ireo manokana amin' ny lanitra. Fantatray fa mila miankin-doha tanteraka amin' ny

Tompo izy ireo amin' ny farany, fa tsy aminay. Nilaza i Brigham Young hoe: "Raha toa aho ka hisafidy amin' ny adidy rehetra izay takiana amin' ny . . . zanak' olombelona, . . . dia apetrako voalohany, ary alohan' ny zava-drehetra ny adidy amin' ny fikatsahana . . . ny Tompo Andriamanitsika mandrapanokafantsika ny lalam-pifandraisana' ny lanitra amin' ny eto an-tany—avy amin' Andriamanitra mankany amin' ny fanahintsika."⁷

Efa nandray ny valin' ireo vavaka nataony tao anatin' ny toe-javatra hafa niseho taloha i Mary, ka dia natoky izahay fa ny zanakay vavy dia nampivelatra ity lalam-pifandraisana teo amin' ny lanitra sy ny fainany ity. Noho izany dia nianatra zavatra tsara izy avy tamin' ny zavatra niainany ary nanana fitaovana hanaovana safidy tsaratsara kokoa amin' ny ho avy. Raha tsy misy ny fifandraisana amin' ny Fanahy, dia lasa mandray fanapahan-kevitra tsy zarizary izay mifanaraka amin' ny sainy ny zanaka sy ny ray aman-dreny amin' ny anaran' ny fampiharan' izy reo ny fahafahany misafidy. Ny fampanantenan' ny soratra masina dia hoe "ireo izay hendry . . . sy nandray ny Fanahy Masina ho mpitari-dàlana azy . . . [dia tsy ho] voafitaka."⁸

Ny vokany iray fanampiny sady mahatsiravina avy amin' ny fitondrana tsy marina dia ny fahaverezan' ny fahatokiana ny fitiavan' Andriamanitra. Nahafantatra olona vitsivitsy aho izay teo ambanin' ny ziogan' ny mpitarika na ny ray aman-dreny izay be baiko sy mamehy, ary hitan' izy ireo fa mafy ny mahatsapa ilay fitiavana lehibe avy amin' ny Ray any an-danitra izay hanohana sy handrisika azy ireo ao anatin' ilay lalan' ny fahamarinana.

Raha toa isika ka te-hanampy ireo izay hiadidiantsika mba hanao izay hananana ilay fifandraisana manan-danja amin' ny lanitra dia tokony ho toy ilay karazan' ny ray aman-dreny sy mpitarika nofaritan' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana 121 isika. Isika dia tsy maintsy mandray andraikitra amin' ny alalan' ny "fandresen-dahatra, ny fahari-po, ny hatsaram-panahy sy ny hamoram-po ary ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy"⁹ Ny Filoha Henry B. Eyring dia niteny hoe: "Amin' ny fanampiana rehetra izay azontsika omena . . . ny tanora, ny lehibe indrindra dia ny mamela azy ireo

hahatsapa ny fahatokiantsika fa eo amin' ny lalana mody any amin' Andriamanitra izy ireo ary vitan' izy ireo izany.”¹⁰

Rehefa mieritreritra ireo fitsipika izay hitarika antsika any am-piagonana sy any an-tokantrano isika dia mamela ahy ianareo hamarana amin' ny alalan' ny ohatra avy amin' ny filazalazana ny mombamomba ny Filoha Thomas S. Monson. I Ann Dibb, zanakavavin-dry Monson, dia nilaza fa hatramin' izao, rehefa tonga eo amin' ny varavarana fidirana ny trano nitaizana azy izy, dia milaza ny rainy hoe: “Oay e! jereo anie iza ity tonga ity e! Tena faly izahay ary jereo anie ny hatsaran-tarehiny e!” Ary dia tohizany hoe: “Mandoka ahy foana ny ray aman-dreniko, na manao ahoana na manao ahoana ny bika aman’ endriko na inona na inona nataoko. . . . Rehefa mandeha mitsidika ny ray aman-dreniko aho dia fantatro fa misy mpitia aho, misy mpandoka aho, ary raisina an-tanan-droa foana aho, teo ao an-trano aho.”¹¹

Rahalahy sy ranabavy, izany no fomban’ ny Tompo. Na dia efa nailika aza ianao tany aloha tany, dia fantattro fa tian’ ny Tompo ianao hanatona Azy.¹² Tiany avokoa ny *rehetra*. Raisina an-tanan-droa avokoa ny *rehetra*. Amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:36.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:37; nampiana fanamafisana.
3. Jereo ny Neal A. Maxwell, “Put Off the Natural Man, and Come Off Conqueror,” *Tambuli*, Jan. 1991, 13–14.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:37.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:39.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25–29.
7. *Teachings of Presidents of the Church: Brigham Young* (1997), 44.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:57.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:41–42.
10. Henry B. Eyring, “Help Them on Their Way Home,” *Liahona*, Mey 2010, 25.
11. Heidi S. Swinton, *To the Rescue: The Biography of Thomas S. Monson* (2010), 372.
12. Jereo Matio 11:28.

Mendrika ny Natao Ve Izany?

Nataon' ny Loholona David F. Evans

Ao amin' ny Fitopololahy

Ny fizarana ny filazantsara amin' ny fomba mandeha ho azy sy tsotra amin' ireo olona izay tiantsika dia ho asan' ny fainantsika sy ho fifaliana eo amin' ny fainantsika

Nandritra ity fihaonambe ity sy ireo favoriana vao haingana hafa,¹ dia maro amintsika no nanontany tena hoe: inona no azoko atao hanampiana amin' ny fananganana ny Fianganon' ny Tompo ary hahitana ny fivoarana marina eo amin' ny toerana misy ahy?

Amin' ity sy ireo ezaka hafa tena manan-danja, ny tena asa manan-danja ataontsika dia ny eo an-tokantranontsika sy ny fianakavantsika.² Eo anivon' ireo fianakaviana no hanorenana ny Fianganana ary hitrangan' ny fivoarana marina.³ Mila mampianatra ny zanatsika ny fitsipika sy ny fotopampianaran' ny filazantsara isika. Mila manampy azy ireo banana finoana an' i Jesoa Kristy isika ary manomana azy ireo hatao batisa rehefa feno valo taona izy ireo.⁴ Mila mahatoky isika mba hahafahan' izy ireo mahita ny ohatra asehontsika eo amin' ny fitiavana ny Tompo sy ny Fianganana. Izany dia hanampy ireo zanatsika hahatsapa hafaliana amin' ny fitandremana ny didy, hasambarana eo amin' ny fianakaviana, ary ny fankasitrahaha amin' ny fanompoana ny hafa. Tokony hanaraka ny fakantahaka nomen' i Nefia isika ao an-tokantranontsika rehefa niteny izy hoe:

“Fa miasa araka ny zotom-po isika . . . handresy lahatra ny zanatsika . . . [h]ino an’ i Kristy, sy hihavana amin’ Andriamanitra. . . .

“... Ary miresaka an’ i Kristy isika, mifaly amin’ i Kristy, mitory an’ i Kristy, maminany ny amin’ i Kristy, ary manoratra araka ny faminantsika mba hahafantaran’ ny zanatsika ny loharano azony andrandraina ho famelana ny fahotany.”⁵

Miasa amim-pahavitrhana isika mba hitondra ireo fitahiana ireo ho an’ ireo zanatsika amin’ ny alalan’ ny fandehanana any am-piagonana miaraka amin’ izy ireo, fanaovana takarivan’ ny mpianakavy, ary ny famakiana soratra masina miaraka. Mivavaka isan’ andro miaraka amin’ ny fianakavantsika isika, manaiky antso, mitsidika ny marary sy ny manirery, ary manao zavatra hafa izay mampahafantatra ny zanatsika fa tiantsika izy ireo ary tiantsika ny Ray any an-danitra, ny Zanany ary ny Fiagonany.

Isika dia miresaka sy maminany momba an’ i Kristy rehefa manome ny lesom’ ny takarivan’ ny mpianakavy na mipetraka miaraka amin’ ny ankizy iray ary milaza ny fitiavantsika azy sy ny fijoroantsika ho vavolombelona mikasika ny filazantsara naverina tamin’ ny laoniny.

Afaka manoratra momba an’ i Kristy isika amin’ ny alalan’ ny fanoratana taratasy ho an’ ireo izay lavitra. Ho voatahy noho ireo taratasy soratantsika ireo misiônera manompo, ireo zanakalahy na zanakavavy izay miaramila, ary ireo olon-tiantsika. Ny taratasy avy any an-trano dia tokony tsy ho e-mail maimaika be fotsiny. Ny tena taratasy dia manome zavatra azo tazonina, saintsainina ary ankafizina.

Manampy ireo zanatsika isika hiankina amin’ ny Sorompanavotan’ ny Mpamony ary hahafantatra ny famelan-keloky ny Ray any an-danitra be fitiavana amin’ ny alalan’ ny fanehoam-pitiavana sy famelan-keloka amin’ ny maha-ray amandreny antsika. Tsy mampanakaiky ireo zanatsika amintsika fotsiny ihany ny fitiavana sy ny famelan-keloka fa koa manorina ny finoan’ izy ireo amin’ ny fahafantarana fa ny Ray any an-danitra dia tia azy ireo ary hamela ny helok’ izy ireo rehefa miezaka ny mibebaka sy manao zavatra tsara kokoa izy ireo ary miezaka ny ho tsaratsara kokoa. Mahatoky ity fahamarinana ity izy ireo satria efa niaina izany koa avy tamin’ ny ray amandrenin’ izy ireo tety an-tany.

Ho fanampin' ny asa izay hataantsika eo anivon' ny fianakavantsika, dia nampianatra i Nefia fa "miasa araka ny zotom-po isika . . . handresy lahatra . . . ny rahalahintsika, mba hinoany an' i Kristy sy hihavanany amin' Andriamanitra."⁶ Amin' ny maha-mpikamban' ny Fiagonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany antsika, dia manana ny fitahiana sy ny andraikitra hizara ny filazantsara ny tsirairay avy amintsika. Ny sasany amin' ireo izay mila ny filazantsara eo amin' ny fiaianany dia mbola tsy mpikamban' ny Fiagonana. Ny sasany dia mety efa niaraka tamintsika kanefa mila mahatsapa indray ny hafaliana tsapan' izy ireny fony izy ireny nandray ny filazantsara tany aloha tany teo amin' ny fiaianan' izy ireo. Samy tian' ny Tompo na ireo olona mbola tsy nandray ny filazantsara na ny olona izay miverina Aminy.⁷ Tsy mampaninona izany ho Azy sy ho antsika. Asa iray avokoa izany. Ny hasarobidin' ny fanahy izany, na inona na inona toe-javatra misy azy ireo, no zava-dehibe eo amin' ny Raitsika any an-danitra, sy ny Zananilahy, ary eo amintsika.⁸ Ny asan' ny Ray any an-danitra sy ny Zanany dia ny "hitondra ny tsy fahafatesana sy ny fiaianana mandrakizay"⁹ ho an' ny zanany rehetra, na inona na inona mitranga amin' izy ireo amin' izao fotoana izao. Ny fitahiana ho antsika dia ny manampy ao anatin' ity asa lehibe ity.

Ny Filoha Thomas S. Monson dia nanazava ny fomba hanampantsika rehefa niteny izy hoe: "Ny zavatra niainantsika nandritra ny fanaovana asa fitoriana dia tsy tokony ho lany andro. Tsy ampy fotsiny ny mipetraka ary misaintsaina ireo zavatra niainana taloha. Mba hahatsapana fahavitan-javatra dia tokony manohy mizara ny filazantsara amin' ny fomba mandeha ho azy sy tsotra ianao."¹⁰

Ny fizarana ny filazantsara amin' ny fomba mandeha ho azy sy tsotra amin' ireo olona izay tiantsika dia ho asan' ny fiaianantsika sy fifaliana eo amin' ny fiaianantsika. Mamelà ahy ianareo hilaza momba ny zava-nitranga roa mikasika izany.

I Dave Orchard dia lehibe teto Salt Lake City, ary mpikamban' ny Fiagonana avokoa ny ankamaroan' ny namany. Ohatra tsara ho azy izy ireo. Tetsy andanin' izany, ireo mpitarika ao amin' ny Fiagonana nipetraka tany akaikiny dia nanasa azy tsy tapaka hanatrika ireo fiaraha-mientana. Nanao toy izany koa

ireo namany. Na dia tsy lasa mpikambanaaza izy tamin' izany fotoana izany, dia voatahy tamin' ny hery mitaona avy amin' ireo namana tsara Olomasin' ny Andro Farany sy ny fiaraha-mientan' ny Fiagonana tao anatin' ireo taona nitomboany. Rehefa namonjy ny oniverste izy, dia nifindra ka niala tao amin' ny trano fonenany, ary ny ankamaroan' ny namany dia lasa nandeha nitory ny filazantsara avokoa. Nahatsapa ny fahabangan' ny fitaoman' izy ireo teo amin' ny fiaianany izy.

Mbola tavela tany an-tranony ny iray tamin' ireo naman' i Dave tany amin' ny sekoly ambaratonga faharoa. Nihaona isan-kerinandro tamin' ny ekekany ity namany ity izay teo ampanaovana ezaka rehetra mba hanitsy ireo tsy mety eo amin' ny fiaianany mba hahafahany ho misiônera. Lasanagara-nanofa trano izy sy i Dave, ary toy ny zavatra mandeha ho azy sy tsotra, dia niresaka momba ny antony tsy mbola naha-misiônera azy sy ny ny antony hihaonany matetika amin' ny ekekany izy ireo. Naneho ny fankasitrahany sy ny fanajany ny ekekany ilay namana ary ny amin' ny fahafahana hibebaka sy hanompo. Avy eo dia nanontany an' i Dave izy raha toa ka te-ho tonga amin' ny tafa sy dinika manaraka. Hafa tokoa izany fanasana izany! Kanefa noho ny finamanana sy ny toe-javatra niainan' izy ireo dia toy ny mandeha ho azy sy tsotra izany.

Nanaiky i Dave ary vettivey foana izy dia nihaona mitokana tamin' ny eveka. Izany dia nitarika ny fanapahan-kevitri' i Dave hihaona amin' ny misiônera. Nahazo fijoroana ho vavolombelona izy fa marina ny filazantsara, ary dia napetraka ny datin' ny batisany. Nataon' ny ekekany batisa i Dave, ary herintaona tany aoriana dia nivady tao amin' ny tempoly i Dave Orchard sy i Katherine Evans. Manan-janaka mahafinaritra dimy izy ireo. I Katherine dia zandriko vavy. Tena feno fankasitrahana amin' ilay namana tsara io aho izay niaraka tamin' ilay eveka tsara, nitondra an' i Dave tato am-pianganana.

Rehefa niresaka momba ny fiovam-pony i Dave ary nijoro ho vavolombelona momba izany tranga izany, dia nanontany izy hoe: "Mendrika ny natao ve izany? Moa ve ny ezaka rehetra nataon' ireo namana sy mpitarika ny tanora ary ny ekekako, nandritra izay taona rehetra izay, dia mendrika ny ezaka nanaovana batisa tovolahy iray monja?" Nanondro an' i

Katherine sy ny zanany dimy izy ary nanao hoe: "Mazava ho azy fa ho an' ny vadiko sy ireo zanako dimy dia eny ny valiny."

Isaky ny zaraina ny filazantsara dia tsy mba ho an' ny "tovolahy iray monja" velively izany. Rehefa mitranga ny fiovam-po na misy olona iray miverina amin' ny Tompo, dia fianakaviana iray manontolo no voavonjy. Rehefa nihalehibe ny zanak' i Dave sy i Katherine, dia samy nandray tsara ny filazantsara avokoa izy rehetra. Misiônera ny vavy iray sy lahy roa ary ny iray vao avy nandray ny antsony hanompo any amin' ny Misiônan' i Alpine miteny Alemana. Ireo zokiny roa dia samy efa nanambady tany amin' ny tempoly avokoa, ary ny zandriny indrindra dia any amin' ny sekoly ambaratonga faharoa izao, mahatoky amin' ny endriny rehetra. Mendrika ny natao ve izany? Eny, tena mendrika ny natao izany.

Ny Rahavavy Eileen Waite dia namonjy ilay fihaonamben' ny tsatôka nilazan' i Dave Orchard momba izany fiovam-pony izany. Nandritra ilay fihaonambe, ny hany zavatra tao an-tsainy dia ny fianakaviany, fa indrindra indrindra ny rahavaviny, Michelle, izay efa nanalavitra ny Fiangonana. I Michelle dia nisara-bady ary niezaka namelona zaza efatra. Nahatsapa i Eileen fa tokony hanome azy ny tahadikan' ny boky nosoratan' ny Loholona M. Russell Ballard, dia ny *Notre Recherche du Bonheur*, niaraka tamin' ny fijoroany ho vavolombelona, ary dia nataony izany. Ny herinandro manaraka izay dia nisy namana iray nilaza tamin' i Eileen fa nahatsapa koa izy fa mila mifandray amin' i Michelle. Nanoratra ho an' i Michelle izy izay nizarany ny fijoroany ho vavolombelona sy nanehoany ny fitiavany azy. Moa tsy mahaliana ve ny fiasan' ny Fanahy matetika amin' ny olona maro ho an' ny olona iray izay mila fanampiana.

Nandeha ny fotoana. Niantso an' i Eileen i Michelle ary nisaotra azy tamin' ilay boky. Nilaza izy fa nanomboka nahafantatra ny fahabangana ara-panahy teo amin' ny fiainany. Nilaza taminy i Eileen fa fantany fa ny fiadanana izay katsahiny dia hita ao amin' ny filazantsara. Nolazainy taminy fa tiany izy ary tiany mba ho faly izy. Nanomboka nanisy fiovana teo amin' ny fiainany i Michelle. Vetivety izy dia nifanena tamin' ny lehilahy mahafinaritra iray izay mazoto tao am-piangonana. Nivady izy ireo ary herintaona taty aoriana dia nofehezina tao

amin' ny tempolin' i Ogden, Utah. Vao haingana, ny zanakalahiny 24 taona dia natao batisa.

Ho an' ny hafa ao amin' ny fianakavian' i Michelle sy ireo hafa rehetra izay mbola tsy mahafantatra fa marina ity Fiagonana ity, manasa anareo aho mba hikatsaka ombambavaka raha marina ity Fiagonana ity. Avelao ny fianakaviana sy ny namanao ary ny misiônera hanampy. Rehefa fantatralo fa marina izany, satria marina izany, dia tongava miaraka aminay amin' ny fanaovana izany dingana izany eo amin' ny fiainanao.

Ny faran' ity tantara ity dia mbola tsy voasoratra, fa ireo fitahiana dia nomena ity vehivavy mahafinaritra ity sy ny fianakaviany satria nandray andraikitra rehefa nahazo bitsika ireo tia azy ary nizara tamin' ny fomba mandeha ho azy sy tsotra ny fijoroan' izy ireo ho vavolombelona ary nanasa azy mba hiverina.

Nieritreritra lalina momba ireo zava-niseho roa ireo aho. Tovolahy iray izay niezaka nanitsy ny fiainany manokana ary nanampy zatovolahy iray nikatsaka ny fahamarinana. Vehivavy iray izay nizara ny fijoroana ho vavolombelony sy ny finoany tamin' ny rahavaviny izay nanalavitra ny Fiagonana efa ho 20 taona. Raha toa ka mivavaka isika ary mangataka ny Ray any andanitra hoe iza no azontsika ampiana ary mampanantena handray andraikitra araka ny bitsika izay omeny isika mba hampahanfantarana antsika ny fomba ahafahantsika manampy dia hamaly ny vavaka ataontsika Izy ary ho tonga fitaovana eo am-pelatanany hanao ny asany isika. Ny fandraisana andraikitra amim-pitiavana araky ny bitsika azo avy amin' ny alalan' ny Fanahy dia ho fitaovana hitondra fiovana goavana.¹¹

Rehefa nihaino ireo toe-javatra izay izarana amin' ny fomba mandeha ho azy sy tsotra ny filazantsara amin' ireo olona izay tianareo ianareo dia maro aminareo no efa niaina zavatra mitovy tamin' ny an' i Eileen Waite. Mety efa nieritreritra olona iray izay tokony hanatonana ianao na hasaina hiverina na mba hizaranao ny zavatra tsapanao momba ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Ny fanasana arosoko dia ny fandraisana andraikitra tsy misy hatak' andro eo anatrehan' izany bitsika izany. Miresaha amin' ny namanao na amin' ny olona ao amin' ny fianakaviana. Ataovy amin' ny fomba mandeha ho azy sy tsotra izany. Ampahafantaro

azy ireo ny fitiavanao sy ny fitiavan' ny Tompo azy. Afaka manampy ireo misiônera. Ny torohevitro dia mitovy amin' ny an' ny Filoha Monson izay efa nomeny im-betsaka teto amin' ity polpitra ity, "Aza mba mangataka andro rehefa mandray bitsika."¹² Rehefa mandray andraikitra mifanaraka amin' ireny bitsika ireny ianao ary manao izany amim-pitiavana, dia jereo ny fampiasan' ny Ray any an-danitra ny fahavononanao hiasa hitondra fahagagana eo amin' ny fainanao sy eo amin' ny fainan' ireo olona tianao.¹³

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, afaka manorina ny Fiagonany isika ary mahita ny fivoarana marina raha toa ka miasa mba hitondra ny fitahian' ny filazantsara eo amin' ny fianakavantsika sy ireo izay tiantsika isika. Ity no asan' ny Raintsika any an-danitra sy ny Zanany. Fantatro fa velona izy ireo ary mamaly vavaka. Rehefa mandray andraikitra arak' izany bitsika izany isika, ary mino ny fahafahan' izy ireo hitondra fahagagana, dia hiseho eo amintsika ny fahagagana ary hiova ny fainana. Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

1. Jereo ny Formation Mondiale des Dirigeants, 11 Feb 2012, LDS.org.
2. Jereo ny *Teachings of Presidents of the Church: Harold B. Lee* (2000), 134.
3. Jereo ny Boyd K. Packer, "Priesthood Power in the Home," Formation Mondiale des Dirigeants, 11 Feb 2012, LDS.org.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25–28.
5. 2 Nefia 25:23, 26.
6. 2 Nefia 25:23.
7. Jereo ny Lioka 15:4–7.
8. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10.
9. Mosesy 1:39.
10. "Status Report on Missionary Work: A Conversation with Elder Thomas S. Monson, Chairman of the Missionary Committee of the Council of the Twelve," *Ensign*, Okt. 1977, 14.
11. Jereo ny Thomas S. Monson, "Anxiously Engaged," *Liahona*, Nôv. 2004, 56–59; "To the Rescue," *Liahona*, Jolay 2001, 57–60; "The Doorway of Love," *Liahona*, Okt. 1996, 2–7.
12. Jereo ny Ann M. Dibb, "My Father Is a Prophet" (Brigham Young University–Idaho devotional, Feb. 19, 2008), byui.edu/devotionalsandspeeches; Thomas S. Monson, "Stand in Your Appointed Place," *Liahona*, Mey 2003, 54–57; "Peace, Be Still," *Liahona*, Nôv. 2002, 53–56; "Priesthood Power," *Liahona*, Jan. 2000, 58–61; "The Spirit Giveth Life," *Ensign*, Mey 1985, 68–73.
13. Ho fanampin' ny fampianaran' ny Filoha Thomas S. Monson dia nampianatra ity fitsipika ity koa ireo mpaminany hafa. Ohatra, ny Filoha Spencer W. Kimball dia nampianatra ny maha-zava-dehibe ny fandraisana andraikitra eo anatrehan' ny zavatra tsapa avy

amin' ny Fanahy rehefa niteny izy hoe: "Tena hitan' Andriamanitra isika ary miahy antsika Izy. Kanefa matetika amin' ny alalan' ny olon-kafa iray no hanomezany antsika izay ilaintsika. Noho izany dia

zava-dehibe ny fifanompoantsika eto amin' ny fanjakana" (*Teachings of Presidents of the Church: Spencer W. Kimball* [2006], 82).

Mihazona izany ho Masina

Nataon' ny Loholona Paul B. Pieper

Ao amin' ny Fitopololahy

*Ny zavatra masina dia mitaky fikarakarana bebe kokoa,
ilaina omena fanajana lehibe kokoa, ary omem-
boninahitra lalina kokoa.*

Teo amin' ny 1.500 taona talohan' i Kristy teo ho eo, dia nisy mpiandry ondry iray voasarika hanatona ilay roimemy mirehitr' afo teo amin' ilay faritra misolampin' ny Tendrombohitra Horeba. Izany fihaonana masina izany no niantombohan' ny fiovan' i Mosesy izay mpiandry ondry ho lasa mpaminany ary raha niompy ondry izy dia lasa mpanangona an' i Isiraely. Telonjato sy arivo taona taty aoriana, dia nisy mpisorona tanora teo amir' ny tokotanin' ny mpanjaka tena babo tamin' ny fijoroana vavolombelon' ny mpaminany voaheloka iray. Izany fihaonana izany no niantombohan' ny fivoaran' i Almà tamin' ny naха mpiasam-panjakana azy ho lasa mpanompon' Andriamanitra. 2.000 taona latsaka kely taty aoriana, dia nisy zazalahy kely 14 taona izay niditra tao anaty alakely mba hitady ny valin' ny fanontaniana nataony tamin-kitsimpo. Ny zavatra hitan' i Joseph Smith tao amin' ilay ala kely dia nametraka azy teo amir' ny lalan' ny maha-mpaminany azy sy teo amin' ny lalan' ny famerenana amin' ny laoniny.

Ny fiainan' i Mosesy, sy i Almà, ary i Joseph Smith dia samy niova avokoa vokatry ny fihaonana tamin' Andriamanitra. Ireo traikefa ireo dia nanome hery azy ireo hijanona ho mahatoky hatrany tamin' ny Tompo sy ny asany nandritra ny fiainan' izy ireo, na dia teo aza ny fanoherana tena henjana sy ireo fitsapana sarotra taorian' izany.

Ny zavatra iainantsika miaraka amin' Andriamanitra dia mety tsy hivantana be na mampitaintaina toy izany ary mety tsy

ho lehibe toy izany ireo fanamby atrehantsika. Kanefa tahaka ireo mpaminany, ny hery entintsika hiaretana amim-pahatokiana dia miankina amin' ny fahatsapana sy fahatsiarovana ary ny fihazonana ho masina izay zavatra azontsika avy any ambony.

Ankehitriny, ny fahefana, ny fanalahidy, ary ireo ôrdônanisy dia efa naverina eto an-tany. Misy koa ny soratra masina sy ireo vavolombelona manokana. Ireo izay mitady an' Andriamanitra dia afaka mirotsaka amin' ny batisa ho famelana ny fahotana ary ho raisina ho mpikambana "amin' ny alalan' ny fametrahan-tanana ho fanaovana ny batisa amin' ny afo sy ny Fanahy Masina" (F&F 20:41). Miaraka amin' ireo fanomezana sarobidy naverina tamin' ny laoniny ireo, ny fihaonantsika amin' Andriamanitra dia tena hisy fandraisan' ilay mpikambana fahatelo anjara tokoa ao amin' Ny Andriamanitra, dia ny Fanahy Masina izany.

*"Amin' ny alalan' ny feo tony sy malefaka, no hitenenan' ny Fanahy amiko
Hitarika ahy, hanavotra ahy*

(“The Still Small Voice,” *Children’s Songbook*, 106)

*"Que l' Esprit soit avec nous;
Enseignant la vérité.
Il témoignera du Christ,
Nous montrant sa volonté"*

(“Que l’ Esprit soit avec nous,” *Cantiques*, no. 78)

Rehefa mikatsaka valiny amin' Andriamanitra isika, dia mahatsapa ilay feo tony sy malefaka mibitsika ao amin' ny fanahintsika. Ireo zavatra tsapa—ireo fihetsehampo—dia tena voajanahary ary misoko mangina ka mety tsy ho hitantsika izany na ho raisintsika ho toy ny eritreritra sy tombantsaina. Izany hafatra natao ho an' ny tena manokana izany dia mijoro ho vavolombelona mikasika ny fitiavana manokan' Andriamanitra sy ny firaharahiany ny zanany tsirairay avy ary ny asa nanirahana azy ireo manokana ety an-tany. Ny fisaintsainana isan' andro sy ny fanoratana ireny fahatsapana ireny izay avy amin' ny Fanahy dia ampiasaina amin' ny tanjona roa izay

manampy antsika (1) hahafantatra ny fihaonantsika manokana amin' Andriamanitra sy (2) hitahirizantsika izany ho antsika sy ho an' ny taranantsika. Ny firaketana an-tsoratra azy ireny dia mari-pamatarana sy fanajana lehibe ny fankasitrahantsika an' Andriamanitra satria, "tsy misy na inona na inona atao' ny olona ka manafintohina an' Andriamanitra na mandrehitra ny fisafoahany afa-tsy ireo izay tsy miaiky ny tànany amin' ny zav-drehetra" (F&F 59:21).

Raha mikasika ny zavatra azontsika amin' ny alalan' ny Fanahy, ny Tompo dia nampahatsiahy antsika hoe: "Tadidio fa izay avy any ambony dia masina" (F&F 63:64). Ny fanambarany dia mihoatra noho ny fampahatsiahivana fotsiny. Sady famaritana izany no fanazavana koa. Ny hazavana sy fahalalana avy any an-danitra dia masina. Masina izany satria avy any an-danitra no niaviany.

Ny dikan' ny hoe *masina* dia mendrika ny omem-boninahitra sy hajaina. Rehefa raisina ho masina ny zavatra iray, dia mampahafantatra ny Tompo fa zavatra manana ny lanjany ambony kokoa izany ary laharam-pahamehana eo anatrehan' ny zavatra hafa. Ny zavatra masina dia mitaky fikarakarana bebe kokoa, ilaina omena fanajana lehibe kokoa, ary omem-boninahitra lalina kokoa. Ny zavatra masina dia mipetraka any amin' ny toerana ambony ao anatin' ny lamin' ny soatoavin' ny lanitra.

Izay masina amin' Andriamanitra dia tsy ho lasa masina amintsika raha tsy amin' ny alalan' ny fampiasana ny fahafahana misafidy irery ihany. Ny tsirairay dia tsy maintsy misafidy ny hanaiky sy hihazona ho masina izay nofaritan' Andriamanitra fa masina. Mandefa hazavana sy fahalalana avy any an-danitra Izy. Manasa antsika Izy mba handray sy hihazona izany ho masina.

Kanefa "hisy fifanoherana amin' ny zavatra rehetra" (2 Nefia 2:11). Ny mifanohitra amin' ny masina dia ny faniratsirana ny fivavahana na ny tsy finoana—ny zavatra ara-nofo sy ny zavatr' izao tontolo izao izany. Ny zavatr' izao tontolo izao dia mifaninana tsy tapaka amin' ny zavatra masina hanovana ny saintsika sy ny laharam-pahamehantsika. Ny fahalalana ny zavatra tsy misy ifandraisana amin' ny finoana dia ilaina amin' ny fiainantsika ara-nofo isan' andro. Ny Tompo dia mampianatra

antsika hikatsaka fianarana sy fahendrena, handalina sy hianatra amin' ireo boky tsara indrindra, ary hahafantatra ny fiteny sy ny olona (jereo ny F&F 88:118; 90:15). Noho izany, ilay safidy hametraka ny zavatra masina ambonin' ny zavatra tsy masina dia laharam-pahamehana miavaka, fa tsy fanavahana. "Tsara ny mahay *raha* henoi[ntsika] ny torohevitr' Andriamanitra" (2 Nefia 9:29; nampiana fanamafisana).

Ny ady mikasika izay tokony ho laharam-pahamehana eo amin' ny zavatra masina sy ny zavatra tsy masina ao am-pon' ny olombelona dia azo aseho amin' ny alalan' ny zavatra niainan' i Mosesy teo amin' ny roimemy mirehir' afo. Tao i Mosesy no nandray ny antsony masina avy amin' i Jehovah mba hanafaka ny zanak' i Isiraely avy amin' ny fanandevalozana. Na izany aza, ny fahalalany ara-nofo ny herin' i Egypta sy ny an' i Farao dia nahatonga azy hisalasala. Farany dia nampiasa ny finoany ny tenin' ny Tompo i Mosesy ka nesoriny ilay fahalalany ara-nofo dia niantehatra tamin' ilay masina izy. Izany fahatokiana izany dia nanome hery azy hiatrehana ireo fitsapana ara-nofo ary hitarihana an' i Isiraely hiala an' i Egypta.

Taorian' ny nitsoahan' izy ireo ny tafik' i Noa ka nahalavoany tao anatin' ny fanandevalozana teo an-tanan' i Amiolôna, dia mety ho niahiahy mikasika an' ilay fijoroana ho vavolombelona ara-panahy izay azony fony izy nihaino an' i Abinadia i Almà. Kanefa natoky ilay masina izy ary nomena hery izy mba haharetana sy hialana amin' ireo fitsapana ara-nofo.

I Joseph Smith dia niatrika safidy roa manadala mitovitovy tamin' izany tany am-piandohan' ny fandikana ny Bokin' i Môrmôna. Fantany ny fahamasinan' ilay takelaka sy ny asa fandikana. Kanefa noresen' i Martin Harris lahatra izy mba hanao ho lohalaharana ireo ahiahy ara-nofo mikasika ny finamanana sy ny lafiny ara-bola izay nifanohitra tamin' ireo torolalana masina. Vokatr' izany dia very ilay dikan-teny natao soratanana.

Nobedesin' ny Tompo i Joseph noho ny nanolorany "izay masina, ho an' ny faharatsiana" (F&F 10:9) ary tsy nomeny azy tao anatin' ny fotoana fohy ireo takelaka sy ny fanomezam-pahasoavan' ny fandikana. Rehefa tafaverina tamin' ny laoniny tsara ireo laharam-pahamehan' i Joseph, dia naverina ireo zavatra masina ary nitohy ny asa.

Ny Bokin' i Môrmôna dia nanome ohatra hafa momba ny fiadiana mafy mba hanao ho lohalaharana ny zavatra masina. Izany dia miresaka an' ireo mpino izay notarihin' ny finoan' izy ireo ho any amin' ny hazon' aina mba hihinana ilay voany masina, dia ny fitiavan' Andriamanitra izany. Avy eo ny fanesohesoan' ireo teo amin' ilay trano lehibe sy makadiry dia nahatonga ireo mpino hanodina ny fifantohany amin' ny zavatra masina ho any amin' ny tsy masina. (Jereo ny 1 Nefia 8:11, 24–28.) Taty aoriana, dia nisafidy ny avonavona ireo Nefita ary nandà ny fanahin' ny faminaniana sy ny fanambarana, nanao "ny fanarabiana [ho] masina" (Helamâna 4:12). Na dia ireo sasany nahita maso ireo famantarana sy fahagagana nifandray tamin' ny nahaterahan' ny Tompo aza dia nisafidy ny handà ireo fisehoana masina avy any an-danitra ka hanaraka ireo fanazavana tsy masina (jereo ny 3 Nefia 2:1–3).

Ankehitriny dia mitohy ny tolona. Ireo feo tsy masina dia mitombo isa ary lasa mafy ny feony sy heriny. Izy ireo dia tsy mitsahatra mamporisika ny mpino mba handao ny finoana izay eritreretin' izao tontolo izao fa tsy ara-drariny sy tsy manan-kery. Satria "isika mizaha ao amin' ny fitaratra ka tsy mahita marina" (1 Korintiana 13:12 ary "tsy mahafantatra ny hevity ny zavadrehetra." (1 Nefia 11:17), dia indraindray mety mahatsapa ho malemy isika ary mila fanomezan-toky ara-panahy lehibe kokoa. Ny Tompo dia nilaza tamin' i Oliver Cowdery hoe:

"Raha maniry vavolombelona fanampiny ianao, dia avereno ao an-tsainao ilay alina izay nitalahoanao Tamiko tao am-ponao, mba hahafantaranao ny momba ny fahamarinan' ireto zavatra ireto.

"nilaza fiadanana tamin' ny sainao va Aho momba izany? Inona no vavolombelona lehibe kokoa mety ho azonao noho izay avy amin' Andriamanitra?" (F&F 6:22–23).

Ny Tompo dia nampatsiahysy antsika sy an' i Oliver mba hiantehitra amin' ny fijoroana ho vavolombelona masina an' ny tena manokana izay efa noraisiny rehefa voasedra ny finoantsika. Tahaka ny nahazo an' i Mosesy, Almà, ary Joseph tany aloha, ireo fihaonana masina ireo dia azo ampiasaina ho vatofantsika masina hiaro antsika sy hampijanona antsika amin' ny lalana tsara mandritra ny fotoan' ny fitsapana.

Tsy azo lavina amin' ny alalan' ny fifantenana ny zavatra masina. Ireo izay misafidy ny hanary na dia iray monja amin' ny zavatra masina dia ho hamaizinina ny sain' izy ireo (jereo ny F&F 84:54), ary raha tsy mibebaka izy ireo, dia ho esorina amin' izy ireo izay hazavana ananany (jereo ny F&F 1:33). Rehefa tsy miankina amin' ny masina izy ireo, dia ho hitan' izy ireo fa ho very ara-pahadiovam-pitondrantena ao anatin' ny ranomasin' ny zavatra tsy masina izy ireo. Mifanohitra amin' izany kosa ny an' ireo izay mihazona zavatra masina izay hahazo fampantanenana hoe: "Izay avy amin' Andriamanitra dia hazavana; ary izay mandray hazavana sy mitoetra ao amin' Andriamanitra dia handray hazavana misimisy kokoa; ary izany hazavana izany dia mihamamiratra hatrany hatrany mandra-pitataovovonan' ny andro." (F&F 50:24).

Ny Tompo anie hitahy antsika mba hahatsapa sy hahatsiaro, ary hihazona ho masina foana ireo zavatra izay azontsika avy any ambony. Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa manao izany isika, dia banana hery hiaretana ireo fitsapana ary handresena ireo olana amin' izao androntsika izao. Amir' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Ahoana no hevitr' i Kristy mikasika ahy?

Nataon' ny Loholona Neil L. Andersen

Avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo

*Rehefa tia Azy sy matoky Azy ary mino Azy sy
manaraka Azy ianao dia hahatsapa ny fitiavany sy ny
fanekeny.*

Nisy mpanao gazety iray avy ao amin' ny mpamokatra gazetiboky Breziliана iray izay nandalina mikasika ny Fiagonana rehefa nanomana izany ho matoan-dahatsarotra.¹ Nandalina mikasika ny fotopampianarantsika izy ary nitsidika ny foibe fiofaner' ny misionera sy ny foibe misahana ny fanampiana olona. Niresaka tamin' ireo naman' ny Fiagonana izy ary tamin' ireo izay tsy tena mankasitraka koa. Nandritra ny resadresaka nifanaovany tamiko dia toa tena sahiran-tsaina tokoa ilay mpanao gazety rehefa nanontany hoe: "Nahoana ary no tsy raisin' ny olona ho Kristiana ianareo?" Fantatro fa ny Fiagonana no tiany holazaina, saingy noraisiko ho ahy manokana ilay fanontaniana ary dia nametraka tamin' ny tenako tamimpahanginana aho hoe: "Moa ve ny fainako maneho ny fitiavana ny Tompo sy ny fanoloran-tena ho Azy?"

Nanontanian' i Jesoa ireo Fariseo hoe: "Ahoana no Hevitraiseo ny amin' i Kristy?"² Mandritra ilay fanaovana tombantombana farany dia tsy ny namana na ny fahavalox akory no hitsara antsika mikasika ny nataontsika amin' ny maha-mpanara-dia manokana antsika. Fa kosa ho toy ny nolazain' i Paoly izany: "Fa samy hiseho eo anoloan' ny fitsaran' Andriamanitra isika rehetra."³ Amin' izay andro izay, ilay fanontaniana manan-danja ho antsika dia hoe: "Ahoana no hevitr' i Kristy mikasika ahy?"

Na dia tia ny olombelona rehetra aza i Jesoa dia nisy sasany tamin' ireo manodidina azy izay notsikerainy hoe toy ny mpihatsaravelatsihy,⁴ adala,⁵ ary mpanao meloka.⁶ Ny hafa dia nantsoiny tamim-pankasitrahana hoe zanaky ny fanjakana⁷ ary fahazavan' izao tontolo izao.⁸ Ny sasany dia nantsoiny miaraka amin' ny tsy fankasitrahana hoe manajamba ny masonry⁹ ary tsy mamaoa.¹⁰ Noderainy fa madio am-po¹¹ sy noana ny fahamarinana ny hafa.¹² Nalahelo izy satria ny sasany dia tsy nino¹³ ary avy amin' izao tontolo izao,¹⁴ saingy ny hafa kosa dia najainy ho toy ny voafidy,¹⁵ mpianatra,¹⁶ ary namana.¹⁷ Noho izany dia manontany tena isika tsirairay avy hoe: "Inona no hevitr' i Kristy mikasika ahy?"

Ny Filoha Thomas S. Monson dia namaritra izao androntsika izao ho toy ny fanalavirana "ny zavatra ara-panahy . . . [amin' ny alalan' ny] rivotry ny fiovana izay [manodidina] antsika sy ny fitsipi-pitondrantena eo amin' ny fiaraha-monina izay [tsy mitsahatra] ny mikorosy fahana eo imasontsika mihitsy."¹⁸ Izao dia fotoana itomboan' ny tsy firaharahiana sy ny tsy finoana an' i Kristy sy ny fampianarany.

Ao anatin' izany tontolo mikorontandrotana izany, dia faly isika satria mpianatr' i Jesoa Kristy. Hitantsika manodidina eny ny tanan' ny Tompo. Efa napetraka tsara eo anoloantsika ny toeran-kalehantsika. "Ary izao no fiainana mandrakizay," hoy ny vavaka nataon' i Jesoa, "dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesoa Kristy, Izay efa nirahinao."¹⁹ Ny hoe maha-mpanara-dia ao anatin' ity lalan-kaleha amin' izao fotoana izao ity dia ho toy ny mari-panajana mandrakizay any amin'ny mandrakizay.

Ireo hafatra izay henontsika nandritra ity fihaonambe ity dia famantarana avy amin' ny Tompo mba hitarihana antsika mandritra ny diantsika amin' ny maha-mpanara-dia antsika. Rehefa nihaino nandritra izay roa andro lasa izay isika, sy nivavaka mba hahazo fitarihana ary rehefa mandalina ireo hafatra ireo sy mivavaka mikasika azy ireo isika any aoriania dia hanome antsika fitarihana ho an' ny tena manokana ny Tompo amin' ny alalan' ny fanomezana ny Fanahy Masina. Mampitodika antsika bebe kokoa any amin' Andriamanitra ireo fahatsapana ireo ka dia mibebaka sy mankato ary mino sy mahatoky isika.

Mamaly ireo zavatra ataontsika izay maneho finoana ny Mpamonjy. "Raha misy [lehilahy na vehivavy] tia ahy, dia hitandrina ny teniko izy; ary ny Raiko ho tia azy, ary hankao aminy Izahay ka honina ao aminy."²⁰

Ilay antson' i Jesoa hoe "Avia, manaraha ahy"²¹ dia tsy natao ho an' ireo izay niomana ny hifaninana ao anatin' ilay fifaninanana ara-panahy fotsiny ihany. Raha ny marina, dia tsy fifaninanana ny fahatongavana ho mpanara-dia fa fanasana ho an' ny rehetra. Ilay dia ataontsika amin' ny maha-mpanara-dia antsika dia tsy hoe fifaninanana hazakazaka fohy ao anatin' ilay lalana ary tsy azo oharina mihitsy amin' ny hazakaza-davitra izany. Raha ny marina dia dia maharitra mandritra ny fiainana mankany any amin' ny tontolo selestialy kokoa izany.

Ny fanasany dia antso mba hanao ezaka isan' andro. Hoy i Jesoa hoe: "Raha tia Ahy ianareo dia hitandrina ny didiko."²² "Raha misy ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany, dia hitondra ny hazo fijaliany isan' andro ka hanaraka Ahy."²³ Mety tsy hahavita hanao izay tsara indrindra avy amintsika isika isan' andro, saingy raha manandrana isika dia feno fankaherezana sy fanantenana ilay fanasan' ny Tompo manao hoe: "Mankanesa aty amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana."²⁴

Na aiza na aiza misy anao eo amin' ilay lalan' ny maha-mpanara-dia dia eo amin' ilay lalana marina ianao ary eo amin' ilay lalana mitondra any amin' ny fiainana mandrakizay. Afaka mifampitraka sy mifanome hery ianareo ao anatin' ireo andro lehibe manan-danja ho avy. Na inona na inona olana atrehantsika, na fahalemena manakantsakana antsika na zavatra tsy ho vita manodidina antsika, dia aoka isika banana finoana an' ilay Zanak' Andriamanitra izay nanambara hoe: "Ny zavatra rehetra dia hain' ny mpino."²⁵

Mamela ahy ianareo hizara ohatra roa mikasika ny fanaovan' ny mpanara-dia asa. Ny voalohany dia avy amin' ny fiainan' ny Filoha Thomas S. Monson, izay mampiseho ny herin' ny hatsaram-panahy tsotra sy ny herin' ilay fampianaran' i Jesoa hoe: "Fa izay lehibe aminareo no ho mpanompo anareo."²⁶

20 taona lasa latsaka kely teo izay no niresahan' ny Filoha Monson nandritra ny fihaonamben' ny Fiangonana iray mikasika

an' ilay zatovovavy 12 taona iray izay tratran' ny homamiadana. Notantarainy ny herimpo nananany sy ny hatsaram-panahin' ireo namany izay nitondra azy teny amin' ny Tendrombohitra Timpanogos tany Utah Afovoany.

Nihaona tamin' i Jami Palmer Brinton aho taona vitsy lasa izay ary naheno an' ilay tantara tamin' ny endriny hafa—ilay endriny izay ahitana ny zavatra nataon' ny Filoha Monson ho azy.

Nihaona tamin' ny Filoha Monson i Jami tamin' ny Martsa 1993, iray andro taorian' ny nilazana fa ilay fivontosana teo amin' ny lohaliny ankavanana dia homamiadan' ny taolana izay tena mihombo haingana. Niaraka tamin' ny fanampian' ny rainy dia nomen' ny Filoha Monson tsodranon' ny fisoronana izy ary nampanantena ny Filoha Monson hoe: "I Jesoa dia ho eo ankavananao sy ho eo ankaviana mba hanohana anao."

"Talohan' ny nandaozako ny biraony tamin' izay andro izay," hoy i Jami, "Dia novahako ny tadin' ilay baolina fingotra kilalao izay teo amin' ny sezako misy kodiarana, dia nomeko azy. Misy soratra mazava be izany hoe 'Ianao no tena mahafinaritra indrindra."

Tsy nanadino azy ny Filoha Monson nandritra ny fitsaboana azy tamin' ny alalan' ny chimiothérapie sy ny fandidiana azy mba hamonjena ny tongony. Hoy i Jami hoe: "Ny Filoha Monson dia naneho tamin' ny alalan' ny ohatra ny dikan' izany hoe tena mpianatr' i Kristy izany. Nampitraka ahy tao anatin' ny alahelo [izy] ka dia nahazo fanantenana lehibe sy maharitra aho." Telo taona taorian' ny nihaonan' izy ireo voalohany dia nipetraka tao amin' ny biraon' ny Filoha Monson indray i Jami. Tany amin' ny faran' ilay fihaonana dia nanao zavatra izay tsy ho hadinoin' i Jami velively izy. Zavatra tena ahafantarana ny hatsaram-panahin' ny Filoha Monson mihitsy no niseho satria navoakany tampoka teo anoloan' i Jami ilay baolina fingotra kilalao izay nomen' i Jami azy telo taona lasa talohan' izany. "Ianao no tena mahafinaritra indrindra!" hoy ny nambaran' ilay baolina fingotra kilalao. Notehiriziny izany satria fantany fa hiverina ao amin' ny biraony i Jami rehefa sitrana ilay homamiadany. Efatra ambin' ny folo taona taorian' ny nihaonany tamin' i Jami dia nanatanteraka

ny fanambadiany tamin' i Jason Brinton tao amin' ny Tempolin' i Salt Lake ny Filoha Monson.²⁷

Afaka mianatra zavatra betsaka avy amin' ny maha-mpanara-dia ny Filoha Monson isika. Matetika izy no mampahatsiahy an' ireo Manampahefana Ambony mba hahatsiaro ity fanontaniana tsotra ity hoe: "Inona no ho ataoñ' i Jesoa?"

Hoy i Jesoa tamin' ilay mpanapaky ny synagoga iray hoe: "Aza matahotra, minoa fotsiny ihany."²⁸ Ny atao hoe mpanara-dia dia mino Azy ao anatin' ny fotoam-piadanana sy mino Azy ao anatin' ny fotoam-pahasarotana ary rehefa tsy mahita fahatoniana raha tsy avy amin' ny alalan' ny finoana fa tia antsika Izy sy mitazoma ny fampanantentany, ny fanaintainantsika sy ny tahotsika.

Vao haingana aho no nihaona tamin' ny fianakaviana iray izay ohatra tena tsara mikasika ny fomba hinoantsika Azy. Notantarain' i Olgan sy Soline Saintelus avy any Port-au-Prince, Haiti tamiko ny tantaran' izy ireo.

Tamin' ny 12 Janoary 2010, dia tany am-piasana i Olgan ary i Soline tany am-piangonana rehefa namely an' i Haiti ilay hororhorontany nandravarava. Tany an-trano niaraka tamin' ny namana iray ireo zanany telo—dia i Gancci, dimy taona, i Angie, telo taona, ary i Gansly, herintaona.

Faharavana makadiry no hita teny rehetra teny. Raha tsaroanareo dia an' arivorivony maro no maty tany Haiti tamin' izany volana Janoary izany. Nihazakazaka faran' izay vitany nankany amin' ilay efitrano fonenany i Olgan sy Soline mba hijery ny zanany. Nirodana tanteraka ilay tranobe nisy rihana telo nipetrahan' ny fianakaviana Saintelus.

Tsy nitsoaka ireo ankizy. Tsy nisy asa famonjena natao teo amin' ilay tranobe izay tena rava tanteraka.

I Olgan sy Soline Saintelus dia samy nitory ny filazantsara tao anatin' ny fotoana feno ary nivady tany amin' ny tempoly. Nino ny Mpamonjy izy ireo ary ny fampanantenany nataony tamin' izy ireo. Kanefa rotidrotika ny fon' izy ireo. Nitomany tsy nisy ohatr' izany izy ireo.

Nilaza tamiko i Olgan fa nanomboka nivavaka izy tao anatin' ilay ora maloka indrindra teo amin' ny fiainany: "Ry Ray any an-

danitra, raha toa ka sitrakao, ka mba misy velona na dia ny iray fotsiny amin' ireo zanakay aza, dia mba ampio re izahay."

Niverimberina nandehandeha teo amin' ilay tranobe izy sady nivavaka mba hahazo fanentanam-panahy. Niezaka nankahery azy ireo mpifanolobodirindrina taminy ary nanampy azy hanaiky ny fahalasan' ireo zanany. Nanohy nandehandeha nanodidina an' ireo korontan-trano rava i Olgan niaraka tamin' ny fanantenana ary nivavaka. Dia nisy zavatra nitranga izay toa toy ny fahagagana ihany. Naheno feon-jazakely nitomany ary zara raha heno i Olgan. Feon' ny fitomanin' ilay zanany kely izany.

Nangady tsy an-kijanona nandritra ny ora maro ny tao ambanin' ireo korontan-trano rava ireo mpifanolobodirindrina ary notandindomin-doza mihitsy aza ny ain' izy ireo. Tao anatin' ny haizin' ny alina, dia nahareo feo iray hafa tao anatin' ny faneno mafin' ireo famaky sy fandraby ireo mpamonyj aina. Najanon' izy ireo ny fivelivelesan-javatra ary nihaino izy ireo. Tsy nino ny zavatra henony izy ireo. Feon' ny ankizy kely iray izany—ary nihira izy. Nilaza i Ganci izay dimy taona taty aoriana fa ho henon' ny rainy izy raha mihira. Tao ambanin' ny vatosokay mavesatra izay nianjerazera ka nahatonga ny fanapahana ny tanany taty aoriana, no nihiran' i Ganci ny hira tiany indrindra dia ny "Zanaky ny Ray aho."²⁹

Niaina fahagagana ny fianakaviana Saintelus rehefa nandeha ny ora maro ary rehefa tao anatin' ny haizina sy ny fahafatesana sy fahakiviana ireo zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra tao Haiti izay tena maro. Hita ary velona tao ambanin' ilay tranobe rava i Ganci sy i Angie, ary i Gansly.³⁰

Tsy hoe miseho eo no ho eo foana ny fahagagana. Indraindray isika no mandefa saina lalina hoe nahoana ilay fahagagana izay nangatahantsika mafy tamim-bavaka no tsy mba tonga dia mitranga. Saingy rehefa miantehitra amin' ny Mpamonyj isika dia hiseho ireo fahagagana nampanantenaina. Halamina tsara daholo ny zavatra rehetra na izany mandritra ity fainana ity na any amin' ilay ho avy. Ny Mpamonyj dia manambara hoe: "Aza malahelo na matahotra ny fonareo."³¹ "Aty amin' izao tontolo izao no ahitanareo fahorian; nefo matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao."³²

Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa tia Azy, matoky Azy sy mino Azy ary manaraka Azy ianao dia hahatsapa ny fitiavany sy ny fanekeny. Rehefa manontany ianao hoe: "Ahoana no hevit' i Kristy mikasika ahy?" dia ho fantatraq fa mpianany ianao ary namany ianao. Amin' ny alalan' ny fahasoavany dia hanao zavatra ho anao Izy izay tsy ho vitanao ny hanao azy ho an' ny tenanao.

Miandry amim-pientanentanana ny lahateny famaranana hozarain' ny mpaminany malalantsika isika. Ny Filoha Thomas S. Monson dia notendrena ho Apôstôlin' i Jesoa Kristy Tompo fony aho 12 taona. Nandritra ny 48 taona mahery izay dia nomena ilay fitahiana hihaino azy mijoro ho vavolombelona momba an' i Jesoa Kristy isika. Mijoro ho vavolombelona aho fa izy dia mitana ny toeran' ny Apôstôly zokiny indrindra eto antany.

Amim-pitiavana sy amim-piderana lehibe an' ireo mpianatr' i Jesoa Kristy maro izay tsy mpikamban' ity Fiagonana ity no hanambaranay amim-panetren-tena fa nisy anjely niverina teto an-tany tamin' izao androntsika izao. Naverina tamin' ny laoniny ilay Fiagonan' i Jesoa Kristy izay naoriny fahiny miaraka amin' ny hery sy ireo ôrdônansy ary ireo fitahian' ny lanitra. Ny Bokin' i Môrmôna dia testamenta iray hafa momba an' i Jesoa Kristy.

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no Mpamonyj an' izao tontolo izao ary nijaly sy maty ho an' ny fahotantsika Izy ary nitsangana tamin' ny maty tamin' ny andro fahatelo. Nitsangana tamin' ny maty Izy. Ho avy ilay andro izay handohalihan' ny lohalika rehetra sy hideran' ny lela rehetra fa Izy no Kristy.³³ Amin' izay andro izay dia tsy ilay hoe: "Moa ve raisin' ny olona ho Kristiana aho?" fotsiny no ho ahiahiko. Fa amin' izany fotoana izany dia hifantoka any Aminy ny masontsika ary hibahaha ao am-pontsika ilay fanontaniana hoe: "Ahoana no hevit' i Kristy mikasika ahy?" Velona Izy. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

1. Jereo ny André Petry, "Entre a Fé e a Urna," *Veja*, 2 Nôv. 2011, 96.
2. Matio 22:42.
3. Romana 14:10.
4. Jereo ny Matio 6:2.
5. Jereo ny Matio 23:17.

6. Jereo ny Matio 7:23.
7. Jereo ny Matio 13:38.
8. Jereo ny Matio 5:14.
9. Jereo ny Matio 15:14.
10. Jereo ny Matio 13:22.
11. Jereo ny Matio 5:8.
12. Jereo ny Matio 5:6.
13. Jereo ny Matio 17:17.
14. Jereo ny Jaona 8:23.
15. Jereo ny Jaona 6:70.
16. Jereo ny Jaona 13:35.
17. Jereo ny Jaona 15:13.
18. Thomas S. Monson, "Stand in Holy Places," *Liahona*, Nôv. 2011, 83, 86.
19. Jaona 17:3.
20. Jaona 14:23.
21. Lioka 18:22.
22. Jaona 14:15.
23. Lioka 9:23.
24. Matio 11:28.
25. Marka 9:23.
26. Matio 23:11.
27. Jami Brinton, taratasy ho an' ny mpanoratra, 27 Jan. 2012.
28. Marka 5:36.
29. "Zanaky ny Ray aho," *Fihirana sy Hiran' ny Ankizy*, 112–113.
30. Avy amin' ny resaka nifanaovana tamin' i Olgan sy Soline Saintelus tamin' ny 10 Febrory 2012; jereo koa ny Jennifer Samuels, "Family Reunited in Miami after Trauma in Haiti," *Church News*, 30 Jan. 2010, 6.
31. Jaona 14:27.
32. Jaona 16:33.
33. Jereo ny Romana 14:11.

Eto am-pamaranana Ity Fihaonambe Ity

Nataon' ny Filoha Thomas S. Monson

*Enga anie ianareo hisaintsaina ireo fahamarinana
renareo ary hanampy anareo izany fahamarinana izany
ho tonga tsaratsara kokoa mihoatra ny nisy anareo
talohan' ny fiantombohan' ity fihaonambe ity.*

Feno ny foko eto am-pamaranana ity fihaonambe manan-daza ity. Nandray fitahiana sesehena tokoa isika teo am-pihainoana ireo torohevitra sy fijoroana ho vavolombelona avy amin' ireo izay nandaha-teny tamintsika. Ataoko angamba fa hiombon-kevitra amiko ianareo fa nahatsapa ny Fanahin' ny Tompo isika satria nampihetsi-po antsika izany ary nitondra tanjaka teo amin' ny fijoroantsika ho vavolombelona.

Mbola nankafy hira mahafinaritra indray isika, izay nampivoatra sy nampihaingo ny favoriana tsirairay nandritra ny fihaonambe. Maneho fankasitrahana ireo rehetra izay nizara ny talentany tamintsika mahakasika izany aho.

Manolotra ny fisaorana eram-po aho ho an' ireo tsirairay izay nandaha-teny tamintsika aho ary koa ho an' ireo izay nanao ny vavaka nandritra ny favoriana tsirairay.

Tsy hita isa ireo olona izay miasa, na izy ireo tsy hita ampahibemaso na any amin' ny andraikitra takotakona isaky ny fihaonambe. Tsy ho tanteraka ny fanatontosantsika ireo favoriana rehetra raha tsy teo ny fanampian' izy ireo. Misaotra azy rehetra ireo koa aho.

Fantatro fa miray feo amiko ianareo maneho fankasitrahana amin-kitsimpo ho an' ireo rahalahy sy rahavavy izay nisaorana

nandritra ity fihaonambe ity. Hotsaroantsika izy ireo. Ireo anjara birikiny teto amin' ny asan' ny Tompo dia goavana tokoa ary hisy fiantraikany amin' ireo taranaka maro ho avy.

Nanohana koa isika, tamin' ny alalan' ny fananganana tanana, rahalahy sy rahavavy izay nantsoina handray antso vaovao nandritra ity fihaonambe ity. Faly mandray azy ireo izahay ary tianay ho fantany fa miandranda ny fiaraha-miasa amin' izy ireo ao anatin' ity tanjon' ny Mpampianatra ity izahay. Nantsoina avy tamin' ny alalan' ny fitaomam-panahy avy amin' Andriamanitra izy ireo.

Nampita ity fihaonambe ity amin' ny faritra maro kokoa mihoatra noho ny teo aloha isika, mipaka amin' ireo olona any ankoatry ny kaontinanta sy ranomasimbe na aiza na aiza. Na dia lavitra ny ankamaroanareo aza ny vata-tenanay dia tsapanay ny fanahy entinareo sy ny fanoloran-tenanareo, ary mampita ny fitiavanay sy ny fankasitrahany anareo izahay na aiza na aiza misy anareo.

Fitahiana lehibe ho antsika tokoa, ry rahalahy sy ranabavy ny manana ny filazantsaran' i Jesoa Kristy izay naverina tamin' ny laoniny eo amin' ny fainantsika sy ao am-pontsika. Manolotra valiny ho an' ireo fanontaniana goavan' ny fainana izany. Manolotra lalana sy tanjona ary fanantenana eo amin' ny fainantsika izany.

Miaina ao anatin' ny andro mahory isika. Manome toky anareo aho fa fantatry ny Raitsika any an-danitra tsara ireo fanamby atrehintsika. Tia antsika tsirairay Izy ary maniry ny hitahy sy hanampy antsika. Miantsoa Azy amin' ny vavaka, araka ny fampaherezana nataony tamintsika hoe: "Mivavaha mandrakariva, dia haidiko aminao ny Fanahiko, ary ho lehibe ny fitahiana anao—eny, mihoatra noho izay mety ho azonao amin' ny rakinsoan' ny tany."¹

Ry rahalahy sy ranabaviko malala, ho feno fitiavana sy fifanajana ary ny Fanahin' ny Tompo anie ny tokantranantsika. Tiavo ny fianakavianareo. Raha misy tsy fitovian-kevitra na fifandirana eo anivonareo dia miangavy aho alamino izao ankehitriny izao izany. Hoy ny Tompo hoe:

"Ary tsy hisy fifanjihirana eo anivonareo. . . .

“Fa lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, izay manana ny fanahin’ ny fifandirana dia tsy Ahy fa an’ ny devoly kosa, izay rain’ ny fifandirana, ary mamoky ny fon’ ny olona izy mba hifanditra amim-pahatezerana izy samy izy.

“[Kanefa] Indro, tsy fotopampianarako . . . [izany]; fa *izao kosa* no fotopampianarako dia ny hampitsaharana ny zavatra toy izany.”²

Amin’ ny maha-mpanompo ahy manetry tena eto anoloanareo no hamerenako ny tenin’ ny Mpanjaka Benjamina fony izy niresaka tamin’ ny vahoakany, nanao hoe:

“Izaho dia tsy nandidy anareo . . . mba . . . hiheveranareo fa ny tenako dia mihoatra noho ny olona mety maty.

“Fa izaho dia tahaka ny tenanareo, andairan’ ny karazany rehetra amin’ ny rofin’ ny vatana sy ny saina; kanefa dia efa nofinidin’ . . . ny tanan’ ny Tompo . . . ary dia efa notehirizina sy notsimbinina tamin’ ny heriny tsy manan-tsahala aho mba hanompo anareo amin’ ny hery sy saina ary tanjaka rehetra izay efa nomen’ ny Tompo ahy.”³

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, fanirian’ ny foko manontolo ny hanao ny sitrapon’ Andriamanitra ary hanompo Azy sy hanompo anareo.

Ankehitriny raha handao ity fihaonambe ity isika dia miantso ireo fitahian’ ny lanitra aho mba hirotsaka aminareo tsirairay avy. Enga anie ianareo izay lavitra ny tokantranonareo ho tody soa aman-tsara any. Enga anie ianareo hisaintsaina ireo fahamarinana renareo ary hanampy anareo izany fahamarinana izany ho tonga tsaratsara kokoa mihoatra ny nisy anareo talohan’ ny fiantombohan’ ity fihaonambe ity roa andro lasa izay.

Mandrapihaonantsika indray afaka enim-bolana dia mangataka ny fitahian’ ny Tompo aho hirotsaka aminareo ary, hirotsaka amintsika rehetra koa. Izany no ataoko amin’ ny anarany masina—dia i Jesoa Kristy, ilay Tompo sy Mpampony antsika—amena.

Fanamarihana

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:38.

2. 3 Nefia 11:28–30; nampiana fanamafisana.
3. Môsià 2:10–11.

Mitsangàna ary Mamirapirata

Nataon'i Ann M. Dibb

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany

Iray amin'ireo fomba tsara indrindra ahafahantsika mitsangana sy mamirapiratra ny mankatò amin-pahatokiana ireo didin' Andriamanitra.

Voninahitra ho ahy ny miaraka aminareo amin'ity takariva ity. Isaky ny volana Janoary, dia tsy andriko mihitsy ny filazana ny teny filamatra amin'ny Fiaraha-mientana Ifampizarana. Na izany aza dia maka fotoana foana aho hanombantombanana raha toa aho ka nahafehy na tsia ireo lesona niompana tamin'ilay teny filamatra tamin'ny taona *lasa*.

Andeha averintsika jerena ao anatin'ny fotoana fohy ireo teny filamatra faramparany: "Aoka handravaka tsy an-kijanona ny eritreritao ny hatsaram-panahy,"¹ "Aoka ianareo hiorina mafy sy tsy ho azo hozongozonina, hahefa be mandrakariva amin' ny asa tsara,"² "Aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino hianao,"³ "Koa mahereza sy mahatanjaha,"⁴ ary ny fanekem-pinoana fahatelo ambin'ny folo: "Mino isika fa tokony ho marina, ho mahatoky, ho madio fitondrantena, ho antra olona, ho mendrika ary hanao soa amin' ny olon-drehetra."⁵

Ny fandalinana sy fifantohana tamin'ireo soratra masina ireo nandritra ny taona iray manontolo dia nahatonga azy ireo hanana toerana ao am-pontsika sy ao amin'ny fanahintsika ary ao amin'ny fijoroantsika ho vavolombelona. Manantena izahay fa hanohy hanaraka ny fitarihana avy amin'izy ireo ianareo rehefa

hampifantoka ny saintsika isika amin'ny teny filametry ny Fiaraha-mientana Ifampizarana ho an'ny taona 2012, izay hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana.

Manazava ny sasintenin'ny fizarana 115 hoe: taona 1838 tamin'izay, ary tao Far West, Missouri no toerana nisehoan'ny zava-nitranga. "Nampahafantatra ny sitrapon' Andriamanitra momba ny fananganana io toerana io sy ny tranon' ny Tompo" i Joseph Smith. Nanana fomba fijery tsara sy feno risimpo ilay Mpaminany. Ao amin'ny andininy faha-5 izay ahitantsika ny teny filamatra ho an'ity taona ity dia nilaza taminy ny Tompo hoe: "Lazaiko marina tokoa aminareo rehetra: Mitsangàna ary mamirapirata mba hahatonga ny fahazavanao ho faneva ho an' ireo firenena."

Inona no zavatra tonga an-tsainareo rehefa mandre ny teny hoe *mitsangàna* ianareo? Izaho manokana dia mieritreritra anareo—ry tanora mendri-kajan'ny Fiagonana. Azoko sary an-tsaina ny fitsangananareo amim-pahavitrihana avy eo am-pandrianareo isa-maraina handeha hanao seminera vao maraimbe. Hitako ianareo mitsangana amim-pahatokiana avy eo am-pandohalihana rehefa nahavita ny vavaka isan'andro ataonareo. Mieritreritra anareo aho izay mitsangana amin-kerimpo hizara ny fijoroanareo ho vavolombelona sy hiaro ny fitsipika iainanareo. Entanin'ny fanoloran-tenanareo ho an'ny filazantsara sy ireo ohatra tsara ataonareo ny fanahiko. Maro aminareo no efa nanaiky ity fanasana hitsangana sy hamirapiratra ity, ary ny fahazavanareo dia mamporisika ireo hafa hanao torak'izany koa.

Ny iray amin'ireo fomba lehibe indrindra ahafahantsika mitsangana sy mamirapiratra dia ny fankatoavana amim-pahatokiana ny didin'Andriamanitra. Isika dia mianatra momba ireo didy ireo ao amin'ny soratra masina sy avy amin'ireo mpaminaniny maoderina ary ao amin'ireo pejin'ny bokikely *Ry Tanora, Mahereza*. Tokony hanana ny tahadikan'izany ianareo tsirairay avy. Ao amin'ny ahy manokana izay amin'ny teny Anglisy, hoe For the Strength of Youth, dia nataoko anaty faribolana ireo teny hoe *for izay midika hoe ho sy ny hoe You*, izay midika hoe anao, araky ny nampianaran'ny namako iray ahy izay hajaiko fatratra. Izany fomba tsotra izany dia

mampahatsiahy ahy fa tsy taridalana amin'ny ankabobeny fotsiny ireo fitsipika ireo—fa natao *ho ahy* manokana. Manantena aho fa haka fotoana ianareo hanasiana faribolana ny bokikelinareo, ka hamaky izany hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany, ary hahatsapa ny Fanahy hijoro ho vavolombelona fa natao *ho anao* koa ireo fitsipika ireo.

Mety misy aminareo ireo alaim-panahy tsy hiraharaha na handà ireo fitsipika ao amin'ny *Ry Tanora, Mahereza*. Mety hijery ilay bokikely izy ireo ary hiteny hoe: “Jeren'i Neny fa tsy miresaka mikasika ny [*atao eto ilay fitsipika resahaha*] ity bokikely ity.” Na mety hanamarin-tena izy ireo hoe: “Tsy dia maninona anie ny ataoko e! Izaho dia mino fa tsy dia ratsy toetra loatra noho i [*lampidiro eto ny anaran'ny namana na olom-pantatra iray*].”

Nampianatra ny Filoha Harold B. Lee hoe: “Ny manan-danja indrindra amin'ireo didin'Andriamanitra rehetra dia ilay iray izay tena sarotra ho anao ankehitriny ny mitandrina azy.”⁶ Nanazava ny Mpanjaka Benjamin hoe: “Izaho dia tsy afaka milaza aminareo ny zavatra rehetra izay mety hanotanareo; fa misy lalana sy fomba samihafa, be loatra aza ka tsy hitako hisaina izy ireny.”⁷ Raha manana olana amin'ny fitandremana ireo fitsipika sy didy ireo ianareo dia mamporisika anareo aho hitady fanampiana avy ao amin'ny filazantsara. Vakio ny soratra masinareo. Manokana fotoana hitsidihana ny tranonkala ôfisialin'ny Fiangonana, ny LDS.org, mba hahitana ireo valin'ny fanontaniana anananareo. Miresaha amin'ny ray amandreninareo, ny mpitarika anareo ao am-piangonana ary amin'ireo izay maneho ohatra tsara eo amin'ny fiainan'izy ireo ny filazantsara. Mivavaha. Aboray amin'ny Rainareo any an-danitra izay tia anareo ny ao am-ponareo. Ampiasao isan'andro ny fanomezan'ny fibebahana. Manompoa ny hafa. Ary ny tena zavadehibe dia henoy sy ankatoavy ny bitsiky ny Fanahy Masina.

ianao no

tokony ho ilay iray izay mijoro hanohana ny marina, na dia tsy maintsy ianao irery aza no hanao izany.”⁸

Tsy tian’ny Ray any an-danitra isika hitodika any amin’izao tontolo izao ary *hanaraka* ny fomba fisainany izay tsy mitsaha-miova. Tiany isika hitodika any Aminy ary hanaraka ny fitarihany izay tsy miova. Tiany hiaina ny filazantsara isika ary *hitarika* ny hafa any amin’izany amin’ny alalan’ny fanarahana fitsipika ambony.

Manome ohatra tsara maro entina hanehoana izany hevitra izany ny soratra masina. Ao amin’ny bokin’ny Mpitsara ao amin’ny Testamenta Taloha dia mianatra momba an’i Samsona isika. Teraka niaraka tamin’ny fananana hery anaty lehibe i Samsona. Nampanantenaina ny reniny fa “izy no hanomboka hamonjy ny Isiraely amin’ny tānan’ny Filistina.”⁹ Kanefa rehefa nihalehibe i Samsona dia nanaraka kokoa ny fakam-panahin’izao tontolo izao fa tsy ny fitarihan’Andriamanitra. Naneho safidy izy noho ny hoe “izy [ireny] ihany no mahafinaritra [azy]”¹⁰ fa tsy noho ny hoe safidy tsara ireny safidy ireny. Nampiasain’ny soratra masina matetika ny teny hoe “dia nidina izy”¹¹ rehefa nilaza mikasika ny fiainan’i Samsona sy ny zavatra nataony ary ny safidy nataony. Raha tokony hitsangana sy hamirapiratra i Samsona mba hampiasa ilay hery anaty lehibe nananany dia resin’ny fisarihan’izao tontolo izao izy, ka very ny hery nomen’Andriamanitra azy ary maty tao anatin’ny fahatanorany tamin’ny fomba mampalahelo izy.

Etsy ankilany ny soratra masina dia manome ny ohatra nataon’i Daniela. Teraka niaraka tamin’ny fananana hery anaty lehibe koa i Daniela. Ao amin’ny bokin’i Daniela, toko faha-6, dia hitantsika ny hoe: “Izany Daniela izany dia nihoatra noho ny komandy lehibe sy ny solo-mpanjaka namany, fa nanam-panahy hendry izy.”¹² Rehefa niatrika ireo fanambin’ny fiainan’izao tontolo izao i Daniela dia tsy niondrika njery ny fitsipi-piainan’izao tontolo izao izy—fa nitsangana ary niandrandra tany amin’ny lanitra. Raha tokony hanaraka ny didy mifototra amin’ny an’izao tontolo izao izay nomen’ny mpanjaka i Daniela, dia ny hoe mba tsy hivavaka na amin’iza na amin’iza fa amin’ny mpanjaka ihany mandritra ny 30 andro dia “nankao an-tranony [i Daniela]; ary ny varavarankelin’ny tranony ambony nanandrify

an'i Jerosalema dia nivoha. Koa intelo isan'andro no nandohalika ka nivavaka sy nisaotra teo anatrehan'Andriamaniny izy, satria fanaony hatramin'ny taloha izany.”¹³

Tsy natahotra ny hitsangana sy hamirapiratra tamin'ny fanarahana ny didin'Andriamanitra i Daniela. Na dia nandia alina iray tsy nampahazo aina tao an-davaky ny liona aza izy noho ny fijoroany tamin'ny fahamarinana, dia voaro sy voatahy izy noho ny fankatoavany. Rehefa navoakan'ny Mpanjaka Dariosy tao an-davaky ny liona i Daniela ny ampitso maraina dia namoaka didy izy fa tokony hatahotra ny Andriamanitr'i Daniela daholo ny rehetra ary hanaraka ny ohatry ny fahatokiany. Tena nampiseho tamintsika ny dikan'ny hoe faneva ho an'ny firenena i Daniela ary ny tsy fampandeferana ny fitsipika iainantsika manoloana an'ireo fakam-panahin'izao tontolo izao.

Nanana fahafahana aho nandre ohatra maro nasehon'ny tanora amin'izao andro maoderina izao, izay toa anareo mihitsy, izay tsy matahotra ny hitsangana sy hamirapiratra ary hamela ny hazavany ho faneva hita maso eo anivon'ireo tanora mitovy aminy. I Joanna no iray amin'ireo telo hany mba mpikamban'ny Fiagonana tao amin'ny sekoly ambaratonga faharoa nisy azy ary hany mba zatovovavy tao amin'ny paroasiny. Nampanantena tamin'ny tenany izy sy tamin'ny Tompo fa tsy hampiasa teny ratsy na oviana na oviana. Rehefa nampiarahana tamin'ny zatovolahy iray izy mba hiaraka hanao tetik'asa iray, zatovolahy izay tsy nanao fanoloran-tena nitovy tamin'ny azy, dia tsy nampandefitra ny fitsipika iainany izy. Nangatahiny ilay zatovolahy mba hanaja ny fitsipika iainany. Rehefa nandeha ny fotoana dia lasa nanana fahazarana vaovao sy nampiasa fiteny madio kokoa ilay namany tamin'ny alalan'ny fanaovany fampahatsiahivana feno hatsaram-panahy ary indraindray tamin'ny fomba somary henjankenjana. Maro ireo olona nahatsikaritra ny fiovana, ka tao anatin'izany ny rain'ity tovolahy ity izay nisaotra an'i Joanna noho ny ohatra tsara nataony teo amin'ny fainan'ny zanany lahy.¹⁴

Nandritra ny fanatanterahana iraka tany Philippines dia nihaona tamin'i Karen aho izay nizara ny zavatra iray niainany fony izy Ravintsara ary tao anatin'ny fianarana mba hahazoana mari-pahaizana Licence mikasika ny fitantanana trano

fandraisam-bahiny sy fikarakarana sakafo. Nitaky tamin'ny mpianatra tsirairay mba hianatra hanao sy hanandrana ireo karazan-java-pisotro izay ho aroso ao amin'ny trano fisakafoanan'zy ireo ny mpampianatra iray. Nisy alikaola ny sasantsasany tamin'ireo zava-pisotro ireo ary fantatr'i Karen tsara fa mifanohitra amin'ny didin'Andriamanitra ny fanandramany azy ireo. Teo anatrehan'ny mety ho voka-dratsy hiseho dia nanangona ny risimpony i Karen ahafahany hitsangana sy hamirapiratra, ary dia tsy nanandrana ireo zava-pisotro ireo izy.

Nanazava i Karen hoe: "Nanatona ahy ny mpampianatro ary nanontany ahy ny antony tsy nisotroako. Hoy izy hoe:

'Ramatoakely Karen, ahoana no hahalalanao an'ilay tsiro ary hahazoanao naoty tsara amin'ity taranja manan-danja ity raha tsy farafaharatsiny ianao manandrana ireo zava-pisotro ireo?"

Nolazaiko azy fa mpikamban' Ny Fianganan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany aho ary amin'ny maha-mpikambana ahy dia tsy misotro zava-pisotro izay manimba ny tenantsika aho. Na inona na inona nandrasany tamiko, na dia nidika koa aza izany hoe hahazo naoty ambany aho, dia ho azoko tsara izany, saingy tsy handefitra amin'ny fanarahako ny fitsipika iainako manokana aho."

Nandeha ny herinandro maromaro ary tsy nisy zavatra fanampiny nolazaina mikasika an'izany andro izany. Tany amin'ny faran'ny tapa-taona dia noeritreretin'i Karen fa ho hita any amin'ny naotiny farany ny vokatr'ilay fandavany ny hanandrana ireo zava-pisotro. Nisalasala izy hijery ny naotiny kanefa rehefa nojereny izany dia hitany fa nahazo ny naoty faran'izay ambony indrindra tao an-dakilasiny izy.

Hoy izy hoe: "Nianatra avy tamin'izany zava-nitranga izany aho fa Andriamanitra . . . dia tena hitahy antsika rehefa manaraka Azy isika. Fantattro koa fa na dia ho nahazo naoty ratsy aza aho dia tsy ho nanenenako ny zavatra nataoko. Fantattro fa hahomby foana aho eo imason'ny Tompo rehefa misafidy ny hanao ny zavatra fantattro fa tsara tokony ho atao."¹⁵

Ry zatovovavy malala, samy teraka tao anatin'ny fananana hery anaty lehibe ianareo tsirairay avy. Zanakavavy tian'ny Ray any an-danitra ianareo. Fantany sy tiany ianareo. Manasa anareo izy mba "hitsangana sy hamirapiratra," ary mampanantena Izy fa

raha manao izany ianareo dia hanohana anareo sy hitahy anareo Izy. Mivavaka aho mba hahitanareo tsirairay avy ny herimpo hanekena izany fanasana izany ary handraisana ireo fampanantenany, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

1. Fotopampianarana sy FanekeMPIhavanana 121:45.
2. Môsià 5:15.
3. 1 Timoty 4:12.
4. Josoa 1:9.
5. FanekeMPI-pinoana 1:13.
6. *Teachings of Presidents of the Church: Harold B. Lee* (2000), 30.
7. Môsià 4:29.
8. Thomas S. Monson, "Examples of Righteousness," *Liahona*, Mey 2008, 65.
9. Mpitsara 13:5.
10. Mpitsara 14:3.
11. Mpitsara 14:7.
12. Daniela 6:3.
13. Daniela 6:10.
14. Jereo ny Joanna Ehrisman, "The Thing about Being Mormon," mba hahitana ny ampahan'ity tantara ity ao amin'ny edisiôna nataon'i Katilin Medlin sy ireo hafa, *Going on 15: Memoirs of Freshmen* (2010), 93–96.
15. Taratasy manokana ho an'i Ann M. Dibb, 2012.

Katsahonareo ny Fianarana: Manana Asa Tokony Hatao Ianareo

Nataon' i Mary N. Cook

*Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadian' ny Zatovovavy
Manieran-tany*

*Omeo fitahiana ireo izay ho zanakao sy ny
tokantranonao ho avy amin' ny alalan' ny fanovozana
fianarana betsaka araka izay tratra amin' izao fotoana
izao.*

Ry zatovovavy malalako, tena tianay ianareo tsirairay avy. Hitanay ianareo fa mitsangana amin-kerimpo sy mamirapiratra amin' ny hazavana ao anatin' ity izao tontolo izao ity izay ahitana fanamby lehibe maro miaraka amin' ny fahafahana manao zavatsoa lehibe maro. Mety mahatonga anao hanontany tena izany hoe hanao ahoana ny hoaviko? Manome toky anareo aho fa amin' ny maha-zanakavavin' Andriamanitra tsara toetra anareo dia mamirapiratra ny hoavinareo! Ianareo dia miaina ao anatin' ny vanim-potoana izay namerenana tamin' ny laoniny ireo fahamarinan' ny filazantsara ary ireo fahamarinana ireo dia hita ao amin' ny soratra masinareo. Nandray ny fanomezana ny Fanahy Masina ianareo tamin' ny fotoana nanaovana batisa anareo ary ny Fanahy Masina dia hampianatra anareo ny fahamarinana ary hanomana anareo ho amin' ireo fanambin' ny fiainana.

Nomen' Andriamanitra fahafahana misafidy eo amin' ny lafiny ara-pitondrantena ianareo ary nomeny fahafahana hianatra ety an-tany ary manana asa ampanaorina anareo Izy. Mba hanatanterahana izany asa izany dia manana andraikitra

manokana ianareo tsirairay ny hikatsaka fianarana. Ny fanalahidin' ny hoavinareo, ilay "fanantenanareo mamirapiratra,"¹ dia hita ao anatin' ilay bokilkeye vaovao *Jeunes Soyez Forts* (Ry Tanora Mahereza) eo ambanin' ilay fitsipika hoe ny fianarana sy ao anatin' ny hasin' ny fahalalana ho an' ny Zatovovavy.

"Ny fianarana . . . dia hanokatra ireo varavarany ny fahazoana tombontsoa."² Raha toa ianareo ka manaraka ilay fanentanana nataon' ny Tompo hoe: "Katsahonareo ny fianarana amin' ny alalan' ny fandinihana ary koa amin' ny alalan' ny finoana,"³ dia tsy hoe hahazo fahalalana fotsiny ianareo avy amin' ny fandalinana ataonareo fa hahazo fahalalana fanampiny koa rehefa mianatra amin' ny alalan' ny finoana.

Katsaho ny fianarana amin' ny alalan' ny fandalinana amimpahavitrhana. Tsy hanana fahafahana firy ianareo hanokanana fotoana betsaka hianarana toy ny amin' izao fotoana izao. Nanoro hevitra tamim-pahendrena an' ireo zatovon' ny Fiagonana ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: "Ny lamin' ny fandalinana izay apetrakareo mandritra ny fotoana ianaranareo any an-tsekoly dia hisy fiantraikany lehibe eo amin' ny faniranareo tsy tapaka mandritra ny androm-piainana hanovo fahalalana."⁴ "Tokony hanovo fianarana betsaka araka izay tratranareo ianareo. . . . Afoizo izay zavatra tokony hafoy mba hanananareo fahafahana hanao ny asan' [ity] izao tontolo izao [ity]. . . . Hofano ny sainareo sy ny tananareo mba ho lasa fitaovana hanaovana ny tsara rehefa miatrika ny fiaianana ianareo."⁵

Raha niresaka manokana tamin' ireo zatovovavy ny Filoha Thomas S. Monson dia nilaza izy hoe: "Matetika dia tsy fantatra ny hoavy. Noho izany dia ilaina ny fiomanantsika amin' ny toe-javatra tsy ampoizina. . . . Mamporisika anareo aho mba handia fianarana ary hianatra fahaiza-manao tena ilaina, ka raha mitranga ny toe-javatra tahaka izany dia efa vonona ianareo amin' ny angady sy ny harona."⁶

Ry zatovovavy, araho ny torohevitr' ireo mpaminany hendry sy entanin' ny fanahy ireo. Aoka ianareo mba ho mpianatra tsara. Mitsangàna ary mamirapirata any amin' ny sekolinareo ao anatin' ny filofosana mafy sy ny fahitsim-po aman-tsaina ary ny fahamarinana. Raha toa ianareo ka sahirana na kivy mikasika ny

zava-bitanareo any an-tsekoly dia mitadiava fanampiana any amin' ny ray aman-dreninareo sy ny mpampianatra anareo ary ireo mpikamban' ny Fiangonana tia manampy. Aza milavo lefona velively!

Ataovy lisitra ireo zavatra tianareo hianarana avy eo dia "zarao amin' ny fianakavianareo sy ny namanareo ary ny mpitarika anareo ireo tanjonareo eo amin' ny lafin' ny fianarana mba hahafahan' izy ireo manohana sy mamporisika anareo."⁷ Izany no lamin' ny Fivoaran' ny Tena Manokana.

Mahita ny fitomboana izaitsizy eo amin' ny fahalalana zavatra ianareo amin' ny alalan' ny teknôlôjia. Tototry ny feo sy ny horonan-tsary sy ny fitaovam-pifandraisana tsy tapaka ianareo. Aoka ianareo mba hahay hifantina ary aza avela handrebireby anareo na hampiadana ny fandrosoanareo ny fitomboan' izany fampahalalana izany. Mitsangàna ry zatovovavy! *Ianareo* no mametraka ny tanjonareo. *Ianareo* no manapa-kevitra hoe inona no tokony hampidirina ao am-ponareo sy ao an-tsainareo.

Ny sasany amin' ireo fianarana zava-manan-danjaindrindra ho ataonareo dia ho any ivelan' ny efitrano fianarana. Fenoy vehivavy tsara alain-tahaka ny manodidina anareo, izay vehivavy afaka mampianatra anareo fahaiza-manao mikasika ny fikarakarana tokantrano, na ny zava-kanto, na ny mozika, na ny tantaram-pianakaviana na ny fanatanjahan-tena na ny haisoratra na ny haiteny. Fantaro izy ireo ary angataho mba hampianatra anareo. Rehefa nianatra zavatra vaovao ianareo dia ampianaro mandritra ny Atrik' asa Ifampizarana izany na aoka ianareo mba ho lasa mpampianatra an' ireo zatovovavy hafa izay anisan' ny tafiditra ao anatin' ny zavatra takiana mba hahazoana ilay medaly ho an' ny zatovovavy izay nampianatra ny hafa.

Ankoatra ilay reniko tena mahafinaritra dia nanana mpampianatra maro aho teo amin' ny fiainako. Ny fotoana voalohany nahafantarako mikasika ny dingana arahina momba ny fampianarana ny hafa dia fony aho sivy taona monja. Ny mpampianatra ahy tao amin' ny Kilonga dia nampianatra ahy nanao peta-kofehy point de croix ny soratra hoe: "Hitondra ny Hazavan' ny Filazantsara ao An-tokantranoko Aho." Nihantona tao amin' ny efitranoko izany sary izany nandritra ireo taona

naha-zatovo ahy. Notarihan' io mpampianatro io aho ary nahitsiny sy namporisihany foana rehefa nandeha teny. Nisy mpampianatra maro hafa koa taorian' izany. Nisy mpanjaitra tena mahay anankiroa nampianatra ahy nanjaitra. Noho ny fitarihan' izy ireo sy ny faharetan' izy ireo ary ny famporisihan' izy ireo dia nampidiriko ho isan' ny isafidianana tao anatin' ny fifaninanana zaitra ny akanjolava iray izay nozairiko tamin' izaho 14 taona ary dia nahazo loka! Izany dingana izany dia nampitombo ny hetahetako hanovo fahalalana sy ho mpianatra mendrika indrindra tao anatin' ny sehatra hafa koa.

Ny fanovozana fahalalana amin' izao fotoana izao dia tena sarobidy rehefa lasa reny ianao. "Ny fari-pahaizan' ny reny iray dia misy fiantraikany lalina eo amin' ny safidy ho atao' ny [zanany]."⁸ Ny fahaizan' ny reny iray dia afaka ho tonga "fanalahidy hampitsaharana [ny] fahantrana."⁹ Ny vehivavy nandia fianarana dia "lasa: Miteraka zaza salama kokoa, mananjaka salama kokoa, manana fahatokian-tena bebe kokoa, mahay mitraka ary manana fomba fisainana sy mahay mandanjalanja tsara kokoa."¹⁰

Hianarantsika ao amin' ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' Izao Tontolo Izao" fa "ny reny no tompon' andraikitra voalohany amin' ny fikarakarana ny zanany."¹¹ Ny fampianarana ny zanakao dia anisan' ny tafiditra ao anatin' izany fikarakarana sy andraikitrao masina izany. Toy ireo zatovo miaramila izay "efa nampianarin' ny reniny,"¹² ianao no ho mpampianatra tena manan-danja indrindra amin' ireo mpampianatra ny zanakao hatramin' izay, noho izany dia fidio tsara izay tianao hianarana. Omeo fitahiana ny zanakao sy ny tokantranonao ho avy amin' ny alalan' ny fanovozanao fahalalana betsaka indrindra araka izay vitanao amin' izao fotoana izao.

Katsahonareo ny fianarana amin' ny alalan' ny finoana. Mianatra amin' ny alalan' ny finoana isika rehefa manovo amimpahavitrihana fahalalana ara-panahy amin' ny alalan' ny vavaka, ny fandalinana ny soratra masina sy ny fankatoavana ary rehefa mikatsaka ny fitarihan' ny Fanahy Masina izay mijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinana rehetra. Raha manao ny anjaranareo eo amin' ny fanovozana fahalalana ianareo dia afaka manazava ny sainareo ny Fanahy Masina. Rehefa miezaka ny

manao izay hahamendrika ny tenanareo ianareo dia hanome torolalana anareo ny Fanahy Masina ary hampitombo ny fahalalanareo.

Fony aho zatovovavy dia nindrana tehina fisosana amin' ny ranomandry aho, izay tena lava be tamiko sy kiraro fisosana amin' ny ranomandry izay lehibe loatra tamiko, ary namako iray izay no nampianatra ahy hisosa tamin' ny ranomandry! Ny andro nandehananay dia andro lohataona iray izay tena tsara, nisy masoandro mibaliaka, ranomandry antonony tsara ary lanitra misy rahona sy mangamanga. Niova ho fifaliana ilay tebiteby naterak' ireo solampy miaka-drantsana rehefa nihanahay aho. Ary na dia nianjera imbetsaka ihany aza aho niaraka tamin' ireo tehina fisosana amin' ny ranomandry ireo dia niarina aho ary nanohy nanandrana hatrany. Lasa tiako io fanatanjahan-tena io!

Tsy ela akory anefa aho dia nahita fa tsy voatery ho tsara tahaka izany foana ny andro hisosana amin' ny ranomandry sy ny toetr' andro. Tao anatin' ireo andro maloka nisosana andranomandry dia nisosa an-dranomandry tao anatin' ny toe-javatra antsoina hoe "hazavana manjavozavo" izahay. Miseho ny hazavana manjavozavo rehefa aparitaky ny rahona ny hazavana avy amin' ny masoandro. Ka rehefa mijery ny ranomandry eo alohanao ianao dia hitanao fa tsy manana intsony ny fahatsapana ny halalin' ny toerana ianao, ary sarotra ny mamantatra hoe hatraiza ny halalin' ilay solampy miaka-drantsana na ny mahita ireo dongodongona eo amin' ilay havoana.

Ry zatovovavy mety mijery ny hoavinareo toy ny nijereko an'ity solampy miaka-drantsana hanaovana fisosana amin' ny ranomandry ity ianareo. Mety mahatsapa ianareo indraindray fa miaina ao anatin' ny hazavana manjavozavo ka tsy afaka mahita izay hiseho eo anoloanareo. Ny fianarana amin' ny alalan' ny finoana dia hanome fahatokian-tena anareo ary hanampy anareo hahita ny lalanareo ao anatin' ny fotoan' ny fisalasalana.

Ao amin' ny toko faha-25 ao amin' ny Matio, ny fanoharana mikasika ny virijiny folo dia mampianatra antsika fa iankinan' ny aina ny fiomanana ara-panahy ary tsy mantsy tanterahin' ny tena manokana. Ho tsaroanareo fa nasaina daholo ireo virijiny folo mba hitsena ny mpampakatra mandritra ny fampakaram-

bady, saingy ireo virijiny hendry dimy ihany no niomana ka nanana solika tao anatin' ny fanalany.

“Dia hoy ny adala tamin’ ny hendry: Mba omeo kely amin’ ny solikareo izahay; fa efa ho faty ny fanalanay.

“Fa ny hendry namaly ka nanao hoe: Sao tsy ampy ho anay sy ho anareo, fa mandehana mankany amin’ ny mpivarotra hianareo ka mividiana ho anareo.

“Fa raha mbola lasa nividy izy, dia tonga ny mpampakatra, ary izay efa niomana dia niara-niditra taminy tao amin’ ny fampakaram-bady, ary dia narindrina ny varavarana.”¹³

Mety hieritreritra ianareo fa fitiavan-tena no nasehon’ ireo virijiny izay tsy nizara ny solika nananany, nefo tsy azo natao mihitsy izany. Ny fiomanana ara-panahy dia tsy maintsy ataon’ ny tena manokana tsikelikely ary tsy mety zaraina.

Izao no fotoana hanatantehanareo amim-pahavitrihana ny fampitomboana—tsikelikely—ny fahalalanareo ara-panahy, amin’ ny alalan’ ny vavaka, sy ny fandalinana ny soratra masina ary ny fankatoavana. Izao no fotoana handratoana fianarana—tsikelikely. Ny eritreritra sy ny zavatra atao tsirairay izay tsara dia hanampy ny solika ao amin’ ny fanalanareo ary hahamendrika anareo hahazo ny fitarihan’ ny Fanahy Masina, ilay mpampianatra antsika avy any an-danitra.

Ny Fanahy Masina dia hitarika anareo mandritra ny dianareo ety an-tany, na dia rehefa mahatsapa ho ao anatin’ ny hazavana manjavozavo aza ianareo, ka tsy mahafantatra izay mety hitranga. Tsy mila matahotra ianareo. Rehefa mitoetra eo amin’ ilay lalana izay mitondra any amin’ ny fiainana mandrakizay ianareo dia hitarika anareo eo amin’ ny fanapahan-kevitra raisinareo sy eo amin’ ny fianarana ataonareo ny Fanahy Masina.

Mijoro ho vavolombelona aho avy amin’ ny zavatra niainako manokana, fa raha mikatsaka fianarana ianareo, tsy hoe amin’ ny alalan’ ny fandinihana fotsiny fa amin’ ny alalan’ ny finoana koa, dia *ho tarihan’ ny “Tompo any amin’ izay tokony hataonareo sy tokony ho fantatrareo ianareo.”*¹⁴

Nahazo ny tsodranon’ ny patriarika aho fony aho tovovavy ary notoroina hevitra mba hanomana ny tenako amin’ ny alalan’ ny fianarana tsara ary hianatra mialoha eo amin’ ny fiainana mikasika ireo zavatra tsara mifandray amin’ ny fikarakarana

tokantrano sy ny fikolokoloana fianakaviana. Tena naniry mafy ny hanana fianakaviana aho, kanefa tsy tanteraka izany raha tsy tamin' ny faha-37 taonako, raha nanambady ihany aho. Lehilahy efa maty vady ny vadiko ary tamin' ny andro namehezana anay tany amin' ny tempoly dia nahazo tampoka teo tsy hoe vady fotsiny ihany aho fa fianakaviana iray ahitana zanaka efatra.

Fotoana ela talohan' izany dia maro ireo andro izay nahatsapako ho toy ny hoe misosa amin' ny ranomandry ao anatin' ny hazavana manjavozavo izany aho, sady nanontany tena hoe: "Hanao ahoana ny hoaviko?" Niezaka aho nanaraka ny torolalana tao amin' ny tsodranon' ny patriarika nomena ahy. Nianatra tamim-pahavitrihana aho mba ho tonga mpampianatra any an-tsekoly ary nanohy ny fianarako aho ka lasa talen' ny sekoly fanabeazana fototra. Nivavaka tamin' ny Ray any an-danitra aho ary nikatsaka ny fitarihan' ny Fanahy Masina. Nino tamim-kafanam-po an' ilay fampanantenan' ireo mpaminany aho izay nanome toky ahy fa raha toa aho ka "mitoetra ho marina sy mahatoky, mitandrina ny fanekempihavana [nataoko], manompo an' Andriamanitra, ary tia ny Rai[ko] any an-danitra sy an' i Jesoa Kristy Tompo dia tsy maintsy hahazo ireo fitahiana mandrakizay izay omen' ny Raitsika any an-danitra ho an' ireo zanany mahatoky."¹⁵

Fantattro fa ny fianarako koa dia nanomana ahy ho amin' ny fainana iray izay tsy nisy nitovizana tamin' izay noeritreretiko fony aho zatovovavy. Izaho dia nihevitra fa nianatra mikasika ny fampianarana aho mba hampianatra any an-tsekoly sy hampianatra ireo zanako any aoriana, saingy tsy nahalala aho fa ny Tompo koa dia nanomana ahy hampianatra teny Anglisy tany Mongolie rehefa nanao asa fitoriana tany aho niaraka tamin' ny vadiko, ary nanomana ahy hampianatra ireo zatovovavin' ny Fiagonana manerana an' izao tontolo izao, ary nanomana ahy hampianatra ny hasarobidin' ny fananana fahalalana amin' ireo zafikeliko—fitahiana tena lehibe izay tsy noeritreretin' ny saiko velively ireo rehetra ireo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa tena mahafantatra anareo sy tia anareo ny Ray any an-danitra. Nametraka fahatokiana lehibe aminareo Izy ary manana asa izay *ianareo* ihany no afaka manao azy. Te-hanome antoka anareo aho fa *ho vonona* amin' izany asa

lehibe izany ianareo raha toa ka mikatsaka fianarana amin' ny alalan' ny fandinihana sy amin' ny alalan' ny finoana koa. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

1. Gordon B. Hinckley, "Reaching Down to Lift Another," *Liahona*, Jan. 2002, 67.
2. *For the Strength of Youth* (booklet, 2011), 9.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:118.
4. Gordon B. Hinckley, *Way to Be! Nine Ways to Be Happy and Make Something of Your Life* (2002), 28.
5. Gordon B. Hinckley, "Seek Learning," *New Era*, Sept. 2007, 2, 4.
6. Thomas S. Monson, "If Ye Are Prepared Ye Shall Not Fear," *Liahona*, Nôv. 2004, 116.
7. *For the Strength of Youth*, 9.
8. Cheryl Hanewicz sy Susan R. Madsen, "The Influence of a Mother on a Daughter's College Decision," *Vehivavy sy Tetik' asa mikasika ny Fampianarana ao Utah*, *Sarin' ny Fikarohana*, faha-3, (Jan. 2011): 1.
9. Marjorie Cortez, "Mom's Education Key to Halt Poverty Cycle," *Deseret News*, Sept. 23, 2011, A1.
10. Olene Walker, "More Utah Women Need to Finish College," *Salt Lake Tribune*, 30 Okt. 2011, O4.
11. "Ny Fianakaviana: Fanambara ho an' Izao Tontolo Izao," *Liahona*, Nôv. 2010, 129.
12. Almà 56:47.
13. Matio 25:8–10.
14. Henry B. Eyring, "Education for Real Life," *Ensign*, Okt. 2002, 18.
15. M. Russell Ballard, "Preparing for the Future," *Ensign*, Sept. 2011, 27.

Izao no Fotoana Tokony Hitsanganana sy Hamirapiratana!

Nataon' i Elaine S. Dalton

Filohan' ny Zatovovavy Maneran-tany

*Amin' ny maha-zanakavavin' Andriamanitra anareo,
dia nateraka mba hitarika ianareo.*

Izaho dia mahatazana tsara dia tsara ny Tempolin' i Salt Lake avy eo amin' ny varavarankelin' ny birao misy ahy ao amin' ny Zatovovavy. Isan' andro aho dia mahita ny anjely Môrônia mijoro ery amin' ny tendron' ny tempoly ery izay toy ny mari-pamantarana mamirapiratra maneho tsy ny finoany fotsiny ihany fa ny antsika ihany koa. Tiako i Môrônia satria nitoetra ho madio sy marina izy tao anatin' ny fiaraha-monina iray tena feno faharatsiana. Izy no Maherifoko. Nijoro irery izy. Toy ny tsapako izany hoe mitsangana eny amin' ny tampon' ny tempoly eny izy ankehitriny mba hamporisika antsika banana herimpo hahatsiaro hoe iza moa isika ary mba ho mendrika ny hiditra ny tempoly masina—"hitsangana sy hamirapiratra,"¹ hijoro ho eo ambonin' ny antsoantson' izao tontolo izao, ary araka ny naminanian' i Isaia dia mba, "Hiakatra... any an-tendrombohitr' i Jehovah"²—dia ny tempoly masina izany.

Tafavory eto androany ireo zanakavavin' ny Tompo izay voafidy manokana. Tsy misy vondrona hafa izay mijoro amin' ny fahamarinana ka manana hery mitaona hanao ny tsara bebe kokoa eto amin' izao tontolo izao noho ireo zatovovavy sy vehivavin' ny Fianganon' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Hitako ny fahamendrehanareo ary fantatro ny toetra sy ny hoavinareo avy amin' Andriamanitra. Efa niavaka

ianareo tany amin' ny fiainana talohan' ny nahaterahana. Ny razambenareo dia nitondra niaraka taminy fanekeMPIhavanana sy fampanantenana maro. Ianareo dia nandova ireo toetra masina nananan' i Abrahama, sy Isaka ary Jakoba izay patriarika mahatoky. Nisy mpaminanin' Andriamanitra anankiray indray mandeha izay niantso anareo tsirairay tafavory eto androany alina hoe: "ilay fanantenana iray mamirapiratra"³ ho an' ny hoavy. Ary manaiky izany aho! Mamirapiratra be tokoa ny hazavanareo ao anatin' ity izao tontolo izao feno fanamby ity. Tena "andro tsy ho hadinoina na oviana na oviana"⁴ izao andro izao. Andronareo izao ary *izao* no fotoana natokana ho an' ny zatovovavy rehetra na aiza na aiza mba "hitsangana sy hamirapiratra mba hahatonga ny fahazavanao ho faneva ho an' ireo firenena."⁵

"Ny faneva dia fitsipi-pandrefesana iray izay hamaritan' ny olona iray ny fanarahana ny fahamarinana na ny fahalavorariana."⁶ Isika dia tokony ho fanevan' ny fahamasinana izay natao mba ho hitan' izao tontolo izao! Ilay bokikely *Jeunes Soyez Forts* (Ry Tanora Mahereza) izay nohavaozina dia tsy hoe ahitana fitsipika tokony hiainana amim-pahamarinana fotsiny fa misy ireo fitahiana nampanantenaina raha toa ianareo ka manaraka izany. Ireo teny hita ao anatin' io bokikely io dia fitsipika ho an' izao tontolo izao ary ny fiainana ireo fitsipika ireo dia hanome fahafahana anareo hahafantatra izay tokony hatao mba hitovizana bebe kokoa amin' ny Mpamonjy ary mba hahazoana fifaliana ao anatin' ity izao tontolo izao izay tsy mitsahatra miharatsy ity. Ny fiainana ireo fitsipika ao anatin' io bokikely io dia hanampy anareo ho mendrika ny hanana ny Fanahy Masina ho namana. Ary eto amin' ity izao tontolo izao izay iainantsika ity dia ho ilainareo ny fananana izany namana izany mba handraisana fanapahan-kevitra lehibe izay hamaritra ny ankamaroan' ny fahombiazanareo sy ny fifalianareo amin' ny hoavy. Ny fiainana ireo fitsipika ireo dia hanampy anareo tsirairay avy ho mendrika ny hiditra ao amin' ny tempoly masin' ny Tompo ary rehefa ao dia handray ireo fitahiana sy hery izay miandry anareo ianareo rehefa manao sy mitandrina ireo fanekeMPIhavanana masina.⁷

Fony mbola ankizivavy kely i Emi zanakay vavy, dia tiany ny mijery ny zavatra rehetra ataoko rehefa miomana ny handeha hiangona aho. Rehefa avy mijery ny zavatra fanaoko mahazatra izy dia mibango ny volony ary mampiditra ny akanjolavany, dia angatahany foana aho mba hanisy an' ilay antsoiny hoe "zavatra mamirapiratra," eo amin' ny tarehiny. Ilay hoe "zavatra mamirapiratra" dia nentiny nilazana menaka malefadefaka fanosotra izay hisorohana ny kentrona. Saingy araka ny fangatahana dia eo amin' ny takolaka sy ny molotr'i Emi no anosorako azy, dia mitsiky izy avy eo ary milaza hoe: "Vonona ny handeha amin' izay aho!" Ny zavatra tsy fantatr'i Emi dia efa nisy "zavatra mamirapiratra" teny aminy. Namirapiratra ny endriny satria tena madio sy tsy manan-tsiny izy ary tsara toetra. Nanana ny Fanahy niaraka taminy izy ary hita izany.

Iriako ireo zatovovavy rehetra tafavory eto androany alina mba hahafantatra sy hahatakatra fa ny hatsaranareo—ny "famirapiratanareo"—dia tsy miankina amin' ny fanaingoana ny tarehy, na ny menaka malefadefaka fanosotra na ny lamaody nivoaka farany eo amin' ny fitafy sy ny endriky ny volo. Mitoetra ao anatin' ny fahadiovanareo manokana izany. Rehefa miaina ireo fitsipika ianareo sy mendrika ny banana ny Fanahy Masina ho namana, dia afaka mitondra fiantraikany mahery vaika eo amin' izao tontolo izao. Ny ohatra asehonareo, na ny hazavana eo amin' ny masonareo aza dia hisy fiantraikany amin' ny hafa izay mahita ny "famirapiratanareo," ary haniry ny ho toa anareo izy ireo. Aiza no ahazoanareo izany hazavana izany? Ny Tompo no fahazavana, "ary ny Fanahy dia manazava ny olona rehetra eo amin' izao tontolo izao, izay mihaino ny feon' ny Fanahy."⁸ Misy hazavana tonga eo amin' ny masonareo sy ny endrikareo rehefa manakaiky ny Ray any an-danitra sy an' i Jesoa Kristy Zanakalahiny ianareo. Izay no ahazoantsika an' ilay "zavatra mamirapiratra!" Ary ankoatr' izany dia afaka mahita ianareo fa tsy dia nahomby tamin' ny kentrona teo amiko akory ilay "menaka mamirapiratra!"

Ilay antso hoe "mitsangàna ary mamirapirata" dia antso iray ho anareo tsirairay avy mba hitarika an' izao tontolo izao hanatanteraka tanjona lehibe—hanangana ilay faneva—ary hitarika an' ity taranaka ity banana hatsaran-toetra sy

fahadiovana ary fahamendrehana hiditra ny tempoly. Raha maniry ny hanova an' izao tontolo izao ianareo dia *tsy maintsy miavaka eo anatrehan' izao tontolo izao*. Averiko ireo tenin' ny Filoha Joseph F. Smith, izay nilaza tamin' ireo vehivavy tamin' ny androny hoe: "Tsy ianareo mihitsy no tokony ho tarihin' ireo [zatovo]vavin' izao tontolo izao, fa ianareo no tokony hitarika . . . an' ireo [zatovo]vavin' izao tontolo izao any amin' ny zavadrehetra izay . . . manadio ny zanak' olombelona."⁹ Mbola mitoetra ho marina ireo teny ireo ankehitriny. Amin' ny maha-zanakavavin' Andriamanitra anareo dia nateraka mba hitarika ianareo.

Ao anatin' ity izao tontolo izao izay iainantsika ity, ilay fahafahanareo mitarika dia hitaky ny fitarihana sy ny fanananareo ny Fanahy Masina ho namana lalandava, izay hilaza aminareo "ny zavatra rehetra izay tokony hataonareo"¹⁰ rehefa miantehitra amin' ny fitarihany sy ireo bitsika avy Aminy ianareo. Ary satria tsy mitoetra ao amin' ny tempoly izay tsy masina ny Fanahy Masina dia ho ilaintsika tsirairay avy ny fandinihana ny fahazarantsika sy ny ao am-pontsika. Mila manova zavatra daholo isika rehetra—mila mibebaka izany. Hoy ny Mpanjaka Lamônia ao amin' ny Bokin' i Môrmôna hoe: "Hafoiko ny fahotako *rehetra* hahafantarako Anao."¹¹ Moa ve, izaho sy ianao, vonona ny hanao izany?

Nisy andian-jatovo iray tany Queen Creek, Arizona, izay tapa-kevitra ny "hitsangana sy hamirapiratra" ary hitarika ny zatovo eo amin' ny tanànan' izy ireo araka ny fitsipika napetraka ao amin' ny *Jeunes Soyez Forts* (Ry Tanora Mahereza). Izy tsirairay ireo dia samy nanoratra zavatra izay tsapany fa manakana azy ireo tsy handroso, na zavatra izay tiány hovaina eo amin' ny fiainany izay hita ao anatin' ny diarin'y. Dia tena nangady lavaka ara-bakiteny izy ireo. Niara-nandeha izy ireo ka nandrovitra ilay takelaka tao anatin' ilay diary, ary nanipy izany tao anatin' ilay lavaka tao anaty tany toy ny nataon' ireo vahoakan' i Amôna tao amin' ny Bokin' i Môrmôna tamin' ireo fitaovam-piadiany.¹² Dia naleviny ireo pejy ireo, ary tamin' izay andro izay dia nanao fanoloran-tena ny hiova izy ireo. Nibebaka izy ireo. Tapa-kevitra ny hitsangana izy ireo!

Moa ve misy zavatra eo amin' ny fiainanao izay tokony hovainao? Afaka manao izany ianao. Afaka mibebaka ianao noho ilay Sorompanavotan' ny Mpamonjy izay tsy manam-petra. Nanao izay ahafahanao sy ahafahako miova sy ho lasa madio indray Izy ary ho lasa mitovy Aminy. Ary nampanantena Izy fa rehefa manao izany isika dia tsy hahatsiaro ny fahotantsika intsony Izy.¹³

Indraindray dia toa tena tsy vita mihitsy ny hoe mitoetra ho mamirapiratra. Ianareo dia miatrika olana maro izay mety hanakona ilay loharanon' ny hazavana rehetra, dia ny Mpamonjy. Sarotra indraindray ny lalana ary misy fotoana toa misy zavona matevina manarona ilay hazavana. Izany no toe-javatra niseho tamin' ny zatovovavy iray nantsoina hoe Florence Chadwick. Tamin' ny faha-10 taonany no nahitan' i Florence fa manana talenta eo amin' ny filomanosana izy. Nilomano niampita ny ranon' i La Manche izy tao anatin' ny adiny 13 sy 20 minitra. Tia fanamby i Florence, ary taty ariana izy dia nanandrana nilomano niala teo amin' ny morontsirak' i Californie hatrany amin' ny Nosy Catalina—izay teo amin' ny 34 km teo. Tao anatin' izany dia nihareraka izy rehefa nilomano teo amin' ny 15 ora teo. Nisy zavona nirotsaka izay nanakona ny fahitana ny morontsiraka. Nandeha sambo nanaraka azy teo akaikiny teo ny reniny ary nilaza tamin-dreniny i Florence fa tsy ho vitany ilay izy raha ny eritreriny. Namporisika azy mba hanohy ny reniny sy ilay mpanazatra azy, saingy ny hany hitany dia ilay zavona. Natsahany ny filomanosana ary raha vao tafiditra tao anaty sambo izy dia hitany fa hay nijanona teo amin' ny 1,6 km sisa tsy hahatongavana teo amin' ny morondranomasina izy. Taty ariana rehefa nalain' ny mpanao gazety am-bavany izy ary nanontaniana mikasika ny antony nijanonany tsy nilomano, dia nibaboka izy fa tsy hoe noho ilay rano mangatsiaka akory na noho ny halavirana izany. Hoy izy hoe: "Resin' ilay zavona aho."¹⁴

Nanandrana nilomano tamin' izany indray izy taty ariana ary dia nirotsaka indray ilay zavona matevina. Saingy tamin' ity indray mitoraka ity dia nandeha foana izy ary tonga tamimpahombiazana teo amin' ilay morontsiraka. Tamin' izay fotoana izay rehefa nanontaniana izy hoe inona no naха-samy hafa an' ity

tamin' ilay teo aloha dia nilaza izy fa notazoniny tao an-tsaina ny sarin' ilay morondranomasina tao anatin' ilay zavona matevina ary nandritra ny faharetan' ny filomanosany manontolo.¹⁵

Ho an' i Florence Chadwick, dia ilay morontsiraka no tanjony. Ho antsika tsirairay avy dia ny tempoly no tanjontsika. Ry zatovovavy aoka ianareo hifantoka foana. Banjino foana ny tanjonareo. Ilay zavona matevin' ny fahalotoana arapitondrantena sy ireo feo manakivy avy amin' izao tontolo izao dia aza avela hanakana anareo tsy hanatratra ny tanjonareo, sy tsy hiaina ireo fitsipika ary tsy hanana ny Fanahy Masina ho namana ary tsy ho mendrika ny hiditra ny tempoly masina. Tazony foana ao an-tsainareo sy ao am-ponareo ny sarin' ny tempoly sy ilay trano masin' ny Mpamonjy.

Herinandro maro lasa izay dia nijoro tao amin' ny efitrano celestrialin' ny Tempolin' i Reno Nevada aho. Namirapiratra ilay hazavana niditra tao anatin' izany efitrano izany ary mbola namirapiratra kokoa aza tamin' ny alalan' ilay fitoeran-jiro kiristaly, izay nandefa ny taratr' ilay hazavana teo amin' ireo lafiny madinika maro teo aminy izay vita sokitra ka nanome hazavana miendrika havana teny rehetra teny. Nientanentana ny foko rehefa nahatsapa aho fa ny Mpamonjy no "fahazavana sy fiainan' izao tontolo izao,"¹⁶ ka ilay hazavany no tokony hatsangantsika ambony sy ho hita taratra eny amintsika. *Isika* dia ireo kiristaly kely izay mandefa ny taratr' ilay hazavany ary mba hahafahantsika manao izany dia tsy maintsy madio sy afaka amin' ny vovok' izao tontolo izao isika. Rehefa nijoro tao amin' ny Tempoly aho io andro io dia naheno indray tao an-tsaiko ilay antson' i Môrônîa ho antsika—zanakavavin' i Ziona manao hoe: "Mifohaza dia mitsangana avy eo amin' ny vovoka."¹⁷ "Ary [aza mikasika] ny fanomezana ratsy na ny zavatra tsy madio."¹⁸ "Ary mifohaza dia mitsangana ary anaovy ny fitafianao tsara tarehy, Ry zanakavavin' i Ziona . . . , mba hahazoana manatanteraka ny fanekempihavan'an' ny Ray Mandrakizay izay efa nataony taminao, Ry mpianakavin' i Isiraely."¹⁹

Ireo fitahiana nampanantenaina dia tsy natao ho anareo fotsiny fa ho an' ny taranaka rehetra. Rehefa manao ny tempoly ho tanjonareo ianareo, dia tsy ho voasakan' ny fotoana sy ny halavirana ny fitaomanareo ho amin' ny tsara, ary ilay asa

ataonareo ho an' ireo izay nialoha lalana anareo dia ho lasa fahatanterahan' ilay faminaniana!

Nandritra ny fihaonambe farany teo dia nientantentana ny foko rehefa naheno ny Loholona David A. Bednar aho nanasa anareo tsirairay mba hazoto hirotsaka hanao ny tantaram-pianakavianareo manokana sy ny asa atao any amin' ny tempoly ho an' ireo izay efa nodimandry ka tsy nahazo ireo fitahian' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy izay naverina tamin' ny laoniny.²⁰ Rehefa nanao izany fanasana izany izy dia nidobodoboka be ny foko. Hitantsika ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana "ireo fanahy nofinidy hafa izay notanana ho fiandry mba hivoaka amin' ny fotoam-pahafenoana handray anjara amin' ny fandatsahana ny fototry ny asa lehiben' ny andro farany, ka ao anatin' izany ny fanorenana tempoly sy ny fanatontosana ôrdônanasy ao amin' izy ireo ho fanavotana ny maty."²¹ Andronareo izao, ary efa nanomboka ny asa! Izao no fotoana tokony hahamendrika sy hahazoana fahazoan-dalana hidirana ny tempoly. Rehefa manao ity asa ity ianareo dia ho lasa mpamorijy eo amin' ny Tendrombohitr' i Ziona.²²

Raha niresaka momba anareo ny Loholona Russell M. Nelson dia nanambara izy hoe: "Ilay hery mitaona ananan' ireo zatovovavin' ny Fiagonana, izay toy ny olona goavam-be iray matory, dia hifoha sy hitsangana ary hanentana ny fanahin' ireo mponin' ny tany toy ny hery lehiben' ny fahamarinana."²³ Ry zatovovavy, mitsangàna ary raiso ny toeranareo eo anivon' ireo zava-miseho tena lehibe izay hamolavola ny hoavinareo sy ny hoavin' izao tontolo izao. Izao no fotoana!

"An-tendrombohitra dia misy saina iray. Jereo miofaofa erantany indray"!²⁴ Ry zatovovavy! Ianareo ilay faneva! Aoka ianareo hadio, katsaho ny hanana ny Fanahy Masina ho namana, aleveno ny fahotanareo sy ny fandikan-dalànareo, afantohy amin' izay tokony hifantohana ny saina ary aza avela hanakona ny tanjonareo ny fahalotoana ara-pitondrantena. Aoka ianareo ho mendrika ny hiditra ny tempoly izao ankehitriny izao. Apetaho ilay "zavatrareo mamirapiratra!" Mijoro ho vavolombelona amin' ny foko manontolo aho fa velona Andriamanitra ary Izy dia hanazava ny fiainantsika rehefa manakaiky an' ilay Zanaka Malalany isika. Ary mivavaka aho mba ho toa an' i Môrônia isika

ka “[hitsangana] sy [hamirapiratra] mba hahatonga ny fahazavan[tsika] ho faneva ho an’ ireo firenena!”²⁵ Amin’ ny anarana masin’ i Jesoa Kristy, amena.

Fanamarihana

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:5.
2. Isaia 2:3; 2 Nefia 12:3.
3. Gordon B. Hinckley, “Standing Strong and Immovable,” *Worldwide Leadership Training Meeting*, Jan. 10, 2004, 20.
4. Oliver Cowdery, ao amin’ ny Joseph Smith—Tantara 1:71, fanamarihana.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:5.
6. Ezra Taft Benson, “Strengthen Thy Stakes,” *Tambuli*, Aug. 1991, 4.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:22.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:46.
9. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph F. Smith* (1998), 184.
10. 2 Nefia 32:5.
11. Almà 22:18; nampiana fanamafisana.
12. Jereo ny Almà 24:17.
13. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42.
14. Jereo Sterling W. Sill, ao amin’ ny Conference Report, Apr. 1955, 117.
15. Jereo Randy Alcom, “Florence Chadwick and the Fog,” epm.org/resources/2010/Jan/21/florence-chadwick-and-fog. Jereo koa ny “Florence Chadwick,” ao amin’ ny *Encyclopedia of World Biography*, boky faha-19 (2004): 64–66; “Navigation Information” sy ny “Swim Successes,” Catalina Channel Swimming Federation, swimcatalina.com, azo nidirana tamin’ ny 27 Mar. 2012. Misy ireo tantara isan-karazany fanampiny mikasika an’ i Florence Chadwick.
16. 3 Nefia 9:18.
17. Môrônîa 10:31.
18. Môrônîa 10:30.
19. Môrônîa 10:31.
20. Jereo David A. Bednar, “The Hearts of the Children Shall Turn,” *Liahona*, Nôv. 2011, 24–27.
21. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:53–54.
22. Jereo ny Obadia 1:21; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103:9; ary ny *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 472–73.
23. Russell M. Nelson, “Daughters of Zion,” *New Era Young Women Special Issue*, YW Nôv. 1985, 9.
24. “High on the Mountain Top,” *Fihirana sy Hiran’ ny Ankizy*, faha 59.
25. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:5.

Minoa, Mankatoava, ary Mahareta

Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

Minoa fa ny fijanonana ho mafy orina sy mahatoky amin'ireo fahamarinan'ny filazantsara dia tena zavadehibe indrindra. Mijoro ho vavolombelona aho fa marina izany!

Ry anabavikeliko malala isany, mampanetry tena ahy tokoa ny andraikitra hitafa aminareo. Mivavaka aho mba hahazo fanampiana avy amin'Andriamanitra mba ho mendrika izany tombontsoa izany.

Raha tamin'ny 20 taona lasa fotsiny dia mbola tsy nanomboka namakivaky ny dianareo teto amin'ny fiainana antany akory ianareo. Mbola tany amin'ny fonenanareo tany andanitra ianareo. Tany ianareo dia teo anivon'ireo izay tia anareo sy nieritreritra an'izay zava-mahasoa anareo mandrakizay. Taty aoriana dia tonga ho nanan-danja teo amin'ny fivoaranareo ihany anefa ny fiainana an-tany. Tsy azo isalasalana fa nisy ny fifanaovam-beloma ary nisy ny fifanomezam-pitokisana. Nahazo vatana ianareo ary lasa olona mety maty, niala tsy ho eo anatrehan'ny Rainareo any an-danitra.

Nisy fandraisana makotrokotroka anefa niandry anareo tety an-tany. Sarobidy sy niavaka tokoa ireo taona vitsivitsy voalohany ireo. Tsy nanana hery haka fanahy anareo i Satana, satria mbola tsy tompon'andraikitra ianareo tamin'izany. Tsy nanan-tsiny teo anatrehan'Andriamanitra.

Vetivety ianareo dia niditra tao anatin'ilay fotoana antsoin'ny sasany hoe: "fialana sakana manahirana". Tiako ny miantsio izany

fotoana izany hoe: "fialana sakana mahatalanjona." Tena fotoana ahafahana manao zavatra mahasoa izany, fotoana hitomboana, fotoana hivoarana—izay ahitana miavaka tsara ny fahazoana fahalalana ary koa ny fikarohana ny fahamarinana.

Tsy nisy nilaza mihitsy fa mora ny taonan'ny fahatanorana. Taonan'ny tsy fahampian'ny fahatokian-tena izany matetika, taonan'ny fahatsapana ho toy ny tsy mahavita zavatra tsara, taonan'ny fiezahana hitady ny toeranareo eo anivon'ireo namanareo, taonan'ny fiezahana hahay hifandray amin'izy ireo. Izany dia fotoana ahitana fa lasa mahaleo tena kokoa ianareo—ary mety maniry hahazo fahafahana bebe kokoa mihoatra noho izay tian'ny ray aman-dreninareo omena anareo izao aza. Izany koa dia fotoana tena lehibe izay hakan'i Satana fanahy anareo ary hanaovany izay rehetra vitany mba handrebirebena anareo hiala amin'ilay lalana izay hitondra anareo hiverina any amin'ilay trano fonenana any an-danitra izay niavianareo ary hitondra anareo hiverina eo anatrehan'ireo olontianareo any sy eo anatrehan'ny Rainareo any an-danitra.

Ny tontolo manodidina anareo dia tsy ahitana ireo fitaovana ahafahana manome ilay fanampiana ilainareo hamitana an'ity dia izay matetika feno fandripandrika ity. Maro ireo olona amin'izao vanim-potoana iainantsika ankehitriny izao no mamotsotra ny tadim-piarovana ary manalavitra ilay seranan'ny fiadanana.

Ny fileferana amin'ny ratsy, ny tsy fahadiovana arapitondrantena, ny pôrnôgrafia, ny zava-mahadomelina, ny herin'ny faneren'ireo tanora mitovy amin'ny tena—ireo rehetra ireo sy ny hafa koa—dia mahatonga ny maro ho atopatopan'ny onjan'ny fahotana ary hidona amin'ireo harambato maranitry ny tsy fananana fahafahana hanao zavatra mahasoa, sy tsy fahazoana fitahiana ary ny faharavan'ny nofinofy.

Moa ve misy fomba hahazoana fiarovana? Moa ve misy fomba ialana amin'ny fandravana izay manambana? Ny valiny dia *eny* manakoako tokoa! Manoro hevitra anareo aho hitodika any amin'ny fanilon'ny Tompo. Efa nolazaiko izany teo aloha ary mbola averiko lazaina ihany: tsy misy zavona matevina loatra, na alina maizi-kitroka loatra, na rivotra mahery loatra, na tantsambo izay very an-dranomasina lavitra loatra ka tsy ho avotry ny fanilon'ny Tompo. Miantsoantsvo ao anatin'ny oram-baratry ny

fiainana izany, manao hoe: "Aty no lalana hitondra fiarovana. Aty no lalana mody any an-trano." Mandefa hazavana famantarana izay mora hita izany ary tsy ho takona na oviana na oviana. Raha arahina ireo famantarana ireo dia hitarika anareo hiverina any amin'ny fonenanareo any an-danitra.

Te-hiresaka aminareo mikasika ireo fanairana telo lehibe avy amin'ny fanilon'ny Tompo aho anio hariva izay hanampy anareo hiverina any amin'ilay Ray izay miandry mafy ny fiverenanareo amim-boninahitra any an-tranony. Ireo fanairana telo ireo dia hoe *minoa, mankatoava, ary mahareta*.

Voalohany, hilaza fanairana fototra sy manan-danja iray aho, dia ny hoe: *minoa*. Minoa fa zanakavavin'ny Ray any an-danitra ianareo ary tia anareo Izy. Tonga eto noho ny tanjona iray lehibe ianareo—dia ny hahazo ilay famonjena anareo mandrakizay. Minoa fa ny fijanonana ho mafy orina sy mahatoky amin'ireo fahamarinan'ny filazantsara dia tena zava-dehibe indrindra. Mijoro ho vavolombelona aho fa marina izany!

Ry tanora namako, minoa an'ireo teny lazainareo isan-kerinandro rehefa mitanisa ny tarigetran'ny Zatovovavy ianareo. Eritrereto ny dikan'ireo teny ireo. Misy fahamarinana ao anatin'izany. Miezaha hatrany hiaina ireo hasina voalaza ao amin'izany tarigetra izany. Minoa, araky ny voalaza ao anatin'ny tarigetranareo, fa raha manaiky sy manao zavatra mifanaraka amin'ireo hasina voatanisa ireo ianareo dia ho vonona hanamafy orina ny tokantranonareo sy ny fianakavianareo, hanao sy hitandrina ireo fanekempihavanana masina, handray ireo ôrdônansin'ny tempoly ary farany hahazo ireo fitahian'ny fisandrata. Fahamarinana tena tsara ao anatin'ny filazantsara ireo ary raha manaraka azy ireo ianareo dia hahita fifaliana bebe kokoa mandritra ny fiainanareo ety sy any amin'ny fiainana hoavy izay mihoatra noho izay ho tsapanareo raha toa ka manao tsinontsinona izany ianareo.

Ny ankamaroanareo dia nampianarina ireo fahamarinan'ny filazantsara nanomboka hatrany amin'ny fahazazanareo. Nampianarin'ny ray aman-dreny be fitiavana sy ny mpampianatra be fiahiana ianareo. Ireo fahamarinana izay nozaráiny taminareo dia nanampy anareo hahazo fijoroana ho vavolombelona. Nino izay nampianarina anareo ianareo. Na dia

azo fahanana ara-panahy sy ampitomboana hatrany aza izany fijoroana ho vavolombelona izany rehefa mandalina ianareo, sy rehefa mivavaka mba hahazo fitarihana ary rehefa manatrika ireo fivoriam-piagonana isan-kerinandro, dia miakina aminareo ihany ny hitazonana izany fijoroana ho vavolombelona izany mba ho velona. Hiezaka hamotika izany amin'ny heriny rehetra i Satana. Mandritra ny fiainanareo manontolo dia mila mikolokolo izany ianareo. Tahaka ny afo izay misy lelafo miredareda, ny fijoroanareo ho vavolombelona koa—raha tsy kolokoloina lalandava—dia hitsilopilopy toy ny vain'afو efa ho faty ary avy eo maty tanteraka. Tsy tokony havelanareo hitranga izany.

Ankoatry ny fanatrehana ireo fivoriana isan' Alahady sy ireo takarivam-piaraha-mientana mandritra ny herinandro, dia raha manana fahafahana hanatrika seminera ianareo, na izany isa-maraimbe na amin'ny fotoana tsy ianarana any an-tsekoly dia araraoty izany. Maro aminareo no manatrika seminera amin'izao fotoana izao. Toy ny zava-drehetra eo amin'ny fiainana ihany dia miakina amin'ny fomba fietsikareo sy ny fahavitrihanareo rehefa ampianarina ihany ny ahazoanareo zavatra maro avy amin'ny zavatra iainanareo ao amin'ny seminera. Enga anie ho feno fanetren-tena sy faniriana hianatra ny fietsikareo. Tena feno fankasitrahana aho noho ny fahafahana nananako nanatrika seminera isa-maraimbe fony aho zatovo, satria nitana anjara toerana manan-danja teo amin'ny fivoarako sy ny fivoaran'ny fijoroako ho vavolombelona izany. Afaka manova fiainana ny seminera.

Taona maro lasa izay, dia tao anatin'ny filankevi-pitantanandrahahaha iray izay aho niaraka tamin'ny lehilahy nahafinaritra iray izay tena nahita fahombiazana teo amin'ny fiainany. Tena nanaitra ahy ny fahamarinan-toetrany sy ny firaiketam-po amantsainy tamin'ny Fiagonana. Nahafantatra aho fa nahazo fijoroana ho vavolombelona sy lasa mpikamban'ny Fiagonana izy noho ny seminera. Tamin'izy nanambady dia efa mpikambana tato am-piagonana efa hatry ny fahakeliny ny vadiny. Tsy mba nikambana tamin'ny fiagonana na taiza na taiza kosa anefa izy. Nandritra ny taona maro ary na dia teo aza ny ezaka rehetra nataon'ny vadiny dia tsy naneho fahalianana hiangona hiaraka amin'ny vady aman-janany mihitsy izy. Avy eo

dia nanomboka nanatitra ny roa tamin'ireo zanany vavy
 nanatrika seminera isa-maraimbe izy. Mijanona ao anaty fiara izy
 mandrapahavitan'ny fotoam-pianarana seminera ary avy eo dia
 manatitra azy ireo any an-tsekoly. Avy ny orana indray andro ary
 hoy ny iray tamin'ireo zanany vavy hoe: "Midira ry Dada a!
 Afaka miandry ao an-dalantsara ianao." Nanaiky ilay fanasana
 izy. Nisokatra ny varavar'an'ilay efitrano fianarana ary dia
 nanomboka nihaino izy. Nanohina ny fony ny zavatra reny.
 Niara-nanatrika seminera tamin'ny zanany vavy nandritra ireo
 fotoam-pianarana sisa tao anatin'ilay taom-pianarana izy, ary
 izany dia nitarika azy ho lasa mpikamban'ny Fiangonana
 tamin'ny farany sy ho lasa mazoto ato am-piangonana nandritra
 ny androm-piaianany manontolo sisa. Avelao hanampy anareo
 hamolavola sy hampahatanjaka ny fijoroanareo ho
 vavolombelona ny seminera.

Hisy ireo fotoana hiatrehanareo olana izay mety hampidi-
 doza ny fijoroanareo ho vavolombelona, na mety
 hanadinodinoanareo izany rehefa manao zavatra hafa mahaliana
 anareo ianareo. Miangavy anareo aho mba hihazona izany ho
 matanjaka. Andraikitrareo, ary anareo irery ihany ny mihazona
 ilay lelafony hiredareda. Takiana ny hanaovana ezaka saingy
 ezaka izay tsy hanenenanareo velively izany. Tsaroako ny
 tonon'ny hira iray nosoratan'i Julie de Azevedo Hanks. Raha
 niresaka momba ny fijoroany ho vavolombelona izy dia
 nanoratra hoe:

*Ao anatin'ny rivotry ny fiovaovana
 Sy hodidinin'ny raho-mitataon'ny fanaintainana
 No hihazonako foana izany ao anatin'ny fiainako
 Ilaiko ilay hafanana—Ilaiko ilay hazavana
 Na dia hahery vaika aza ny oram-baratra
 Dia mijoro hanohitra ilay orana mivatravatra aho
 Mitoetra foana
 Ho mpitazona an'ilay lelafo aho.¹*

Enga anie ianareo hino ary avy eo hihazona ilay lelafon'ny
 fijoroanareo ho vavolombelona hiredareda, na inona na inona
 hitranga.

Manaraka an'izany ry zatovovavy dia *mankatoava*. Mankatoava ny ray aman-dreninareo. Mankatoava ny lalàn'Andriamanitra. Nomen'ny Ray any an-danitra be fitiavana antsika izy ireny. Rehefa ankatoavina izy ireny dia hahomby kokoa ny fiainana ary tsy hanahirana loatra. Ho mora zakaina kokoa ireo fanamby sy olana atrehintsika. Hahazo ireo fitahiana nampanantenain'ny Tompo isika. Nilaza Izy hoe: "Mitaky ny fo sy ny saina marisika ny Tompo; ary ny marisika sy ny mpankatò no hihinana ny soa amin' ny tanin' i Ziona amin' izao andro farany izao."²

Indray mandeha ihany isika no miaina. Ataovy izay vitanareo mba hanakanana ny olana tsy hiditra ao anatin'izany. Indraindray ianareo dia ho alain'olona fanahy, olona izay noeritreretinareo hoe namana.

Taona maro lasa izay dia niresaka tamin'ny mpanoro hevitra iray ao amin'ny kilasy Farimbona aho, izay nilaza tamiko mikasika ny zavatra iray niainany niaraka tamin'ny iray tamin'ireo zatovovavy tao amin'ny kilasy niandraiketany. Tratran'ny fakam-panahy foana hiala amin'ny lalan'ny fahamarinana ary hanaraka ilay lalana miolankolan'ny fahotana io zatovovavy io. Rehefa tratran'ny fandresen-dahatra tsy tapaka avy tamin'ireo namany sasantsasany tany an-tsekoly izy dia nanaiky tamin'ny farany hoe handeha amin'ilay lalana miolankolana. Napetraka ny drafitra: mody hiteny amin'ny ray aman-dreniny izy hoe hanatrika takarivam-piaraha-mientana ataon'ny Zatovovavy. Ny tetiny anefa dia ny hijanona ao vetivety fotsiny mandrapakan'ireo ankizivavy namany sy ireo tovolahy hiaraka amin'izy ireo azy. Dia avy eo izy ireo handeha any amin'ny lanonana iray izay ahitana fandrosoana zava-pisotro misy alikaola sy fanaovana fihetsika izay mifanohitra tanteraka amin'ny zavatra fantatr'ity zatovovavy ity hoe marina.

Nivavaka ilay mpampianatra mba hahazo fanentanam-panahy entina hanampiana ireo zatovovaviny rehetra fa indrindra hanampiana ity zatovovavy iray manokana ity, izay toa nisalasala tokoa mikasika ny fanoloran-tenany amin'ny filazantsara. Nahazo fanentanam-panahy ilay mpampianatra tamin'io hariva io mba hanajanona ny zavatra nokasainy hatao ary dia niresaka tamin'ireo zatovovavy mikasika ny fijanonana

ho madio ara-pitondrantena izy. Rehefa nanomboka nizara izay tao an-tsainy sy izay tsapany izy dia nanomboka njery tsy tapaka ny famataranandrony ilay zatovovavy resahina eto, mba hahazoany antoka fa tsy ho tara amin'ilay fotoana iarahana miaraka amin'ireo namany izy. Kanefa rehefa nitohy hatrany ny fifanakalozan-kevitra dia voakasika ny fony, tonga saina izy ary nanavao ny fanoloran-tenany indray. Rehefa tonga ny fotoana dia tsy noraharahiany ilay anjomaran'ilay fiara nanenoneno niantso azy. Nijanona niaraka tamin'ny mpampianany sy ireo zatovovavy tao amin'ny trano fianarany izy ny takariva manontolo. Voasoroka ilay fakam-panahy hiala amin'ny lalana ankatoavin'Andriamanitra. Rava ny teti-dratsin'i Satana. Nijanona kely ilay zatovovavy taorian'ny nivoahan'ireo hafa mba hahafahany misaotra ilay mpampianany noho ny lesona ary mba hahafahany mampahafantatra azy fa tena nanampy azy hisoroka zavatra izay mety ho nitera-doza izany. Voavalny ny vavak'ilay mpampianatra.

Henoko taty aoriana fa satria nanapa-kevitra izy tamin'io alina io ny tsy handeha hiaraka amin'ireo namany—izay sasantsasany amin'ireo zatovovavy sy zatovolahy malaza tao an-tsekoly—dia nailikilik'izy ireo tsy ho namany ity zatovovavy ity ary tsy nanana namana nandritra ny volana maro izy tao an-tsekoly. Tsy neken'ny sain'izy ireo hoe nandà tsy hanao ireo zavatra nataon'izy ireo izy. Fotoana tena faran'izay sarotra sy nahatsapana ho irery tokoa izany, kanefa nijanona ho mafy orina izy ary farany dia nahazo namana izay niaina fitsipika nitovy tamin'ny azy. Ankehitriny efa taona maro aty aoriana dia vita fanambadiana tany amin'ny tempoly izy ary manan-janaka efatra mahafatifaty. Mety ho nanao ahoana re ny fiainany raha tsy nanao izany e! Ny fanapahan-kevitra raisintsika no mamaritra ny hoavintsika.

Ry zatovovavy sarobidy, apetraho ity fanontaniana ity eo amin' ireo fanapahan-kevitra rehetra izay raisinareo: "Hiteraka inona eo amiko izany? Hitondra inona ho ahy izany?" Ary aoka ilay fitsipi-pitondrantenareo tsy hoe: "Inona izao no ho eritreretrin'ny hafa momba ahy?" fa kosa ho ny hoe: "Inona no ho eritreretiko momba ahy?" Meteza ho tarihin'ilay feo tony sy malefaka. Tsarovy fa nametraka ny tanany teo ambony lohanareo

ny olona iray nanana ny fahefana nandritra ny fandraisana anao ho mpikambana ary nilaza hoe: "Raiso ny Fanahy Masina." Sokafy ny fonareo, ny aty fanahinareo mihitsy aza, mba handre ilay feo miavaka izay hijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinana. Nampanantena ny mpaminany Isaia hoe: "Ny sofinao dia handre teny . . . manao hoe: Ity no lalana, ka andehano."³

Ny toetra mahazatra hita amin'izao androntsika izao dia ny fileferana amin'ny ratsy. Ireo gazetiboky sy fahitalavitra dia manoritsoritra ireo olo-malaza mpilalao sarimihetsika sy Maherifo ara-panatanjahan-tena—ireo olona izay tian'ny tanora maro halaina tahaka—izay tsy miraharaha ny lalàn'Andriamanitra sy manao zavatra mamohetra ampahibemaso, ho toy ny hoe tsy hitondra voka-dratsy velively. Aza mino ireny! Ho avy ny fotoam-pitsarana—hanokafana ireo boky firaketana rehetra mihitsy. Tsy maintsy hitaty ny vokatry ny asa nataontsika isika—raha tsy eto amin'ity fiaínana ity dia any amin'ny fiaínana hoavy. Ho avy ho an'ny olon-drehetra ny Fitsarana Farany. Vonona ve ianareo? Moa ve afa-po amin'ireo asa vitanareo ianareo?

Raha toa ka nisy lavo nandritra ny diany teny dia mampanantena anareo aho fa misy ny lalana ahafahana miverina. Izany dingana izany dia antsoina hoe fibebahana. Maty ny Mpamonjy mba hanomezany ahy sy anareo izany fanomezana lehibe izany. Na dia sarotra aza ny lalana dia tena marina ny fampanantenana. Hoy ny Tompo hoe: "Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, Dia ho fotsy tahaka ny oram-panala."⁴ "Ary tsy hotsarovako intsony [izy ireny]."⁵

Ry anabavikeliko malala, manana ilay fanomezana sarobidy ianareo dia ny fahafahana misafidy izany. Miangavy anareo aho mba hisafidy ny hankatò.

Farany, *mahareta*. Inona no dikan'ny hoe maharitra? Tiako ity famaritana ity: *miaritra amin-kerimpo*. Mety ilainareo ny herimpo mba hinoana ary indraindray dia ho ilainareo izany mba hahafahana mankatò. Tena ilainareo tokoa izany mba haharetanareo mandrapahatongan'ilay andro hialanareo eto amin'ity fiaínana an-tany ity.

Niresaka tamin'ny olona maro aho nandritra ny taona maro izay nilaza tamiko hoe: "Manana olana maro be aho, tena mahavaky loha. Tena tototr'ireo olan'ny fiainana aho. Inona no azoko atao?" Nomeko ity torohevitra manokana ity izy ireo ary omeko anareo koa izany anio: Katsaho ao anatin'ny andro iray isaky ny mandeha ny fitarihan'Andriamanitra. Sarotra ny miaina ao anatin'ny fiahiahiana ny hoavy fa mora kosa ny miaina ao anatin'ny fiatrehana ny ankehitriny. Afaka ny ho marina ao anatin'ny iray andro isika—dia avy eo mitoetra ho marina indray ny andro aorian'izay ary toy izany hatrany hatrany—mandrapiaainantsika fiainana izay tarihin'ny Fanahy, sy fiainana izay manakaiky ny Tompo ary fiainana ahitana ny fanaovana asa tsara sy ny fahamarinana. Nampanantena ny Mpamonjy hoe: "Mijere aty Amiko ary mahareta hatramin' ny farany dia ho velona ianareo; fa izay maharitra hatramin' ny farany no homeko ny fiainana mandrakizay."⁶

Izany no antony nahatongavanareo eto amin'ity fiainana antany ity ry tanora namako. Tsy misy zavatra manan-danja kokoa noho ilay tanjona izay ezahanareo tratrarin—a dia ny fiainana mandrakizay ao amin'ny fanjakan'ny Rainareo.

Sarobidy ianareo. Zanakavavy sarobidin'ny Rainareo any andanitra izay nandefa anareo ety an-tany amin'izao andro izao sy amin'ity fotoana ity noho ny antony manokana. Natokana mba ho avy amin'izao fotoana izao mihitsy ianareo. Raha mino sy mankatò ary maharitra fotsiny ianareo dia zavatra mahatalanjona sy tena lehibe no miandry anareo. Enga anie hahazo izany fitahiana izany ianareo, izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, Mpamonjy antsika, amena.

Fanamarihana

- | | |
|--|-------------------|
| 1. Julie de Azevedo Hanks, "Keeper of the Flame" <i>Treasure the Truth</i> (compact disc, 1997). | 3. Isaia 30:21. |
| 2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:34. | 4. Isaia 1:18. |
| | 5. Jeremia 31:34. |
| | 6. 3 Nefia 15:9. |